

NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • NÔVAMBRA 2011

Liahona



**Lahateny tamin'ny
Fihaonamben'ny
Fiangonana**

**Tempoly Vaovao
Enina no Nambara**



Mianatra avy amin'ny Soratra Masina, nataon'i Nancy Crookston

*Nampianatra ny Tompo hoe: "Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy
no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy." (Jaona 5:39)*

FIVORIANA ASABOTSY MARAINA

- 4 Mihaona Indray Isika Izao
Filoha Thomas S. Monson
- 6 Ny Herin'ny Soratra Masina
Loholona Richard G. Scott
- 9 Fanambarana ho an'ny Tena Manokana sy Fijoroana ho Vavolombelona
Barbara Thompson
- 11 Ho Avy ny Andro
Loholona L. Whitney Clayton
- 14 Manao ny Zavatra Tsara amin'ny Fotoana Mahamety izany, Tsy Misy Hatak'andro
Loholona José L. Alonso
- 16 Torohevitra ho an'ireo Tanora
Filoha Boyd K. Packer
- 19 Manan-danja Aminy Ianao
Filoha Dieter F. Uchtdorf

FIVORIANA ASABOTSY TOLAKANDRO

- 23 Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana
Filoha Henry B. Eyring
- 24 Hitodika ny Fon' ny Zanaka
Loholona David A. Bednar
- 28 Ireo Zanaka
Loholona Neil L. Andersen
- 31 Fotoana iray Hiomanana
Loholona Ian S. Arderin
- 33 Tsaratsara Kokoa ny Mitraka
Loholona Carl B. Cook
- 35 Fanavotana
Loholona LeGrand R. Curtis Jr.
- 38 Ilay Fanomezana Masin'ny Fibebehana
Loholona D. Todd Christofferson
- 41 Ny Fitiavana Tanteraka Mandroaka ny Tahotra
Loholona L. Tom Perry

FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

- 44 Mpandray Anjara Avokoa Isika
Loholona Jeffrey R. Holland
- 47 Ny Herin'ny Fisoronana Aharôna
Eveka Keith B. McMullin
- 50 Ny Fahafahana Hanao Zavatra Indray Mandeha eo amin'ny Fiainana
Loholona W. Christopher Waddell
- 53 Manome araka ny Fomban'ny Tompo
Filoha Dieter F. Uchtdorf

- 56 Fiomanana ao amin'ny Fisoronana: "Mila ny Fanampiana Aho"
Filoha Henry B. Eyring
- 60 Sahia Mijoro Irey
Filoha Thomas S. Monson

FIVORIANA ALAHADY MARAINA

- 68 Vavolombelona Iray
Filoha Henry B. Eyring
- 71 Miandry an'i Jehovah: Aoka ny Sitraponao no Hatao
Loholona Robert D. Hales
- 74 Ny Bokin'i Môrmôna—Boky iray avy amin'Andriamanitra
Loholona Tad R. Callister
- 77 Tiavo ny Reniny
Elaine S. Dalton
- 79 Ny Maha-Zava-dehibe ny Anarana
Loholona M. Russell Ballard
- 82 Mitsangàna eo amin'ny Toerana Masina
Filoha Thomas S. Monson

FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO

- 86 Fanekepivahanana
Loholona Russell M. Nelson
- 90 Ireo Fampianaran'i Jesoa
Loholona Dallin H. Oaks
- 94 Mampianatra araka ny Fomban'ny Fanahy
Matthew O. Richardson
- 96 Ny Misiônera dia Harena Sarobidin'ny Fiangonana
Loholona Kazuhiko Yamashita
- 98 Safidio ny Fiainana Mandrakizay
Loholona Randall K. Bennett
- 101 Ny Fahafahana Mivavaka
Loholona J. Devn Cornish
- 104 Ireo Hira Izay Tsy Mba Azon'izy ireo Nohiraina
Loholona Quentin L. Cook
- 108 Mandra-pihaonantsika Indray
Filoha Thomas S. Monson

FIVORIAMBEN'NY FIKAMBANANA IFANAMPIANA MANERAN-TANY

- 109 Ireo Zavatra Antenaiko mba ho Takatr'ireo Zafikeliko Vavy (sy Lahy) momba ny Fikambanana Ifanampiana
Julie B. Beck

- 114 Ny Fiantrana tsy ho Levona Mandrakizay
Silvia H. Allred
- 117 Mifikira amin'ny Fanekepivahanana
Barbara Thompson
- 120 Aza Hadino Aho
Filoha Dieter F. Uchtdorf
- 64 Manampahefana Ambony ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
- 124 Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe
- 125 Ny Fampianarana Ho an'izao Androntsika izao
- 125 Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany
- 126 Vaovaom-piangonana



Famintinana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isaky ny Tapa-taona Faha-181

ASABOTSY MARAINA, 1 ÔKTÔBRA 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.

Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka Fanombohana: Loholona Gary J. Coleman. Vavaka Famaranana: Loholona Lowell M. Snow. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny amboarampeo; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Le jour paraît, chassant la nuit," *Cantiques*, no. 1; "With Songs of Praise," *Hymns*, no. 71; "We Ever Pray for Thee," *Hymns*, no. 23, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 9; "Zanaky ny Ray Aho," *Fihirana sy Hiran'ny ankizy*, pejy 113, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Saints, en Avant! Armés de foi en Christ!" *Cantiques*, no. 40, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

ASABOTSY TOLAKANDRO, 1 ÔKTÔBRA 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.

Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Won Yong Ko. Vavaka Famaranana: Loholona Bradley D. Foster. Hira nataon'ny amboarampeon'ny Kilonga avy ao Pleasant View sy North Ogden, Utah; Vanja Y. Watkins, mpitarika ny amboarampeo; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "La Bonté du Père," *Cantiques*, no. 198, and "Merci, ô Mon Père Divin," *Chants pour les enfants*, 9, hira natambatra izay narindran'i Watkins, tsy navoaka; "Ensemble à Tout Jamais," *Cantiques*, no. 192, narindran'i Watkins, tsy navoaka; "Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 100; "Mon Père Céleste m'aime," *Chants pour les enfants*, 16-17, ary "Velona ny Raiko," *Fihirana sy Hiran'ny ankizy*, pejy 115, navoakan'i Jackman, hira natambatra izay narindran'i Watkins, tsy navoaka.

ASABOTSY HARIVA, 1 ÔKTÔBRA 2011, FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Richard G. Hinckley. Vavaka Famaranana: Loholona Koichi Aoyagi. Hira nataon'ny amboarampeon'ny Fisoronana Melkizedeka avy ao Pleasant Grove, Utah; Justin Bills, mpitarika ny amboarampeo; Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Rise Up, O Men of God," *Hymns*, no. 324, narindran'i Staheli, navoakan'i Jackman; "Mila Anao aho," *Fihirana sy Hiran'ny ankizy*, pejy 23, narindran'i Bills, tsy navoaka; "Hosanna au grand Roi!" *Cantiques*, no. 34; "Ndao, ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 7, narindran'i Bills, tsy navoaka.

FIVORIANA ALAHADY MARAINA, 2 ÔKTÔBRA 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.

Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Paul K. Sybrowsky. Vavaka Famaranana: Loholona James B. Martino. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika ny amboarampeo; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Jusqu'à la vie éternelle," *Cantiques*, no. 19; "Vers Sion, cité promise," *Cantiques*, no. 39, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Consider the Lilies," Hoffman, narindran'i Lyon, navoakan'i Jackman; "Misaotra Anao noho ny Mpaminany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 72; "Ny Lalanao no Lalako," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 92, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Oui, je crois en Christ," *Cantiques*, no. 71, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

ALAHADY TOLAKANDRO, 2 ÔKTÔBRA 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.

Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka Fanombohana: Loholona F. Michael Watson. Vavaka Famaranana: Loholona Gregory A. Schwitzer. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny amboarampeo; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Arise, O God, and Shine," *Hymns*, no. 265, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Je ressens son amour," *Chants pour les enfants*, 42-43, narindran'i Cardon, tsy navoaka; "Mifalia," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 64; "Lord, We Ask Thee Ere We Part," *Hymns*, no. 153, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

ASABOTSY HARIVA, 24 SEPTAMBRA 2011, FIVORIAMBEN'NY FIKAMBANANA IFANAMPIANA MANERAN-TANY

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.

Mpitarika: Julie B. Beck. Vavaka Fanombohana: Barbara C. Bradshaw. Vavaka Famaranana: Sandra Rogers. Hira nataon'ny amboarampeon'ny Fikambanana Ifanampiana avy any Eagle Mountain sy Saratoga Springs, Utah; Emily Wadley, mpitarika ny amboarampeo; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Le jour paraît, chassant la nuit," *Cantiques*, no. 1, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Tsara ny Asa," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 25, narindran'i Manookin, navoakan'i Jackman; "Peuples du monde, écoutez donc!" *Cantiques*, no. 170; "Mifalia," *Fihirana*, pejy 64.

FOMBA HHAZOANA IREO LAHATENIN'NY FIHAONAMBE'NY FIANGONANA

Mba hahazoana ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izay misy amin'ny fiteny maro, dia midira ao amin'ny conference.lds.org. Mifidiana fiteny iray avy eo. Amin'ny ankapobeny roa volana aorian'ny Fihaonamben'ny Fiangonana, dia hita any amin'ny foibe fanapariahana ny horonam-peon'izy ireo.

HAFATRA HO AN'NY FAMANGIANA SY FAMPIANARANA ISAN-TOKANTRANO

Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba mifidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangiana.

EO AMIN'NY FONONY

Eo anoloana: Sary nalain'i John Luke. Ao ambadika: Sary nalain'i Les Nilsson.

SARY NANDRITRA NY FIHAONAMBE

Ireo sary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tao Salt Lake City dia nalain'i Craig Dimond, Welden C. Andersen, John Luke, Christina Smith, Cody Bell, Les Nilsson, Weston Colton, Sarah Jensen, Derek Israelsen, Danny La, Scott Davis, Kristy Jordan, ary i Cara Call. Ny sary tany Brésil dia nalain'i Barbara Alves, David McNamee, ary i Sandra Rozados. Ny sary tany Canada dia nalain'i Laurent Lucuix. Ny sary tany El Salvador dia nalain'i José Peña. Ny sary tany Angleterre dia nalain'i Simon Jones. Ny sary tany Japon dia nalain-drahalahy Aono. Ny sary tany Mexique dia nalain'i Monica Mora. Ny sary tany Philippines dia nalain'i Wilmor LaTorre sy Ann Rosas. Ny sary tany Afrika Atsimo dia nalain'i Rob Milne. Ny sary tany Suède dia nalain'i Anna Peterson ary ny sary tany Uruguay dia nalain'i Manuel Peña.



**BOKY NŌVAMBRA 2011 BOKY. 11 LAH. 4
LIAHONA 09691 654**

Gazetiboky ôfisialy iraisam-pirenena an'ny Fiangonan'ny Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ny Fiadidiana Voalohany: Thomas S. Monson,
Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

Ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo: Boyd K. Packer,
L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell
Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland,
David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson,
Neil L. Andersen

Mpanomana ny fanontana: Paul B. Pieper
Mpanorohevitra: Keith R. Edwards, Christoffel Golden Jr.,
Per G. Malm

Tale mpitantana: David L. Frischknecht
Talen'ny Fandrindrana sy ny Fanontana:
Vincent A. Vaughn

Talen'ny Fandrafetana Sary: Allan R. Loyborg

Mpitantana ny Fanontana: R. Val Johnson

Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:
Jennifer L. Greenwood, Adam C. Olson

Mpiara-miasa akaiky ao amin'ny Famoahana:
Susan Barrett, Ryan Carr

Mpiara-miasa ao amin'ny Fanontana: Brittany Beattie,
David A. Edwards, Matthew D. Flitton, LaRene Porter Gaunt,
Carrie Kasten, Jennifer Maddy, Lia McClanahan, Melissa Merrill,
Michael R. Morris, Sally J. Odekkirk, Joshua J. Perkey, Chad E.
Phares, Jan Pinborough, Paul VanDenBerghe, Marissa A.
Widdison, Melissa Zenteno

Tale Mpitantana ny Hai-tao: J. Scott Knudsen

Talen'ny Hai-tao: Scott Van Kampen

Talen'ny Famoahana: Jane Ann Peters

Tompon'andraikitra ambonin'ny Hai-tao: C. Kimball Bott,
Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Scott M. Moody

**Mpiara-miasa amin'ny Fandrafetana Sary sy ny
Famokarana Sary:** Collette Nebeker Aune, Howard G. Brown,
Julie Burdett, Reginald J. Christensen, Kim Fenstermaker, Bryan
W. Gygi, Kathleen Howard, Denise Kirby, Ginny J. Nilson

Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana: Jeff L. Martin

Talen'ny Fanaovana Printy: Craig K. Sedgwick

Talen'ny Fanaparihana: Evan Larsen

Tompon'andraikitra ny fandika-teny:

Ifano Rasolondraibe

Mpanika teny: Rakotonondrasoa Ziva Lalarivelo, Rabemalanto
Lucia, Raelimananiana Berège

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanada
dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanaparihana any
amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny
mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.
org ireo zavatra nosoratana sy fanontaniana; na alefaso
an-taratasy amin'izao adiresy izao LIAHONA, Rm. 2420,
50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA;
na alefaso e-mail amin'ny: liahona@ldschurch.org.**

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika
hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny
Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana,
Danao, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika,
Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney,
Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana,
Litoaniana, Malagasy, Marisalzy, Mongoliana, Norveziana,
Okreaniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana,
Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Soedoa, Tagalogy,
Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietnamiana (Ny
fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena
nanoratana azy.)

© 2011 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana.
Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika
raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano
ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha
misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana
fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny
fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao
adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St.,
Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@
ldschurch.org.

For Readers in the United States and Canada:

November 2011 Vol. 11 No. 4. LIAHONA (USPS 311-480)
Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year
(April, May, October, and November) by The Church of Jesus
Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City,
UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada,
\$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake
City, Utah. Sixty days' notice required for change of address.
Include address label from a recent issue; old and new address
must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt
Lake Distribution Center at address below. Subscription help
line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard,
American Express) may be taken by phone. (Canadian Poste
Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send address changes to Salt Lake Distribution
Center, Church Magazines, PO Box 26368,
Salt Lake City, UT 84126-0368.



**LISITR'IREO MPANDAHATENY
MANARAKA NY ABIDIA**

Allred, Silvia H., 114
Alonso, José L., 14
Andersen, Neil L., 28
Ardern, Ian S., 31
Ballard, M. Russell, 79
Beck, Julie B., 109
Bednar, David A., 24
Bennett, Randall K., 98
Callister, Tad R., 74
Christofferson, D. Todd, 38
Clayton, L. Whitney, 11
Cook, Carl B., 33
Cook, Quentin L., 104
Cornish, J. Devn, 101
Curtis, LeGrand R., Jr., 35
Dalton, Elaine S., 77
Eyring, Henry B., 23, 56, 68
Hales, Robert D., 71
Holland, Jeffrey R., 44
McMullin, Keith B., 47
Monson, Thomas S., 4, 60,
82, 108
Nelson, Russell M., 86
Oaks, Dallin H., 90
Packer, Boyd K., 16
Perry, L. Tom, 41
Richardson, Matthew O., 94
Scott, Richard G., 6
Thompson, Barbara, 9, 117
Uchtdorf, Dieter F., 19, 53,
120
Waddell, W. Christopher, 50
Yamashita, Kazuhiko, 96

**FANOROAM-PEJY ARAKA NY
LOHAHEVITRA**

Adidy, 47, 56
Anarana, Fiangonana, 79
Ankizy, 28
Asa fanompoana, 14, 47, 50,
53, 56, 68
Asa fitoriana, 11, 41, 44, 50,
79, 96
Baiboly, 74, 90
Bokin'i Môrmôna, 6, 50,
68, 74
Fahafahana misafidy, 98
Fahafoizan-tena, 50, 120
Faharetana, 68, 71
Faharetana, 71
Fahoriana, 71, 104
Famangiana isan-tokantrano,
109, 114
Famerenana amin'ny
laoniny, 11
Faminaniana, 11
Fampahavitrihana, 14, 35, 50
Fampianarana, 94
Fanahy Masina, 6, 9, 16, 33,
47, 82, 94
Fanambadiana, 28
Fanambarana, 6, 9, 16, 82
Fanantenana, 19, 71
Fanavotana, 35
Fandrindrana fotoana, 31
Fanekepivahanana, 86, 117
Fankatoavana, 33, 38, 86, 90
Fianakaviana, 28, 77
Fianarana, 94
Fiantrana, 68, 109, 114
Fibebahana, 16, 35, 38, 44
Fifaliana, 38, 120
Fifanampiana, 53
Fihonamben'ny Fiango-
nana, 4, 23, 108
Fijoroana ho Vavolombe-
lona, 9, 60, 68, 74, 82
Fikambanana Ifanampiana,
109, 114

Finoana, 28, 33, 71, 101, 104
Fiomanana, 50, 56, 96
Fiovam-po, 68, 96
Firoboroboana, Fiango-
nana, 11, 41
Fisoronana, 24, 47, 56, 60,
86, 109
Fisoronana Aharôna, 47
Fitiavana, 53, 77, 96, 120
Fitsipika, 44, 60, 77, 82
Fitsipi-pitondrantena, 16
Fizakan-tena, 53
Herimpo, 33, 60
Jesoa Kristy, 35, 41, 74, 79,
90, 101
Laharam-pahamehana,
28, 31
Lanjan'ny tena manokana,
19, 120
Lanjan'ny tena manokana,
19, 120
Maha-mpianatra, 109
Maha-ray aman-dreny,
28, 77
Maha-tompon'andraikitra,
98
Misiônera mpivady, 44
Ohatra, 41, 60, 77, 90, 96
Raim-pianakaviana, 77
Ray any an-danitra, 108
Soratra Masina, 6, 74
Sorompanavotana, 33, 35,
38, 90
Tanora, 16, 24, 44, 47, 50, 77
Teknôlojia, 24, 31
Tempoly sy ireo asa atao
any amin'ny tempoly, 4,
24, 41, 109, 117
Tetiara, 24
Toetra araka an'Andriama-
nitra, 19
Vavaka, 82, 101
Zatovovavy, 77



Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

Mihaona Indray Isika Izao

Mivavaka aho mba ho heniky ny Fanahin' ny Tompo isika rehefa mihaino ireo hafatra anio sy rahampitso ary hianatra an' ireo zavatra izay tian' ny Tompo hampahafantarina antsika.

Mahafaly ahy, ry rahalahy sy ranabavy, ny miarahaba anareo tonga soa amin' ity Fihaonamben' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasina Andro Farany fanao isaky ny tapa-taona faha-181 ity.

Ity fihaonambe ity no manamarika ny faha-48 taona—eritrereto hoe 48 taona—izay niantsoan' ny Filoha David O. McKay ahy ho ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo. Tamin' ny volana Ôktôbra 1963 izany. Ohatra ny tsy mampino hoe efa taona maro tokoa izay no nandalo hatramin' io fotoana io.

Rehefa be zavatra atao isika dia toa mandeha haingana loatra ny fotoana ary izay enim-bolana lasa izay dia toy izany mihitsy ho ahy. Ny iray tamin' ireo zavatra niavaka tao anatin' izany fotoana izany dia ny nahafahako namerina nanokana indray ny Tempolin' i Atlanta Georgie tamin' ny 1 Mey. Niaraka tamiko tany ny Loholona M. Russell Ballard mivady, ny Loholona Walter F. González mivady, ary ny Loholona William R. Walker mivady.

Nandritra ilay fampisehoana arakolotsaina mitondra ny lohateny hoe “Hazavana avy any Atsimo,” izay natao ny hariva nialohan' ny famerenana indray ny fanokanana an' ilay tempoly, dia nijery zatovolahy sy zatovovavy 2700 avy amin' ny distrikan' ny tempoly nanao fampisehoana izahay. Iray



amin' ireo fampisehoana tena niavaka indrindra hitako izany ary nahatonga ny olona nitsangana imbetsaka mba hitehaka.

Ny ampitson' izany dia natao tao anatin' ny fivoriana anankiroa ny fanokanana indray ilay tempoly, izay nahatsapana firotsahan' ny Fanahin' ny Tompo be dia be teo aminay.

Tamin' ny faramparan' ny volana Aogositra, dia nitokana ny tempolin' i El Salvador, San Salvador ny Filoha Henry B. Eyring. Niaraka taminy ny Rahavavy Eyring, ny Loholona D. Todd Christofferson mivady, ny Loholona William R. Walker mivady ary Rahavavy Silvia H. Allred ao amin' ny Fiadidian' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany sy Jeffry vadiny. Nilaza ny Filoha Eyring fa tena fotoana nifantoka tamin' ny ara-panahy tokoa izany.

Amin' ny faramparan' ity taona ity dia handeha ho any Quetzaltenango, Guatemala ny Filoha Dieter F. Uchtdorf mivady miaraka amin' ny Manampahafana Ambony hafa, ka hitokana ny tempolontsika any izy.

Mitohy tsy tapaka, rahalahy sy ranabavy, ny fanorenana ny tempoly. Androany dia voninahitra ho ahy ny



manambara ireto tempoly maro vaovao ireto.

Fa alohan' izany dia mamelà ahy hilaza fa tsy misy trano naorin' ny Fiangonana izay manan-danja noho ny tempoly. Ny tempoly dia toerana izay hamehezana miaraka ny fifandraisana mba haharitra mandrakizay. Fenô fan-kasitrahana isika noho ireo tempoly maro manerana an' izao tontolo izao ary noho ny fitahiana entin' izy ireny eo amin' ny fiainan' ny mpikambana ato amintsika.

Tamin' ny faramparan' ny taona lasa teo dia niharan' ny fahasimbana lehibe vokatry ny hain-trano nam-pidi-doza ny Tabernakelin' i Provo ao amin' ny faritr'i Utah. Ny rindrina tety ivelany sisa no mbola nitsangana tamin' io trano tsara tarehy io izay tena nankamamian' ireo taranaka maron' ny Olomasin' ny Andro Farany. Tao-rian' ny fandinihina tsara dia nanapa-kevitra izahay fa hamerina hanangana izany ka kajiana tanteraka sy haverina amin' ny laoniny ny ety ivelany mba ho lasa tempoly faharoan' ny Fiangonana ao amin' ny tanànan' i Provo. Ilay Tempoly ao Provo misy amin' izao fotoana izao dia iray amin' ireo tempoly tena be mpandeha indrindra ato

amin' ny Fiangonana, ka ny fisian' ny tempoly faharoa ao dia hanampy ireo mpikamban' ny Fiangonana mahatoky maro mandeha any amin' ny tempoly izay avy ao Provo sy ireo faritra manodidina izany.

Fifaliana ho ahy koa ny manambara ny fanorenana tempoly vaovao any amin' ireto toerana manaraka ireto: Barranquilla, Colombie; Durban, Afrika Atsimo; Kinshasa any amin' ny Repoblika Demokratikan' i Congo; ary Star Valley, Wyoming. Ankoatra izany dia efa mandroso ny drafitsika ny amin' ny hananganana tempoly any Paris, France.

Ny antsipiriany momba ireo tempoly ireo dia homena any aoriana any rehefa azo ireo fankatoavana momba ny toerana sy momba ireo zavatra ilaina hafa.

Nambarako nandritra ireo fihao-nambe tany aloha ny fandrosoantsika eo amin' ny fametrahana tempoly ho akaiky kokoa ny mpikambana ato amintsika. Na dia efa mora ho an' ny mpikambana maro ato amin' ny Fiangonana aza ny fandehanana any, dia mbola maro ireo faritra eto amin' izao tontolo izao izay lavitra tokoa miala avy eo amin' ny misy ireo

mpikambana ato amintsika ny tempoly ka tsy afaka mandoa ny saram-pitaterana hahatongavana any izy ireo. Tsy afaka mahazo an' ireo fitahiana masina sy mandrakizay izay omen' ny tempoly izy ireo noho izany. Mba hitondrana fanampiana mikasika izany dia manana ny antsoina hoe Tahirim-bola Foibe Hanampiana ny Fankanesana any amin' ny Tempoly isika. Izany tahirim-bola izany dia manolotra fahafahana mitsidika indray mandeha ny tempoly ho an' ireo izay, raha tsy misy izany, dia tsy afaka ny handeha ho any amin' ny tempoly nefa maniry mafy ny handeha. Izay rehetra maniry ny hitondra ny anjara birikiny ao anatin' izany tahirim-bola izany dia afaka manoratra fotsiny ny fampahalalana momba izany ao anatin' ilay taratasy kely mahazatra fanoratana ny anjara biriky izay omena ny eveka isam-bolana.

Ankehitriny ry rahalahy sy rana-bavy, mivavaka aho mba hahatsapa mafy ny Fanahin' ny Tompo isika rehefa mihaino ireo hafatra anio sy rahampitso ary hianatra ireo zavatra izay tian' ny Tompo hampahafantarina antsika. Izany no vavaka ataoko amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon' ny Loholona Richard G. Scott
Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy

Ny Herin' ny Soratra Masina

Ny soratra masina dia toy ny ampaham-pahazavana kely izay manazava ny saintsika ary manome toerana ho an' ny fitarihana sy aingam-panahy avy any ambony.

Izahay izay mandroso eto amin' ity polipitra ity mandritra ny fihao-nambe dia mahatsapa ny herin' ny vavaka ataonareo. Mila izany izahay ary misaotra anareo manao izany.

Takatry ny Raintsika any an-danitra fa mba hahafahantsika mahazo ireo fivoarana iriana mandritra ny andro fizahan-toetra lalovantsika dia mila miatrika ireo fanamby sarotra isika. Saika tsy eran' ny aina mihitsy ny sasantsasany amin' ireo fanamby ireo. Manome fitaovana manampy antsika hahita fahombiazana eto amin' ity andro fizahan-toetra lalovantsika ity Izy. Iray amin' ireo fitaovana ireo ny soratra masina.

Nandritra ny vanim-potoana rehetra dia nisafidy lehilahy sy vehivavy nentanin-panahy ny Ray any an-danitra mba hikaroka ireo vahaolana amin' ny olana saro-bahana indrindra eto amin' ny fiainana, amin' ny alalan' ny fitarihan' ny Fanahy Masina. Nitaona fanahy ireo mpanompo nahazo lalana hirakitra ireo vahaolana ireo Izy, ho toy ny boky torolalana ho an' ireo zanany izay manam-pinoana amin' ny draftry ny fahasambarana sy amin' ilay Zanaka Malalany, i Jesoa Kristy. Afaka mikaroka ireo torolalana ireo amin' ny

alalan' ilay harena sarobidy antsoin-tsika hoe soratra masina ankatoavin' ny Fiangonana isika—izany dia ny Testamenta Taloha sy Vaovao, ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampiana-rana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy.

Fahamarinana madio ny soratra masina satria azo avy tamin' ny fifandraisana nentanin-panahy tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina izy ireny. Tsy mila miahiahy ny amin' ny fahamarinan' ny fotokevitra voarakitra ao amin' ireo soratra masina ankatoavina isika satria ny Fanahy Masina no fitaovana izay nanome hery sy nitaona fanahy ireo olona tsirairay izay nirakitra izany ho soratra masina.

Ny soratra masina dia toy ny ampaham-pahazavana kely izay manazava ny saintsika ary manome toerana ho an' ny fitarihana sy aingam-panahy avy any ambony. Afaka ny ho tonga fanalahidy izy ireo izay hanokatra ny lalam-pifandraisana amin' ny Raintsika any an-danitra sy amin' ilay Zanaka Malalany, i Jesoa Kristy.

Manome lanja ny fanambarantsika koa ny soratra masina rehefa ambara araky ny tokony ho izy. Afaka ny ho tonga namana mahatoky izay azo

atonona izy ireo na aiza na aiza, na oviana na oviana. Eo foana izy ireo rehefa ilaina. Ny fampiasana azy ireo dia manome fototry ny fahamarinana izay azon' ny Fanahy Masina hama-fisina. Sahala ny mameno larimoara fampirimana antontan-taratasy amin' ny alalan' ny namana, hasina ary fahamarinana izay azo antsoina amin' ny fotoana rehetra sy any amin' ny toerana rehetra manerana an' izao tontolo izao ny fandalinana ny fisaintsainana, ny fikarohana ary fanaovana tsianjery ny soratra masina.

Misy hery lehibe azo avy amin' ny fanaovana tsianjery ny soratra masina. Toy ny manomboka finamanana vaovao ny fanaovana tsianjery soratra masina. Toy ny fiezahana mamantatra olona iray vaovao izay afaka manampy amin' ny fotoana ilana fanampiana izany, sy afaka manome fitaomana arapanahy sy fankaherezana, ary ho loharano hahazoana risim-po hanaovana ny fanovana izay ilaina. Ny fanolorantenako hanao tsianjery ity salamo ity ohatra, dia loharano nitondra hery sy fahatakarana ho ahy:

“An' i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy. Iza rehetra izao sy ny mponina eo aminy.

“Fa Izy no nanorina azy tambonin' ny ranomasina. Tambonin' ny rano no nampitoerany azy.

“Iza no hiakatra any an-tendrombohitr' i Jehovah? ary iza no hitoetra ao amin' ny fitoerany masina?

“Izay madio tanana sy mahitsy fo, izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin' ny lainga, na mianiana hamitaka.

“Handray fitahiana avy amin' i Jehovah izy, ary fahamarinana avy amin' Andriamanitry ny famonjena azy” (Salamo 24:1–5).

Ny fisaintsainana soratra masina iray toy izany dia manome taridalana lehibe eo amin' ny fiainana. Afaka manome fototra hiantsampazana ny soratra masina. Afaka manome loharano midadasika toy ny namana vonona hanampy antsika izy ireny. Ho lasa namana maharitra izay tsy ho ravan' ny fotoana mandalo ny soratra masina iray lany tsianjery.

Afaka ho tonga fanalahidy hahazoana fanambarana sy fitarihana ary fitaomana avy amin' ny Fanahy Masina

ny fisaintsainana ny andalan-tsoratra masina iray. Afaka mampitony ny fanahy mikorontana, manome fiadanana, sy fanantenana ary famerenana ny fahatokian-tena amin' ny fahaizamanao ananan' ny tena hanoherana ny fanambin' ny fiainana ny soratra masina. Manana hery mahery vaika manasitrana ny fanamby ara-pihetsehampo koa izy ireny rehefa mifototra amin' ny finoana ny Mpamonjy. Afaka manafaingana ny fanasitrana arabatana koa izy ireny.

Mampita dikany samihafa amin' ny fotoana samihafa eo amin' ny fiainantsika arakarak' izay ilaintsika ny soratra masina. Mety hahatakatra dikany hafa izay manavao hery sy fomba fijery indray ny soratra masina izay efa novakiantika imbetsaka rehefa miatrika fanamby vaovao eo amin' ny fiainana isika.


Ahoana no fomba ampiasanao ny soratra masina ho an' ny tenanao? Manisy marika izany ve ianao? Manoratra ireo fanamarihana eo amin' ny sisin' ny pejy ve ianao mba hahatsiarovanao ireo fotoana nandraisana fitarihana ara-panahy na traikefa iray izay nampianatra lesona lalina anao? Moa mampiasa ny soratra masina ankatoavina rehetra ve ianao, isan' izany ny Testamenta Taloha? Nahazo fahamarinana maro sarobidy avy tao amin' ireo pejy ny Testamenta Taloha aho izay ampahany manan-danja nanorenako ny fototry ny fahamarinana izay nitarika ny fiainako ary nampiasaiko ho loharanom-panampiana rehefa nanandrana nizara ny hafatry ny filazantsara tamin' ireo hafa aho. Izany no antony itiavako ny Testamenta Taloha. Nahita firavaka sarobidin' ny fahamarinana aho tamin' ireo pejiny rehetra. Ohatra:

“Sitruk' i Jehovah moa ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa alatsa-drà mihoatra noho ny mihaino ny feon' i Jehovah? He! ny manafaka no tsara noho ny fanatitra, ary ny mihaino no tsara noho ny saboran' ondrilahy” (1 Samoela 15:22).

“Matokia an' i Jehovah amin' ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin' ny fahalalanana.

“Maneke Azy amin' ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny lalananao.

“Aza manao anao ho hendry;



Matahora an' i Jehovah, ka mifadia ny ratsy. . . .

“Anaka, aza manamavo ny famazan' i Jehovah, Ary aza tofoka amin' ny fananarany:

“Fa izay tian' i Jehovah no anariny, Dia tahaka ny ataon' ny ray amin' ny zanaka tiany.

“Sambatra izay olona mahita fahendrena sy izay olona mahazo fahalalana” (Ohabolana 3:5-7, 11-13).

Ahitana loharanom-pahamarinana sarobidy koa ny Testamenta Vaovao:

“Dia hoy Jesosy taminy: “Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra.”

“Izany no didy lehibe sady voalohany.

“Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.

“Izany didy roa izany no ihantonan' ny lalàna rehetra sy ny mpaminany” (Matio 22:37-40).

“Ary hoy ny Tompo: Ry Simona, ry Simona, indro, Satana efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary:

“Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao; ary rehefa mibebaka hianao, dia ampahe-rezo ireo rahalahinao.

“Ary hoy izy taminy: Tompoko; vonona hanaraka Anao aho, na ho ao

an-trano-maizina, na dia ho any amin' ny fahafatesana aza.

“Fa hoy Jesosy: Lazaiko aminao, ry Petera: Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà intelo ho tsy mahalala Ahy hianao. . . .

“Ary ny ankizivavy anankiray, nony nahita azy nipetraka teo anilan' ny afo, dia nandinika azy ka nanao hoe: Ity koa nomba Azy.

“Fa izy nandà ka nanao hoe: Ravehivavy, tsy fantatro Izy.

“Ary vetivety foana rehefa afaka izany, dia nisy olona hafa koa nahita azy ka nanao hoe: Hianao koa mba naman' ireny. Fa Petera nanao hoe: Ralehilahy, tsy mba namany aho.

“Ary rehefa afaka tokony ho ora iray dia nisy anankiray ka nitompony ka nanao hoe: Ilehio nomba Azy marina tokoa, fa Galiliana izy.

“Fa hoy Petera: Ralehilahy, tsy fantatro izay lazainao. Ary niaraka tamin' izay, raha mbola niteny izy, dia nisy akoho naneno.

“Ary ny Tompo nitodika, dia nijery an' i Petera. Ary Petera nahatsiaro ilay tenin' ny Tompo nolazainy taminy hoe: Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà Ahy intelo hianao.

“Ary nivoaka Petera, dia nitomany mafy indrindra” (Lioka 22:31-34, 56-62).

Malahelo ny foko tamin' ny zavatra nahazo an' i Petera tamin' io fotoana io.

Nitahy ny fiainako be dia be koa ity soratra masina ao amin' ny Fotopampianarana sy Fane Kempihavanana ity: “Aza mikatsaka ny hitory ny teniko, fa katsaho aloha ny hahazo ny teniko, ary amin' izay dia hovahana ny lalananao; amin' izay raha irinao, dia hanana ny Fanahiko sy ny teniko ianao, eny, ny herin' Andriamanitra ho fandresendahatra ny olona” (F&F 11:21).

Araka ny fahatsapako dia mampianatra fahamarinana miseho amin' ny endriny mazava sy misy hery miavaka ny Bokin' i Môrmôna. Ohatra:

“Ary ankehitriny dia mba tiako ianareo hanetry tena sy hanoa ary ho malemly fanahy; mora hihavanana; feno faharetana sy fahari-po; mahonom-po amin' ny zava-drehetra; mazoto amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra; mangataka izay zavatra rehetra ilainareo, na ara-panahy na ara-nofo; mamaly saotra



fitoriana izy. Nanaporofa dieny aloha be teo amin' ny fiainany i Jeanene fa ireo izay mamaky tsy tapaka ny Bokin' i Môrmôna dia hanana be dia be ny Fanahin'ny Tompo, sy ny fahavononana tanteraka hankatò ny didiny, ary ny fijoroana ho vavolombelona mahery vaika amin' ny maha-andriamanitra ny Zanakalahin' Andriamanitra.¹ Tsy tadidiko intsony hoe impiry, isaky ny faran' ny taona maromaro nifanesy, no nahitako azy nipetraka tamim-pahanginana, namarana tamim-pitandremana ny Bokin' i Môrmôna manontolo talohan' ny faran' ny taona.

Naniry hanolotra fanomezana miavaka nandritra ny Krismasy ho an' ny fianakaviako aho tamin' ny 1991. Noraketiko tao anaty diariko ny fahatanterahan' izany faniriako izany, ka izao no voasoratra tao: “Alarobia 18 Desambra 1991, amin' ny 12 ora sy 38 minitra. Vao avy namarana ny fandraisana ny feo ny Bokin' i Môrmôna ho an' ny fianakaviako aho. Tena traikefa izay nampitombo ny fijoroako ho vavolombelona mahakasika ity asa masina ity izany ary nanome tanjaka ahy amin' ny faniriako ny ho te-hahafantatra kokoa izay zavatra raketin' ireo pejiny izay mitondra fahamarinana azoko ampiasaina amin' ny asa fanompoako ny Tompo. Tiako io boky io. Mijoro ho vavolombelona amin' ny heriko rehetra aho fa marina izany, ary nomanina mba ho entina hitahiana ny Vahoakan' i Isiraely izany, sy ireo ampahany rehetra miparitaka manerana an' izao tontolo izao koa. Izay rehetra mandalina ny hafany amim-panetren-tena, amin' ny finoana an' i Jesoa Kristy, dia hahafantatra ny fahamarinany ary hahita zava-tsoa izay hitarika azy ireo amin' ny fahasambarana, sy fiadanana ary fahombiazana bebe kokoa eto amin' ity fiainana ity. Mijoro ho vavolombelona amin' ny fomba masina indrindra aho fa marina ity boky ity.”

Enga anie isika tsirairay mba hampiasa ireo harem-pitahiana izay azo avy amin' ny fandalinana soratra masina. Izany no vavaka ataoko amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Gordon B. Hinckley, “A Testimony Vibrant and True,” *Liahona*, Aog. 2005, 6.

an' Andriamanitra mandrakariva amin' izay zavatra rehetra raisinareo.

“Ary ezaho izay anananareo finoana, fanantenana ary fiantrana, ary amin' izany dia hihabe mandrakariva amin' ny asa soa ianareo” (Almà 7:23–24)

Iray hafa koa:

“Ary ny fiantrana dia mahari-po sady malemy fanahy, ary tsy mialona sy tsy mieboebo, tsy mikatsaka ny ho azy, tsy mora hantsina, tsy mihevitra ratsy, tsy mifaly amin' ny tsy fahamarinana fa mifaly kosa amin' ny fahamarinana, mizaka ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, miaritra ny zavatra rehetra.


“Noho izany, ry rahalahiko malala, raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsinontsinona, fa ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay. Koa, mifikira amin' ny fiantrana izay ny lehibe indrindra amin' ny zavatra rehetra, fa ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ho levona—

“Fa ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madiôn' i Kristy ary maharitra mandrakizay izany; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin'

ny andro farany, dia soa ho azy izany.

“Noho izany ry rahalahiko malala dia mivavaha amin' ny Ray amin' ny herin' ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin' izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an' i Jesoa Kristy Zanany; mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy; mba hananantsika izany fanantenana izany; mba hahazoana manadio antsika tahaka Azy izay madio” (Môrnônia 7:45–48).

Tia ny Bokin' i Môrmôna i Jeanene, vadiko malala. Lasa fototra nijoroan' ny fiainany izany nandritra ny fahatanorany, fony izy zatovo. Loharanon' ny fijoroana ho vavolombelona sy fampianarana izany nandritra ny asa fitoriana tamin' ny fotoana maharitra nataony tany amin' ny faritra avaratra andrefan' i Etazonia. Rehefa nanompo tany amin' ny sahan' ny misiôna tany Córdoba, Argentine izahay dia namporisika foana ny fampiasana ny Bokin' i Môrmôna eo amin' ny asa



Nataon' i Barbara Thompson

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Fanambarana ho an' ny Tena Manokana sy Fijoroana ho Vavolombelona

Raha mitandrina amim-pahavitrihana ny didy isika ary mangataka amim-pinoana dia ho tonga araka ny fomban' ny Tompo manokana sy amin' ny fotoanany ny valiny.

Taona maro lasa izay fony aho mpianatra tany amin' ny oniversite dia nihaino ny fihaonamben' ny Fiangonana tamin' ny fampielezam-peo satria tsy nanana fahitalavitra izahay tao amin' ilay efitrano kelinay. Tena nahavariana ireo mpandahateny nandritra ilay fihaonambe ary tena nigoka ireo fahatsapana mahery vaika avy tamin' ny Fanahy Masina aho.

Tsaroako tsara nisy Manampahafana Ambony iray izay, izay niresaka momba ny Mpamonjy sy ny asa fanompoany ary avy eo nijoro ho vavolombelona tena mahery vaika. Namafy tamin' ny fanahiko ny Fanahy Masina fa nilaza ny marina izy. Tamin' izay fotoana izay dia tsy nanana ahiahy aho fa velona ny Mpamonjy. Tsy nanana ahiahy koa aho fa nahazo fanambarana ho an' ny tenako manokana izay nanamafy tamiko "fa i Jesoa Kristy dia Zanak' Andriamanitra."¹

Fony aho valo taona dia natao

batisa sy noraisina ho mpikambana ary nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina. Fitahiana efa tena tsara izany tamin' izany fotoana izany saingy lasa nihananan-danja tokoa rehefa nihalehibe aho ary niaina ilay fanomezana ny Fanahy Masina tamin' ny fomba maro nanomboka tamin' io.

Matetika isika rehefa miala any amin' ny fahazazana dia miditra amin' ny fahatanorana ary avy eo lasa olondhibe, dia miatrika olana sy miaina ireo toe-javatra miseho eny an-dalana eny, izay mahatonga antsika hahafantatra fa ilaintsika ny fanampian' Andriamanitra izay tonga amin' ny alalan' ny Fanahy Masina. Rehefa tonga ireo fahasahiranana dia mety hanontany tena isika hoe: "Inona no valin' ity olako ity?" ary "Ahoana no ahafantarako ny tokony hataoko?"

Matetika aho no mahatsiaro ilay tantara ao amin' ny Bokin' i Môrmôna mikasika an' i Leahia izay nampianatra

ny fianakaviany ny filazantsara. Nizara fanambarana sy fampianarana maro tamin' izy ireo momba ireo zavatra ho avy amin' ny andro farany izy. Nikatsaka ny fitarihan' ny Tompo i Nefia mba hahatakarana tanteraka ny fampianaran' ny rainy. Notaomim-panahy sy nahazo fitahiana izy ary nahazo aingam-panahy hahafantatra fa marina ireo fampianaran-drainy. Izany dia nahafahan' i Nefia hanaraka antskany sy andavany ny didin' ny Tompo ary hanana fiainana marina. Nandray fanambarana ho an' ny tenany manokana izy mba hitarika azy.

Tetsy ankilany anefa dia nifanditra ireo rahalahiny satria tsy azon' izy ireo ny fampianaran-drainy. Dia nametraka fanontaniana manan-danja iray i Nefia: "Efa nanadina ny Tompo va ianareo?"²

Valinteny maivana no nomen' izy ireo: "Tsy nanao izany izahay; satria tsy mampahafantatra anay ny zavatra toy izany ny Tompo."³

Nanararaotra izany fotoana izany i Nefia mba hampianarana ireo rahalahiny ny fomba hahazoana fanambarana ho an' ny tena manokana. Hoy izy hoe: "Moa tsy tsaroanareo va ny zavatra izay efa nolazain' ny Tompo? —Raha tsy manamafy ny fonareo ianareo ary mangataka Amiko amin' ny finoana, sady matoky fa hahazo izany, no mazoto amin' ny fankatoavana ny didiko, dia hampahafantarina anareo marimarina tokoa ireo zavatra ireo."⁴

Tena mazava tsara ny fomba hahazoana fanambarana ho an' ny tena manokana. Mila maniry ny handray fanambarana isika, tsy tokony hanamafy ny fontsika, ary avy eo dia mila mangataka amim-pinoana isika ary mino marina fa hahazo valiny, dia mitandrina amim-pahavitrihana ny didin' Andriamanitra avy eo.

Ny fanarahana io lamina io akory tsy midika hoe isaky ny mametraka fanontaniana amin' Andriamanitra isika dia hiseho eo no ho eo ihany ny valiny miaraka amin' ny antsipirian-javatra tokony hatao. Kanefa midika kosa izany fa raha mitandrina amim-pahavitrihana ny didy isika ary mangataka amim-pinoana dia ho tonga araka ny fomban' ny Tompo manokana sy amin' ny fotoanany ny valiny.

Fony mbola ankizy aho dia nieritreritra fa ny fanambarana ho an' ny

tena manokana na ny valim-bavaka dia tonga amin' ny alalan' ny feo izay heno. Marina fa misy fanambarana sasany izay tonga amin' ny alalan' ny fahenoana feo tokoa. Kanefa nianatra aho fa ny Fanahy dia miresaka amin' ny fomba maro.

Ny Fotopampianarana sy Fanekem-pihavanana, fizarana faha-6 dia manazava fomba maro izay ahafahantsika mahazo fanambarana:

“Fa efa nanontany ahy ianao, ary indro, isaky ny avy nanontany ianao dia efa nandray toromarika avy amin' ny Fanahiko.”⁵

“Nanazava ny sainao Aho.”⁶

“Tsy nilaza fiadanana tamin' ny sainao va Aho momba izany?”⁷

Mianatra bebe kokoa momba ny fandraisana fanambarana isika any amin' ny soratra masina hafa:

“Hiteny anao ao an-tsainao sy ao am-ponao Aho, amin' ny alalan' ny Fanahy Masina izay ho tonga ao aminao sy hitoetra ao am-ponao. Ankehitriny, indro io no fanahin' ny fanambarana.”⁸

“Hahamay ny ao anatin' ny tratranao Aho; koa ho tsapanao fa marina izany.”⁹

“Hanomezako amin' ny fanahiko ianao, izay hanazava ny sainao, izay hameno fifaliana ny fanahinao.”¹⁰

Matetika ny fanambarana ho an' ny tena manokana dia ho tonga rehefa mandalina ny soratra masina isika, rehefa mihaino sy manaraka ny torohevitr' ireo mpaminany sy ireo mpitarika hafa ao amin' ny Fiangonana, ary rehefa miezaka manana fiainana marina feno fahatokiana. Indraindray ny fitaomam-panahy dia tonga avy amin' ny andinin-tsoratra masina iray monja na andalana iray tao anatin' ny lahateny iray tao anatin' ny fihaonambe. Angamba ilay valiny andrasanao dia mety ho tonga rehefa miventy hira tena kanto ny ankizy ao amin' ny Kilonga. Fomba isehoan' ny fanambarana daholo ireo.

Tany am-piandohan' ny Famerenana tamin' ny Laoniny dia maro ireo mpikambana no nikatsaka fanambarana tamim-pahavitrihana ary nahazo fitahiana sy fitaomam-panahy mba hahafantarana izay tokony hatao.

Ny Rahavavy Eliza R. Snow dia nomen' ny mpaminany Brigham Young andraikitra mba hanentana ny fanahin'



ireo rahavavy ao amin' ny Fiangonana sy hampianatra azy ireo. Nampianatra izy fa ny vehivavy tsirairay dia afaka mahazo fitaomam-panahy hitarika azy ireo eo amin' ny fiainany manokana sy eo amin' ny fianakaviany ary eo amin' ny andraikiny ao amin' ny fianakaviany. Nilaza izy hoe: Lazao ireo rahavavy mba handroso sy hanatanteraka ny andraikiny ao anatin' ny fanetren-tena sy fahatokiana, ary dia hitoetra eo amin' izy ireo ny Fanahin' Andriamanitra sy hotahiana ao anatin' ny asa ataony izy ireo. Avelao izy ireo hikatsaka fahendrena fa tsy fahefana ary dia hanana ny hery rehetra izy ireo izay hananany fahendrena ny mampiasa azy.”¹¹

Nampianatra an' ireo rahavavy mba hikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy Masina Rahavavy Snow. “Nilaza izy fa ny Fanahy Masina dia ‘Manome fahafaham-po sy manatanteraka an' izay zavatra rehetra tadiavin' ny fon' olombelona, ary mameno izay banga rehetra. Rehefa feno an' izany Fanahy izany aho dia afa-po ny fanahiko.’”¹²

Nampianatra ny Filoha Uchtdorf fa “tsy voatery hiseho amin' ny endriny mahery vaika foana ny fanambarana sy ny fijoroana ho vavolombelona. Ho an' ny ankamaroan' ny olona dia tonga tsikelikely ny fijoroana ho vavolombelona—ampahany kely isaky mandeha.” Nanampy izy hoe: “Handeha isika hikatsaka amim-pahavitrihana ny fahazavan' ny fitaomam-panahin' ny tena manokana. Handeha isika hiangavy ny Tompo mba handrotsaka ao antsaintsika sy ao amin' ny fanahintsika ilay sombin' ny finoana izay ahafahantsika mandray sy mahafantatra ny asa

masin' ny Fanahy Masina.”¹³

Ny fijoroana ho vavolombelona dia manome hery sy manamafy orina antsika rehefa miatrika olana isika eo amin' ny fiainantsika. Misy olona sasany izay ianjadian' ny olona sarotra ara-pahasalamana, ny sasany miatrika olona ara-bola ary ny sasany dia manana olana eo amin' ny fanambadiany na eo amin' ny zanany. Ny sasany iharan' ny fanirery sy ny fanantenana sy nofinofy tsy tanteraka. Ny fijoroantsika ho vavolombelona miaraka amin' ny finoantsika an' i Jesoa Kristy Tompo sy ny fahalalantsika mikasika ny drafty ny famonjena no manampy antsika ho tafavoaka amin' ireo fotoam-pitsapana sy fahasaratana.

Hitantsika ao amin' ilay boky *Daughters in My Kingdom*, ny momba an-dRahavavy Hedwig Biereichel, vehivavy iray tany Alemana izay nianjadian' ny fahoriana sy ny tsy fananana nandritra ny Ady Lehibe Faharoa. Noho ilay fitiavany sy ilay toetrany feno fiantrana ary na tao anatin' ny fahasahiranana lehibe aza izy dia vonona nizara ny sakafony tamin' ireo babo an' ady izay noana mafy. Taty aoriana rehefa nanontaniana izy hoe ahoana no nahafahany “nihazona ny fijoroany ho vavolombelona nandritra [ireo] fitsapana rehetra [ireo],” dia namaly izy hoe: “Tsy izaho no nihazona fijoroana ho vavolombelona nandritra ireo fotoana ireo—ny fijoroana ho vavolombelona no nihazona ahy.”¹⁴

Tsy hoe manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka akory isika dia hijanona ao foana izany. Tsy maintsy kolokoloina sy hampahatanjahana izany mba hananan' izany hery ampy hanohanana antsika. Izany no antony iray “[ihaonantsika] miaraka matetika”—mba hahafahantsika mandray ny fanasan' ny Tompo sy manavao ny fanekempihavanantsika ary “mama-hana ny tenantsika amin' ny teny soan' Andriamanitra.” Ny teny soan' Andriamanitra no mitazona antsika mba “hiambina lalandava amim-bavaka, tsy hiantehitra afa-tsy amin' ny fahamandrehan' i Kristy izay tompony sy mpanefa ny finoan[tsika].”¹⁵

Nampianatra antsika ny Loholona David A. Bednar hoe: “Rehefa mikatsaka amin' ny fomba tokony ho izy ny fanahin' ny fanambarana isika dia

mampanantena anareo aho fa 'handeha amin' ny fahazavan' ny Tompo' ianareo (Isaia 2:5; 2 Nefia 12:5). Indraindray ny fanahin' ny fanambarana dia hiasa eo no ho eo sy amin' ny fomba mahery vaika, ary amin' ny fotoana hafa dia amin' ny fomba malefaka sy mandeha miandalana no hitrangan' izany, ary matetika dia amin' ny fomba tena malefaka hany ka mety tsy ho hainareo ny mamantatra azy. Kanefa na manao ahoana na manao ahoana ny fomba andraisana io fitahiana io dia hanazava sy hampivelatra ny fanahintsika ny fahazavana izay entiny, ary hanazava ny fahatakaran' ny saintsika (jereo ny Almà 5:7; 32:28), ary hitarika sy hiaro anareo sy ny fianakavianareo.¹⁶

Ny Tompo dia maniry ny hanome antsika fitarihana sy fahendrena ary torolalana eo amin' ny fiainantsika. Te-handrotsaka ny Fanahiny eo amintsika Izy. Averina indray fa mba hahazoana fanambarana ho an' ny tena manokana dia mila isika maniry ny handray izany, tsy tokony hanamafy ny fontsika, avy eo mangataka amim-pinoana ary mino marina fa hahazo valiny, dia avy eo mitandrana amim-pahavitrihana ny didin' Andriamanitra. Ary rehefa mitady ny valin' ireo fanontaniantsika isika dia homeny ny Fanahiny. Izany dia hijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:13.
2. 1 Nefia 15:8.
3. 1 Nefia 15:9.
4. 1 Nefia 15:11; jereo koa ny andininy 10.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:14.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:15.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:23.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2-3.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:8.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:13.
11. *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 45.
12. *Daughters in My Kingdom*, 46.
13. Dieter F. Uchtdorf, "Your Potential, Your Privilege," *Liahona*, Mey 2011, 60.
14. Jereo ny *Daughters in My Kingdom*, 79.
15. Mòrônia 6:4-6.
16. David A. Bednar, "The Spirit of Revelation," *Liahona*, Mey 2011, 90.



Nataon' ny Loholona L. Whitney Clayton

Ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy

Ho Avy ny Andro

Miara-talanjona aminareo aho mahita ity asa ity mandroso, amin'ny fomba mahagaga sy amin'ny fomba mahavariana ary amin'ny fomba tsy toha

Nanombo nandritra ny volana maromaro tany amin' ireo faritra afovoan' ny tanànan' i Lima, Pérou aho fony aho nanao asa fitoriana. Noho izany dia imbetsaka aho no namakivaky ny kianja Plaza de Armas ao Lima. Ny Lapam-panjakana, izay fonenana ôfisialy sy birao hiasan' ny filohan' i Pérou, dia eo anoloan' io kianja io. Izaho sy ireo namana mpiara-nitory tamiko dia nanasa olona teo amin' io kianja io handre ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny. Natetika aho no nanontany tena tamin' izany fotoana izany hoe manao ahoana re izany hoe miditra ny lapa izany, saingy ny eritritra ny hanatanterahana izany indray andro any dia toa mbola lavitra ery.

Tamin' ny taon-dasa izaho sy ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, niaraka tamin' olona vitsivitsy hafa, dia nihaona tao amin' ny Lapampanjakana tamin' i Alan García, izay Filohan' i Pérou tamin' izany fotoana izany. Naseho taminay ireo efitrano tsara tarehy ary noraisin' ny Filoha García tamin' ny fomba feno fanajana izahay. Ireo fanontaniana nanitikitika ny saiko mahakasika ilay lapa fony aho mpitory filazantsara mbola herotreronny dia voavaly tamin' ny fomba iray izay tsy ho azoko nonofnôfisina hoe ho azo tanterahana akory tamin' ny 1970.

Efa niova ny tany Pérou hatramin' ny fotoana naha-mpitory filazantsara ahy, indrindra indrindra teo amin' ny Fianganana. Tamin' izany fotoana izany dia nisy mpikamban' ny Fianganana teo amin' ny 11.000 teo tany ary Tsatòka iray monja. Ankehitriny dia misy mpikambana mihoatra ny 500.000 any, ary manakaiky ny 100 ny isan' ireo tsatòka. Tany amin' ireo tanàna fahiny izay tsy nisy afa-tsy vondrona mpikambana vitsy dia vitsy, ankehitriny dia tsatòka mavitrika maromaro no hita ary trano fianganana manintona ny maso no mandravaka ny tanàna. Zavatra mitovy amin' izany koa no nitranga tany amin' ny firenena maro hafa manerana an' izao tontolo izao.

Io fitomboan' ny Fianganana tena niavaka io dia mendrika ny asiampanazavana. Ny hanombohantsika azy dia faminaniana iray ao amin' ny Testamenta Taloha.

I Daniela dia Hebreo iray nandevozina tany Babylona. Nahazo fahafahana izy hanazava ny nofy izay nahazo an' i Nebokadnezara Mpanjaka. Nangatahan' i Daniela Andriamanitra mba hanambara aminy ilay nofy sy ny fanazavana azy, ary dia voavaly ny vavaka nataony. Hoy izy tamin' i Nebokadnezara hoe: "Misy Andriamanitra any an-danitra, Izay mampiseho zava-miafina ka mampahafantatra an'

i Nebokadnezara mpanjaka izay ho tonga any am-parany. . . . Ny fahitan' ny lohanao teo amin' ny farafaranao dia izao." Nambaran' i Daniela fa ny mpanjaka dia nahita sary mampitahotra izay nanana loha, tratra, sandry, ranjo ary tongotra. Nisy vato voaendaka avy tamin' ny tendrombohitra iray nefa tsy nendahan-tanana ary nikodia sady nihanitombo tsikelikely ny habeny. Ary namely ilay sary io vato io ary nahatorotoro azy, "ary ilay vato namely ny sary dia tonga tendrombohitra lehibe nahafeno ny tany rehetra."

Nazavain' i Daniela fa ilay sary dia tandindon' ireo fitondrana ara-politika ho avy "ary amin' ny andron' ireo mpanjaka [ho avy] ireo Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay: . . . , fa ireo fanjakana rehetra ireo dia hotorotoroiny sy holevoniny, "fa izy kosa hitoetra mandrakizay."¹

Izao isika dia hitodika amin' ny soratra masina iray avy amin' ny vanim-potoana akaiky kokoa. Ny anjely Môrônia dia niseho voalohany tamin' i Joseph Smith tamin' ny 1823 ary nilaza taminy fa "manana asa ampanaovina [azy] Andriamanitra, fa ho tsara sy ho ratsy laza any anivon' ny firenena, ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra ny anara[ny]."² Azo antoka fa tsy maintsy ho nanaitra an' i Joseph, izay vao 17 taona monja ilay hafatr' i Môrônia.

Tamin' ny 1831, dia nolazain' ny Tompo i Joseph fa ireo fanalahidin' ny fanjakan' Andriamanitra dia efa "nankinina amin' ny olona eto an-tany." Nilaza Izy hoe "hikodiadia hatrany am-paran' ny tany ny filazantsara, toy ny vato izay nendahina hiala tamin' ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana . . . ambara-pamenoany ny tany manontolo,"³ tsy misy hafa amin' izay nolazain' i Daniela tamin' i Nebokadnezara.

Tamin' ny 1898 dia notantarain' ny Filoha Wilford Woodruff ny zavatra niainany fony izy mpikambana vaovao tamin' ny taona 1834, nandritra ny fivoriana iray tao amin' ny fisoronana tany Kirtland. Nitantara izy hoe: "Nanao antso avo tamin' ny olona rehetra izay nihazona Fisoronana ny Mpaminany mba hivondrona tao anatin' ilay tranon' fianarana vita tamin' ny vatan-kazo izay nisy teo. Trano kely izy io, angamba teo amin' ny 4.3 metatra mahery kely

teo ny lafiny. . . . Rehefa tafangona izahay dia nanao antso avo tamin' ireo Loholon' i Isiraely ny Mpaminany . . . mba hijoro ho vavolombelona mikasika ity asa ity. . . . Rehefa nahavita izy ireo dia nilaza ny Mpaminany hoe 'Ry Rahalahy, tena nanome hery ahy sy nianarako zavatra betsaka ny fijoroana-reo ho vavolombelona teto androany hariva, fa tiako ny hilaza aminareo eo anatrehan' ny Tompo fa tsy mahafantatra mihoatra noho ny tsy fahafantaran' ny zazakely eo ampfoan-dreniny ny hoaviny ianareo raha ny mikasika ny hiafaran' ity Fiangonana sy fanjakana ity. Tsy takatrareo izany. . . . Olona vitsy kely ao amin' ny fisoronana fotsiny no tazanareo eto anio hariva, kanefa ity Fiangonana ity dia hanenika ny Amerika Avaratra sy Atsimo—hameno an' izao tontolo izao izy ity."⁴

Ireo faminiana ireo izay milaza:

- fa ny fanjakan' Andriamanitra dia hameno ny tany, toy ny vato nendahina avy tamin' ny tendrombohitra;
- fa ny anaran' i Joseph Smith dia ho fantatra maneran-tany; ary
- ny Fiangonana dia hameno an' i Amerika sy hameno an' izao tontolo izao

dia mety toa mampihomely raha 170 taona tany aloha tany. Ilay vondrona mpino vitsivitsy, izay nitrongy vao homana tany amin' ny sisintanin' i Amerika ary nifindra monina handositra ny fanenjehana, dia tsy nanana ny endrik' ilay fototry ny finoana iray izay hiampita sisintany iraisam-pirenena ary hiditra ao amin' ny fon' olona any amin' ny toerana rehetra.

Kanefa dia izany tokoa no nitranga.

Mamelà ahy ianareo hanome ohatra.

Tamin' ny andro Krismasy tamin' ny 1925, tany Buenos Aires, Argentine, dia notokanan' ny Loholona Melvin J. Ballard ho an' ny asa fitoriana filazantsara ny kaontinanta Amerika Atsimo manontolo. Tamin' ny Aogositra 1926 dia olona niova fo vitsivitsy no natao batisa. Izy ireo no mpikambana voalohany tato amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany izay vita batisa tany Amerika Atsimo. 85 taona lasa no nitrangan' izany, mitovitovy amin' ny halavan' ny andro iainan' ny ankamaroan' ireo izay mihaino ny fihaonambe ankehitriny.

Misy tsatòkan' i Ziona 23 ao Buenos Aires ankehitriny, ary tsatòka am-polony sy mpikamban' ny Fiangonana an' alin-kisa any amin' ireo tanàna rehetra manerana an' i Argentine. Amin' izao fotoana izao dia ahitana tsatòka mihoatra lavitra noho ny 600 isa ary mpikamban' ny Fiangonana an-tapitrisa maromaro manerana an' i Amerika Atsimo. Raha jerena dia manenika an' io kaontinanta io tokoa ny fanjakan' Andriamanitra, ary ny anaran' i Joseph Smith dia miely, na amin' ny alalantsika izany na amin' ny alalan' ireo mpitsikera azy, any amin' ireo firenena izay mety tsy mbola henony akory ny fisiany nandritra ny androm-piainany manontolo.

Manakaiky ny 3.000 ny isan' ireo tsatòkan' ny Fiangonana maneran-tany ankehitriny, avy any Boston ka hatrany Bangkok, ary avy any Mexico ka hatrany Moscou. Manakaiky ny 29.000 ny isan' ny paroasy sy sampana. Any amin' ny firenena maro dia misy tsatòka maro efa matanjaka, ahitana mpikambana izay olona niova fo ny razambeny. Any amin' ny firenena

Montévidéo, Uruguay



hafa indray dia vondrona mpikambana vaovao vitsy kely no mivory ao anaty trano hofaina, ka mandrafitra sampan' ny Fiangonana kely dia kely. Isan-taona dia mihamparitaka lavida-vitra kokoa hatrany maneran-tany ny Fiangonana.

Ireo faminiana ireo izay mikasika ny famenoana ny tany sy ny ho fantatra manerana an' izao tontolo izao dia: Mahatsikaiky ve? Angamba. Toa tsy ho tanteraka ve? Ho tanteraka tsy amimpisalasalana. Tsy mety ho tanteraka ve? Tena tsia avy hatrany. Eo an-dalam-pahatanterahana eo imasontsika izany.

Nanamarika ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe:

“Nolazaina indray mandeha fa tsy milentika mihitsy ny masoandro eo amin' ny fanjakana anjakan' ny Amperora Britanika. Ankehitriny dia efa lefy izany fanjakana izany. Fa marina kosa ny hoe tsy milentika mihitsy ny masoandro eo amin' ity asan' ny Tompo ity araka ny hidirany eo amin' ny fiainan' ny olona maneran-tany.

“Ary vao fiantombohany fotsiny izao. Mbola zara raha nanomboka nahavita ny asa rehetra izay ho tanterahantsika isika. . . . Tsy misy sisintany mametra ny fanaovana ity asa ity. . . . Ireny firenena izay mbola mikatona ho antsika ireny dia hisokatra indray andro any.”⁵

Ankehitriny dia hitantsika fa mihamanakaiky ny fahatanterahan' ny faminiana iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna:

“Ary . . . ny zavatra hitranga dia hanakombona ny vavany ireo mpanjaka; fa izay tsy nolazaina taminy no ho hitany; ary izay tsy reny no hosaintsaininy.

“Fa amin' izany andro izany, noho ny Amiko dia hanao asa iray ny Ray, izay ho asa lehibe sy mahatalanjona eo anivony.”⁶

Ity asan' ny Tompo ity dia tena lehibe sy mahatalanjona tokoa, saingy amin' ny ankapobeny dia mandroso tsy tsikaritry ny ankamaroan' ireo mpitondra pôlitika, sy ara-kolotsaina ary ara-pahalalana eto amin' ny zanak' olombelona. Mivoatra ao anatin'ny fo iray sy fianakaviana iray isaky ny mandeha izany, amim-pahanginana sy amim-pilaminana, ary ny hafatra masina entiny dia mitahy ny olona na aiza na aiza.



Salvador, Brésil

Andininy iray ao amin' ny Bokin' i Môrmôna no manome ny fanalahidy iray mahatonga izany fitomboana mahagaga misy eo amin' ny Fiangonana izany. “Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana, ka ny fahalalana ny Mpamonjy dia hiely patrana eran' ny firenena, ny foko sy samy hafa fiteny ary mponina tsirairay.”⁷

Ny hafatra manan-danja indrindra entintsika, izay sady nampiantraiketin' Andriamanitra no nandidiany antsika ny hitondra izany na aiza na aiza maneran-tany, dia ny hoe misy ny Mpamonjy. Niaina tamin' ny mitataovovonan' ny fotoana Izy. Nanonitra ny fahotantsika Izy, nohomboana, ary nitsangana tamin' ny maty. Izany hafatra tsy manam-paharoa izany, izay toriantsika omban' ny fahefan' Andriamanitra, no tena antony mahatonga an' ity Fiangonana ity hitombo tahaka izao.

Mijoro ho vavolombelona aho fa niseho tamin' i Joseph Smith Izy, niaraka tamin-dRainy. Teo ambany fitarihan' ny Ray Izy no namerina indray ny Filazantsarany teto an-tany. Nandefa apôstôly sy mpaminany Izy, sy ny fanalahidin' ny fisoronana ho eto an-tany indray. Mitarika ny Fiangonany Izy amin' ny alalan' ny mpaminany velona iray, dia ny Filoha Thomas S. Monson. Ny Fiangonany no ilay vato nendahina avy tamin' ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana izay

mikodiadia mandroso manerana an' izao tontolo izao.

Velom-pankasitrahana isika noho i Joseph Smith, ary mandinika amimpitalanjonana ny fanajana ny anarany sy, eny, ny fitenenan-dratsy bebe kokoa izany hatrany maneran-tany. Saingy miaiky isika fa ity asa lehibe amin' ny andro farany ity dia tsy mikasika ny momba azy. Fa asan' Andriamanitra Tsi-toha sy ny Zanany, ilay Andrian' ny Fia-danana. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no ilay Mpamonjy ary miara-talanjona aminareo aho mahita ity asa ity mandroso amin'ny fomba mahagaga sy amin'ny fomba mahavariana ary amin'ny fomba tsy toha. Marina tokoa fa “[tonga] ny fotoana, ka ny fahalalana ny Mpamonjy . . . dia [m]iely patrana eran' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay.” Mijoro ho vavolombelona aho momba Azy, ilay Mpamonjy ny zanak' olombelona, sy momba ity asa ity, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Daniela 2:28, 35, 44; jereo koa ny andininy 1–45.
2. Joseph Smith—Tantara 1:33.
3. Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 65:2.
4. *Enseignements des Présidents de l' Eglise: Wilford Woodruff* (2004), 25–26.
5. Gordon B. Hinckley, “The State of the Church,” *Liahona*, Nôv. 2003, 7.
6. 3 Nefia 21:8–9.
7. Môsià 3:20.



Nataon' ny Loholona José L. Alonso
Ao amin' ny Fitopololahy

Manao ny Zavatra Tsara amin' ny Fotoana Mahamety izany, tsy misy Hatak' andro

Ny Mpamonjy . . . dia naneho ohatra goavana tamintsika mikasika ny tsy fanaovana andraso andraso amin' ny fanolorana fanampiana ho an' ireo izay tsy mahafantatra intsony izany hoe fahasambarana sy fifaliana izany.

Amin' izao androntsika izao dia maro ny olona no miaina ao anatin' ny alahelo sy fisafotofotoana lehibe. Tsy mahita izay valin' ny fanontaniany izy ireo ary tsy mahavita manome fahafahampo ny zavatra izay ilain' izy ireo. Ny sasany dia tsy mahafantatra intsony izany hoe fahasambarana sy hafaliana izany. Ny mpaminany dia efa nanambara fa ny tena hasambarana marina dia hita amin' ny fanarahana ny ohatra sy ny fampianaran' i Kristy. Izy no Mpamonjy antsika, Izy no Mpampianatra antsika, Izy ilay Ohatra tsy misy tomika.

Ny fiainany dia fiainampanompoana. Rehefa manompo ny namantsika isika dia manampy ireo izay mila fanampiana. Eo am-panaovana izany dia afaka mahita vahaolana isika amin' ireo fahasahiranana mianjady amin' ny tenantsika manokana. Rehefa manaraka ny ohatry ny

Mpamonjy isika dia maneho ny fitiavantsika ny Ray any an-danitra sy ny Zanany Jesoa Kristy, ary dia ho tonga tahaka Azy Ireo bebe kokoa.

I Benjamina Mpanjaka dia niresaka momba ny lanjan' ny fanompoana raha nilaza fa rehefa eo amin' ny “fanompoana ny mpiara-belona amin[tsika] isika, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitra.”¹ Ny olona rehetra dia manana fahafahana hanao asa fanompoana sy haneho fitiavana.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nangataka antsika mba handeha “hamonjy” sy hanompo ny hafa. Hoy izy: “Ho hitantsika fa ireo izay tompointsika, izay nahatsapa tamin' ny alalan' ny asa nataontsika ny fikasihany' ny tanan' ny Tompo azy ireo, dia toa tsy afaka hanazava ny fiovana nitranga teo amin' ny fiainan' izy ireo izany. Misy faniriana hanompo

am-pahatokiana, sy handeha am-pa-netren-tena, ary hiaina ho tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa eo amin' izy ireo. Rehefa nahazo ilay fahiratana ara-panahy sy nahita sombiny tamin' ireo fampanantenana mandrakizay izy ireo, dia niteny tahaka ny nolazain' ilay lehilahy jamba nampahiratan' i Jesoa, izay nilaza hoe: ‘Ny hany zavatra fantatro, fa jamba aho teo aloha, mahiratra aho ankehitriny.’”²

Isan' andro isika dia manana fahafahana hanampy sy hanao asa fanompoana—manao zavatra tsara, amin' ny fotoana mahamety izany, tsy misy hatak' andro. Eritrereto ireo olona marobe izay mandalo fotoantsarotra amin' ny fitadiavana asa na marary, na manirery, na izay mieritritra mihitsy aza fa very avokoa izay rehetra nananan' izy ireo. Inona no azonao atao mba hanampiana azy ireo? Alaivo sary an-tsaina hoe tratan' ny orana niaraka tamin' ny fiarany maty ny mpifanolobodirindrina iray, ka niantso anao mba hanampy azy izy. Inona no zavatra tsara hatao ho azy? Rahoviana no fotoana tsara hanatanterahana izany?

Tsaroako ny fotoana nandehananay mianakavy tany an-tampo-tanànan' i Mexico hividy akanjo ho an' ny zanakay roa. Mbola tena kely izy ireo tamin' izany. Ny lahimateoanay dia vao roa taona monja, ary ny faralahy dia vao herintaona. Tomefy olona ny lalana. Raha teo am-piantsenana iny izahay, nitantana ireo zanakay, dia nijanona kely nijery zavatra, kinanjo tsy tsikaritray akory fa tsy hita ilay zanakay lahimateo! Tsy fantatray hoe ahoana fa tsy niaraka taminay intsony izy. Tsy nisy hatak' andro fa avy hatrany izahay dia nihazakazaka nitady azy. Nitady sy niantsoantso azy izahay, nitebiteby fatratra, nieritreritra fa mety tsy ho hitanay intsony mandrakizay izy. Tao an-tsainay izahay dia nitalaho tamin' ny Ray any an-danitra mba hanampy anay hahita azy.

Fotoana fohy taorian' izay dia hitanay izy. Io izy io, nijery tsy nisy ahiahy ireo kilalao teo amin' ny fitaratry ny fivarotana iray. Nofihinay mivady izy ary norohanay, ary nanolo-tena izahay fa hiambina mafy ny zanakay mba tsy hisy velively na iray aza ho very. Nianatra izahay tamin' izay fa tsy

nila nanomana fivoriana hanaovana drafitra izahay mba hamonjena ny zanakay. Avy hatrany izahay dia niasa, ka nandeha nitady ilay iray izay very. Nianatra koa izahay fa ilay zanakay lahy dia tsy nahafantatra velively fa very izy.

Ry rahalahy sy anabavy, mety misy olona maro, izay noho ny antony samihafa, dia tsy hitantsika intsony, ary tsy mahafantatra akory hoe very izy ireo. Raha mangataka andro isika dia mety tsy hahita azy ireo intsony mandrakizay.

Ho an' ny ankamaroan' ireo izay mila ny fanampiansika, dia tsy ilaina ny mamorona fandaharan' asa vaovao na mamolavola asa izay sarotra tante-rahina na mandany volabe. Ny hany ilain' izy ireo dia ny fahavononantsika hanompo—hanao zavatra tsara amin' ny fotoana mahamety izany, tsy misy hatak' andro.

Tamin' ny Mpamonjy niseho tamin' ireo olona tao amin' ny Bokin' i Môrmôna, dia naneho ohatra goavana tamintsika Izy mikasika ny tsy fanaovana andraso andraso amin' ny fanolorana fanampiana ho an' ireo izay izay tsy mahafantatra intsony izany hoe fahasambarana sy fifaliana izany. Rehefa avy nampianatra ny olona Izy, dia tsikariny fa tsy takatr' izy ireo ny teniny. Nasainy nody tany an-tokantranony avy izy ireo mba hisaintsaina ny zavatra izay nolazainy azy ireo. Nasainy nivavaka tamin' ny Ray izy ireo ary niomana ny ho tonga indray ny ampitson' izany, rehefa hiverina hampianatra azy ireo indray Izy.³

Rehefa namarana Izy dia nitazana ny valalabemandry ary nahita azy ireo nitomany satria naniry Azy hijanona eo anivony izy ireo:

“Ary hoy Izy taminy: Indro, ny kiboko dia feno fangorahana aminareo.

“Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? Ento aty ireo. Moa va ianareo manana ireo izay malemy, na jamba, na mandringa, na kilemaina, na boka, na izay maina, na izay marenina, na izay ory na manao ahoana na manao ahoana izany? Ento aty izy dia nositrany, fa manana fangorahana anareo Aho; ny kiboko dia feno famindram-po.”⁴

Ary dia nentin' izy ireo teo Aminy ny mararin' izy ireo, ary dia



nositrany izany. Niankohoka teo an-tongony ny valalabemandry sy nitsaoka Azy ary nanoroka ny tongony, “hany ka izy ireo dia nampandro ny tongony tamin' ny ranomasony.” Ary nodidiany izy ireo hitondra ny ankizy madinika, ary dia nitso-drano azy ireo tsirairay Izy.⁵ Izany no ohatra nomen' ny Mpamonjy antsika. Ho an' ny olondrehetra ny fitiavany, kanefa dia tsy nanadino velively ilay iray Izy.

Fantatro fa ny Ray any an-danitra dia be fitiavana, manana fahatakarana sy faharetana. Ny Zanany, Jesoa Kristy, ihany koa dia tia antsika. Manampy antsika Izy Ireo amin' ny alalan' ny mpaminaniny. Nianatra aho fa misy fiarovana goavana amin' ny fanarahana ny mpaminany. “Ny famonjena” dia mitohy hatrany. Ny Filoha Monson dia niteny hoe: “Ny Tompo dia miandrandra antsika hisaina. Miandrandra antsika hiasa. Miandrandra antsika hiezaka. Miandrandra antsika hijoro ho vavolombelona. Miandrandra ny fandavan-tenantsika.”⁶

Manana andraikitra sy fahafahana manao zavatra goavana isika. Maro ireo olona izay mila migoka indray ny hamamin' ny hasambarana sy ny hafaliana amin' ny alalan' ny fiarahamiantana ao am-piangonana. Izany hasambarana izany dia tonga amin' ny alalan' ny fandraisana ôrdônansy, ny fanaovana fanekempihavanana

masina, ary ny fanajana azy ireny. Ny Tompo dia mila antsika hanampy azy ireo. Ndeha isika hanao zavatra tsara, amin' ny fotoana mahamety izany ary tsy misy hatak' andro.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra ary izy no Raintsika. Velona i Jesoa Kristy ary nanolotra ny ainy Izy mba hahafahantsika miverina eo anatrehan' ny Ray any an-danitra. Fantatro fa Izy no Mpamonjy antsika. Fantatro fa ny hatsaram-panahy tsy manam-petra ananan' Izy ireo dia miseho tsy tapaka. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Filoha Thomas S. Monson dia mpaminanin' Izy ireo ary ity no hany Fiangonana marina eto ambonin' ny tany. Fantatro fa ny Mpaminany Joseph Smith no mpaminanin' ny Famerenana amin' ny laoniny. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin' i Môrmôna dia tenin' Andriamanitra. Mitondra fitarihana sy ohatra mba harahintsika izany mba hahafahantsika ho tonga tahaka an' Andriamanitra sy ilay Zanaka Malalany. Ambarako izany amin' ny anaran' i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Môsià 2:17.
2. Thomas S. Monson, “To the Rescue,” *Liahona*, Jolay 2001, 57, 58.
3. Jereo ny 3 Nefia 17:1-3.
4. 3 3 Nefia 17:6-7jereo koa ny andininy 5.
5. Jereo ny 3 Nefia 17:9-12, 21.
6. Thomas S. Monson, *Liahona*, Jolay 2001, 58.



Nataon' ny Filoha Boyd K. Packer
Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Torohevitra ho an' ireo Tanora

Fa na dia eo aza ny fanoherana sy ny fitsapana ary ny fakam-panahy dia tsy mila matahotra na ho lavo ianareo.

Hiresaka amin' ireo tanora mivantana mihoatra noho ny fanaoko mahazatra aho, ary ohariko amin' ny fahatanorako ny anareo.

Sarobidy mihoatra noho izay heverina ianareo. Efa nihaona tamin' ny tanora ohatra anareo tany amin' ny firenena am-polony maro sy tany amin' ny kaontinanta rehetra aho. Tsara lavitra noho izahay ianareo fony izahay mbola tanora. Mahafantatra bebe kokoa mikasika ny filazantsara ianareo. Matotra sy manam-pinoana kokoa ianareo.

Efa 87 taona aho ankehitriny. Mety hanontany tena ianareo hoe inona koa no azon' ity olona antitra ity hanampiana anay eo amin' ny fiainanay. Efa nandalo ny zavatra niainanareo aho ary mahafantatra ny dia holalovanareo. Saingy ianareo kosa mbola tsy nandalo ny efa nalehako. Hozaraiko ny andalana vitsivitsin' ity tononkalo malaza ity:

Ilay goaika antitra dia mihamandeha mora.

Ilay goaika tanora kosa manidina tsara.

Fa ny zavatra tsy hain' ilay goaika tanora

Dia fantatr' ilay efa antitra tsara.

Raha ny traikefan' ilay goaika efa antitra,

Ilay goaika tanora dia resy tokoa.

Fa ny hany tsy hain' ilay efa antitra

—Dia ny mandeha mafimafy kokoa.

Ilay goaika tanora misidina ambany, misidina ambony,

Ary mihodidina ilay goaika antitra be.

Fa inona no tsy hain' itony goaika tanora itony?

—Dia ny lalana izay tena tokony haleha.¹

Na dia tsy an' i Wordsworth aza izany tononkalo izany, dia mbola malaza ihany!

Mitombo ao anatin' ny tanin' ny fahavalo ianareo ry tanora, noho ny zava-mitranga eo amin' izao tontolo izao, sy ny fitotonganan'ireo fenitra ara-pitondran-tena.

Fantatsika avy amin' ny soratra masina fa nisy ady tany an-danitra ary nikomy i Losifera sy ny mpanaradia azy ka “nazera tamin' ny tany.”² Vonona ny hanakorontana ny drafitry ny Raintsika any an-danitra izy ary mikatsaka ny hifehy ny saina sy ny fihetsiky ny rehetra. Izany fitaomany izany dia ara-panahy, ary “mivezivezy eran-tany” izy.³

Fa na dia eo aza ny fanoherana sy ny fitsapana ary ny fakam-panahy dia tsy mila matahotra na ho lavo ianareo.

17 taona aho, ary efa hahavita ny fianarako tamin' ny ambaratonga farany toy ny mpianatra antonontonony ihany sady feno fahalemena, no niova tao anatin' ny indray Alahady maraina ny fitrangan-javatra teo amin' ny fiainanay. Nantsoina hivory ao amin' ny efitrano lehiben' ny sekoly ambaratonga farany izahay ny ampitso. Nisy vata fampitam-peo iray teo ambonin' ny seza tery amin' ny lampihazo. Nalefan' ny talen' ny sekoly ilay vata fampitam-peo. Tamin' izay no nahenoanay ny feon' ny Filoha Franklin Delano Roosevelt izay nilaza fa voadaroky ny baomba i Pearl Harbor. Tafiditra anatin' ny ady hifanandinana amin' i Japana i Etazonia.

Mbola niverina ihany ny toy izany taty aoriana. Dia mbola ny feon' ny Filoha Roosevelt ihany, fa tamin' ity fotoana ity dia nilaza ny ady vaky teo amin' ny firenentsika amin' i Alemana. Nihanaka naneran-tany ny Ady Lehibe faha-II.

Tampotampoka teo dia lasa nampiahiahy ny hoavinay. Tsy fantatray ny zavatra hoavy. Mbola ho velon' aina hanambady sy hanana fianakaviana ve izahay?

Ankehitriny dia misy ny fandrenesana “ady sy filazana ady; ary ao anaty korontana ny tany manontolo.”⁴ Mety hahatsapa haizina sy tsy filaminana eo amin' ny fiainanareo ianareo, ry tanora. Te-hanoro hevitra sy hampianatra anareo aho ary hampitandrina anareo amin' ny zavatra sasantsasany tokony ho atao sy ny zavatra sasany tsy tokony ho atao.

Ny drafitry ny filazantsara no “ilay drafitra lehiben' ny fahasambarana.”⁵ Ny fianakaviana no ivon' izany drafitra izany. Miankina amin' ny fampiasana amim-pahamendrehana ireo hery hamelomana aina izay ao anatin' ny vatanareo ny fianakaviana.

Ao amin' ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao,” izay taratasy nentanim-panahy navoakan' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo, dia mianatra isika fa tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana dia “Ny olombelona rehetra—ny lahy sy ny



vavy—dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan' ny ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra. Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra fototra iray [izay efa voapetraka hatrany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana]. . . .

“ . . . Ambaranay ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin' ny fananahana.”⁶

Ny sazy lehibe izay nihatra tamin' i Losifera sy ireo mpanara-dia azy dia ny tsy fahazoany vatana mety maty.

Ny ankamaroan' ireo fakam-panahy atrehinareo, ary azoko antoka fa ireo sarotra indrindra, dia misy ifandraisany amin' ny vatanareo. Tsy vitan' ny hoe manana fahafahana hanome vatana ho an' ireo taranaka hoavy fotsiny ianareo fa manana fahafahana misafidy ihany koa.

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Manana fahefana amin' ireo izay tsy manam-batana ireo olombelona rehetra manam-batana.”⁷ Noho izany dia manana hery handresena ny fahavalony ireo olombelona tsirairay izay manana vatana ara-nofy. Hiharan' ny fakam-panahy ianareo noho ny toetra ara-boajanaharin' ny vatanareo kanefa manana ny hery koa ianareo handresena azy sy ireo anjelyny.

Tamin' ny fotoana nahavitanay ny kilasy famaranana tany amin' ny ambaratonga farany, dia efa maro tamin' ireo mpiara-mianatra taminay no lasa tany an' ady, ary ny sasany tamin' izy ireo dia tsy niverina intsony. Efa hirotsaka amin' ny tafika koa izay sisa tavela taminay afaka fotoana fohy. Tsy azonay veroka ny hoavinay. Ho velona ve izahay aorian' ny ady? Mbola hisy tavela ve ireto zavatra nahazatra anay ireto rehefa hiverina izahay?

Satria efa fantatro fa tsy maintsy ho voantso miaramila ihany aho dia naleoko tonga dia nilatsaka tamin' ny tafika an' habakabaka. Tsy ela dia nalefa tany Santa Ana, Californie aho mba hanatrika fiofanana manamory faramanidina.

Tamin' izany aho dia tsy nanana fijoroana ho vavolombelona mafy orina hoe marina ny filazantsara, kanefa fantatro fa ireo mpampianatro tao amin' ny seminera, Abel S. Rich sy i John P. Lillywhite, dia nahafantatra ny fahamarinan' izany. Efa nandre azy ireo nijoro ho vavolombelona aho ary nino azy ireo. Hoy aho tamin' ny tenako hoe: “Hiantehitra amin' ny fijoroan' izy ireo ho vavolombelona aho mandra-paha-zoako ny an' ny tenako manokana.” Ary dia toy izany no nataoko.

Efa nandre mikasika ny tsodranon' ny patriarika koa aho saingy mbola tsy nandray izany. Isaky ny tsatòka tsirairay dia misy patriarika notendrena izay manana ny fanahin' ny

faminaniana sy fanambarana. Nomena lalana izy hanome tsodrano ho an' ny tena manokana sy tsiambaratelo ho an' ireo izay nahazo fahazoan-dalana handray izany avy tamin' ireo evekany. Nanatona ny evekako aho mba haka izany fahazoan-dalana izany.

I J. Roland Sandstrom no patriarika notendrena izay nipetraka tany amin' ny tsatòkan' i Santa Ana. Tsy nahafantatra zavatra mikasika ahy izy ary tsy mbola nahita ahy akory, kanefa dia izy no nanome tsodrano ahy. Nahitako valim-panontaniana sy torolalana ao anatin' izany.

Na dia tsiambaratelo aza ny tsodranon' ny patriarika dia hozaraiko kely aminareo ny ampahany voalaza ao amin' ny ahy: “Hotarihana amin' ny alalan' ny bitsiky ny Fanahy Masina ianao ary hampahafantarina mialoha ireo loza. Raha toa ka mihaino ireo fampitandremana ireo ianao dia hotahian' ny Ray any an-danitra ary dia mbola hiverina ho tafaray amin' ireo olon-tianao indray.”⁸

Ilay teny hoe *raha toa ka*, na dia amin' ny tarehintsoratra kely aza, dia miendrika ho mibaribary be eo amin' ilay pejy. Ho tafaverina soa amantsara avy any amin' ny ady aho *raha toa ka* mitandrana ireo didy ary *raha toa ka* mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina. Na dia natolotra ahy nandritra ny batisa aza izany fanomezana izany dia mbola tsy haiko hoe inona izany Fanahy Masina izany na ahoana no fomba fiasany.

Hitako tao amin' ny Bokin' i Môrmôna kosa anefa ny zavatra nilaiko ho fantatra mahakasika ny bitsika. Namaky aho fa “miteny amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny anjely; noho izany dia manambara ny tenin' i Kristy izy. Izany no nilazako, . . . mivokisa amin' ny tenin' i Kristy; fa indro hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin' i Kristy.”⁹

Angamba ny zavatra lehibe indrindra nianarako avy tamin' ny famakiana ny Bokin' i Môrmôna dia hoe ho tonga toy ny *fahatsapana* ny feon' ny Fanahy fa tsy toy ny feon-javatra. Hianatra ianareo, tahaka ny nianarako, “hihaino” io feo io izay *tsapa* fa tsy *re*.

Niteny mafy ireo zokiny i Nefia, nanao hoe: “Efa nahita anjely iray ianareo, ary niteny taminareo izy; eny, efa

nandre ny feony ombieny ombieny ianareo; ary niteny taminareo tamin' ny feo tony sy malefaka izy, saingy efa *donto* ianareo, hany ka tsy *nahatsapa* ny teniny.”¹⁰

Misy ireo mpitsikera izay milaza fa misy diso amin' ireo andininy ireo satria ny teny dia *re* fa tsy *tsapa*. Kanefa raha mahafantatra na dia kely fotsiny ny mahakasika ny fifandraisana ara-panahy ianareo dia ho fantatrareo fa ny teny mety indrindra hamaritana ny zava-mitranga dia ny teny hoe *fahatsapana*.

Ny fanomezana ny Fanahy Masina, raha toa ka mamela izany ianareo, dia hitarika sy hiaro ary hanitsy mihi-tsy ny fihetsikareo. Feo ara-panahy izay tonga ao an-tsainga izany toy ny eritreritra na fahatsapana tsapa ao am-po. Nilaza ny mpaminany Enôsa hoe: “Tonga tao an-tsaiko ny feon' ny Tompo.”¹¹ Ary dia nilaza tamin' i Oliver Cowdery ny Tompo hoe: “Eny indro, hiteny anao ao an-tsainga sy ao am-ponao Aho, amin' ny alalan' ny Fanahy Masina izay ho tonga ao aminao.”¹²

Marina fa tsy maintsy hanao fahadisoana ianareo eo amin' ny fiainana, kanefa tsy hahavita hadisoana goavana ianareo raha tsy efa nampitandreman' ilay bitsiky ny Fanahy Masina mialoha. Izany fampanantenana izany dia mihatra amin' ireo mpikamban' ny Fiangonana rehetra.

Hanao fahadisoana goavana tokoa ny sasantsasany, handika ny lalân' ny filazantsara. Iza no fotoana ampahatsiahivana anareo mikasika ny Sorompanavotana sy ny fibebahana ary ny famelan-keloka tanteraka mba hahafahanareo ho madio indray. Niteny ny Tompo hoe: “Indro, izay efa nibebaka tamin' ny fahotany dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony.”¹³

Raha toa ka mambabo anareo ny fahavalo noho ny ota dia mampahatsiahy anareo aho fa ianareo no mihazona ny fanalahidy izay azo hamohana ny varavaran' ny tranomaizina avy any anatiny. Afaka ny ho voadio amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy Mpamonjy ianareo.

Mety hisy fotoana hieritreretana-reo hoe tsy mendrika ny ho vonjena satria nahavita heloka, be na kely, ary

mieritrerira ianareo ankehitriny fa efa very. Tsy marina *velively* izany! Ny fibebahana ihany no afaka manasitrana izay voaratra. Kanefa ny fibebahana dia *afaka* manasitrana ireo voaratra, na inona na inona ilay ratra.

Raha toa ianareo ka tafalatsaka amin' ny zavatra tsy tokony ho atao-nareo, na miaraka amin' ny olona izay mitarika anareo amin' ny lalana mampivarina an-kady, dia izao no fotoana ampiasana ny fahaleovan-tenanareo, ny fahafahanareo misafidy. Henoy ny feon' ny Fanahy dia tsy hivarina amin' ny lalan-diso ianareo.

Averiko indray fa miaina ao amin' ny tanin' ny fahavalo ireo tanora ankehitriny miaraka amin' ireo fitsipika arapitondran-tena izay mivaralila fatratra. Kanefa amin' ny maha-mpanompon' ny Tompo ahy dia mampanantena aho fa ho voaro sy hanana fitaovam-piarovana amin' ireo fanafihana ataon' ny fahavalo ianareo *raha toa ka* mihaino ny bitsika izay avy amin' ny Fanahy Masina.

Mitifà akanjo maotina, miresaha amim-panajana, mihainoa hira tsara. Halaviro ny fahavetavetana sy ireo fomba fanao mampifarefa manokana ny tena. Raiso an-tanana ny fiainanareo ary miezaha ho mahatoky. Satria miantehitra tokoa aminareo izahay dia hotahiana tokoa ianareo. Tsy lavitra ny fitsinjovan' ny Ray any an-danitra be fitiavana ianareo.

Niova ny tanjaky ny fijoroako ho vavolombelona nanomboka tamin' ny fotoana nahatsapakako ho mila

Leicester, Angletera



miantehitra tamin' ny fijoroana ho vavolombelon' ireo mpampianatro tao amin' ny seminera. Ankehitriny aho dia miantehitra amin' ny olon-kafa rehefa mandeha noho ny fahantetana sy ny takaitran' ny lefankozatra azoko fony fahakely fa tsy noho ny tsy fahampian' ny finoana raha ny mahakasika ny zavatra ara-panahy. Lasa mino, sy mahatakatra ary mahafantatra ireo fahamarinan' ny filazantsara sy ny Mpamonjy Jesoa Kristy aho.

Amin' ny maha-iray amin' ireo Vavolombelony manokana ahy no ijoroako ho vavolombelona fa ny fiafaran' ity ady izay niantomboka hatrany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana ity dia efa fantatra. Ho resy i Losifera.

Niresaka mikasika ireo goaika isika teo aloha teo. Ianareo ry goaika tanora, dia tsy mila manidintsidina tsy misy tanjona etsy sy eroa, tsy manana antoka ny amin' izay lalana amin' ny hoavy. Misy ireo mahafantatra ny lalana. “Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin' ny mpaminany mpanompony.”¹⁴ Nanorina ny Fiangonany araky ny fitsipiky ny fanalahidy sy ny filan-kevitra ny Tompo.

Misy lehilahy 15 notohanana ho mpaminany, mpahita ary mpanambara eo amin' ny lohan' ny Fiangonana. Ny tsirairay amin' ireo Fiadidiana Voalohany sy Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo dia mihazona ireo fanalahidy rehetra an' ny fisoronana izay ilaina amin' ny fitarihana ny Fiangonana. Ny Apôstôly ela indrindra no Mpaminany dia ny Filoha Thomas S. Monson, izay hany nahazo lalana hampiasa ireo fanalahidy rehetra ireo.

Takian' ny soratra masina ny hiarahan' ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo miasa ao anaty filan-kevitra ary ny fanapahan-kevitra raisin' ireo filan-kevitra ireo dia tsy maintsy niarahana niombon-kevitra. Ary dia izany no atao. Matoky ny Tompo izahay hitarika ny lalana ary izahay dia tsy mikatsaka afa-tsy ny hanao ny Sitrapony. Fantatray fa nametraka andraikitra lehibe aminay Izy, na izahay tsirairay na ny fitambaranay.

Tsy maintsy mianatra ianareo ny “[hatoky] an' i Jehovah amin' ny

fo[nareo] rehetra [ary tsy] miankina amin' ny fahalala[nareo].”¹⁵ Tokony ho olona mahatoky ianareo ary hodidinin' ny namana izay maniry ny ho toy izany koa.

Indraindray ianareo mety ho azon' ny fakam-panahy hieritreritra tahaka ny nataoko nandritra ny fahatano-rako, hoe: “Ho tonga ihany ny faran' izao tontolo izao raha izao fandehan-javatra izao. Ho tonga alohan' ny hahavitako ny zavatra tokony ho atao izany faran' izao tontolo izao izany.” Diso be izany! Afaka miandrindra ny hanao ny zavatra tokony hatao amin'ny fomba tsara ianareo—manambady, manana fianakaviana, mahita ireo zanaka sy zafikely ary mety ho hatramin' ny zafiafy aza.

Raha manaraka ireo fitsipika ireo ianareo dia hotsinjovina sy ho voaro ary hahafantatra ny bitsiky ny Fanahy Masina mivantana ianareo hahafantarana ny lalana hizorana, satria “amin' ny alalan' ny Fanahy Masina no hahafantaranao ny fahamarinan' ny zavadrehetra.”¹⁶ Mampanantena aho fa ho tanteraka izany ary mangataka fitahiana mba hirotsaka aminareo aho ry tanora sarobidinay, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. John Ciardi, “Fast and Slow,” *Fast and Slow: Poems for Advanced Children and Beginning Parents* (1975), 1. © 1975 nataon' i John L. Ciardi. Nampiasaina rehefa nahazoana lalana tamin' ny Houghton Mifflin Harcourt Publishing Company. Zo rehetra voatokana.
2. Apôkalypsy 12:9; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:25–26.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:14.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26.
5. Almà 42:8.
6. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
7. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 211.
8. Tsodranon' ny patriarika an' i Boyd K. Packer, nomen' i J. Roland Sandstrom, 15 Jan. 1944.
9. 2 Nefia 32:3.
10. 1 Nefia 17:45; nampiana fanantitranterana.
11. Enôsa 1:10.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42.
14. Amosa 3:7.
15. Ohabolana 3:5.
16. Môrônia 10:5.



Nataon' ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Manan-danja Aminy Ianao

Kanefa mampiasa fitaovam-pandanjana hafa kely tsy mitovy amin' ny fampiasan' izao tontolo izao ny Tompo entiny handanjana ny hasarobidin' ny fanahy.

Mosesy, izay iray tamin' ireo mpaminany lehibe indrindra fantatr' izao tontolo izao, dia nokezain' ny zanakavavin' i Farao ary nandany ny 40 taonany voalohany teo amin' ny fiainany teo an-dalantsaran' ny lapan' i Egipta. Hitany mivantana ny voninahitra sy halehibean' izany fanjakana fahiny izany.

Taona maro taty aoriana, teo antampon' ny tendrombohitra lavidavitra iray, lavitr' ireo hatsarana sy ny hakanton' i Egipta mahavariana, no nijoroan' i Mosesy teo anatrehan' Andriamanitra ary nifanatrehan' tava sy niresahany Taminy toy ny lehilahy iray miresaka amin' ny namany.¹ Nandritra izany fotoam-pitsidihana izany no nampisehoan' Andriamanitra tamin' i Mosesy ny asa kanton' ny Tanany, nangezany fahafahana azy hahita sombiny amin' ny asany sy ny voninahiny. Rehefa nikatona ilay fahitana dia lavo tamin' ny tany nandritra ny ora maro i Mosesy. Rehefa nimpody taminy ny ainy dia nahatakatra zavatra iray izy, zavatra izay tsy mbola nitranga taminy hatrizay nandritra ireo taona maro niainany teo an-dapan' i Farao.

“Fantatro,” hoy izy, “fa tsinontsinona ny olona.”²

Latsa-danja Kokoa Noho Izay Heverintsika Isika

Arakaraka ny hianarantsika bebe kokoa mahakasika izao tontolo izao no hahatakarantsika kokoa—farafahakeliny amin' ny ampahany kely—mikasika izay fantatr' i Mosesy. Midadasika, sy feno mistery ary be voninahitra tokoa izao tontolo izao ka tsy takatry ny sain' ny zanak' olombelona. “Tontolo tsy hita isa no efa nohariako,” hoy Andriamanitra tamin' i Mosesy.³ Ny habakabaka amin' ny alina izay mahatalanjona dia vavolombelona manamarina izany fahamari-nana izany.

Vitsy ny zavatra izay nahatonga ahy ho tolagaga fatratra tahaka ny fisidinako nandritra ny alina maizina teny amin'ny ranomasina sy kaontinanta ary ny fitazanako avy teo amin' ny varavarankelin'ny efitry ny mpanamory ny voninahitra tsy manam-petran' ireo kintana an-tapitrisany.

Nanandrana nanisa ireo kintana eran' izao rehetra izao ireo mpahaikintana. Ny vondron' ny mpahay siansa iray dia nanombantombana fa ny isan' ireo voam-pasika misy eny amin' ny moron-dranomasina sy tany efitr' izao tontolo izao no ampitomboana impolo

vao hanome ny isan' ireo kintana izay takatry ny masolavitra lehibe ananantsika.⁴

Manaitra ny fitovian' izany tsoa-kevitra izany amin' ilay fanambarana nataon' i Enôka mpaminany fahiny manao hoe: “Na dia vitan' ny olona aza ny hanisa ny poti-tany, eny, tany an-tapitrisany tahaka ity, dia tsy mbola fiandohan' ny isan' ny zava-boaharinao akory izany.”⁵

Rehefa mieritreritra ny habetsahan' ny zavatra noharian' Andriamanitra isika dia tsy mahagaga raha nanoro hevitra ny olona i Benjamina ilay Mpanjaka lehibe, ny mba “[hitana] mandrakariva ao amin' ny fahatsiarovana ny halehibezan' Andriamanitra sy ny mahatsinontsinona [antsika].”⁶

Lehibe Kokoa Noho ny Fiheverantsika ny Tenantsika Isika

Kanefa na dia tsinontsinona aza ny olona dia mahatalanjona sy mahagaga ahy hatrany ny mieritreritra fa “lehibe ny hasarobidin' ny olona eo imason' Andriamanitra.”⁷

Ary raha mety hitazana ny velaran' izao tontolo izao izay tena midadasika isika ka hiteny hoe: “Inona tokoa moa ny olona raha oharina amin' ny hakanton' ny fahariana?” dia Andriamanitra mihitsy no nilaza fa isika no antony nahariany izao tontolo izao! Ny asany sy ny voninahiny—izay tanjon' ity tontolo faran' izay kanto indrindra ity—dia ny hamonjy sy hanandratra ny zanak' olombelona.⁸ Raha lazaina amin' ny fomba hafa dia naorina ho tombontsoan' ny olona tsotra sy mety maty toa ahy sy ianao ilay velaran' ny mandrakizay izay midadasika, ny voninahitra sy mystery fonosin' ny tontolo sy ny fotoana tsy misy fetra. Nahary izao tontolo izao ny Ray any an-danitra mba hahafahantsika mahatratra ireo zavatra mety ho vitantsika amin' ny mahazanakalahy sy zanakavaviny antsika.

Hevimifanohitra eo amin' ny olombelona izao: tsinontsinona ny olona raha oharina amin' Andriamanitra; kanefa manan-danja be tokoa isika amin' Andriamanitra. Na dia miendrika ho tsinontsinona aza isika raha oharina amin' ny fahariana tsy hita fetra dia manana ny sombin' ny fiainana mandrakizay miredareda ao anatintsika. Manana ilay fampanantenana izay tsy

takatry ny saina isika dia ny fisandratana—tontolo tsy misy fiafarana—eo am-pelantanantsika. Ary fanirian' Andriamanitra lehibe ny hanampy antsika hahatratra izany.

Ny Hadalan'ny Fieboeboana

Ilay mpamitaka lehibe dia mahafantatra fa iray amin' ireo fitaovany mahomby indrindra hisarihana ny zanak' Andriamanitra amin' ny lalan-diso dia ny herin-tsitona ataony amin' ny heviodison' ny olombelona. Misarika ny sasany amin' ny fieboeboana mihoampampana izy, misarika azy ireo ho be fialonana ary mamporisika azy ireo hino ny haitraitra mikasika ny mahamanan-danja ny tenan' izy ireo manokana sy ny tsy fahafahana mandresy azy ireo. Lazainy fa efa mihoatra ny olon-tsotra izy ireo ary noho ny fahai-za-manoany, noho ny hery ananany hatramin' ny nahaterahany na noho ny sarangany eo amin' ny fiaraha-monina dia miavaka izy ireo eo anatrehan' ny rehetra izay manodidina azy ireo. Tarihany izy ireo hino fa tsy handairan' ny lalàna izay mihatra amin' ny hafa intsony izy ireo noho izany ary tsy tokony ho adalaina amin' ny olana mianjady amin' ny olon-kafa rehetra.

Voalaza fa tian' i Abraham Lincoln ity tononkalo iray izay mivaky toy izao ity:

Nahoana no mieboebo, ry fanahin' izay mety maty?

Sombin-drahona iray izay mandalo, tainkintana mitsoriaka dia ho faty, Tselatra kely miserana, sombin' onja mitopatopa ihany,

*Toy izany ny fiainan-dRaolona, hiafara ambanin' ny tany.*⁹

Takatry ireo mpanara-dia an' i Jesoa Kristy fa raha oharina amin' ny mandrakizay dia ho “fotoana fohy” ihany eo amin' ny toerana sy ny fotoana izao fandalovantsika eto an-tany izao.¹⁰ Fantatr' izy ireo fa ny tena lanjan' ny olona iray dia tsy misy ifandraisany loatra amin' ny zavatra omen' izao tontolo izao lanja ambony indrindra. Fantatr' izy ireo fa afaka manangona ny volan' ny tany manontolo ianao ary tsy azo ividianana na inona na inona any an-danitra akory izany.

Ireo izay “[h]andova ny fanjakan'

Andriamanitra”¹¹ dia ireo izay ho “tonga tahaka ny ankizy, mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana.”¹² “Fa izay rehetra manandra-tena no haetry, ary izay rehetra manetry tena no hasandratra.”¹³ Ny mpanara-dia tahaka izany dia mahatakatra ihany koa fa “rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo.”¹⁴

Tsy Hadino Isika

Ny fomba iray hafa hamitahan' i Satana dia amin' ny alalan' ny fanakiviana. Manandrana manao izay hampifantoka ny fijerintsika amin' ny maha-tsinontsinona antsika izy mandrapahatonga antsika hisalasalala hoe sarobidy tokoa ve isika sa tsia. Milaza amintsika izy fa kely loatra isika ka tsy hisy hahatsikaritra akory, ary hadino isika—indrindra hadinon' Andriamanitra.

Mamelà ahy ianareo hizara traikefa niainako izay afaka manampy kely ireo izay mihevitra ny tenany ho tsinontsinona, na hadino na irery.

Taona maro lasa izay dia nana-raka fiofanana ho tonga mpanamory tany amin' ny Tafika An' habakabaka Amerikanina aho. Lavitra tokoa ny trano fonenako aho, izay miaramila Alemana Tandrefana mbola tanora, teraka tany Tchéquoslovaquie, ary lehibe tany Alemana Atsinanana ary sahirana be teo amin' ny fitenenana teny Anglisy. Tsaroako tsara ny dianay nankany amin' ilay toeram-piofanana tany Texas. Teny ambony fiaramanidina aho dia nipetraka teo akaikin' ny miaramila iray izay niroky araky ny fiteny avy any Atsimon' i Etazonia. Zara raha nisy haiko izay teny nola-zainy. Nanontany tena mihitsy aho tamin' izay raha tena ilay fiteny tena izy tokoa no nampianarina ahy teo aloha. Nivarahontsana aho nieritreritra hoe hifaninana ho tonga amin' ilay toeran' ny mpanamory mahay indrindra amin' ireto mpanatra ireto aho izay ny teny Anglisy no tenin-drazany.

Rehefa tonga teo amin' ny toby fiantsonana teo amin' ilay tanàna kelin' i Big Spring, Texas aho, dia nitady ary nahita ny sampana an' ny Olomasin' ny Andro Farany, izay nahitana


mpikambana nahafinaritra azo nisaina tamin' ny rantsantanana izay nivory tao amin' ny efitrano nofaina tao anatin' ilay toby miaramila mihitsy. Teo am-pananganana ny trano fiangonana ny mpikambana tamin' izay, izay ho ampiasain' izy ireo ho Fiangonana rahatrizay. Tamin' izany andro izany dia ny mpikambana no manao ny ankamaroan' ny asa amin' ny fananganana trano fiangonana.

Nanaraka ny fiofanako ho mpanamory sy nianatra mafy araka izay tratrako aho isan' andro isan' andro ary avy eo dia nandany ny fotoana malalaka nananako niasana tamin' ilay trano fiangonana vaovao vao hatsangana. Tany no nianarako fa hay tsy karazana soradihy ny atao hoe 2 sy 4 fa refin' ny tapa-kazo. Tany koa no nianarako ny fahaizana mikapoka maritoa ka tsy mahavoana ny ankihibe rehefa mamantsika fantsika.

Nandany fotoana maro tokoa aho niasana tamin' ilay trano fivavahana hany ka naneho ny ahiahiny ilay filohan' ny sampana—izay iray amin' ireo mpampianatra anay ho mpanamory—hoe sao dia tokony handany fotoana bebe kokoa aho hianarana.

Ireo namako sy mpiara-mianatra tamiko dia nanao ihany koa izay fanaony amin'ny andro mampalalaka azy ireo, na dia azo lazaina tsara aza raha ny fijeriko fa ny sasany tamin' ireo zavatra nataony ireo dia tsy nifanaraka amin'ny bokikely *Ry Tanora Mahereza* izay misy ankehitriny. Izaho kosa dia nankafy ny fandraisako anjara mavitrika tao amin'ilay sampana kely vaovao tany Texas, nampihatra koa ireo fahaizana mandrafitra vao nianarako ary nanatsara ny teny Anglisisiko teo ampanatanterahako ny antsoko mampianatra ao amin' ny kôlejin' ny loholona sy ny Sekoly Alahady.

Tamin' izany fotoana izany i Big Spring dia tsy araka ny anarany, fa toerana kely tsy nanana ny lanjany ary toerana tsy be mpahafantatra. Ary matetika aho no nahatsiaro ho toy izany mihitsy—tsy manan-danja, tsy be mpahafantatra ary somary tia nitokantokana. Na izany aza dia tsy mbola niahiahy velively aho raha toa ka hadinon'ny Tompo na tsy ho hitany ny misy ahy tany. Fantatro fa tsy dia manana ny lanjany loatra amin' ny



Ray any an-danitra ny toerana misy ahy, na ny laharana misy ahy amin' ny kilasy fiofanana ho mpanamory, na ny antsoko tato am-piangonana. Zava-dehibe ho Azy kosa ny zavatra ataoko, ny fitodihan' ny foko Aminy ary ny faniriako an-tsitrapo hanampy ireo manodidina ahy. Fantatro fa raha manao ny tsara indrindra vitako aho dia handeha tsara ny zava-drehetra.

Ary dia nandeha tsara ny zava-drehetra.¹⁵

Ho Voalohany ireo Farany

Tsy raharahian' ny Tompo na mandany ny fotoanantsika miasa ao anatin' ny efitrano vita amin' ny vatovandana isika na ao anatin' ny efitranon-tsoavaly. Fantany ny misy antsika, na manao ahoana na manao ahoana ny fahatsoran' ny toe-javatra iainantsika. Ho ampiasainy—araky ny fombany sy ho amin' ny tanjony masina—ireo izay mampitodika ny fony Aminy.

Fantatr' Andriamanitra fa ny sasantsasany amin' ireo olona lehibe indrindra nisy hatrizay dia ireo izay tsy ho voarakitra na oviana na oviana ao amin' ny tantaran' ny zanak' olombelona izay nosoratana. Ireo no olona sambatra sy feno fanetren-tena izay manaraka ny ohatry ny Mpamonjy ary mandany ny androm-piainany amin' ny fanaovana ny soa.¹⁶

Mpivady iray tahaka izany, izay ray aman-drenin' izay namako iray izay, no ohatra tsara naneho tamiko izany fitsipika izany. Niasa tamin' ny toerana

fanaovana vè tao Utah ilay rangahy. Rehefa tonga ny ora fisakafoana atoandro dia mamoaoka ny soratra masiny na ny gazetibokim-piangonana izy ary mamaky izany. Rehefa mahita izany ireo mpiara-miasa aminy dia manarabiraby azy ary manaratsiratsy ny finoany. Rehefa manao izany anefa izy ireo dia resahiny amin-katsarampanahy sy amim-pahatokian-tena. Tsy navelany hiteraka fahatezerana na fanafintohinana teo aminy izany tsy fanajana atao aminy izany.

Taona maro taty aoriana dia narary mafy ny iray tamin'ireo tena mpanesoosy azy indrindra. Talohan' ny nahafatesany dia nangataka izy ny handraisan' ity lehilahy be fanetren-tena ity fitenenana amin' ny fanaovam-belona mandritra ny fandevenana azy—izay nataony tokoa.

Tsy dia nanana zavatra maro teo anivon' ny fiaraha-monina na harena ity mpikamban' ny Fiangonana mahatoky ity, kanefa ny hery mitarika nasehony dia nahakasika lalina ny fon' ireo rehetra izay nahafantatra azy. Nodimandry nandritra ny loza tao am-piasana izy rehefa nijanona mba hanampy ny mpiara-miasa iray hafa taminy izay tafahitsoka tao anaty ranomandry.

Tsy nihoatra ny herintaona dia voatery nandalo fandidiana tao amin' ny lohany koa ny vady navelan' Itompo-kolahy, ary taorian' izany dia tsy afaka nandeha intsony. Kanefa ny olona dia tia mandany ny fotoanany miaraka aminy satria izy mihaino. Mahatadidy tsara koa izy. Mikarakara koa. Na dia tsy afaka nanoratra aza izy dia nahatadidy ireo laharan' ny telefonaon' ireo zanany sy zafikeliny. Tadidiny tsara koa ireo daty nahaterahana sy tsingeringintaona fankalazana.

Ireo izay mitsidika azy dia mivoaka avy tao miaraka amin' ny fahatsapana mahafinaritra kokoa mahakasika ny fiainany sy mahakasika ny tenan' izy ireo. Mahatsapa ny fitiavany izy ireo. Fantatr' izy ireo fa miraharaha izy. Tsy mba mitaraina izy fa mandany kosa ny fotoanany hitahiana ny fiainan' ireo hafa. Nilaza ny iray tamin' ireo namanany fa ity vehivavy ity no iray amin' ireo olona vitsivitsy fantany izay tena naneho ny fitiavana sy fiainana tahaka ny an' i Jesoa Kristy.



Ireto mpivady ireto no ho olona voalohany hilaza fa tsy manana ny lanjany mihitsy eto amin' ity izao tontolo izao ity. Kanefa mampiasa fitaovam-pandanjana hafa kely tsy mitovy amin' ny fampiasan' izao tontolo izao ny Tompo entiny handanjana ny hasarobidin' ny fanahy. Fantany ireto mpivady mahatoky ireto ary tiany izy ireo. Vavolombelona azo tsapain-tanana ny amin' ny finoany mahery vaika Azy ireo fihetsika asehony.

Manan-danja Aminy Ianao

Ry rahalahy sy ranabavy, mety ho marina tokoa hoe tsinontsinona ny olona raha oharina amin' ny halehibean' izao tontolo izao. Mety misy fotoana aza hahatsapa ho tsy manan-danja, na tsy hitan' ny olona, na irery na hadino isika. Kanefa tsarovy mandrakariva—manan-danja Aminy ianao! Raha toa ka miahahy izany ianao dia eritrereto ireto fitsipika masina efatra ireto:

Voalohany, tia ireo manetry tena sy malemy fanahy Andriamanitra, satria “izy [ireny] no ho lehibe indrindra amin' ny fanjakan' ny lanitra.”¹⁷

Faharoa, nanao izay “[hahazoan'] ny malemy sy ny tsotra [man]ambara hatrany amin' ny fanan' izao tontolo izao ny fahafenoan' ny filazantsara[ny]” ny Tompo.¹⁸ Nisafidy ireo “zava-malemy amin' izao tontolo izao [Izy] [mba] handroso sy handavo ireo zava-mahery sy matanjaka”¹⁹ ary hampahamenatra “ny mahery.”²⁰

Fahatelo, na aiza na aiza toerana iainanao, na tsotra manao ahoana ny toe-piainana misy anao, na mitrongo vao homana ianao, na manao ahoana ny tsy fanananao fahaiza-manao, na manao ahoana ny fahatsoran' ny endrikao ety ivelany, na kely manao ahoana no mety ahitan' ny olona ny antsonao ato am-piangonana, dia tsy hoe tsy hitan' ny Rainao any an-danitra ianao. Tia anao izy. Fantany ny fonao feno fanetren-tena sy ireo fihetsika feno fitiavana sy hatsaram-panahy ataonao. Izy roroa ireo no mitambatra ho fijoroana ho vavolombelona maharitra ny amin' ny fahatokiana sy ny finoanao.

Fahaefatra sady farany, aoka ho takatrao fa tsy ny zavatra hitanao na iainanao ankehitriny no ho endriky ny mandrakizay. Tsy hahatsiaro fanirery, na fahoriana, na fanaintainana na fahakiviana mandrakizay ianao. Manana ny fampanantenana marin' Andriamanitra isika fa tsy hanadino na hahafoy ireo izay mampitodika ny fony Aminy Izy.²¹ Manàna fanantenana sy finoana amin' izany fampanantenana izany. Mianara mitia ny Rainao any an-danitra ary ho tonga mpanara-dia Azy amin' ny teny sy fihetsika.

Aoka ho azonao antoka fa raha maharitra ianao, mino Azy, ary mijanona mahatoky amin' ny fitandremana ireo didiny, dia indray andro any ho tsapanao mivantana ireo fampanantenana izay nambara tamin' i Paoly Apôstôly hoe: “Izay tsy mbola hitan' ny maso

ary tsy mbola ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona, na inona na inona, no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy.”²²

Ry rahalahy sy ranabavy, ny Rain' ny fanahinareo no Olona heni-kery indrindra eto amin' izao tontolo izao. Fantany ianareo. Tiany amin' ny fitiavana tonga lafatra ianareo.

Raisin' Andriamanitra tsy amin' ny maha-olona izay mety miaina ao anatin' ny planeta kely mandrindra ny fotoana fohy fotsiny ianareo—fa raisiny amin' ny maha-Zanany anareo. Raisiny hoy toy ilay olona izay vitanareo ny hiafara tahaka izany ary efa nomanina mba hiafaranareo rahatrizay. Tiany ho fantatrareo fa manan-danja Aminy ianareo.

Enga anie isika hino, sy hahatoky ary hiaina hatrany amin' ny fomba izay ahafahantsika mahatakatra ny tena hasarobidintsika sy ny mety ho toetra hiafarantsika mandrakizay marina. Enga anie isika ho mendrika ireo fitahiana sarobidy homanin' ny Raintsika any an-danitra ho antsika. Izany no vavaka ataoko amin' ny anaran' ny Zanakalahiny, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Mosesy 1:2.
2. Mosesy 1:10.
3. Mosesy 1:33.
4. Jereo ny Andrew Craig, “Astronomers count the stars,” BBC News, 22 Jolay 2003, <http://news.bbc.co.uk/2/hi/science/nature/3085885.stm>.
5. Mosesy 7:30.
6. Môsià 4:11.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10.
8. Jereo ny Mosesy 1: 38–39.
9. William Knox, “Mortality,” ao amin' ny edisiona navoakan' i James Dalton Morrison, *Masterpieces of Religious Verse* (1948), 397.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7.
11. 3 Nefia 11:38.
12. Môsià 3:19.
13. Lioka 18:14; jereo koa ny andininy 9–13.
14. Môsià 2:17.
15. Voalohany tao an-dakilasiny i Dieter F. Uchtdorf.
16. Jereo ny Asan' ny Apôstôly 2:38.
17. Matio 18:4; jereo koa ny andininy 1–3.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:23.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:19.
20. 1 Korintiana 1:27.
21. Jereo ny Hebreo 13:5.
22. 1 Korintiana 2:9.



Atolotry ny Filoha Henry B. Eyring.

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin' ny Fiangonana

Aroso mba ho tohanantsika i Thomas Spencer Monson amin' ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy, ary Filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, i Henry Bennion Eyring amin' ny Maha-Mpanolotsaina Voalohany azy ao amin' ny Fiadidiana Voalohany, ary i Dieter Friedrich Uchtdorf amin' ny Maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin' ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay miombo-kevitra amin' izay dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany.

Aroso mba ho tohanantsika i Boyd Kenneth Packer amin' ny Maha-Filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo azy, ary ireto manaraka ireto amin' ny maha-mpikambana azy ireo ao amin' izany kôlejy izany: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson ary Neil L. Andersen.

Ireo izay miombo-kevitra dia aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka mampi-seho izany koa.

Aroso mba ho tohanantsika ireo mpanolotsaina ao amin' ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo amin' ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy ireo.

Izay rehetra miombo-kevitra dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha sendra misy, dia aoka haneho izany koa.

Ny Loholona Claudio R. M. Costa dia nisaorana tamin' ny naha-mpikambana azy tao amin' ny Fiadian' ireo Kôlejin' ny Fitopololahy.

Ireo izay afaka miaraka aminay maneho fankasitrahana azy, dia aoka haneho izany.

Aroso mba ho tohanantsika ny Loholona Tad R. Callister ho mpi-kambana ao amin' ny Fiadian' ny Fitopololahy.

Izay rehetra miombo-kevitra amin'

izany dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy.

Aroso amintsika mba hisaorana ny Loholona Gary J. Coleman, Richard G. Hincley, Yoshihiko Kikuchi, sy Carl B. Pratt, ary Cecil O. Samuelson tamin' ny naha-mpikambana azy ireo tao amin' ny Kôlejy Voalohany ao amin' ny Fitopololahy ary hanendry azy ireo ho Manampahefana Ambony misotro ronono.

Aroso amintsika ihany koa mba hisaorana ny Loholona Won Yong Ko, sy Lowell M. Snow, ary Paul K. Sybrowsky tamin' ny naha-mpikambana azy ireo tao amin' ny Kôlejy Faharoa ao amin' ny Fitopololahy.

Ireo izay maniry hiara-haneho aminay ny fankasitrahana an' ireo rahalahy ireo noho ny asa fanompoana tsara dia tsara nataon' izy ireo dia aoka haneho izany.

Ny Loholona isany Ralph W. Hardy Jr., Jon M. Huntsman Sr., Aleksandr N. Manzhos, and J. Willard Marriott Jr. dia nisaorana tamin' ny naha-Fitopololahin' ny Vondrom-paritra azy ireo.

Aroso amintsika ny hanehoana fankasitrahana azy ireo noho ny asa fanompoana niavaka nataon' izy ireo.

Izay rehetra miombo-kevitra amin' izany dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo Manampahefana Ambony hafa, sy ireo Fitopololahin' ny Vondrom-paritra, ary ireo fiadian' ny vondrona fanampiny maneran-tany araka ny rafitra misy ankehitriny.

Ireo izay miombo-kevitra, dia aoka haneho izany.

Raha misy manohitra dia aoka haneho torak' izany koa.

Ry Filoha Monson, araka ny fahitako azy dia niray hevitra nanohana ny tato amin' ny Foiben' ny Fihaonambe.

Misaotra anareo ry rahalahy sy anabavy, ny amin' ny fanohananao, sy ny finoanareo, sy ny fanolorantenanao ary ny vavakareo. ■





Nataon' ny Loholona David A. Bednar

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy

Hitodika ny Fon' ny Zanaka

Manasa ireo tanoran' ny Fiangonana aho mba hianatra momba ny Fanahin' i Elia sy hiaina izany.

Rehefa mandalina, sy mianatra ary miaina ny filazantsaran' i Jesoa Kristy isika dia hita fa matetika no mampianatra zavatra ny filaharan' ireo zava-miseho. Eritrreto, ohatra, ireo lesona ianarantsika mahakasika ny laharam-pahamehana ara-panahy avy tamin' ny filaharan' ireo zava-niseho lehibe izay nitranga nandritra ny fame-renana tamin' ny laoniny ny fahafenoan' ny filazantsaran' ny Mpamonjy tamin' izao andro farany izao.

Nahita sy niresaka tamin' ny Ray Mandrakizay sy i Jesoa Kristy tao amin' ny Ala kely Masina i Joseph Smith. Anisan' ireo zavatra niseho koa ny nianaran' i Joseph mikasika ny tena toetoetran' Ny Andriamanitra sy ny fitohizan' ny fanambarana. Izany fahitana lehibe izany no nampiditra “ny fotoam-pitantanan' ny fahafenoan' ny fotoana” (Efesiana 1:10) ary iray amin' ireo zava-niseho tena manandanja tokoa teo amin' ny tantaran' izao tontolo izao.

Tokony ho telo taona taty aoriana, ho valin' ny vavaka iray natao tamin-kitsimpo ny alin' ny 21 Septambra 1823, dia heniky ny hazavana ny efitrano fatorian' i Joseph mandrapahatongan' izany ho “[n]azava bebe kokoa noho ny amin' ny mitataovovonana”

(Joseph Smith—Tantara 1:30). Nisy olona niseho teo anilan' ny fandrianan' ilay zazalahy kely ary niantso azy tamin' ny anarany ary nanambara “fa iraka avy teo anatrehan' Andriamanitra [izy] . . . ary i Môrônia no anarany” (andiny 33). Nampahafantatra an' i Joseph mikasika ny fiavian' ny Bokin' i Môrmôna izy. Avy eo i Môrônia dia nilaza teny avy ao amin' ny bokin' i Malakia ao amin' ny Testamenta Taloha, fa nisy fahasamihafana kely amin' ny fiteny ampiasaina ao amin' ny Baiboly nosoratan' ny Mpanjaka James izany:

“Indro, hanambara aminareo ny Fisoronana amin' ny tanan' i Elia aho mialohan' ny fiavian' ny andro lehibe sady mahatahotra, an' ny Tompo.

“. . . Ary izy hamboly ao am-pon' ny zanaka ny fampanantenana natao tamin-drainy ary ny fon' ny zanaka dia hitodika amin-drainy. Fa raha tsy izany dia horavana tanteraka ny tany manontolo amin' ny fiaviany” (andiny 1:38, 39).

Ireo torolalana nomen' i Môrônia an' ilay mpaminany tanora dia ahitana lohahevitra fototra roa: (1) ny Bokin' i Môrmôna ary (2) ny tenin' i Malakia izay manambara mialoha ny anjara asan' i Elia amin' ny Famerenana amin' ny laoniny “ny zavatra rehetra,

izay nampilazain' Andriamanitra ny mpaminany masina hatramin' ny voalohany indrindra” (Asan' ny Apôstôly 3:21). Araka izany dia nanambara ny famaritana marina ny amin' Ny Andriamanitra ireo zava-niseho nampiditra ny Famerenana amin' ny laoniny sy nanamafy ny lanjan' ny Bokin' i Môrmôna ary nanazava mialoha ny asa famonjena sy ny fisandratana ho an' ny velona sy ireo maty. Mampianatra zavatra ara-panahy izay tena laharam-pahamehana ho an' Andriamanitra izany filaharan-java-niseho manentana ny fanahy izany.

Ny hafatro dia miompana amin' ny asa nanirahana an' i Elia sy ny Fanahin' i Elia izay nambaran' i Môrônia mialoha tao anatin' ireo torolalana voalohany nomeny an' i Joseph Smith. Mivavaka mafy aho mba hahazo ny fanampian' ny Fanahy Masina.

Ny Asa Nanirahana an' i Elia

I Elia dia mpaminanin' ny Testamenta Taloha izay nanatanteraka fahagagana mahatalanjona maro. Nohidiany ny lanitra ary tsy nisy ranonorana nilatsaka tao Isiraely fahiny nandritra ny 3 taona sy tapany. Nampitombo ny sakafo sy ny diloilon' ilay vehivavy mpitondratena izy. Nanangana ilay zazalahy kely tamin' ny maty izy ary nampidina ny afo avy tany an-danitra raha nifanandrana tamin' ireo mpaminanin' i Bala. (Jereo ny 1 Mpanjaka 17–18.) Tamin' ny fiafaran' ny asa nanirahana an' i Elia teto an-tany dia “niakatra tamin' ny tafio-drivotra ho any an-danitra” izy (2 Mpanjaka 2:11) ary nampiakarina tany an-danitra.

“Isika dia mianatra avy amin' ireo fanambaran' ny andro farany fa i Elia no nihazona ny fahefana mamehy ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka ary mpaminany farany nihazona izany talohan' ny fotoanan' i Jesoa Kristy” (Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Elia”). Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanazava fa “Ny fanahy sy ny fahefana ary ny antson' i Elia dia, ny hanana ny fahefana hihazona ny fanalahidin' ny . . . fahafenoan' ny Fisoronana Melkizedeka . . . ; ary ny . . . hahazo . . . ireo ôrdônansy rehetra izay an' ny fanjakan' Andriamanitra” (*Enseignements des Présidents de*

l' Eglise: Joseph Smith [2007], 311; nam-piana fanamafisana). Izany fahefana masina mamehy izany dia zava-dehibe ho an' ireo ôrdônansin' ny fisoronana mba hampanan-kery izany ary hamehezana izany eto an-tany sy any an-danitra.

Niseho niaraka tamin' i Mosesy teo amin' ny Tendrombohitry ny Fiovantarehy i Elia (jereo ny Matio 17:3) ary nanome izany fahefana izany an' i Petera sy Jakoba ary i Jaona. Niseho indray i Elia niaraka tamin' i Mosesy sy ireo hafa tamin' ny 3 Aprily 1836, tao amin' ny Tempolin' i Kirtland ary nanolotra ireo fanalahidy ireo an' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery.

Milaza ny soratra masina fa nijoro teo anoloan' i Joseph sy i Oliver i Elia mpaminany ary nilaza hoe:

“Indro, efa migadona tanteraka ny fotoana izay efa notenenin' ny vavan' i Malakia—sady nijoroany ho vavolombelona fa izy [i Elia] dia hirahina mialohan' ny hahatongavan' ny andron' ny Tompo, ilay lehibe sy mahatahotra—

“Mba hampody ny fon' ny ray ho amin' ny zanaka ary ny fon' ny zanaka ho amin' ny ray, fandrao hasiana amin' ny ozona ny tany—

“Koa atolotra ho eo an-tanareo ny fanalahidin' ity fotoampitantanana ity; ary izany no ahafantaranareo fa ny andron' ny Tompo, ilay lehibe sy mahatahotra, dia efa akaiky, mby eo am-baravarana aza” (F&F 110:14–16).

Nilaina amin' ny fanomanana an' izao tontolo izao ho amin' ny Fivian' ny Mpamonjy Fanindroany ny famerenana amin' ny laoniny ny fahefan' ny famehezana izay nataon' i Elia tamin' ny 1836 ary nampitsiry ny fahalianana mikasika ny fikarohana ny tantaram-pianakaviana izay tsy mitsahamitombo sy lasa miely maneran-tany.

Ny Fanah' i Elia sy ny Asan' i Elia

Nanambara ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Ny andraikitra faran' izay lehibe indrindra eto amin' ity izao tontolo izao ity izay napetrak' Andriamanitra amintsika dia ny hikaroka ireo havantsika efa nodimandry. . . . Satria ilaina ny fananana ny fahefan' ny famehezana eo am-pelantanantsika mba hamehezana ny zanatsika sy ireo efa nodimandry ho an' ny



fahafenoan' ny fotoampitantanana—fotoampitantanana izay hanatanteraka ireo fampanantenana nataon' i Jesoa Kristy talohan' ny nanorenana an' izao tontolo izao ho an' ny famonjena ny olombelona. . . . Noho izany dia nilaza Andriamanitra hoe: ‘Handefa an' i Elia mpaminany Aho’” (*Teachings: Joseph Smith*, 475).

Nanazava bebe kokoa i Joseph nanao hoe:

“Fa inona no tena tanjon' [ny fivian' i Elia]? na ahoana no fomba hahatanterahan' izany? Tokony ho atolotra ireo fanalahidy, ho tonga ny fanahin' i Elia, haverina ny Filazantsara, hangonina ireo Olomasin' Andriamanitra, haorina i Ziona ary ho tonga mpamonjy eo amin' ny Tendrombohitry i Ziona ireo Olomasina [jereo ny Obadia 1:21].

“Ahoana no hahatonga azy ireo ho mpamonjy eo An-tendrombohitry i Ziona? Amin' ny fananganana ireo tempolin' . . . ary ny fandehanana any sy fandraisana ireo ôrdônansy rehetra . . . eo amin' ny toeran' ireo razambeny rehetra izay efa nodimandry . . . ; ary izany no rojo izay hamatotra ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny zanaka amin' ny ray, izay manatanteraka ny iraka nampanaovina an' i Elia” (*Teachings: Joseph Smith*, 472–73).

Nampianatra ny Loholona Russell M. Nelson fa ny Fanahin' i Elia dia “fisehoan' ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona mikasika ny maha-masina ny fianakaviana” (“A New Harvest Time,” *Ensign*, Mey 1998,

34). Izany hery mitarika miavaky ny Fanahy Masina izany dia mamporisika ireo olona hamantatra ireo razambeny sy hanangona antontan-taratasy mikasika azy ireo ary haneho fitiavana amin' izy ireo sy ireo olona ao amin' ny fianakaviany—na ireo izay niaina taloha na ireo izay miaina amin' izao fotoana izao.

Misy fiantraikany amin' ny olona ao anatiny sy any ivelan' ny Fiangonana ny Fanahin' i Elia. Na izany aza, amin' ny maha-mpikamban' ny Fiangonana i Kristy izay naverina tamin' ny laoniny antsika dia andraikitsika araky ny fanekempihavanana ny mikaroka ny momba ireo razambentsika ary manatanteraka ho azy ireo ny ôrdônansin' ny famonjena ao amin' ny filazantsara. “Mba tsy hatao tanteraka ireo, raha tsy efa mby eo koa isika” (Hebreo 11:40; jereo koa ny *Teachings: Joseph Smith*, 475). Ary “isika koa dia tsy hatao tanteraka raha tsy eo ny maty eo amin-tsika” (F&F 128:15).

Noho ireo antony ireo no hanaovantsika fikarohana ny tantaram-pianakaviana, hananganantsika tempoly ary hanatanterahantsika ireo ôrdônansy isolohana tena. Noho ireo antony ireo no nandefasana an' i Elia hamerina ny fahefana mamehy izay mamatotra eto an-tany sy any an-danitra. Mpanompon' ny Tompo isika eo amin' ilay asa hitondrana famonjena sy fisandratana izay hanakana mba tsy “hasiana amin' ny ozona ny tany” (F&F 110:15) rehefa hiverina indray Izy. Izany no adidy sy fitahiana goavana ho antsika.

Fanasana ho an' ireo Taranaka Vao Misondrotra

Ankehitriny aho dia misarika ny sain' ireo zatovovavy sy zatovolahy ary ireo ankizy ao anatin' ny taranaka vao misondrotra eo am-panantitranterana ny maha-zava-dehibe an' izany Fanahin' i Elia izany eo amin' ny fiainanareo amin' izao fotoana izao. Natao ho an' ny Fiangonana iray manontolo ny hafatro amin' ny ankapobeny—saingy ho anareo izany indrindra indrindra.

Maro aminareo no mety mieri-treritra fa natao ho tanterahan' ireo olon-dehibe aloha ny fanaovana ny asa mikasika ny tantaram-pianakaviana. Kanefa izaho tsy mahita filazana



fetran-taona ao amin' ny soratra masina na torolalana izay nambaran' ireo mpitarika ny Fiangonana ka mametra izany asa manan-danja izany mba ho ataon' ireo olon-dehibe ihany. Zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra ianareo, zanaka araky ny fanekempihavanana ary mpanangana ny fanjakana. Tsy mila miandry mandrapahatongan' izay taona eritreretina fa takiana ianao vao hanatontosa ny andraikitrao ao anatin' ny asa famonjena ho an' ny fianakavian' ny zanak' olombelona rehetra.

Nataon' ny Tompo vonona amin' izao andronareo izao ireo fitaovana mahagaga izay ahafahanareo mianatra sy mitia ity asa ity izay entanin' ny Fanahin' i Elia. Ohatra, ny FamilySearch dia ahitana ny fitambaran' ireo firaketana, sy loharanom-pahalalana, ary fanampiana izay azo kirakiraina mora foana amin' ny alalan' ny solosainan' ny tena manokana sy ireo karazana fitaovana samihafa azo entina amin' ny tanana. Ny FamilySearch dia natao hanampiana ireo olona hahita sy hanao fraketana ny tantaram-pianakaviany.

Ireo loharano azo ampiasaina ireo dia hita koa ao amin' ny foiben' ny tantaram-pianakaviany izay hita any amin' ny ankamaroan' ireo trano fiangonantsika manerana an' izao tontolo izao.

Tsy kisendrasendra ny fahatongavan' ny FamilySearch sy ireo fitaovana hafa amin' izao fotoana izao izay fotoana maha havanana an' ireo tanora eo amin' ny lafin' ny teknôlôjia ara-pahalalam-baovao sy ara-pifandraisana amin' ny endriny maro. Voahofana handefa hafatra amin' ireo finday sy amin' ireo solosaina ny rantsantananareo mba hanafainganana sy hampandrosoana ny asan' ny Tompo—fa tsy hoe hifandraisana amin' ny fomba haingana fotsiny amin' ireo namanareo. Ireo fahaiza-manao hita soritra eo anivon' ireo tanora maro amin' izao fotoana izao dia isan' ny fiomanana mba hitondra anjara biriky ao anatin' ilay asa famonjena.

Manasa ireo tanoran' ny Fiangonana aho mba hianatra momba ny Fanahin' i Elia sy hiaina an' izany. Mamporisika anareo aho handalina, sy hikaroka momba ireo razambenareo

ary hiomana hanatanteraka batisa amin' ny alalan' ny fisoalana tena ao amin' ny tranon' ny Tompo ho an' ireo *razambenareo* (jereo ny F&F 124:28–36). Ary mamporisika anareo aho hanampy ireo olona hafa hamantatra ny tantaram-pianakaviany.

Raha toa ka manaiky amim-pinoana izany fanasana izany ianareo dia hitodika any amin' ny ray ny fonareo. Hitoetra ao am-ponareo ny fampantenenana natao tamin' i Abrahama, sy Isaka ary Jakoba. Ilay tsodranon' ny patriarika voarainareo izay ahitana fanambarana momba ny rohimpirazanana dia hampifandray anareo amin' ireo rainareo ireo ary ho lasa manan-danja bebe kokoa aminareo. Hitombo ny fitiavanareo sy ny fankasitranareo ireo razambenareo. Ho lalim-paka sy haharitra ny fijoroanareo ho vavolombelona momba ny Mpanomjy sy ny fiovam-ponareo hanaraka Azy. Ary mampanantena anareo aho fa ho voaro amin' ny fisarihana mahery vaika ataon' ny fahavalo ianareo. Ho voaro ianareo ao anatin' ny fahatanoanareo sy mandritra ny fiainanareo rehefa mandray anjara ao anatin' izany asa masina izany ary mitia izany.

Ry ray aman-dreny sy mpitarika, mba ampio ny zanakareo sy tanoranareo hianatra momba ny Fanahin' i Elia sy hiaina izany. Kanefa aza atao mavesatra loatra izany ezaka izany na aza manome fampahalalana na fanofanana amin' ny antsipiriany loatra. Asao ireo tanora hitrandraka sy hanandrana ary hianatra amin' ny alalan' ny tenany manokana (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:20). Izay mety ho tanora rehetra dia afaka manao izay nolazaiko



teo amin' ny alalan' ny fanaovana ireo asa hianaran-javatra izay hita ao amin' ny **lds.org/familyhistoryyouth**. Afaka mitana anjara toerana lehibe amin' ny fanampiana ireo zatovo rehetra hahafantatra bebe kokoa mikasika ireo loharanom-pitaovana fototra ireo ny kôlejy ao amin' ny Fisoronana Aharôna sy ireo fiadidian' ny kilasy ao amin' ny zatovovavy. Ny tanora dia tena mila mafy ny mba ho mpianatra izay manao asa ary avy eo mahazo fahazavana sy fahalalana fanampiny avy amin' ny herin' ny Fanahy Masina—fa tsy ho mpianatra mipetrapetraka fotsiny izay tsy maintsy hetsehina aloha (jereo ny 2 Nefia 2:26).

Ry ray aman-dreny sy mpitarika, ho gaga ianareo amin' ireo zanatsika sy ireo tanoran' ny Fiangonana noho ny tena fahaizany haingana mampiasa ireo fitaovana ireo. Raha ny marina dia hianatra lesona sarobidy avy amin' ireo tanora ireo ianareo momba ny fomba hampiasana amim-pahombiazana ireo fitaovana ireo. Ireo tanora ireo dia afaka manampy be dia be ireo olona zokinjokiny kokoa izay tsy dia mahafehy loatra na menamenatra manoloana ny teknôlôjia na tsy dia zatra mikirakira loatra ny FamilySearch. Ianareo koa dia hanisa ireo fitahiana maro ho voarainareo rehefa manolotra fotoana bebe kokoa amin' ny asa mikasika ny tantaram-pianakaviana sy ireo asa fanompoana atao any amin' ny tempoly ireo tanora ka ho kely kokoa ny fotoana ho atokan' izy ireo hanaovana jeux vidéos sy fijeren-javatra amin' ny Internet, ary ny fanaovana Facebook.

I Troy Jackson sy i Jaren Hope ary i Andrew Allan dia mpihazona ny Fisoronana Aharôna izay voantso tamin' ny alalan' ny eveka iray nentanim-panahy mba ho mpiara-mampianatra ao amin' ny kilasin' ny tantaram-pianakaviana ao amin' ny paroasin' izy ireo. Ireo zatovolahy ireo dia misolo tena ny maro aminareo izay manam-paniriana lalina ny hianatra sy hanompo.

Hoy i Troy hoe: “Matetika aho taloha no mankany am-piangonana ary mipetrapetra-potsiny, kanefa amin' izao fotoana izao dia tsapako fa tokony hody aho ary hanao zavatra. Afaka manao ny tantaram-pianakaviana daholo isika rehetra.”

Nilaza i Jaren fa teo am-pianarany bebe kokoa mahakasika ny tantaram-pianakaviana dia takany fa “tsy anarana fe anarana fotsiny ireo fa tena olona izay niaina tokoa. Lasa nanana fientanentanana bebe kokoa aho ny hitondra ireo anarana ireo any amin' ny tempoly.”

Ary i Andrew dia nanao fanamarihana hoe: “Izaho dia lasa nanana fahalianana tamim-pitiavana sy tamim-pahavitrihana mikasika ny tantaram-pianakaviana izay tsy noeritretetiko ho nananana hatrizay. Rehefa manomana ny fampianarako aho isan-kerinandro dia matetika aho no mahatsapa ny bitsiky ny Fanahy Masina mamporosika ahy hiasa sy hanandrana ireo fomba fiasa sasantsasany izay nampianarina tao amin' ny lesona. Taloha dia zavatra nampitahotra ny fanaovana ny tantaram-pianakaviana. Kanefa rehefa nampian' ny Fanahy aho dia afaka nanantontosa ny antsoko ary nanampy olona maro teo amin' ny paroasiko.”

Ry zandriko lahy sy zandriko vavy malalako, tsy fandaharan' asa na fiaraha-mientana mahaliana fotsiny izay tohanan' ny Fiangonana ny tantaram-pianakaviana; fa tena ampahany manan-danja ao anatin' ny asa ho an' ny famonjena sy ny fisandratana. Nomanina ho amin' izao andro izao ianareo ary mba hanangana ny fanjakan' Andriamanitra. Eto an-tany ianareo ankehitriny mba hanampy amin' ity asa mahagaga ity.

Mijoro ho vavolombelona aho fa niverina teto an-tany i Elia ary name-rina tamin' ny laoniny ny fahefana masin' ny famehezana. Mijoro ho vavolombelona aho fa izay voafehy eto an-tany dia azo fehezina any an-danitra. Ary fantatro fa mitana anjara toerana lehibe eo amin' ity asa goavana ity ny tanora ao anatin' ny taranaka vao misondrotra. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin' ny anarana masin' ny Tompo Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon' ny Loholona Neil L. Andersen

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy

Ireo Zanaka

Ijoroako ho vavolombelona ny fitahiana lehiben' ny fananana zanaka ary ny hasambarana entin' izy ireny ho antsika eto amin' ity fiainana ity sy any amin' ny mandrakizay.

Rehefa mijery ny mason' ny zanaka iray isika, dia mahita zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra izay nijoro niaraka tamintsika tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana.

Tena voninahitra lehibe ho an' ny mpivady izay afaka manan-janaka ny manome vatana ara-nofa ho an' ireo fanahy zanak' Andriamanitra ireo. Mino ny fianakaviana isika ary mino ny zanaka.

Rehefa ateraky ny mpivady ny zaza iray, dia manatanteraka ny ampahan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra izy ireo, dia ny hitondra zanaka ho ety an-tany. Ny Tompo dia niteny hoe “Indro izao no asako sy voninahitra—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona.”¹ Alohan'ny tsy fahafatesana, dia tsy maintsy misy ny fiainana an-tany.

Ny fianakaviana dia tendrin' Andriamanitra. Ny fianakaviana no ivon' ny drafitry ny Raintsika any An-danitra ety an-tany ary ho amin' ny mandrakizay. Rehefa voatambatra tao anatin' ny fanambadiana i Adama sy Eva, dia hoy ny soratra masina hoe: “Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa fara sy mihabetsaha ary mame-noa ny tany.”² Amin' izao androntsika izao ny mpaminany sy ireo Apôstôly dia manambara hoe, “Ny didy voalohany izay nomen' Andriamanitra an' i

Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin' ny maha-mpivady azy. Ambaranay fa ny didin' Andriamanitra ho an' ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery.”³

Izany didy izany dia tsy nohadinoina na natao an-jorom-bala ato amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.⁴ Maneho ny fankasitrahany lalina izahay noho ny finoana goavana asehon' ny mpivady (indrindra ireo vehivavy ato amintsika) amin' ny fahavononan' izy ireo hanan-janaka. Ny hoe rahoviana no hanan-janaka na firy no isan' ny zaza ateraka dia fanapahan-kevitra manokana ataon' ny mpivady sy ny Tompo. Fanapahan-kevitra masina izany—fanapahan-kevitra tokony hatao amin' ny alalan' ny vavaka amin-kitsimpo ary tanterahana am-pinoana lehibe.

Taona maro lasa izay no nizaran' ny Loholona James O. Mason ao amin' ny Fitopololahy tamiko izao tantara manaraka izao: “Ny nahaterahan' ny zanakay faha enina dia tena traikefa tsy hay hadinoina mihitsy. Raha nandinika ity zanakay vavy vaovao mahafatifaty ity aho tao amin' ny efitrano natokana ho an' ny zaza vao teraka, fotoana fohy taorian' ny nahaterahany, dia naheno feo niavaka tsara aho nilaza hoe, ‘mbola hisy anankiray hafa ary

ho lahikely izany.’ Noho ny tsy fahendreko dia niverina haingana aho teo an-tongom-pandrian' ny vadiko izay mbola tena torovana ary nilaza taminy izany vaovao mahafaly izany. Tena tsy fotoana tsara ny nilazako izany taminy tamin' io.”⁵ Nifandimby teny ny taona ary niandry hatrany ny fahatongavan' ny zanak' izy ireo fahafito ry Mason. Telo, efatra, dimy, enina, fito taona no lasa. Farany, valo taona taty aoriana dia teraka ny zanak' izy ireo fahafito—zazalahy kely.

Tamin' ny volana aprily lasa teo dia nanambara ny Filoha Thomas S. Monson hoe:

“Nisy fotoana saika nitovy ny fenitra ato Am-piangonana sy ny fenitra iainana eo amin' ny fiaraha-monina. Ankehitriny dia misy hantsana goavana manasaraka antsika ary tsy mitsahatra mihamalalaka hatrany izany. . . .

“Namaritra ny tenany ho eto amin' izao tontolo izao ny Mpamonjin' ny zanak' olombelona fa tsy naman' izao tontolo izao. Isika ihany koa dia afaka ny ho eto amin' izao tontolo izao fa tsy naman' izao tontolo izao rehefa mandà ny foto-kevitra sy fampianarana diso ary mijanona ho mahatoky amin' izay zavatra nandidian' Andriamanitra antsika.”⁶

Maro ny feo eto amin' izao tontolo izao ankehitriny izay manao tsinon-tsinona ny maha-zava-dehibe ny fananan-janaka na manoro hevitra ny hanemorana na hamerana ny zaza ao anatin' ny fianakaviana iray. Vao tsy ela akory izay ireo zanako vavy no nampiseho ahy ny blaogy iray nosoratan' ny reny Kristiana iray (izay tsy iray finoana amintsika) manan-janaka dimy. Hoy ny filazany: “[Raha lehibe ato] amin' ity kolontsaina ity, dia tena sarotra ny mahita ny fomba fijery ara-baiboly ny amin' ny maha reny. . . . Ny toeran' ny zanaka dia ambany lavitra noho ny fandratoana fianarana. Ambany noho ny fitetezana izao tontolo izao, mazava ho azy. Ambany noho ny fahafahana mandeha mivoaka amin' ny alina manao izay mahafinaritra anao. Ambany noho ny fanatsarana ny vatanao any amin' ny toerana fikotranana. Ambany noho izay mety asa anananao na irinao ho azo.” Avy eo izy dia nanampy hoe: “Ny mahareny dia tsy fialam-boly, fa antso. Tsy

manangona zanaka ianao satria hoe hitanao fa mahafatifaty noho ny hafia izy ireny. Tsy hoe zavatra azonao atao rehefa mba manam-potoana kely iny ianao. Fa ny hanan-janaka no antony nanomezan' Andriamanitra fotoana ho anao.”⁷

Ny fananana zanaka madinika dia tsy mora. Maro ireo andro izay sarotra tsotra izao. Reny tanora iray no niditra ny fiara fitateram-bahoaka niaraka amin' ny zanany fito. Dia nanontany ilay mpamily nanao hoe: “zanakao avokoa ve ireo madama? Sa mika-rakara fitsangantsanganana iraisana ianareo?”

“Zanako avokoa ireo,” hoy ny navaliny. “Ary tsy mikarakara fitsangantsanganana iraisana izahay!”⁸

Raha tsy mitsaha-mitombo ny fanontanian' izao tontolo izao manao hoe, “Zanakao avokoa ve ireo?” dia misaotra anareo kosa izahay nanao ny Fiangonana ho trano fialofan' ny fianakaviana, izay hanomezantsika voninahitra sy hanampiansika ireo reny manan-janaka.

Ho an' ny raim-pianakaviana marina iray, tsy misy teny ampy hilazana ny fankasitrahana sy fitiavana tsapany noho ilay fanomezam-pahasoavana tsy hay refesina izay ananan' ny vadiny dia ny fahafahana miteraka sy ny fikarakarana ny zanak'izy ireo.

Ny Loholona Mason dia mbola nanana traikefa iray hafa herinandro vitsy monja taorian' ny fanambadiany, izay nanampy azy hanao laharam-pahamehana ny andraikiny ao amin' ny fianakaviany. Hoy izy:

“Izaho sy i Marie dia nieritreritra fa mba hahafahako mamita ny fianarana ho mpitsabo dia tena ho nilaina ny hanohizan'i Marie ny asany. Na dia tsy izany loatra aza no tena [nirianay] atao, dia voatery hiandry any aoriana izany ny fananan-janaka. [Raha namadibadika gazetibokin' ny Fiangonana iray tao an-tranon' ny ray aman-dreniko aho] dia nahita lahatsoratra iray nosoratan' ny Loholona Spencer W. Kimball, izay tao amin' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy tamin' izany, izay nanantitrantitra ny andraikitra mifanaraka amin' ny fanambadidana. Araka ny hevitra ny Loholona Kimball dia andraikitra iray masina ny mihabetsaka sy mameno ny tany. Ny tranon'



ny ray aman-dreniko dia [akaikin' ny] Birao Fitantanana ny Fiangonana. Avy hatrany aho dia nandeha tongotra nankeny amin' ny birao ary 30 minitra taorian' ny namakiako ilay lahatsoratra, dia efa nipetraka teo ampitan' ny latabatra nisy an' ny Loholona Spencer W. Kimball.” (Sarotrarotra kokoa ny hahatanteraka izany amin' izao androntsika izao.)

“Nazavaiko fa te ho tonga dokotera aho. Tsy nisy fomba hafa ankoatran' ny fanemorana ny fanananay zanaka. Nihaino tsara ahy ny Loholona Kimball ary avy eo dia namaly tamin' ny feo malefaka izy, ‘Ry rahalahy Mason, tian' ny Tompo ve ianao handika ny iray amin' ireo didy manan-danja mba hahatongavanao ho dokotera? Raha miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo, dia sady afaka manana ny fianakavianao ianao no afaka ho tonga dokotera ihany koa. Aiza re ny finoanao?”

Notohizan' ny Loholona Mason ny tantara: “Tsy ampy herintaona taorian' izay akory dia teraka ny zanakay voalohany. Niasa mafy izaho sy i Marie ary dia nosokafan' ny Tompo ny varavaran' ny lanitra.” Nahazo zanaka roa fanampiny ry Mason talohan' ny nivoahany tao amin' ny sekolin' ny mpitsabo efa-taona taty aoriana.⁹

Manerana izao tontolo izao, dia fotoanan' ny fitotonganany ny toekarena sy tsy fahatomombanana ara-bola izao fotoana izao. Nandritra ny fihonamben' ny Fiangonana tamin' ny

volana Aprily farany teo dia nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Raha toa ianao ka sahiran-tsaina amin' ny famatsiana ara-bola ny vadinao sy ny fianakavianao, dia omeko antoka ianao fa tsy misy mahamenatra eo amin' ny mpivady ny mihafy sy manangona. Amin' ny ankapobeny dia mandritra ny fotoam-pitsapana no hifanaikaisanareo bebe kokoa rehefa mianatra ny mihafy sy mandray fanapahan-kevitra sarotra.”¹⁰

Ilay fanontanianana manindrona nampetraky ny Loholona Kimball manao hoe “Aiza re ny finoanao?” dia mampitodika antsika ho any amin' ny soratra masina.

Tsy tao amin' ny sahan' i Edena no nahazoan' i Adama sy Eva ny zanany voalohany. Raha nandao ny zaridaina “dia nanomboka niasa ny tany i Adama [sy Eva] . . . Ary i Adama nahalala ny vadiny, ka [niteraka] zazalahy sy zazavavy . . . , ary [nampiasa finoana] ireo dia nanomboka nihamaro sy nameno ny tany.”¹¹

Tsy tao amin' ny tokantranon'izy ireo tao Jerosalema izay feno volamena, sy volafotsy, sy zava-tsarobidy no nampiasan' i Lehia sy Sariaha finoana ka niterahany an'i Jakôba sy i Josefa zanakalahiny. Fa tany an-tany foana. Niresaka momba an' i Jakôba zanany lahy i Lehia hoe “lahimatoako tamin' ny androm-pahoriako tany an-tany foana.”¹² Hoy i Lehia mikasika an' i Josefa hoe, “Teraka tany an-tany foana izay nahory [anay] ianao; eny,



Davao, Philippines

tamin' ny andro tena nahabetsaka indrindra ny alaheloko no nitondran' ny reninao am-bohoka anao.”¹³

Ao amin' ny bokin' ny Eksodosy dia nisy lehilahy iray sy vehivavy iray nivady ary, rehefa nampiasa finoana dia nahazo zazalahy kely. Tsy nisy fampafahantarana teo amin' ny tolanam-baravarana nilaza ny fahaterahany. Nafenin' izy ireo izy satria namoaka baiko i Farao fa izay zazalahy israelita teraka rehetra dia tokony ho “[ariana] an' i Neily.”¹⁴ Dia fantatrao ny fiakaran' ny tantara: ilay zaza maha-te ho tia nandry teo amin' ny fiara zo-zoro, napetraka teny an-drenirano, ary nambenan' ny anabaviny, dia hitan' ny zanakavavin' i Farao, ary ny reniny ihany no lasa mpitaiza nikarakara azy. Naverina tany amin' ny zanakavavin' i Farao ilay zazalahy, ary nanangana azy ho zanany izy ary niantso azy hoe Mosesy.

Ao amin' ilay tantara maha-te ho tia indrindra mirakitra fahaterahan-jaza iray, dia tsy nisy efitrano natao ho an' ny zaza, na fandriana natokana ho an' ilay zaza—fa fihinanam-bilona no hany nandrian' ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao.

Amin' ny “fotoana tsara indrindra [sy] . . . ny fotoana ratsy indrindra,”¹⁵ ny Olomasin' Andriamanitra marina, izay miasa am-pinoana, dia tsy mba nanadino mihitsy, na nanakona,

na nanao tsinontsinona ilay “didin' Andriamanitra . . . [hoe] hitombo sy hameno ny tany.”¹⁶ Mandroso hatrany am-pinoana isika, ary mahafantatra fa ny fanampahan-kevitra amin' ny isan' ny zaza ateraka sy ny fotoana hananana azy ireny dia anjaran' ny mpivady sy ny Tompo irery ihany. Tsy tokony hifampitsara isika amin' io resaka io.

Ny fiterahana dia lohahevitra saro-pady izay mety mahavaky fo tokoa ho an' ny vehivavy marina izay tsy manana fahafahana ny hanambady na hanana fianakaviana. Ho anareo ry vehivavy manan-kaja, ny Ray any an-danitra dia mahafantatra ny vavakareo sy ny fanirianareo. Feno fankasitrahana izahay noho ny fitaomam-panahy hafa kely entinareo, anisan' izany ny fanoloranareo tanana amin' ireo ankizy izay mila ny finoanareo sy ny tanjakareo.

Ny fiterahana dia mety ho lohahevitra mahavaky fo ihany koa ho an' ireo mpivady izay mahafantatra fa izy ireo dia tsy afaka ny hanana ireo zanaka izay efa nantenain' izy ireo mafy, na ho an' ny mpivady izay nihevitra ny hanana fianakaviana maro anaka kanefa dia nanana fianakaviana kelikely kokoa.

Tsy afaka ny hanazava foana ny fahasarotan' ny fiainana an-tany isika. Indraindray ny fiainana dia toa tena miangatra izany—indrindra

rehefa hoe ny fanirantsika lehibe indrindra dia ny manao araka izay handidian' ny Tompo. Amin' ny maha mpanompon' ny Tompo ahy dia manome antoka anareo aho fa marina ity fampanantenana ity: “Ireo mpikambana mahatoky izay sendra ny toe-javatra tsy mamela azy ireo handray ny fitahian' ny fanambadiana mandrakizay sy ny maha-ray aman-dreny eto amin' ity fiainana ity dia handray ireo fitahiana rehetra nampanantenaina any amin' ny mandrakizay, [raha] mitandrana ny fanekempihavanana nataon' izy ireo tamin' Andriamanitra.”¹⁷

Ny Filoha J. Scott Dorius tao amin' ny Misiônan' i Lima Andrefana, Pérou dia nilaza tamiko ny tantaran' izy mivady. Hoy izy:

“Izaho sy i Becky dia nivady nandritra ny 25 taona nefa tsy nanana fahafahana hanana [na hanangana] zanaka. Nifindra monina matetika izahay. Ny fampahafantarana anay isaky ny faritra vaovao handehananay dia manahirana sy mangirifiry mihi-tsy indraindray. Nanontany tena ireo mpikambana ao amin' ny paroasy ny amin' ny antony [tsy hanananay] zanaka. Tsy izy ireo ihany no nanontany tena fa izahay ihany koa.

“Rehefa nantsoina ho eveka aho, dia [naneho] ahiahy ny mpikambana tao amin' ny paroasy noho izaho tsy mba nanana traikefa tamin' ny ankizy sy ny tanora. Nisaotra azy ireo aho noho ny fanohanana' izy ireo ary nangataka azy ireo mba hamela ahy hampiasa ny fahaiza-manaoko amin' ny fitaizana amin' ny zanak' izy ireo. Nanaiky tamim-pitiavana izy ireo.

“Niandry izahay, nahazo fomba fijery hafa, ary nianatra nanana faharetanana. Taorian' ny 25 taona nivadiana, dia indro zazakelin' ny fahagagana no tonga teo amin' ny fiainanay. Nanangana an' i Nicole, zaza roa taona, izahay, ary avy eo i Nikolai, zaza vao teraka. Ny vahiny ankehitriny dia midera anay noho ireo zafikelinay mahatehotia. Mihomehy izahay sady miteny hoe, ‘Zanakay ireo ka. Niaina ny fiainanay nihemotra izahay.’”¹⁸

Ry rahalahy sy anabavy, tsy tokony hifampitsara isika eo amin' io andraikitra masina sy an' ny tena manokana io.

“Ary nandray zaza [Jesoa] . . . ary

raha notrotroiny ilay zaza [sady] nilaza izy hoe . . .

“Na zovy na zovy no mandray zaza iray tahaka itony amin’ ny anarako, dia mandray Ahy; ary na zovy na zovy no mandray Ahy, dia . . . mandray Izay . . . naniraka Ahy.”¹⁹

Fitahiana lehibe ny mandray ny zanakalahy sy ny zanakavavin’ Andriamanitra ao an-tokantranontsika.

Andeha isika hikatsaka ampanetretena sy ombam-bavaka mba hahatakatra sy hanaiky ny didin’ Andriamanitra, ary hihaino ampanajana ny feon’ ny Fanahy Masiny.

Ivon’ny drafitra mandrakizay an’Andriamanitra ny fianakaviana. Ijoroako ho vavolombelona ny fitahiana lehiben’ ny fananana zanaka ary ny hasambarana entin’ izy ireny ho antsika eto amin’ ity fiainana ity sy any amin’ ny mandrakizay, amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Mosesy 1:39.
2. Genesisy 1:28.
3. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’ Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
4. Araka ny fanadihidihana fanao isan-taona mikasika ny Fiarahamonina Amerikana, navoakan’ny Birao Fanisam-bahoaka Amerikana, dia “mbola i Utah ihany no manana ny tokatranon’ maro anaka indrindra, ny taha-piterahana ambony indrindra, ny salan-taona ambany indrindra, ny taona ambany indrindra hanambadiana ary ny taha’ny renim-pianakaviana mpikarakara tokatranon’” (“Who Are Utahns? Survey Shows We’re Highest, Lowest, Youngest,” *Salt Lake Tribune*, 22 Sept. 2011, A1, A8).
5. E-mail azo avy tamin’ ny Loholona James O. Mason, 25 Jiona 2011.
6. Thomas S. Monson, “Ny Herin’ ny Fisoronana,” *Liahona*, Mey 2011, 66, 67.
7. Rachel Jankovic, “Motherhood Is a Calling (and Where Your Children Rank),” 14 Jolay 2011, desiringgod.org.
8. Jereo ny “Jokes and Funny Stories about Children,” thejokes.co.uk/jokes-about-children.php.
9. E-mail azo avy tamin’ ny Loholona James O. Mason, 29 Jiona 2011.
10. Thomas S. Monson, *Liahona*, Mey 2011, 67.
11. Mosesy 5:1, 2.
12. 2 Nefia 2:1.
13. 2 Nefia 3:1.
14. Eksodosy 1:22.
15. Charles Dickens, *A Tale of Two Cities* (Signet Classic, 1997), 13.
16. *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
17. *Manuel 2: Administration de l’Eglise* (2010), 1.3.3.
18. E-mail avy tamin’ ny Filoha J. Scott Dorius, 28 Aog. 2011.
19. Marka 9:36–37.



Nataon’ ny Loholona Ian S. Ardern

Ao amin’ ny Fitopololahy

Fotoana Hiomanana

Tokony hanokana ny fotoanantsika isika ho an’ireo zavatra manan-danja indrindra.

Ny toko fahavalo ao amin’ ny *Torio ny Filazantsarako* dia misarika ny saintsika amin’ ny fampiasana amim-pahendrena ny fotoana. Ao amin’ izany toko izany dia nampahatsiahy antsika ny Loholona M. Russell Ballard fa tokony hametraka tanjona isika sy hianatra ireo fomba hifehezantsika ny teknika hahatratrarana azy ireo (jereo ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an’ ny Asa fanompoan’ ny Misiônera* [2004], 163). Ao anatin’ ny fifehezana ireo teknika izay ilaina amin’ ny fanatratrarana tanjona ny fahaizana mitantana ny fotoanantsika.

Feno fankasitrahana aho noho ny ohatra asehon’ ny Filoha Monson. Na dia eo aza ireo zavatra sahaniny amin’ ny maha-mpaminanin’ Andriamanitra azy dia ataony foana izay ahitana fotoana hamangiana ireo marary, tahaka ny nataon’ ny Mpamonjy (jereo ny Lioka 17:12–14), hankaherezana ireo kivy, ary mba ho mpanompon’ ny olon-drehetra. Feno fankasitrahana noho ny ohatra asehon’ ireo maro hafa koa aho amin’ ny fanoloran’ izy ireo fotoana hanompoana ny hafa. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fanolorantsika fotoana hanompoana ny hafa dia mahafaly an’ Andriamanitra ary ny fanaovana izany dia hampanakaiky antsika kokoa Aminy. Hihazona ilay fampanantenany manao toy izao ny Mpamonjy: “izay mahatoky sy hendry amin’ ny fotoana dia isaina

ho mendrika ny handova ireo trano nomanin’ ny Raiko ho azy” (F&F 72:4).

Tsy azo hamidy velively ny fotoana. Na hiezaka toy ny inona aza ianao, ny fotoana dia zavatra iray izay tsy azonao vidina eny amin’ ny fivarotana eny na ohatrinona na ohatrinona. Kanefa raha ampiasaina amim-pahendrena ny fotoana dia ho sarobidy tokoa izany. Ao anatin’ ireo andro rehetra izay omena antsika, dia samy omena tsy misy sarany, minitra sy ora mitovy isika mba ho ampiasaina ary vetivety dia mahazo fampianarana rehefa ampianarin’ ity hira mahazatra antsika ity tsara ny hoe: “Mandeha haingana dia haingana tokoa ny fotoana ary rehefa dify izany dia tsy miverina intsony” (“Improve the Shining Moments,” *Hymns*, no. 226). Tokony ho ampiasantsika amim-pahendrena ny fotoana izay ananantsika. Nilaza ny Filoha Brigham Young hoe: “Manana trosa onerana amin’ Andriamanitra isika rehetra amin’ ny fahaizana mampiasa ny fotoana hahasoa antsika ary ho angatahany isika hanao tatitra hentitra mikasika ny nampiasantsika [izany]” (*Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* [1997], 286).

Noho ireo zavatra maro takiana amintsika ankehitriny dia tsy maintsy mianatra manisy laharam-pahamehana amin’ ny safidintsika isika mba hampifanaraka izany amin’ ny tanjontsika, fa raha tsy izany dia mety ho voafaokan’

ny rivotry ny fanemoran-dava ary ho atopatopan' ny zavatra iray mandany fotoana fotsiny mankany amin' ny anankiray hafa. Nampianarin' ilay Mpampianatra Lehibe antsika tsara ny momba ireo laharam-pahamehana raha nanambara Izy tao anatin' ny Toriteny teo An-tendrombohitra hoe: "Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany" (Matio 6:33, fanovozan-kevitra eny amin' ny farany ambanin' ny pejy a; ao amin' ny Dikantenin' i Joseph Smith, Matio 6:38). (Jereo koa ny Dallin H. Oaks, "Focus and Priorities," *Liahona*, Jolay 2001, 99–102.)

Niresaka momba ny laharam-pahamehana koa i Almà rehefa nilaza fa "ity fiainana ity dia nanjary fotoana fizahan-toetra; fotoana hiomanana hihaonana amin' Andriamanitra" (Almà 12:24). Mety mitaky torolalana vitsivitsy ny fahaizana mampiasa amin' ny fomba tsara indrindra ilay fanomezana sarobidin' ny fotoana hiomanana hihaona amin' Andriamanitra, kanefa azo antoka fa ho ataontsika ho lohaharana ao anatin' izany ny Tompo sy ny fianakaviansika. Nampahatsiahy antsika ny Filoha Uchtdorf "fa ny teny hoe *fitiavana* dia tena tononina hoe *f-o-t-o-a-n-a* ao anatin' ny fifandraisan' ny mpianakavy" ("Of Things That Matter Most," *Liahona*, Nôv. 2010, 22). Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa katsahina amim-bavaka sy amin-kitsimpo ny fanampiana dia hanampy antsika ny Ray any an-danitra hifantoka kokoa amin' ireo zavatra izay mendrika ny ampiasantsika ny fotoanantsika mihoatra noho ireo zavatra hafa.

Ny tsy fahaizana mampiasa fotoana dia manakaiky ny fahakamoana. Rehefa manaraka ny didy "hampitsahatra ny fidonahanam-poana" (F&F 88:124) isika, dia tsy maintsy maka antoka koa isika fa ny fahafenoan' ny fotoana dia mitovy amin' ny hoe mamokatra. Ohatra, mahafinaritra ny manana ireo fitaovam-pifandraisana tsy tapaka izay tendren' ny tanantsika, kanefa tokony haka antoka isika fa tsy ho lasa hiankin-doha amin' ny fifandraisana tendrena amin' ny tanana fotsiny. Mahatsapa aho fa maro ireo tratran' ny fandriky ny fiankinan-doha amin' ilay zavatra iray vaovao izay mandany fotoana—fitaovana iray izay manandevo

antsika mba hijery sy handefa hafatra amin' ny fitaovan-tserasera tsy tapaka ka dia lasa manome endrika diso an' ilay hoe tena rempotra ary mamokatra.

Maro ireo tombontsoa azontsika amin' ny fahamorany ny fampiasana ireo fitaovam-pifandraisana sy faha-zoana fampahalalana. Tsapako fa manampy tokoa ny fahafahana mahazo ireo lahatsoratra hanaovana famakafakana, ireo lahatenin' ny fihaonambe, ny firaketana momba ireo razambe, ary ny fahafahana mandray ireo e-mail, ireo fampahatsiahivana amin' ny alalan' ny Facebook, sy Twitter, ary ny sms. Na dia tsara aza ireo zavatra ireo dia tsy tokony havelantsika haka ny toeran' ireo zavatra tena manan-danja. Tena hampalahelo ny hahita hoe nosoloin' ny telefaonina sy solosaina avo lenta ilay vavaka amin-kitsimpo tsotra ata amin' ny Ray any an-danitra be fitiavana. Aoka isika ho mailaka ny handohalika hivavaka toy ny mahamailaka antsika rehefa handefa sms.

Tsy hahasolo maharitra ireo tena namana izay afaka manome antsika fihina feno fankaherezana sy afaka mivavaka ho antsika ary mikatsaka izay zava-mahasoa antsika ireo kilalao elektrônika sy olom-pantatra amin' ny alalan' ny fifandraisana amin' ny internet. Tena feno fankasitrahana aho nahita ireo kôlejy, olona ao amin' ny kilasy ary mpikamban' ny Fikambanana Ifanampiana niray hina mba hifanohana. Tao anatin' ny fotoana toy izany no nahatakarako tsara kokoa ny dikan' ny zavatra notenenin' ny Apôstôly Paoly hoe: "Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony hianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin' ny olona masina" (Efesiana 2:19).

Fantatro fa ireo fahasambarantsika lehibe indrindra dia azo avy amin' ny fifantohana amin' ny Tompo (jereo ny Almà 37:37) ary avy amin' ireo zavatra izay mitondra valisoa maharitra fa tsy fandaniana ora maro tsy ampi-ieverana hilazana ny vaovaontsika farany, fanaovana Farmville, ary filalovana kilalao amin' ny Internet. Mamporisika antsika tsirairay avy aho mba handinika ireo zavatra izay mandany ireo fotoan-tsarobidintsika ary hanapakevitra ny ho tonga mpifehy azy ireo, fa tsy hamela azy ireo hifehy antsika noho izy ireo mampiankin-doha.

Mba hahafahana manana ilay fiadanana izay noresahin' ny Mpamonjy (jereo ny Jaona 14:27), dia tsy maintsy manolotra ny fotoanantsika hanaovana ireo zavatra izay manan-danja indrindra isika ary izany dia ny zavatr' Andriamanitra. Rehefa mifandray amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny vavaka amin-kitsimpo isika, rehefa mamaky sy mandalina ny soratra masina isan' andro ary misaintsaina ny zavatra novakiansika sy tsapantsika ary avy eo mampihatra sy miaina ireo lesona nianarana dia hanakaiky kokoa Azy isika. Ny fampanantenan' Andriamanitra dia ny hoe rehefa mikatsaka zavatra amin' ireo boky tsara indrindra isika dia "[Homeny fahalalana] amin' ny alalan' ny Fanahy Masiny" (F&F 121:26; jereo koa ny F&F 109:14–15).

Haka fanahy antsika mba tsy hampiasa araka ny tokony ho izy ny fotoanantsika i Satana amin' ny alalan' ireo zava-mahavarimbariana manafin' endrika. Na dia hisy aza ny fakampianahy dia nampianatra ny Loholona Quentin L. Cook hoe: "Ireo Olomasina izay manaraka ny hafatry ny Mpamonjy dia tsy ho voatarika any amin' ny fikatsahana zavatra mahavarimbariana sy manimba" ("Are You a Saint?" *Liahona*, Nôv. 2003, 96.) Nampianatra antsika lesona sarobidy mahakasika ny zava-mahavarimbariana i Hiram Page, izay iray tamin' ireo vavolombelona valon' ny Bokin' i Môrmôna. Nanana vato izy

Salvador, Brésil



ary tamin' ny alalan' izany dia nirakitra ireo fanambarana izay noheveriny fa ho an' ny Fiangonana (jereo ny F&F 28). Rehefa avy nahitsy tamin' izany izy dia nisy tantara nilaza fa nalaina ilay vato ary notototoina ho vovoka mba tsy ho zavatra hahavarimbariana intsony.¹ Manasa antsika aho hamantatra ireo zavatra mahavarimbariana izay mandany fotoana eo amin' ny fiainantsika izay mety mila tototoina mba ho lasa vovoka koa ara-bakiteny. Mila mampiasa fahendrena isika eo amin' ny fakantsika antoka fa ny fomba ampiasantsika ny fotoanantsika dia mifandanjana tsara mba hampidirana ny Tompo, ny fianakaviana, ny asa ary ireo fialam-boly mampivoatra ao anatin' izany. Araky ny efa hitan' ireo olona maro dia mitombo ny fahasambarana eo amin' ny fiainana rehefa mampiasa ny fotoanantsika isika hikatsahana ireo zavatra izay “mendrika, maha-te ho tia, tsara na mendrim-piderana” (Fanekepinoana 1:13).

Mandeha haingana ny fotoana. Anio dia fotoana tsara, eto amin' izao fiainana mandalo izao, hanaovana jery todika mikasika izay zavatra ataontsika mba hiomanana amin' ny fihaonana amin' Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona aho fa misy valisoa lehibe kokoa ho an' ireo izay manokana ny fiainany eto an-tany hiomanana amin' ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Provo Utah Central Stake general minutes, Apr. 6, 1856, Boky faha- 10 (1855–60), Church History Library, Salt Lake City, 273 (fanononana, mari-tsoratra, ary renisoratra amin' ny endrika maoderina): “Nolazain' i [Emer] Harris Rainy fa nilaza ny Apôstôly fa mila mitolona amin' ny fanapahana sy amin' ny fanjakana isika. Nangady tany ny Rahalahy Hiram Page ary nahazo vato miloko mainty ary nanao izany tao am-paosiny. Rehefa tonga tany an-tranony izy dia nijery izany. Ary nahita fehezan-teny teo amin' izany tahak' ireny voasoratra tamin' ny taratasy ireny. Raha vao manoratra ny fehezan-teny iray izy dia misy fehezan-teny iray mipoitra indray mandra-panoratany pejy 16. Nampitaina tamin' ny Rahalahy Joseph ny zava-nitranga. Nanontany an' i Joseph ny olona iray raha toa marina ny zavatra nosoratany. Nilaza izy fa tsy fantany kanefa nivavaka izy ary nandray fanambarana fa avy amin' ny devoly ilay vato. Nopotehina sy nodorana ireo rakitsoratra. Asa avy amin' ny herin' ny maizina izany. Amena.”



Nataon' ny Loholona Carl B. Cook
Ao amin' ny Fitopololahy

Tsaratsara Kokoa ny Mitraka

Rehefa mampihatra ny finoantsika isika ary miantehitra amin' Andriamanitra mba hahazoana fanampiana, tahaka ny Filoha Monson, dia tsy ho sahiran-tsaina noho ny vesatry ny fiainana.

Tamin' ny fiafaran' ny andro iray tena namizana tokoa izay tany amin' ny faran' ny herinandroko voalohany tamin' ny naha Manampahafana Ambony ahy, dia tena navesatra be ny kitapoko ary nivezevezy tao an-tsaiko ity fanontaniana ity: “Ahoana no ahafahako manatant-raka an' ity?” Nivoaka ny biraon' ny Fitopololahy aho ary niditra tao amin' ilay ascenseur an' ny Birao Foiben' ny Fitantanana ny Fiangonana. Rehefa nidina ilay ascenseur, dia nitanondrika ny lohako ary nibanjina fotsiny tamin' izao ny tany aho.

Nisokatra ny varavarana ary nisy olona niditra saingy tsy nitraka aho. Rehefa nihidy ny varavarana, dia naheno olona iray nanontany aho hoe: “Inona no jerenao any ambany any?” Fantatro ilay feo—ny Filoha Thomas S. Monson izany.

Nitraka haingana aho ary namaly hoe: “An! an! an! Tsinontsinona ka!” (Azoko antoka fa izany valim-panontaniana mifono hakigan-tsaina izany dia nampiseho fa azo nitokisana ny fahaiza-manaoko!)

Kanefa hitany ilay endriko trotraka sy ny kitapoko navesatra. Nitsiky izy ary nanoro hevitra tamim-pitiavana

raha nanondro ny lanitra hoe: “Tsaratsara kokoa ny mitraka!” Raha mbola nidina rihana iray izahay, dia nilaza tamim-pitsikiana izy hoe handeha ho any amin' ny tempoly izy. Rehefa nanao veloma ahy izy, ny fomba fijeriny ahy dia toy ireny niteny tao am-poko ireny indray hoe: “Ankehitriny, tadidio fa tsara kokoa ny mitraka”.

Rehefa nisaraka izahay dia tonga tao an-tsaiko ny tenin' ny soratra masina hoe: “Minoa an' Andriamanitra; minoa fa misy Izy . . . ; Minoa fa Izy dia manana ny fahendrena rehetra sy ny fahefana rehetra, na any an-danitra na ety an-tany.”¹ Raha nieritreritra ny herin' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy aho, dia hitan' ny foko amin' izay ilay fankaherezana izay notadiaviko fatra- tra teny amin' ny tany tao amin' ilay ascenseur nidina.

Nanomboka teo aho dia nisain-tsaina izany toe-javatra niseho izany sy ny andraikitry ny mpaminany. Navesatra ny entako ary nitanondrika ny lohako. Rehefa niteny ny mpaminany dia niantehitra taminy aho. Nahitsiny ny saiko hitraka any amin' Andriamanitra, izay ahafahako mahazo fahasitranana sy tanjaka amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Kristy. Izany

no ataon' ireo mpaminany amintsika. Mitarika antsika ho any amin' Andriamanitra izy ireo.²

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Filoha Monson dia tsy mpaminany, sy mpahita ary mpanambara fotsiny ihany, fa izy koa dia ohatra tena tsara maneho ny fiainana ny fitsipiky ny fitrakana. Raha amin' ny olona rehetra dia izy no tokony hahatsiaro ho vesaran' ny andraikiny. Kanefa dia mampihatra finoana goavana izy ary feno fanantenana sy fahendrena, ary fitiavana ny hafa. Ny toetrany dia ilay hoe "afaka manao" ary "hanao tokoa." Matoky ny Tompo izy sy miantehitra Aminy hahazoana tanjaka, ary dia mitahy azy ny Tompo.

Ny zavatra niainako dia nampianatra ahy fa rehefa mampihatra ny finoantsika isika ary miantehitra amin' Andriamanitra mba hahazoana fanampiana, tahaka ny Filoha Monson, dia tsy ho sahiran-tsaina noho ny vesatry ny fiainana. Tsy hahatsiaro tena ho tsy mahavita izay zavatra niantsoana antsika mba hataontsika na izay zavatra ilaintsika atao isika. Hahazo hery isika, ary ho feno fiadanana sy fifaliana ny fiainantsika.³ Ho tonga saina isika fa ny ankamaroan' ireo zavatra mampiahiahy antsika dia tsy manana lanjany mandrakizay akory—ary raha toa ka manan-danja izany, dia hanampy antsika ny Tompo. Kanefa tsy maintsy manana finoana ny hitraka isika ary manana herim-po hanaraka ny fitarihany.

Nahoana no sarotra ny mitraka hatrany eo amin' ny fiainantsika? Angamba isika tsy ampy an' ilay finoana hoe izany fihetsika tsotra kely izany dia afaka mamaha ny olantsika. Ohatra, rehefa nokaikerin' ny bibilava nisy poizina ny zanak' Isiraely, dia nodidiana i Mosesy mba hanao bibilava varahina ka hanantona azy amin' ny hazo lava. Maneho an' i Kristy izany bibilava varahina izany. Ireo izay nitraka nijery ilay bibilava araka ny baikon' ny mpaminany, dia sitrana.⁴ Kanefa maro ireo tsy nitraka, ary dia maty.⁵

Nanaiky i Almà fa ny antony tsy nitrakan' ireo Isiraelita mba hijery ilay bibilava dia ny tsy finoany fa hana-sitrana azy ireo ny fanaovany izany. Manan-danja amintsika amin' izao



fotoana izao ny tenin' i Almà:

"Ry rahalahiko, raha toa ianareo ka azo sitranina amin' ny fanopazana fotsiny ny masonareo manodidina mba hahasitrana anareo, moa va tsy hijery faingana tokoa ianareo, sa aleonareo manamafy ny fonareo ao amin' ny tsy finoana ka hanjary malaina . . . ?

"Raha izany, loza no hanjo anareo; fa raha tsy izany kosa, dia atopazo manodidina ny masonareo amin' izany ary manomboha mino ny Zanak' Andriamanitra, fa ho avy Izy hanavotra ny olony ary hijaly sy ho faty Izy mba hanonitra ny fahotany; ary hitsangana amin' ny maty Izy."⁶

Ny famporisihan' ny Filoha Monson mba hitraka dia fanoharana mba hahatsiarovana an' i Kristy. Rehefa mahatsiaro Azy isika ary matoky ny heriny, dia mahazo hery amin' ny alalan' ny Sorompanavotany. Izany no fomba ahazoantsika fanamaivanana amin' ny ahiahy sy ny enta-mavesatra ary ny fijaliansika. Izany no fomba ahafahantsika mahazo famelan-keloka sy fahasitranana amin' ny fanaintainana ateraky ny fahotantsika. Izany no fomba ahafahantsika mahazo finoana sy hery hiaretana ny zavatra rehetra.⁷

Vao tsy ela akory izay, izaho sy Rahavavy Cook dia nanatrika ny fihaonambe iray an' ny vehivavy tany Afrika Atsimo. Rehefa avy nihaino hafatra manentana ny fanahy mikasika ny fampiharana ny Sorompanavotana eo amin' ny fiainantsika izahay, dia nanasa ny olon-drehetra mba hivoaka any ivelany ny filohan' ny

Fikambanana Ifanampian' ny tsatòka. Nomena baolina nabontsina tamin' ny gaza heliôma izahay tsirairay. Nohazavainy fa ny baolinay dia maneho izay rehetra mety ho enta-mavesatra na fahoriana na zava-tsarotra izay miha-zona anay tsy handroso eo amin' ny fiainanay. Rehefa avy nanisa isa, roa, telo, dia samy namotsotra ny baolinay izahay, na ny "enta-mavesatray." Raha nitraka izahay ary nijery ireo enta-mavesatray nandeha nihevaheva teny, dia nisy feo re nanao hoe "Aaaa!" Ilay fihetsika tsotra hoe mamotsotra ny baolinay dia nanome fampahatsiahivana tena tsara an' ilay hafaliana tsy hay lazaina izay azo avy amin' ny fiandrandrana sy fisaintsainana an' i Kristy.

Tsy mitovy amin' ny famotsorana baolina nabontsina tamin' ny gaza heliôma kosa ny fitrakana ara-panahy, fa zavatra tsy vita indray mandeha fotsiny. Isika dia mianatra avy amin' ny vavaky ny Fanasan' ny Tompo hoe isika dia tokony hahatsiaro Azy mandrakariva ary hitandrina ny didiny, mba hananantsika ny fanahiny hiaraka amintsika isan' andro hitarika antsika.⁸

Raha nirenireny tany an-tany foana ny zanak' Isiraely, dia nitarika ny dian' izy ireo isan' andro ny Tompo rehefa niantehitra taminy izy ireo mba hahazoana fitarihana. Ao amin' ny Eksodosy isika dia mamaky hoe: "Ary Jehovah nandeha teo alohany tamin' ny andri-rahona raha antoandro hitari-dàlana azy, ary tamin' ny andri-afo nony alina ho fahazavana ho azy."⁹ Ny fitarihany dia tsy niova, ary zaraiko aminareo ny fijoroako ho vavolombelona feno fanetren-tena fa ny Tompo dia afaka manao izany koa amintsika.

Koa ahoana ary no fomba hitarihany antsika ankehitriny? Amin' ny alalan' ireo mpaminany sy ireo apôstôly, ary ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana sy amin' ny alalan' ny fahatsapana izay tonga ao amintsika rehefa avy namboraka ireo faniriantsika lalina tamin' ny Ray any an-danitra tao anatin' ny hevaka isika. Mitarika antsika Izy rehefa manalavitra ireo zavatr' izao tontolo izao isika, ary mibebaka sy miova. Mitarika antsika Izy rehefa mitandrina ny didiny isika ary miezaka ny hitovy bebe kokoa Aminy. Ary mitarika antsika amin' ny

alalan' ny Fanahy Masina Izy.¹⁰

Mba hahafahana mahazo fitarihana ao anatin' ilay dian' ny fiainana sy mba hananana tsy tapaka ny Fanahy Masina ho namana, dia tsy maintsy manana “sofina mandre” sy “maso mahita” isika ka samy mitodika any ambony izy ireo.¹¹ Tsy maintsy miasa araka izay torolalana omena antsika isika. Tsy maintsy mitraka isika ary miasa avy eo. Ary rehefa manao izany isika, dia fantatro fa ho ravoravo, satria tian' Andriamanitra ho faly isika.

Zanaky ny Ray any an-danitra isika. Te hanana toerana ao amin' ny fiainantsika Izy ary hitahy sy hanampy antsika. Hanasitrana ny ratrantsika Izy, hamafa ny ranomasontsika, ary hanampy antsika eny amin' ilay lalana izay mitondra miverina eo anatrehan'ny. Raha miantehitra Aminy isika, dia hitarika antsika Izy.

Ny Tompo no hazavako; ka nahoana aho no hatahotra?

Eo akaiky eo foana Izy na andro na alina. . . .

Izy no fifaliako sy hirako.

Na andro na alina dia mitarika ahy . . . eny foana Izy.¹²

Mijoro ho vavolombelona aho fa ho voavela ny fahotantsika ary hihamaviana ny enta-mavesantsika rehefa miantehitra amin' i Kristy isika. “Aoka hotsarovantsika Izy, . . . ary aoka tsy hitanondrika ny lohantsika,”¹³ satria hoy ny Filoha Monson hoe, “tsaratsara kokoa ny mitraka.”

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Môsîà 4:9.
2. Jereo ny 2 Nefia 25:23–26.
3. Jereo ny Môsîà 24:15.
4. Jereo ny Nomery 21:8–9.
5. Jereo ny 1 Nefia 17:41.
6. Almà 33:21–22; jereo koa ny andininy 19–20.
7. Jereo ny Almà 36:3, 17–21; 3 Nefia 9:13.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 20:77.
9. Eksôdôsy 13:21.
10. Jereo ny 2 Nefia 9:52; 31:13; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 121:46.
11. Ohabolana 20:12.
12. “Christ est ma lumière,” *Cantique*, no. 50.
13. 2 Nefia 10:20.



Nataon' ny Loholona LeGrand R. Curtis Jr.
Ao amin' ny Fitopololahy

Fanavotana

Ny olona dia afaka manova ary tena manova ny fiainany ary mahazo fanavotana amin' ny alalan' i Kristy.

Maro ireo anarana izay entina ilazana an' i Jesoa Kristy Tompo. Ireo anarana ireo dia manome fampahalalana ho antsika mikasika ireo lafiny samihafa amin' ilay asa nanirahana ny Tompo mba hanatanteraka ny sorompanavotana. Raiso, ohatra, ilay anarana hoe “Mpamonjy.” Samy mahazo an-tsaina ny dikan' izany hoe voavonjy izany isika, satria efa nisy fotoana namonjena antsika tsirairay tamin' ny zavatra iray. Fony mbola ankizy izaho sy ny anabaviko dia nilalao teny amin' ny renirano iray tao anatin' ny lakana kely iray. Kanjo tsy malina izahay ka nanalavitra ilay faritra azo antoka filalaoavana ary natosiky ny koriandrano nidina nankany amin' ny loza tsy fantatra. Vokatry ny hiakiakanay dia nihazakazaka nanavotra anay ny rainay ary namonjy anay tamin' ny zavatra mampidi-doza teo amin' ilay renirano. Rehefa mieritreritra momba ny famonjena aho dia mieritreritra an' io zavatra niainako io.

Ilay anarana hoe “Mpanavotra” dia mifono fampahalalana mitovitovy amin' izany. Ny hoe “manavotra” dia mividy na manonitra ny vidiny. Raha araka ny lalàna dia avotra ny fananana iray rehefa voalao daholo ny vola nindramina rehetra sy izay vola nanaovana antoka ny fananana. Tamin' ny vanim-potoanan' ny Testamenta Taloha, ny lalàn' i Mosesy dia nanome fomba samihafa mba hahafahana

manafaka na manavotra ireo mpamongpo sy ny fananana amin' ny alalan' ny fandoavana vola (jereo ny Levitikosy 25:29–32, 48–55).

Ny fampiasana tena miavaka ny teny hoe *manavotra* ao amin' ny soratra masina dia hita ao amin' ny fanavotana ny zanak' i Isiraely tamin' ny fanandevozana azy ireo tany Egypta. Taorian' izany fanavotana izany dia nilaza tamin' izy ireo i Mosesy hoe: “Fa ny nitiavan' i Jehovah anareo, . . . no nitondra[n]y anareo tamin' ny tanana mahery sy nanavotany anao tamin' ny trano nanandevozana, dia tamin' ny tanan' i farao mpanjakan' i Egypta” (Deoteronomia 7:8).

Miverina imbetsaka ao amin' ny soratra masina ny lohahevitra mikasika ny fanavotan' i Jehovah ny vahoakan' i Isiraely tamin' ny fanandevozana. Ampiasaina izany matetika mba hampahatsiahivana ny olona ilay hatsaran-toetran' ny Tompo noho ny fanafahany ny zanak' i Isiraely tamin' ny Egyptiana. Saingy natao koa izany mba hampianarana azy ireo fa hisy fanavotana iray hafa izay manan-danja lehibe kokoa ho an' i Isiraely. I Lehia dia nampianatra hoe: “Ary avy ny Mesia amin' ny fahafenoan' ny fotoana mba hahazoany manavotra ny zanak' olombelona amin' ny fahalavoana.” (2 Nefia 2:26).

Ny mpanao salamo dia nanoratra hoe: “Fa Andriamanitra kosa hamonjy



*Endrey voninahitra be,
Fanavotana re.
Fitiavana, famindram-po,
no tafaraka soa!*
("Endrey fahendrena, fitia" *Fihirana*
sy *Hiran' ny ankizy*, p. 37.

Nampianatra ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Misy Mpanavotra sy Mpanelanelana iray izay mijoro ho vonona sy manana fahafahana ny handamina ny fitakian' ny fahamarinana sy hanome famindram-po an' ireo izay mibebaka" ("The Mediator," *Ensign*, Mey 1977, 56).

Ny soratra masina sy ny haisoratra ary ireo zavatra diavina eo amin' ny fiainana dia feno tantara mikasika ny fanavotana. Ny olona dia afaka manova ary tena manova ny fiainany ary mahazo fanavotana amin' ny alalan' i Kristy. Tiako ireo tantara mikasika ny fanavotana ireo.

Manana namana iray aho izay tsy nanaraka ny fampianaran' ny Fiangonana fony izy mbola zatovo. Rehefa lasa olon-dehibe vao herotreronny izy dia tsapany ny zavatra tsy mba nananany noho ny tsy fiainana ny filazantsara. Nibebaka izy sy nanova ny fiainany ary nanolo-tena ny hanana fiainana marina. Indray andro taona maro taorian' ny nifankahalalanay fony mbola zatovo dia nifanena tamin' tany amin' ny tempoly aho. Namirapiratra teny amin' ny masonry ny hazavan' ny filazantsara ary tsapako fa lasa mpikamban' ny Fiangonana mazoto izy izay miezaka ny hiaina feno ny filazantsara. Tantara iray momba ny fanavotana ny tantarany.

Indray mandeha aho dia nanao tafa sy dinika mikasika ny batisa tamin' ny vehivavy iray izay efa nahavita heloka be vava iray. Nandritra ilay tafa sy dinika dia nanontany azy aho raha toa ka takany tsara fa tsy afaka mamerina velively izany fahotana izany intsony izy. Tao anatin' ny filhetseham-po lalina hita teny amin' ny masonry sy tao amin' ny feony no nilazany hoe: "Filoha a! Tsy afaka ny hamerina hanao izany fahotana izany velively aho. Izany no antony haniriako hatao batisa—mba ho voadio amin' ny vokatr' ilay fahotana mamohetra." Ny azy koa dia tantara iray momba ny fanavotana.

ny aiko amin' ny herin' ny fiainan-tsi-hita" (Salamo 49:15).

Ny Tompo dia nanambara tamin' ny alalan' i Isaia hoe: "Izaho efa nandevona ny fahadisoanao tahaka ny fandevona ny zavona, ary ny fahotanao tahaka ny rahona. Koa miverena amiko, fa efa nanavotra anao Aho." (Isaia 44:22).

Ilay fanavotana resahana ao amin' ireo soratra masina ireo dia ilay Sorompanavotan' i Jesoa Kristy mazava ho azy. Izany ilay "fanavotana be" izay nomen' ilay Andriamanitsika be fitiavana (Salamo 130:7). Izany fanavotana izany dia tsy tonga amin' ny alalan' ny "zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena" (1 Petera 1:18), toa an' ireo fanavotana teo ambanin' ny lalàn' i Mosesy na eo ambanin' ny fampiasana ny lalàn' ny tany amin' izao fotoana izao. "Ao amin' i [Kristy] no ananantsika fanavotana amin' ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren' ny fahasavany" (Efesiana 1:7). Nampianatra ny Filoha John Taylor fa noho ny sorona nataon' ilay Mpanavotra dia "voaloha ny trosa, vita ny fanavotana, tontosa ny fanekempihavanana, tanteraka ny fahamarinana, tanteraka ny sitrapon' Andriamanitra, ary ny hery rehetra dia . . . natolotra ho eo an-tanan' ny Zanak' Andriamanitra" (*Teachings of Presidents of the Church: John Taylor* [2001], 44).

Ny vokatr' izany fanavotana izany

dia ahitana ny fandresena ny fahafatesan' ny vatana ho an' ny zanak' Andriamanitra rehetra. Izany hoe resy ny fahafatesan' ny vatana ary hitsangana amin' ny maty isika rehetra. Ny lafiny iray hafa ao amin' ity fanavotana nataon' i Kristy ity dia ny fandresena ny fahafatesana ara-panahy. Tamin' ny alalan' ny fijaliany sy ny fahafatesany, dia noneran' i Kristy ny fahotan' ny olombelona rehetra, saingy misy fepeetra takiana, dia ny fibebahan' ny olona tsirairay izany.

Noho izany, raha mibebaka isika dia ho voavela ny fahotantsika ary ny saran' izany dia efa naloan' ilay Mpanavotra antsika. Vaovao mahafaly ho antsika rehetra izany: "Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra" (Romana 3:23). Ireo izay tena nanalavitra izany lalan' ny fahamarinana izany dia mila mafy izany fanavotana izany, ary raha mibebaka tanteraka izy ireo dia zon' izy ireo ny mitaky izany. Kanefa ireo izay niasa mafy mba hananana fiainana tsara dia mila mafy izany fanavotana izany koa, satria tsy misy na iza na iza afaka ny ho tonga eo anatrehan' Andriamanitra raha tsy amin' ny alalan' ny fanampian' i Kristy. Noho izany, io fanavotana io dia manome fahafahana mba hampiharana ny lalàn' ny fahamarinana sy ny famindram-po eo amin' ny fiainan' ireo rehetra izay mibebaka sy manaraka an' i Kristy.

Rehefa nanatrika fihaonamben' ny tsatòka maro sy fivoriana hafa aho tao anatin' izay taona vitsivitsy lasa izay dia nampitaiko ilay antso avo nataon' ny Filoha Thomas S. Monson mba hamonjena ireo mpikamban' ny Fiangonana malaina. Nandritra ny fihaonamben' ny tsatòka anankiray dia notantaraiko ny tantaran' ny mpikambana iray izay nalaina ary niverina nazoto indray taorian' ny famangian' ny eveka sy ireo mpitarika hafa azy tany an-tranony ary nilazan' izy ireo tamin' fa ilaina izy ary nantsoin' izy ireo mba hanompo ao amin' ny paroasy. Ilay lehilahy ao anatin' io tantara io dia tsy hoe nanaiky ilay antso fotsiny fa nanova koa ny fiainany sy ny fahazarany ary lasa nazoto tanteraka tao amin' ny Fiangonana.

Nisy namako iray teo anivon' ireo mpiangona izay nitantarako izany tantara izany. Tonga dia hita fa niova ny endriny rehefa notantaraina ilay tantara. Nandefasany e-mail aho ny ampitson' izany izay nilazany fa nihetsi-po izy vokatr' ilay tantara satria ny tantara mikasika ny fiverenan' ny rafozandahiny ho lasa nazoto indray tao amin' ny Fiangonana dia tena nitovy tamin' ity iray izay notantaraiko ity. Nilaza izy fa vokatry ny famangian' ny eveka nitovy tamin' izany koa sy ny fanasana mba hanompo ao amin' ny Fiangonana, dia nanombantombana ny fiainany sy ny fijoroany ho vavolombelona ny rafozandahiny ary nanova zavatra lehibe teo amin' ny fiainany sy nanaiky handray antso. Izany lehilahy nampiana mba hiverina hazoto indray izany dia manana taranaka 88 amin' izao fotoana izao izay mpikambana mazoto ao amin' ny Fiangonana daholo.

Tao anatin' ny fivoriana iray andro vitsy taty aoriana dia notantaraiko ireo tantara roa ireo. Ny ampitson' izany dia nahazo e-mail iray hafa indray aho izay nanomboka tamin' ny hoe: "Izany koa no tantaran' ny raiko." Izany e-mail avy tany amin' ny filohan' ny tsatòka iray izany dia nilaza ny fomba nanasana ny rainy mba hanompo ao amin' ny Fiangonana, na dia tsy mpikambana nazoto aza izy ary nanana fahazarana izay nila novaina. Nanaiky ilay fanasana izy ary tao anatin' izany dia nibebaka sy lasa filohan' ny



tsatòka tamin' ny farany, dia avy eo filohan' ny misiona ary nametraka ny fototra ho an' ny taranany mba ho lasa mpikambana mahatoky ao amin' ny Fiangonana. Nanaiky ilay fanasana izy ary tao anatin' izany dia nibebaka sy lasa filohan' ny tsatòka tamin' ny farany, dia avy eo filohan' ny misiona ary nametraka ny fototra ho an' ny taranany mba ho lasa mpikambana mahatoky ao amin' ny Fiangonana.

Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia notantaraiko daholo tany amin' ny fihaonamben' ny tsatòka iray hafa ireo tantara telo ireo. Taorian' ilay fivoriana dia nisy lehilahy iray nanatona ahy ary nilaza tamiko fa tsy tantaran' ny rainy izany, fa tantara ny. Notantarainy tamiko ireo zava-niseho rehetra izay nitondra azy tany amin' ny fibebahana ary nampiverina azy ho mpikambana mavitrika tanteraka tao amin' ny Fiangonana. Ary dia toy izany ny fandehany. Rehefa nanao ilay antso mba hamonjy ireo mpikambana malaina aho dia naheno tantara maro momba ireo olona izay namaly ny fanasana hiverina sy hanova ny fiainany. Naheno tantara maro mikasika ny fanavotana aho.

Na dia tsy afaka na oviana na oviana hamerina izay vola naloan' ilay Mpanavotra ho antsika aza isika, dia mangataka antsika hanao ny ezaka tsara indrindra vitantsika ny drafitry ny fanavotana mba hibebaka tanteraka sy hanao ny sitrapon' Andriamanitra.

*Ry Mpamonjy sy Mpanavotra ny fanahiko,
Ny tananao mahery no nahasitrana ahy,
Ny herinao mahagaga no nampitsangana ahy,
Ka nameno hamamiana ny kapoaka mangidiko!
Iza no afaka hilaza ny fankasitrahako,
Ry Andriamanitr' i Isiraely mendri-kaja?*

*Tsy afaka ny hamerina velively izay nefainao aho ry Tompo,
saingy afaka kosa mitia anao. Moa va tsy ny teninao madio
no lasa hany fifaliako,
Iravoako ny atoandro, nofisiko ny alina?
Dia avelao ny vavako mbola hitory ny teninao,
Ka ny fiainako manontolo haneho ny sitraponao.
("Savior, Redeemer of My Soul,"
Hymns, no. 112)*

Mijoro ho vavolombelona momba ny herin' ny Sorompanavotan' i Kristy aho. Rehefa mibebaka isika sy manatona Azy dia afaka mahazo ireo fitahiana rehetran' ny fiainana mandrakizay. Ny vavaka ataoko dia ny mba hanaovantsika izany sy hahazoantsika ny tantarantsika manokana momba ny fanavotana, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy amena. ■



Nataon' ny Loholona D. Todd Christofferson
Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy

Ilay Fanomezana Masin' ny Fibebahana

Amin' ny alalan' ny fibebahana ihany no ahazoantsika ilay famindrampo nifono fanavotana nataon' i Jesoa Kristy.

Ahitana ny tantaran' ny lehilahy iray antsoina hoe Nehôra ny Bokin' i Môrmôna. Mazava izao ny antony nieritreretana' i Môrmôna, rehefa nanambatra ireo rakitsoratra' ireo Nefita nandritra ny arivo taona maro Izy ary nampiditra zavatra mahakasika ity lehilahy ity sy ilay fiantraikany maharitra nentin' ny fotopampianarany. Nikatsaka ny hampitandrina antsika i Môrmôna, satria fantany fa mbola hiverina amin' izao androntsika izao izany foto-pisainana izany.

90 taona talohan' ny nahaterahan' i Kristy teo ho eo no niresahana voalohany momba an' i Nehôra tao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Nampianatra Izy “fa hovonjena ny olombelona rehetra amin' ny andro farany, . . . [satria] efa nahary ny olon-drehetra ny Tompo ary koa efa nanavotra ny olon-drehetra; ary amin' ny farany, ny olon-drehetra dia hahazo ny fiainana mandrakizay” (Almà 1:4).

Teo ho eo amin' ny 15 taona taty aoriana dia tonga nitory sy nanamafy ny fotopampianaran' i Nehôra teo anivon' ireo Nefita i Kôrihôra. Voarakitra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna hoe: “izy dia Antikristy fa nanomboka nitory tamin' ny vahoaka izy, nanohitra ny faminiana . . . momba ny fiavian'

i Kristy” (Almà 30:6). Ny fitorian' i Kôrihôra dia milaza “fa tsy mety hisy ny sorompanavotana natao ho an' ny fahotan' ny olona, fa ny olona tsirairay kosa dia nandia izao fiainana izao arakaraka ny nitondrany ny tenany; noho izany ny olona tsirairay dia niroborobo araka ny halalanan-tsainy, ary ny olona tsirairay dia nandresy araka ny heriny; ary na inona na inona nataon' ny olona iray dia tsy heloka” (Almà 30:17). Ireto mpaminany sandoka ireto sy ireo mpamaraka azy dia “tsy nino ny fibebahana amin' ny fahotany” (Almà 15:15).

Tahaka ny tamin' ireo fotoanan' i Nehôra sy Kôrihôra ireo koa dia miaina ao anatin' ny fotoana alohan' ny hahatongavan' i Jesoa Kristy isika—saingy ny antsika dia fotoana hiomanana amin' ny Fiaviany Fanindroany. Ka dia matetika tsy ankasitrahina ny hafatra mitory fibebahana toy ny tamin' izany fotoana izany. Misy ireo sasany izay milaza fa raha misy Andriamanitra dia tsy hitaky zavatra be amintsika Izy (jereo ny Almà 18:5). Misy indray ny sasantsasany ankehitriny izay milaza fa mamela ny heloka rehetra ilay Andriamanitra be fitiavana raha manao fibabohana tsotra, na raha toa ka hisy ny famaizana amin' ny fahotana, “dia hofaizin' Andriamanitra

amin' ny dian-kapoka vitsivitsy, ary dia hovonjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ihany isika amin' ny farany” (2 Nefia 28:8). Misy indray ireo toa an' i Kôrihôra izay mandà ny fisian' i Kristy mihitsy ary milaza fa tsy misy izany ota izany. Ny fotopampianaran' izy ireo dia mampitovy lenta ny hasina, fitsipika ary hatramin' ny fahamarinana mihitsy aza. Hany ka rehefa mahatsapa ny olona iray fa mety ny ataony dia tsy azon' ny olona hafa tsaraina izy hoe nanao hadisoana na nanota.

Amin' ny voalohany dia toa mahasarika tokoa ny foto-pisainana toy izany satria manome antsika fahalalahana hahazo fy amin' izay zavatra iriantsika ary tsy miraharaha izay ho vokany isika. Amin' ny alalan' ny fampiasana ny fotopampianaran' i Nehôra sy Kôrihôra dia afaka manamarina sy manome rariny ny zavatra rehetra isika. Rehefa nanomboka niantsoantso fibebahana ireo mpaminany dia “tsy levon' ny vavon' ireo mpanota loatra izany.” Kanefa tokony ho noraisiny am-pifaliana izany antso mba hibebaka izany. Raha tsy misy ny fibebahana dia tsy misy ny fandrosoana na fivoarana marina eo amin' ny fiainana. Tsy mampihena ny vesatra sy ny fanaintainana avy amin' ny ota ny fiheverana fa tsy misy izany. Tsy manova zavatra ho tsaratsara koa ny fanaintainana avy amin' ny ota. Ny fibebahana ihany no mitondra any amin' ny fiainana tsaratsara kokoa. Ary mazava ho azy fa amin' ny alalan' ny fibebahana ihany no ahazoantsika ilay famindrampo nifono fanavotana nataon' i Jesoa Kristy ary ilay famonjena. Fanomezana masina ny fibebahana ary tokony hisy tsiky eny amin' ny tarehintsika rehefa miresaka izany isika. Mitarika antsika any amin' ny fahafahana, fahatokian-tena ary fiadanana izany. Ny fanomezana ny fibebahana no tena antony iray mitondra fifaliana marina fa tsy raisina ho mpanembantsembana ny fifaliana ka mitondra fahoriana.

Misy ny fibebahana noho ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy irery ihany. Ilay sorona tsy manam-petra nataony no “mitondra fitaovana ho an' ny olona mba hahazoany

manana finoana ho amin' ny fibebahana” (Almà 34:15). Ny fibebahana no fepetra ilaina ary ny famindrampon' i Kristy no hery, izay “[ahafahana] manefa ny fitakian' ny fahamarinana” (Almà 34:16). Iza no tenivavolombelonay:

“Ary fantatray fa ny fanamarinana [na famelan-keloka amin' ny fahotana] amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpamonjy antsika dia mahitsy sy marina;

“Ary fantatray koa fa ny fanamasi-nana [na fahadiovana amin' ny vokatr' ireo fahotana] amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpamonjy antsika dia mahitsy sy marina, ho an' ireo rehetra izay tia sy manompo an' Andriamanitra amin' ny heriny rehetra, ny sainy rehetra ary ny tanjany rehetra” (F&F 20:30–31).

Lohahevitra azo velabelarina be tokoa ny fibebahana, saingy androany aho dia te-hiresaka lafin-javatra dimy ao anatin' izany fitsipika fototry ny filazantsara izany izay antenaiko fa hanampy antsika.

Voalohany, fomba iray hanehoana fitiavana ny fanasana olona iray hibebaka. Rehefa “nanomboka nitry teny [ny Mpamonjy] ka nanao hoe: Mibebaha hianareo, fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra” (Matio 4:17), dia hafatra mifono fitiavana izany, izay manasa ny rehetra mba hiaraka Aminy ary “hifaly amin' ny tenin' ny fiainana mandrakizay eto amin' ity izao tontolo izao ity ary ny fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy” (Mosesy 6:59). Raha toa ka tsy manasa ireo hafa hiova isika na tsy mampihatra ny fibebahana eo amin' ny tenantsika dia tsy mahatanteraka ny adidy fototra izay tokony hifanaovantsika isika ary tokony ho ataontsika amin' ny tenantsika. Ireo ray aman-dreny diso malala-tsaina loatra, sy ireo namana izay tsy mba manakana ny fanaovana ota ary ireo mpitarika ao amin' ny Fianganana izay saro-tahotra dia miahiahy kokoa ny momba ny tenany noho izay mahasoana sy izay mahasambatra an' ireo izay azony ampiana. Marina fa indraindray misy fotoana ilay fanasana mba hibebaka dia raisina ho toy ny tsy mba mandefitra na toy ny manafintohina na mampatezitra,



kanefa rehefa eo ambany fitaoman' ny Fanahy, raha ny marina, dia fihe-tsika hanehoana fitiavana izany (jereo ny F&F 121:43–44).

Faharoa, ny mibebaka dia midika hoe miezaka ny hiova. Toa mien-drika fanimbazimbana ny fijalian' ny Mpamonjy tao Getsemane sy teo amin' ny hazofijaliana noho ny nataontsika ny fanantenana fa tokony hanova antsika ho olo-marina Izy ka tsy tokony hitaky ezaka marina avy aty amintsika izany. Fa ny izy dia mikatsaka ny famindrampony isika mba hameno sy hamaly soa ireo ezaka lehibe nataontsika (jereo ny 2 Nefia 25:23). Tokony hivavaka bebe kokoa hanana fotoana sy fahafahana hiasa sy hiezaka ary handresy ny ota isika, izay angamba mitovy amin' ny fanaovantsika vavaka bebe kokoa mba hahazo famindrampo. Tena azo antoka fa hitahy ilay olona izay maniry ny hijoro manoloana ny fitsarana amim-pahamendrehana ny Tompo. Olona izay niasa mafy isan' andro isan' andro mba hanova ny fahalemena amin' ny tanjaka. Mety mitaky ezaka matetitetika ny fibebahana marina, sy fiovana marina kanefa misy zavatra manadio sy manamasina ao anatin' ny fiezahana toy izany. Mirotsaka ho azy amin' ny fanahy toy izany ny famelan-keloka sy ny fanasitrana avy any andanitra, satria, “ny hatsaran-toetra tia ny hatsaran-toetra; ny fahazavana miraikitra amin' ny fahazavana; [ary] ny famindrampo manana fangorahana ny famindrampo ary mitaky izay azy” (F&F 88:40).

Rehefa mibebaka isika dia afaka mampivoatra tsikelikely ny fahafahan-tsika miaina ny lalàna selestialy, satria fantatsika fa “izay tsy afaka mandray ny lalàn' ny fanjakana selestialy dia tsy afaka handray ny voninahitra selestialy” (F&F 88:22).

Fahatelo, ny hoe mibebaka dia tsy vitan' ny hoe mahafovy ny ota fotsiny fa manolo tena hankatò koa. Milaza ny ao amin' ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina fa “ny fibebahana dia midika hoe mampitodika ny fony sy ny sitrapony amin' Andriamanitra, [ary koa] fialana amin' ny fahotana izay mahasarika antsika ara-boajanahary.”¹ Ny iray amin' ireo ohatra maromaro mikasika izany fampianarana izany izay avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, hita ao amin' ny tenin' i Almà nataony tamin' ny iray tamin' ireo zanany lahy:

“Noho izany aho dia mandidy anao anaka, noho ny fahatahorana an' Andriamanitra ny hitsaharanao amin' ny helokao;

“Ny hitodihanao amin' ny Tompo amin' ny sainao, ny herinao ary ny tanjakao rehetra” (Almà 39:12–13; jereo koa ny Môsià 7:33; 3 Nefia 20:26; Môrmôna 9:6).

Mba hahatanteraka tsara ny firenantsika any amin' ny Tompo dia tokony ahitana ilay zavatra tena manan-danja izany dia ny fanekempihavanana hankatò Azy. Matetika antsointsika hoe fanekempihavanana ny batisa izany noho izany asehon-tsika amin' ny alalan' ny fanaovana batisa amin' ny rano (jereo ny Môsià 18:10). Ny batisan' ny Mpamonjy, izay nampiseho ilay ohatra, dia nanamafy ny fanekempihavanana nataony mba hankatò ny Ray. “Nefa na dia masina aza Izy dia asehony ny zanak' olombelona araka ny maha-nofo, fa manetry ny tenany eo anoloan' ny Ray Izy ary mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray, fa hankatò Azy amin' ny fitandremana ny didiny” (2 Nefia 31:7). Raha tsy misy izany fanekempihavanana izany dia toa tsy feno ihany ny fibebahana ary tsy ho azo ny famelan-keloka amin' ny fahotana.² Naneho tamin' ny fomba tsy hay hadinoana an' izany hevitra izany koa ny Profesora Noel Reynolds: “Ilay safidy hibebaka dia toy ny safidy

handoro ireo tetezana izay eny amin' ny lafin-dalana rehetra [rehefa nana-pa-kevitra] fa hanaraka mandrakizay lalana iray monja, dia ilay lalana iray mitondra mankany amin' ny fiainana mandrakizay.”³

Fahaefatra, ny fibebahana dia mitaky faniriana marina sy fahavononana haharitra, na dia mandalo fanaintainana aza izany. Ny fanaovana lisitra an' ireo dingana manokana ho arahina ao anatin' ny fibebahana dia mety ho tsara ho an' ny sasany, saingy mety hitarika koa any amin' ilay fomba iray izay fanasiana marika tsy am-piheverana fotsiny izany, miaraka amin' ny tsy fisian' ny fahatsapan-javatra na fiovana marina. Tsy zavatra amboarimboarina ny fibebahana marina. Nilaza zavatra fototra anankiroa izay takiana ny Tompo: “Izao no ahafantaranareo raha mibebaka amin' ny fahotany ny olona—indro hibaboka izany izy ary hahafoy izany” (F&F 58:43).

Endri-javatra mahery vaika ny fibabohana sy fahafoizana. Mifono zavatra betsaka noho ny fitenenana mahazatra hoe “Miaiky aho fa diso” izy ireo. Fiakena lalina, ary indraindray mangirifiry ny fahadisoana sy ny faniratsirana an' Andriamanitra sy ny olona izany. Matega miara-dalana amin' ny fibabohan' ny olona iray ny alahelo, ny fanenana sy ny ranomasom-panaintainana, indrindra rehefa niteraka fijaliana teo amin' ny olona iray ny fihetsiny, na ratsy kokoa noho izany aza, dia ny hoe nitarika olona iray hafa hanota izany. Izany alahelo lalina izany, izany fijerena ny zavatra araky ny tena endriny izany no mitarika ny olona iray hihiakiaka, toy ny nataon' i Almà hoe: ‘Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak’ Andriamanitra, mamindra fo amiko, izay ao anatin' ny ngidin' ny afero sy voahodidin' ny gadra maharitra mandrakizain' ny fahafatesana” (Almà 36:18).

Rehefa miaraka amin' ny finoana an' ilay Mpanavotra be famindrampo, sy amin' ny alalan' ny fahefany, dia hivadika ho fanantenana ilay fahakiviana. Miova ny ao anatin' ny fo sy ny fanirian' ny olona iray ary lasa mankahala an' ilay toetra mora voasariky ny ota teo aloha. Maniry ao anatin' izany fo vaovao izany amin' izay fotoana izay ilay fahavononana

tanteraka handao sy hahafoy ny ota ary hanitsy arak' izay traatra ireo zavatra nosimbainy. Izany fahavononana tanteraka izany dia vetivety dia lasa fanekempihavanana ny hankatò an' Andriamanitra. Rehefa vita izany fanekempihavanana izany dia hitondra fanamaivanana sy famelan-keloka ny Fanahy Masina, ilay mpitondra ny famindrampo avy any an-danitra. Hisy olona entanin' ny fanahy hanambara indray miaraka amin' i Almà hoe: “Ary ô, endrey fifaliana, ary endrey hazavana mahagaga no hitako; eny, ny fanahiko dia feno fifaliana izay nihoa-pampana toy izay fanaintainako izay!” (Almà 36:20).

Tsy hisy dikany ny fanaintainana nateraky ny fibebahana raha oharina amin' ny zavatra takiana mba hanefana ny fitakian' ny fahamarinana amin' ireo fandikan-dalana tsy nohitsiana. Tsy dia niresaka firy mikasika ny zavatra niaretany ny Mpamonjy mba hanefana ny fitakian' ny fahamarinana sy hanonerana ny otantsika, kanefa nanao ity fanambarana ity Izy:

“Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin' ireo zavatra rehetra ireo ho an' ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka;

“Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly tahaka Ahy;

“Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitry noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin' ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy—ary niriko ny mba tsy hisotroako ilay kapoaka mangidy” (F&F 19:16–18).

Fahadimy, na manao ahoana na manao ahoana fijaliana ateraky ny fibebahana dia ho atelin' ny fifaliana entin' ny famelan-keloka izany. Nanao izao fifanahafana manaraka izao ny Filoha Boyd K. Packer, tao anatin' ny lahateny iray nandritra ny fihaonamben' ny Fianganana izay mitondra ny lohateny hoe: “Ilay Maraina Mampiriratry ny Famelan-keloka.”

“Tamin' ny Aprily 1847, dia nitarika vondron' ny mpisava lalana niala tany Winter Quarters i Brigham Young. Tamin' izay fotoana izay koa, tany amin' ny 2.575 kilaometatra miankandrefana, dia nisy ireo olona nihotakotaka, izay sisa velona tamin' ny vondron' olona

notarihan' i Donner, izay nirenireny nidina ny lafin' ny Tendrombohitry i Sierra Nevada mba ho any amin' ny Lohasahan' i Sacramento.

“Lanin' ny ririnina namirifiry izy ireo rehefa voafandriky ny ranoman-dry navongan' ny rivotra tao ambanin' ny tampony. Tsy azo inoana ny mbola nisian' ny tafavoaka velona rehefa nianjadian' ny hanoanana sy fijalijaliana tsy hay faritana tao anatin' ireo andro sy herinandro ary volana maro.

“Iray tamin' izy ireo i John Breen, tovolahy kely dimy ambin' ny folo taona. Ny alin' ny 24 Aprily dia niditra ny Toeram-piompiana sy fambolen' i Johnson izy. Taona maro taty aoriana dia nanoratra i John hoe:

“Tena efa alimbe vao tonga tao amin' ny Toeram-piompiana sy fambolen' i Johnson izahay, hany ka ny ampitso maraina mihitsy vao hitako maso tsara izany. Tsara be ny andro tamin' izay, voarakotry ny bozaka maintso ny tany, velon-kira teny ambony hazo ireo voronkely, ary vita soa aman-tsara ilay dia. Saika tsy nino aho hoe mbola velon' aina ihany.

“Toa vita sary tao an-tsaiko ny zavatra hitako tamin' izany maraina izany. Niala tao an-tsaiko ireo zava-nanjo maro, kanefa afaka mahita foana ilay toby aho avy eo akaikin' ny Toeram-piompiana sy fambolen' i Johnson.”

Hoy ny Filoha Packer hoe: “Tamin' ny voalohany dia sanganehana aho tamin' ny zavatra nolazainy manao hoe ‘niala tao an-tsaiko ireo zava-nanjo maro.’ Ahoana no ahafahan' ireo volana maro nijalijaliana sy nahaory ireo hiala ao an-tsaina? Ahoana no ahafahana manolo an' ilay ririnina maizina sy mahery setra amin' ny maraina mampiriratry?”

“Rehefa tena nandinika aho anefa dia toa tsy mahagaga ihany izany. Efa nahita zavatra nitovitovy tamin' izany aho izay nitranga tamin' ny olona fantatro. Efa nahita olona iray aho izay niaina nandritra ny fotoana ela tao anatin' ny ririnina ny fahatsapana ho meloka sy ny hanoanana arapanahy ka tonga ihany tany amin' ny marainan' ny famelan-keloka. “Rehefa tonga ilay maraina dia izao no zavatra nianaran' izy ireo:

“Indro, izay efa nibebaka tamin’ ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony’ [F&F 58:42].”⁴

Mahafantatra sy mijoro ho vavolombelona amim-pankasitrahana aho fa ny fanaintainan’ ny Tompontosika izay tsy hay takarina, ny fahafatesany sy ny Fitsanganany tamin’ ny maty dia “manatanteraka ny fepetran’ ny fibebahana” (Helamàna 14:18). Ilay fanomezana masin’ ny fibebahana no fanalahidy hahazoana fahasambarana eto an-tany sy any amin’ ny fiainana hoavy. Amin’ ny alalan’ ny tenin’ ny Mpamonjy sy amim-pa-netren-tena sy fitiavana lalina no hanasako antsika rehetra mba “[Hibebaka], fa efa akaiky ny fanjakan’ ny lanitra” (Matio 4:17). Fantatro fa hahita fifaliana ianao amin’ izao fotoana izao sy mandrakizay raha manaiky izany fanasana izany. Amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Torolalana ho an’ ny Soratra Masina, “Fibebahana.”
2. Miresaka matetika momba ny “batisa ho amin’ ny fibebahana” ny Bokin’ i Môrmôna (jereo ny Môsià 26:22; Almà 5:62; 6:2; 7:14; 8:10; 9:27; 48:19; 49:30; Helamàna 3:24; 5:17, 19; 3 Nefia 1:23; 7:24–26; Môrônia 8:11). Nampiasa izany teny izany koa i Jaona Mpanao Batisa (jereo ny Matio 3:11), ary niresaka momba ny “batisa ho amin’ ny fibebahana” koa i Paoly (Asan’ ny Apôstôly 19:4). Hita ao amin’ ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana koa izany andian-teny izany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:5; 107:20). Ny hoe “batisa ho amin’ ny fibebahana” dia entina ilazana tsotra fotsiny fa ny batisa izay ahitana ny fanekempihavanana hankatò, no dingana faratampon’ ny fibebahana. Rehefa avy nibebaka tanteraka ny olona iray ary ao anatin’ izany ny fanaovana batisa, dia mendrika ny hametrahan-tanana handray ny fanomezana ny Fanahy Masina izy, ary amin’ ny alalan’ ny Fanahy Masina no handraisan’ ny olona iray ny batisan’ ny Fanahy (jereo ny Jaona 3:5) sy ny famelan-keloka amin’ ny fahotany: “Satria ny vavahady izay tokony hidiranareo dia ny fibebahana sy ny batisa amin’ ny rano; ary avy eo dia tonga ny famelana ny fahotanareo amin’ ny alalan’ ny afo sy ny Fanahy Masina” (2 Nefia 31:17).
3. Noel B. Reynolds, “The True Points of My Doctrine,” *Journal of Book of Mormon Studies*, Boky faha- 5, lah. 2 (1996): 35; nampiana fanamafisana.
4. Boyd K. Packer, tao amin’ ny Conference Report, Ôkt. 1995, 21; jereo koa ny “The Brilliant Morning of Forgiveness,” *Ensign*, Nôv. 1995, 18.



Nataon’ ny Loholona L. Tom Perry

Ao amin’ ny Kôlejin’ ny Apôstôly Roambinifololahy

Ny Fitiavana Tanteraka Mandroaka ny Tahotra

Raha hanaraka ilay fanasana ny hizara ny finoanareo sy ny fahatsapanareo mahakasika ny filazantsaran’ i Jesoa Kristy izay naverina tamin’ ny laoniny ianareo dia ho namanareo lalandava ny fanahin’ ny fitiavana sy ny fanahin’ ny herimpo.

Ry Filoha Monson, faly tokoa izahay nandre ireo vaovao mahakasika ireo tempoly vaovao. Tena vaovao lehibe tokoa izany indrindra ho an’ ireo havako maro dia maro any amin’ ny faritr’ i Wyoming.

Manerana an’ izao tontolo izao rehefa misy tempoly iray vaovao voatsangana dia manao zavatra iray izay fomba fanao aty Etazonia sy Kanadà ny Fiangonana—manao varavarana misokatra. Mandritra ireo herinandro vitsivitsy alohan’ ny hanokanana ilay tempoly vaovao dia manokatra malalaka ny varavarantsika isika ary manasa ireo mpitondra fanjakana sy mpitarika fivavahana, ireo mpikamban’ ny Fiangonana eo an-toerana ary ireo olona avy amin’ny finoana hafa mba hitsidika ilay tempoly vaovao vao naorina.

Ireo zava-mitranga mahafinaritra ireo dia manampy ireo olona izay tsy dia mahalala loatra ny Fiangonantsika hianatra bebe kokoa mahakasika azy. Saika talanjona daholo amin’ ny hakanton’ ny endriny ivelany sy ny anatin’ ny olon-drehetra izay mitsidika ny tempoly vaovao. Manaitra azy ireo ny asa tanana sy ny fanomezana

lanja ny antsipiriany amin’ny endri-javatra rehetra eo amin’ ny tempoly. Ho fanampin’ izany, maro amin’ ireo mpitsidika no mahatsapa zavatra miavaka sy manokana mandritra ny fitsidihan’ izy ireo ilay tempoly mbola tsy notokanana. Ireo rehetra ireo dia fahatsapana mahazatra ananan’ ireo mpitsidika amin’ ny varavarana misokatra ataontsika, kanefa tsy ireo no fahatsapana mahazatra indrindra. Ny tena manaitra ireo mpitsidika mihoatra ny zavatra rehetra dia ireo mpikamban’ ny Fiangonana izay mihaona amin’ izy ireo ao amin’ ny varavarana misokatra ataontsika. Rehefa mivoaka avy teo ireo mpitsidika dia mihazona mandrakizay ny zavatra tsapany tamin’ ireo mpampandroso azy, dia ny Olo-masin’ ny Andro Farany.

Misintona kokoa ny sain’ izao tontolo izao mihoatra ny taloha ny Fiangonana ankehitriny. Manoratra na miresaka mahakasika ny Fiangonana ireo mpikirakira ny seraseram-pifandraisana isan’ andro, manao tatitra amin’ ireo asa maro ataon’ ny Fiangonana. Maro ireo mpampita vaovao manan-daza mivoaka eto Etazonia no mifanakalo hevitra tsy tapaka



mahakasika ny Fiangonana na ireo mpikambana ao aminy. Mitranga manerana an' izao tontolo izao koa izany fifanakalozan-kevitra izany.

Misarika ny saina ihany koa ny Fiangonana ao amin' ny Internet, izay araky ny fantatsika, dia nanova tantaraka ny fomba fizaran' ny olona fampahalalana. Na amin' ny firy na amin' ny firy manerana an' izao tontolo izao dia olona izay tsy mbola nanoratra tamin' ny gazety na gazetiboky mi-hitsy no mifanakalo hevitra amin' ny Internet, amin' ny blaogy sy ireo sehatrifandraisana ara-tsosialy mikasika ny Fiangonana sy ny fampianarany. Manao video izy ireo ary mizara izany amin' ny Internet. Olona tsotra izy ireo—na mpikamban' ny Fiangonana na avy amin' ny finoana hafa—izay miresaka mikasika Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

Ireo fanovana teo amin' ny fomba fanaovantsika serasera dia manazava amin' ny ampahany ny antony hahitana antsika “Môrmôna” bebe kokoa noho ny teo aloha. Kanefa dia mitombo sy mandroso hatrany ny Fiangonana. Betsaka kokoa ireo olona izay manana mpifanolobodirindrina sy namana izay mpikamban' ny Fiangonana, ary misy mpikamban' ny Fiangonana mitana toerana ambony eny anivon' ny governemanta, any amin' ny sehatry ny fandraharahana, amin' ny fialam-boly, amin' ny fampianarana ary amin' ny toerana hafa rehetra, raha ny fahitana azy. Na ireo izay tsy mpikamban' ny Fiangonana aza dia nahatsikaritra izany ary manontany izy ireo hoe inona no mitranga. Mahafinaritra fa marobe ankehitriny ireo mahafantatra ny Fiangonana sy ireo Olomasin' ny Andro Farany.

Na dia manomboka hita taratra bebe kokoa aza ny Fiangonana dia mbola maro ireo olona no tsy

mahatakatra azy. Ny sasany dia nampianarina hametraka ahiahy ny amin' ny Fiangonana ka mino zavatra tsy mitombina mahakasika ny Fiangonana, tsy manamarina akory ny loharano nahazoana izany na ny fahamarinan' izany. Misy fampahalalan-diso sy fahaverezan-kevitra be koa mahakasika ny Fiangonana sy ny foto-kevitra ijoroany. Nisy foana izany hatramin' ny fotoan' ny Mpaminany Joseph Smith.

Nanoratra ny tantarany i Joseph Smith mba hahafahana “[manazava] ny saim-bahoaka, ka ireo mpikatsaka ny fahamarinana rehetra dia mba hahala ny zava-misy” (Joseph Smith—Tantara 1:1). Marina fa hisy hatrany ireo izay hanova ny fahamarinana sy hinia hampita fampianaran-diso mahakasika ny Fiangonana. Kanefa ny ankamaroan' ireo izay mametrapanontanianana mahakasika ny Fiangonana dia te-hahatakatra tsotra fotsiny. Ireto olona izay tsy mandala ny atsy na ny aroa ireto dia liana am-piniana te-hahafantatra momba antsika.

Manome fahafaha-manao zavatra miavaka ho antsika amin' ny mahampikamban' ny Fiangonana antsika ny fitomboan' ny fahitana taratra ny Fiangonana sy ny lazany. Afaka manampy amin' ny “[f]anazavana ny saim-bahoaka” isika ary manitsy ireo fampahalalan-diso rehefa lazaina fa zavatra iray isika nefa tsy izany akory. Ny tena manan-danja anefa dia ny fahafahantsika mizara ny maha-izy antsika.

Be dia be ny zavatra azontsika atao—izay azonao atao—mialoha mba hanatsarana ny fahatakarana ny Fiangonana. Raha toetra sy fihetsika mitovy amin' izay asehontsika sy ataontsika rehefa mampandroso ireo olona mandritra ny varavarana misokatry ny tempoly no hanaovantsika izany, dia hahatakatra tsaratsara kokoa antsika ireo namantsika sy mpifanolobodirindrina amintsika. Hisinda ny

ahiahin' izy ireo, hanjavona ireo zavatra tsy mitombina lazaina mahakasika antsika ary hanomboka hahatakatra ny Fiangonana amin' ny tena maha-izy azy izy ireo.

Mamelà ahy ianareo hanolotra hevitra vitsivitsy momba izay zavatra azontsika tsirairay avy atao.

Voalohany, tokony ho feno fahasahiana isika eo amin' ny fampahafantarantsika an' i Jesoa Kristy. Tiantsika ho fantat' ireo hafa fa mino Azy ho ilay olona manan-danja indrindra eo amin' ny tantaran' ny zanak' olombelona manontolo isika. Ivon' ny hafatra ao amin' ny Baiboly sy ireo boky hafa ankatoavintsika ho soratra masina ny fiainany sy ny fampianarany. Manomana antsika hahatakatra ny asa fanompoan' i Kristy teto an-tany ny Testamenta Taloha. Mamariparitra ny asa fanompoany teto an-tany ny Testamenta Vaovao. Manome antsika tenivavolombelona faharoa ny amin' ny asa fanompoany teto an-tany ny Bokin' i Môrmôna. Tonga teto an-tany Izy mba hanambara fa ny filazantsarany dia fototra ho an'ny olombelona rehetra mba hahafahan' ny zanak' Andriamanira rehetra mianatra momba Azy sy ny Fampianarany. Nanolotra ny ainy Izy avy eo mba ho tonga Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Amin' ny alalan' i Jesoa Kristy ihany no hahatanteraka ny famonjena. Izany no antony inoantsika fa Izy no olona manan-danja indrindra eo amin' ny tantaran' ny zanak' olombelona rehetra. Mipetraka eo am-pelantanany foana ny hoavintsika mandrakizay. Zavatra tena lehibe izany hoe mino Azy sy manaiky Azy ho Mpamonjy antsika sy Tompontsika izany.

Mino koa isika fa amin' ny alalan' i Kristy irery ihany no maha tanteraka ny fahazoana ny fifaliana, sy fanantenana ary fahasambarana lehibe indrindra—eto amin' ity fiainana ity sy any amin' ny mandrakizay. Manambara tsy amim-pihambahambana ny fotopampianarantsika, araka izay nampianarina ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, hoe: “Noho izany dia tsy maintsy mibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy ianareo, amin' ny fanananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny

olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany, dia indro, izao no lazain' ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo” (2 Nefia 31:20).

Manambara ny finoantsika an' i Jesoa Kristy isika ary mandray Azy ho Mpamonjy antsika. Hitahy sy hitarika antsika Izy amin' ireo ezaka rehetra ataontsika. Hampahatanjaka antsika sy hitondra fahasambarana ho antsika Izy amin' ny fotoam-pitsapana eo am-pandalovantsika ety amin' ity fiainana an-tany ity. Miaina ny fiainana am-pinoana ireo mpikamban' Ny Fiangonana' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, izay Fiangonany.

Faharoa, ho ohatra tsara ho an' ny hafa. Aorian' ny fanambarantsika ny finoantsika dia tokony manaraka ny torohevitra nomena antsika ao amin' ny 1 Timoty 4:12 isika: “Ka aoka ho tonga fianarana ho an' ny mino hianao amin' ny fiteny, amin' ny fitondran-tena, amin' ny fitiavana, amin' ny finoana, amin' ny fahadiovana.”

Nampianarin' ny Mpamonjy ny maha-zava-dehibe ny ho tonga ohatra eo amin' ny finoantsika raha nilaza Izy hoe: “Aoka hazava eo imason' ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra” (Matio 5:16).

Tokony ho ohatry ny hatsaran-toetra sy hatsaram-panahy isika eo am-piezahana hanaraka ny ohatra nasehony eo amin' izao tontolo izao. Ireo asa tsara avy amintsika tsirairay dia hanatsara ny lazan' ny Mpamonjy sy ny Fiangonany. Rehefa mirotsaka manao ny tsara isika, ka tonga lehilahy sy vehivavy manan-kaja sy marina, dia ho hita soritra eo amin' ny fiainantsika ny Fahazavan' i Kristy.

Manaraka, ambarao amim-pahasahiana ny Fiangonana. Eo amin' ny fiainantsika andavanandro dia manana fahafahana isika hizara ny zavatra inoantsika amin' ny hafa. Rehefa manontany mahakasika ny finoantsika ara-pivavahana ireo mpiara-miasa na olom-pantatsika manokana dia manasa antsika izy ireo hizara ny maha-isika antsika sy ny zavatra inoantsika izany. Mety ho liana amin' ny Fiangonana izy ireo na tsia, kanefa liana te-hahafantatra



antsika lalindalina kokoa izy ireo.

Ny torohevitra omeko anareo dia hoe ekeo ny fanasan' izy ireo. Tsy manasa anareo hampianatra, na hitory, na hanazava, na hanentana akory ny mpiara-miasa aminareo. Asao hifanankalo hevitra izy ireo—mizarà zavatra mahakasika ny finoanareo kanefa asaivo mizara mahakasika ny finoany koa izy ireo. Tombatombano hoe hatraiza ny halalin' ny fahalianany amin' ireo fanontaniana apetrany. Raha toa ka mametraka fanontaniana betsaka izy dia afantohy amin' ny famaliana ireo fanontaniana ireo ny resadresaka. Tsarovy hatrany fa tsara kokoa ho azy ireo ny mametraka fanontaniana toy izay hoe ianareo no milaza izay lazainareo.

Misy mpikambana sasany te-hihazona ho tsiambaratelo ny maha-mpikambana azy ireo ato am-piangonana. Manana ny antony manokana hanaovany izany izy ireo. Ohatra, mety mino izy ireo fa tsy anjarany ny mizara ny finoan' izy ireo. Angamba mety matahotra koa izy ireo hilaza zavatra diso na sao dia hame-trahana fanontaniana tsy hain' izy ireo valiana. Raha toa ka sendra mandalo ao an-tsainareo ny eritreritra toy izany dia manana torohevitra ho anao aho. Tsarovy fotsiny ity tenin' i Jaona ity: “Tsy manan-tahotra ny fitiavana, satria ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra” (1 Jaona 4:18). Raha tia an' Andriamanitra sy tia ny mpiara-belona amintsika fotsiny isika dia nomena fampantenana fa hahatohitra ny tahotsika.

Raha toa ka efa nitsidika ny Mormon.org ianao faramparany teo, izay tranonkalan' ny Fiangonana

natokana ho an' ireo liana te-hianatra mahakasika ny Fiangonana, dia ho tsikaritroa fa misy mpikambana izay nampiditra ny mombamomba azy ao. Namorona pejy milazalaza ny momba azy izy ireo izay manazava hoe iza izy ireo ary nahoana no zava-dehibe ho azy ireo ny finoany. Manambara amim-pahasahiana mahakasika ny finoany izy ireo.

Tokony hankafy sy hiatrika izany resadresaka izany isika miaraka amin' ny fitiavana tahaka ny an' i Kristy. Tokony haneho fanajana sy fahalalam-pomba ny haavon' ny feontsika na ny fomba fanoratantsika rehefa miteny na manoratra, na manao ahoana na manao ahoana ny famalin' ny hafa. Tokony ho mahitsy sy malala-tsaina isika ary miezaka ny ho mazava eo amin' ny zavatra lazaintsika. Tsy te-ho lasa ho miaro-tena be fotsiny isika na hiady hevitra na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana.

Nanazava ny Apôstôly Petera hoe: “fa araka ny fahasinan' Ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa hianareo amin' ny fitondran-tena rehe-tra” (1 Petera 1:15).

Ny hoe “fitondran-tena” ankehitriny dia toa misy idiran' ny Internet bebe kokoa hatrany. Mamporisika ny olona izahay, na tanora na antitra, mba hampiasa ny Internet sy ireo fitaovantserasera ara-tsôsialy mba hanolorana tanana sy hizarana ny finoan' izy ireo ara-pivavahana.

Rehefa mampiasa ny Internet ianao dia mety hahita resadresaka mifampitohy mahakasika ny Fiangonana. Aza misalasala nampiditra ny hevitrao ao anatin' izany resadresaka izany rehefa tarihin' ny Fanahy hanao izany.

Tsy hitovy amin' ireo zavatra hafa hozarainao amin' ny hafa ny hafatry ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Amin' izao fotoana hihanahan' ny fampahalalana avy amin' ny loharano maro izao dia izany no fampahalalana sarobidy indrindra eto amin' izao tontolo izao. Tsy mampametra-panontaniana ny lanjany. Voahangy lafo vidy izany (jereo ny Matio 13:46).

Aza manandrana manatsara ny Fiangonana mihoatra ny tokony ho izy rehefa miresaka mahakasika ny Fiangonana. Tsy mila mampihaingo ny hafatra zaraintsika isika. Mila mampita ny hafatsika amim-pahamarinana sy mivantana isika. Ny hafatry ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay naverina tamin' ny laoniny ihany no hanaporofo ny tenany ho an' ireo izay vonona handray azy rehefa manokatra tari-dresa-pifandraisana isika.

Misy fahasamihafana be indraindray—fahasamihafana eo amin' ny fahatakarana—eo amin' ny fomba handraisantsika ny Fiangonana amin' ny maha-mpikambana antsika sy ny fomba handraisan' ireo hafa ivelan' ny Fiangonana izany. Izany no antony voalohany hanaovantsika varavarana misokatra alohan' ny hanokanana tempoly vaovao. Ireo mpikambana milatsaka an-tsitrapo mandritra ny varavarana misokatry ny tempoly dia miezaka manampy fotsiny ireo hafa handray ny Fiangonana tahaka ny fandraisan' izy ireo azy izay mpikambana ao anatin' Mahafantatra izy ireo fa asa mahagaga sy mahatalanjona mihitsy aza ny Fiangonana, ary tian' izy ireo hahafantatra izany koa ny hafa. Mangataka anareo tsirairay aho mba hanao toy izany koa.

Mampanatena anareo aho fa raha hanaraka ilay fanasana ny hizara ny finoanareo sy ny fahatsapanareo mahakasika ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izay naverina tamin' ny laoniny ianareo dia ho namanareo lalandava ny fanahin' ny fitiavana sy ny fanahin' ny herimpo, satria “ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra” (1 Jaona 4:18).

Fotoana hisian' ny fahafahana maro hizarana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy amin' ny hafa izao. Enga anie isika hiomana hanararaotra izany fahafahana mizara ny finoantsika izany, izany no iriako amim-panetren-tena amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon' ny Loholona Jeffrey R. Holland
Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolalahy

Mpandray Anjara Avokoa Isika

Ho an' ny lehilahy rehetra, na tanora na antitra, izay mihazona ny fisoronana, mangataka feo matanjaka sy feno fanoloran-tena bebe kokoa aho . . . feo ho an' ny tsara, feo ho an' ny filazantsara, feo ho an' Andriamanitra.

Maniry ny hiresaka mivantana aminareo aho ry rahalahy anio hariva, ary ampidiriko amin' izany ireo zatovolaha ao amin' ny Fisoronana Aharôna, eo am-pihazonana ao am-poko ny fanahin' ilay fihirana mampihetsim-po sy ny vavaka mampientana fanahy nataon' ny Loholona Richard G. Hinckley.

Rehefa miresaka ny halehiben' ilay Fahitana Voalohan'i Joseph Smith isika, dia tsindraindray ihany vao miresaka kely ilay fifanandinana nifono fandrahonana izay niseho talohan' io fotoana io, fifanandinana izay ny hamotika ilay zazalahy kely no tanjony na farafaharatsiny hanakana ireo fanambarana izay ho avy. Tsy mila miresaka mahakasika ilay fahavalo mihoatra noho izay tokony ho izy isika, ary izaho manokana dia tsy tia miresaka mahakasika azy velively, kane fa ny zavatra niainan' i Joseph kely dia mampahatsiahy antsika lehilahy rehetra izay manatrika eto, ao anatin' izany ny zatovolaha rehetra, ny zavatra tokony ho tsaroana.

Voalohany, i Satana na Losifera

na ny Rain' ny Lainga—izay tianareo iantsoana azy—dia tena misy, ilay faharatsiana miseho amin' ny endrik' olombelona. Ny tanjony dia ny hitondra fahoriana amin' ny lafiny rehetra, ary izy dia mihetraketraka izay tsy izy eo anatrehan' ny fisehon' ny fahazavana manavotra sy raha vantany vao mieritreritra momba ny fahamarinana fotsiny. Faharoa, izy dia manohitra mandrakizay ny fitiavan' Andriamanitra, ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ary ny asan' ny fiadanana sy famonjena. Hiady hanohitra izany izy na oviana na oviana ary na aiza na aiza hahafahany manao izany. Fantany fa ho resy izy ary horoahina amin' ny farany, saingy tapa-kevitra izy nyny hamotika miaraka aminy, olona maro hafa, araka izay tratrany.

Ka inona ary ireo tetik' ady sasany ampiasain' ny devoly eo amin' izany fifanandinana izany raha vao ny fiainana mandrakizay no resahina? Dia mbola mampianatra antsika zavatra hafa indray ilay zava-niseho nitranga tao amin' ny Ala kely Masina. Noraketin'i Joseph fa tao anatin' ny

ezaka hanakanana ny zavatra hitranga amin' ny hoavy, i Losifera dia nampihatra ny "fahefana mahagaga nananany tamiko izay namatotra ny lelako, hany ka tsy afaka niteny aho."¹

Nampianatra ny Filoha Boyd K. Packer anikeheo maraina fa i Satana dia tsy afaka manala ny ain' olona mivantana. Iray amin' ireo zavatra maro tsy azony atao izany. Kanefa toa mahomby ihany ny ezaka ataony hanakanana ity asa ity raha toa afaka ny hamatotra ny lelan' ireo mahatoky izy. Noho izany indrindra ry rahalahy, dia manantena aho anio hariva fa hirotsaka handray anjara sy hanokatra ny vava ireo zatovo sy lehilahy lehibe izay mba manome lanja ity ady hifanoheran' ny tsara sy ny ratsy ity. An-tanin' ady isika izao, ary ao anatin'ireo minitra vitsivitsy manaraka dia tiako ny ho lasa toy ny tompon' andraikitra mpanzay anarana ireo olona izay hirotsaka.

Mila mihira andalana vitsivitsy amin' ny "Nous voici tous enrôlés" ve aho? Fantatrareo ve ilay andalana milaza hoe: "Miandry ireo miaramila izahay ankehitriny; iza no handray anjara?"² Mazava ho azy fa ny zavatra lehibe amin' ity antso hanompo an' ady ity dia tsy angatahina hampiasa basy na hanipy grenady akory isika. Tsia, tafika mitafy ny fiadiany dia "ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra" no ilainay.³ Koa dia manantena misiônera izay tsy hanao fanahy iniana hanakatona ny vavany aho anio hariva fa kosa hanokatra ny vavany sy hanatanteraka fahagagana, miaraka amin' ny Fanahin' ny Tompo sy amin' ny fahefan' ny fisoronana ananan' izy ireo. Ny fitorian-teny toy izany, araky ny nolazain' ireo rahalahy tany amin' ny fiandohan' ity fotoam-pitantanana ity, no ho tonga fitaovana izay "natanterahana sy mbola hanatanterahana ireo asa mahery indrindra" vitan' ny finoana.⁴

Miangavy manokana ireo zatovolahy ao amin' ny Fisoronana Aharôna aho mba hipetraka sy handray an-tso-ratra. Ndeha hizarako manokana fanoharana ara-panatanjahan-tena ianareo. Fifanandrinana manana endrika "izay iray maty eo" no ataontsika izao amin' ny mpifanandrina izay tsy tia anareo sy mankahala ity asa ity, noho izany



dia somary ho henjankenjana kely aminareo aho, ho hentitra dia hentitra, miaraka amin' ny feo mitondra fanairana ampy tsara mba hampihe-tsika faingana anareo—toy ny fanaon' ny mpanazatra rehefa kely sisa ny fotoana hilalaoovana ary tsy misy zavadehibe mihoatra noho ny fandresena ao amin'izany lalao izany. Ary satria miankina aminareo ny mety ho vokatr' izany lalao izany dia izao no lazain' ity mpanazatra ity, mba hahafahana milalao ity lalao ity dia takiana ny hanana fahadiovana ara-pitondrantena bebe kokoa mihoatra noho izay ananany amin'izao fotoana izao ny sasantsasany aminareo. Eo amin' io fifanandrinan' ny tsara sy ny ratsy io dia tsy afaka ny milalao ho an' ny ekipan' ny mpifanandrina aminareo ianareo isaky ny tonga ny fakam-panahy ary avy eo manantena hilalao ao amin' ny ekipan' ny Mpamonjy amin' ny fotoana hankanesana any amin' ny tempoly sy hanaovana asa fitoriana, toy ireny hoe tsy nisy na inona na inona nitranga ireny. Izany, ry namako kely, dia tsy azonareo atao. Tsy azo vazivaziana Andriamanitra.

Miatrika safidy manadala izaho sy ianao ankehitriny. Hitantsika fa misy Fisoronana Aharôna amin' ny taonan' ny zatovolahy an' arivony maro efa voarakitra ao amin' ny firaketan' ny Fiangonana, izay mandrafitra ny lisitr' ireo hirotsaka ho misiônera amin' ny atsy ho atsy. Kanefa ny fanamby dia ny hihazonana ireo diakona, sy mpampianatra ary mpisorona ireo mba hananany fahazotoana sy fahamendrehana ampy hanondrena azy ho loholona ary hanompoany ho misiônera. Noho izany dia ilaintsika ireo zatovolahy izay efa ao anaty ekipa mba *hijanona* ao ary hanajanona ihany koa ireo

fahadisoana fanao rehetra, indrindra amin' izao fotoana izay ilainay anareo hanao izay tsara indrindra vitanareo izao! Amin' ny seha-pifaninana arapanatanjahantena rehetra izay fantatro dia saika misy tsipika voafaritra foana eo amin' ny tany na ny kianja izay tsy maintsy hijanonan' ny mpifaninana mba hahafahany manohy mifaninana. Eny, ny Tompo dia nanoritra tsipika izay mamaritra ny fahamendrehana ho an' ireo voantso hiasa hiaraka Aminy amin' ity asa ity. Tsy misy misiônera afaka ny tsy hibebaka amin' ireo fandikan-dalana mikasika ny fahadiovam-pitondrantena nataony na ny fampiasana teny maniratsira na ny fironana amin' ny pôrnôgrafia ary avy eo hanantena fa afaka ny hanentana ny hafa hibebaka amin' ireo zavatra ireo! Tsy afaka manao izany ianareo. Tsy hiaraka aminareo ny Fanahy ary hanakenda anareo ireo teny eo ampitenenanareo izany. Tsy afaka hidina any amin' izay nantsoin' i Lehia hoe "lalana voarara"⁵ ianareo ka hanantena hitarika ny hafa ho any amin' ilay lalana "ety sy tery"⁶ tsy azo atao izany.

Kanefa misy vahaolana mikasika izany fanamby izany ho anareo, tahaka ny hisian'ny vahaolana sahaza an'ireo naman' ny fiangonana izay handeha hitorianareo koa. Na iza na iza ianareo ary na inona na inona vitanareo dia afaka ny ho voavela heloka ianareo. Ianareo tsirairay ry zatovolahy dia afaka manajanona ireo fandikan-dalana izay misakantsakana anareo. Izany no fahagagan' ny famelan-keloka, ilay fahagagan' ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Kanefa tsy hahavita izany ianareo raha tsy manolo-tena marina amin' ny filazan-tsara, ary tsy afaka hanao izany raha tsy mibebaka amin' ny fotoana ilana izany. Miangavy anareo aho ry zatovolahy mba ho mazoto sy ho madio. Ary raha ilaina

dia miangavy anareo aho *hiverina* ho mazoto ary *hiverina* ho madio indray.

Ry rahalahy, miresaka aminareo amim-pahasahiana izahay satria toa hita fa mahomby kokoa rehefa amim-paharanitan-tsaina no hanaovana izany. Miresaka amim-pahasahiana izahay satria tena misy i Satana ary vonona ny handrava anareo ary mbola tena tanora fanahy ianareo dia efa miatrika sahady ny fitaomany. Koa dia sintoninay amin' ny vozon' akanjona-reo ianareo ary am-pitandremanay arak' izay hainay manao hoe:

*Mampandria sofina! Mirefodrefotra
sy mivaivay ny feon' ny ady;
Mirotsaha, mandraisa anjara!
Mirotsaha, mandraisa anjara!*

Ry namako kely, mila misiônera an' alin-kisa fanampiny isika afaka volana sy taona vitsivitsy hoavy. Tsy maintsy avy amin' ny fiakaran' ny isan-jaton' ireo Fisoronana Aharôna izay ho tendrena, ho mazoto, ho madio ary ho mendrika ny hanompo no hahatra-trana izany.

Ho an' ireo izay efa nahavita ny asa fanompoana na mbola eo ampanompoana dia misaotra anareo izahay noho ny asa tsara vitanareo ary noho ireo fiainan' olona izay novainareo. Ho tahiana anie ianareo! Fantatray koa fa misy ireo izay naniry mandritra ny androm-piainany hanao asa fitoriana kanefa, noho ny antony arapahasalamana na sakana hafa tsy azo ihoarana dia tsy afaka manao izany. Maneho fankasitrahana ampa-hibemaso sy mirehareha amin'izany vondron'olona izany izahay. Fantatray ny fanirianareo, ary ankasitrahany ny fanoloran-tenanareo. Tianay sy midera anareo izahay. "Ao anatin' ny ekipa" koa ianareo ary ho isan' izany hatrany, na dia nolavina tamim-boninahitra ny tsy hanompo amin' ny fotoana feno aza. Saingy mila ireo ambiny rehetra izahay!

Ankehitriny ry rahalahy ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka, aoka tsy hitsikitsiky sy hipetrapetraka tsy amim-panahiana eo amin' ny sezana-reo ianareo. Mbola tsy tapitra ny tiako hambara. Mila mpivady an' arivony maro mba hanompo any amin'ny sahan' ny misiôna ny Fianganana. Tapitra mangataka izany

daholo ireo filohan' ny misiôna tsirairay. Na aiza na aiza toerana hanompoan' ireo mpivady dia afaka mitondra fahamatorana amin' ny asa izay tsy entin' ireo zatovo 19 taona izy ireo, na dia tsara koa aza ny ataon' iretsy farany.

Mba hamporisihana ireo mpivady hanompo dia nanao ny iray amin' ireo fanovana feno fahasahiana sy feno fahalalahan-tanana indrindra izay hita teo amin' ny sehatry ny asa fitoriana tao anatin' ny 50 taona lasa ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Roambinifololahy. Tamin' ny volana Mey tamin' ity taona ity dia nandray filazana ireo mpitarika ny fisoronana eny amin' ny saha fa ho ampian' ny Fianganana avy amin' ny teti-bolan' ny Fianganana ny hofan-tranon' ireo mpivady (ary ny hofan-trano *ihany* no resahintsika eto) raha toa ka mihoatra ny vola voafaritra mialoha mba ho aloa isam-bolana izany hofan-trano izany. Tena fitahiana izany! Izany dia fanampiana avy any an-danitra an'ilay ampaham-pandaniana lehibe indrindra izay atrehan'ireo mpivady mandritra ny asa fanompoany. Namaritra ihany koa ireo Rahalahy fa ny asa fanompoana ataon' ny mpivady dia afaka ny ho 6 na 12 volana, ary koa 18 na 24 volana toy ny mahazatra. Misy fihetsika mendri-piderana iray koa dia ny famelana ireo mpivady hody mandritra ny fotoana fohy raha misy trangam-piainana mahakasika ny fianakaviana izay ilaina azy ireo, fa izy ireo no miantoka izany fodiany izany. Ary aza miahiahy hoe handeha handondona varavarana na hanaraka fandaharam-potoana tahaka ny ataon' ireo 19 taona ireo ianareo! Tsy mangataka anareo hanao izany izahay saingy kosa maro ireo zavatra hafa azonareo atao, ary omena fahalalahana ianareo amin' ny fomba hanatanterahanareo izany.

Ry rahalahy, tsapanay fa tsy afaka ny handeha hanompo ny sasantsasany *aminareo* amin' izao fotoana izao na mety tsy ho afaka mihitsy vokatry ny tsy fahasalamana, fianakaviana, na antony ara-bola. Kanefa raha manao drafitra kely fotsiny ianareo dia ho maro no ho afaka.

Ry eveka sy filohan' ny tsatôka, hifanakalozy hevitra mandritra ny filan-kevitra sy ny fihonambe izany toe-javatra izany. Rehefa mipetraka eo amin' ny sezana-reo eny aloha ianareo

dia mivavaha mba hahita ireo olona manatrika eo izay tokony handray izany antso izany. Avy eo dia mire-saha amin' izy ireo ary ampio izy ireo hametraka daty mba hanombohana ny fanompoana. Ry rahalahy, raha toa ka izany no mitranga dia lazao ny vadinareo fa raha afaka manajanona ny seza mampahazo aina tokoa sy ny télécommande ianareo mandritra ny volana vitsivitsy, dia afaka manajanona ny zafikeliny koa izy ireo. Ho voatahy ireo madinika malalantsika ireo ary mampanantena aho fa hanao zavatra ho azy ireo eo amin' ny fanompoana ny Tompo ianareo izay, tontolo tsy hisy fiafarana, tsy ho vitanareo raha toa ianareo ka mijanona ao an-tokantrano miaraka amin' izy ireo. Inona no mety ho fanomezana lehibe kokoa atolotr' ireo Raibe sy Renibe ho an' ny taranany mihoatra ny fitenenana amin' ny fihetsika sy teny hoe: "Mpanompo any amin' ny misiôna ity fianakaviana ity!"

Tsy ny asa fitoriana ihany no ilaintsika atao ato amin' ity, Fianganana mivelatra sy mahatalanjona be ity. Kanefa ireo zavatra hafa rehetra mila ataontsika dia miankina amin' ny fandrenesan' ny olona voalohany ny filazantsaran' i Jesoa Kristy sy ny firotsahany ato amin' ny finoantsika. Noho izany tokoa angamba no nanomezan' i Jesoa ny Roambinifololahy ilay andraikitra fototra—dia ny hoe "[handeha] hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao

Montréal, Québec, Canada



batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.”⁸ Ary aorian' izany ary izay ihany vao tonga ireo fitahiana hafa avy amin' ny filazantsara—firaisan' ny fianakaviana hina, fandaharan' asan' ny tanora, fampanantenana ny fisoronana, ary ireo ôrdônansy mifanesy hatrany amin' ny tempoly. Kanefa nijoro ho vavolombelona i Nefia fa tsy misy afaka ny ho tonga amin' izany raha tsy “[n]iditra tamin' ny . . . vavahady” aloha.⁹ Noho ireo zavatra maro izay mila atao eo am-pamakivakiana ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay dia mila misiônara maromaro kokoa isika hanokatra izany vavahady izany ary hanampy ny hafa handingana izany.

Ho an' ny lehilahy rehetra, na tanora na antitra, izay mihazona ny fisoronana, mangataka feo matanjaka sy feno fanoloran-tena bebe kokoa aho, feo tsy hoe hanohitra ny ratsy sy ilay olona izay endriky ny faharatsiana fotsiny ihany, fa feo ho an' ny tsara, feo ho an' ny filazantsara, feo ho an' Andriamantitra. Ry rahalahy amin' ny sokajin-taona rehetra, vahao ny lelanareo ary jereo ny fiasa mahagagan' ny teny avoakan' ny vavanareo eo amin' ny fiainan' ireo “izay [voasakana] tsy hahita ny fahamarinana . . . noho ny tsy fahafantarany izay ahitana izany fotsiny.”¹⁰

Faingana hiady, hirotsaka eny an-tsaha;

Ny fahamarinana no aro loha, fehikibo sy aro-tratra.

Ahofahofay ilay faneva; amim-pireharehana!

*Mandroso amim-pifaliana tsy omby tratra ho any an-trano isika.*¹¹

Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, Tompontosika, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Joseph Smith—Tantara 1:15.
2. “Nous voici tous enrôlés,” *Cantiques*, no. 161.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:44; jereo koa ny Deotoronomia 8:3; Matio 4:4.
4. *Lectures on Faith* (1985), 73.
5. 1 Nefia 8:28.
6. 2 Nefia 31:18.
7. *Hymns*, no. 250.
8. Matio 28:19.
9. 2 Nefia 33:9.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:12.
11. *Hymns*, no. 250.



Nataon' ny Eveka Keith B. McMullin

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Episkôpà Miahy

Ny Herin' ny Fisoronana Aharôna

Ianareo sy ny anjara fanompoan' ny Fisoronana Aharôna izay hazoninareo dia manan-danja eo amin' ny asan' ny Ray any an-danitra amin' ny zanany sy eo amin' ny fanomanana ny tany amin' ny Fiavian' ny Zanakalahiny Fanindroany.

Nandritra ny fivoriam-panofanana vao haingana nomena ny Manampahefana Ambony dia mbola naverin' ny Filoha Thomas S. Monson nantitranterina ny momba ireo adidin' ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna sy ireo fahafahana manao zavatra mitondra soa ananan'izy ireo.¹ Araky ny torolalan' ny fanahy voaray tamin' izany no hanaovako lahateny aminareo.

Mamaritra ny hoavin' ny vahoaka sy ny firenena ny fanaovana adidy araka ny tokony ho izy. Amin' ny maha-zava-dehibe ny fitsipiky ny fanaovana adidy dia nampitandremana ireo mpihazona ny fisoronana hoe: “Koa ankehitriny, aoka ny olona tsirairay hianatra ny andraikiny ary hiasa amin' ny zotom-po rehetra ao amin' ny anjara fanompoana izay anendrena azy.”²

Nanazava ny Filoha Monson hoe: “Tonga tsimoramora ilay antso mba handray andraikitra rehefa mahavita ny adidy nasaina notontosaina isika izay mihazona ny fisoronana.”³ Nindrana ny teny nambaran' i George Albert Smith ny Filoha Monson izay manao hoe: “Andraikitsika voalohany

alohan' ny zava-drehetra ny maminatatra ny zavatra tadiavin' ny Tompo ary avy eo amin' ny alalan' ny hery sy ny tanjaky ny Fisoronany masina dia manandriana ny antsontsika eo anatrehan' ireo namantsika isika, hany ka ho faly hanaraka ny ataontsika koa ny olona.”⁴

Raha niresaka momba ny andraikiny ny Tompo dia nilaza hoe: “Fa tsy mitady ny sitrapoko Aho, fa ny sitrapon' ny Ray.”⁵ “Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon' Izay naniraka Ahy.”⁶ Satria nanatanteraka andraikiny i Jesoa Kristy, dia ho “azo vonjena ny olombelona rehetra, amin' ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin' ny filazantsara.”⁷ Ry rahalahy, izany no ohatra arahintsika.

Tsapako araky ny zavatra niainako fa ianareo izay manompo amin' ny maha-diakona, mpampianatra ary mpisorona anareo dia manao zavatra an-tsitrao, sy azo ianteherana, ary mahay manatontosa ny addinareo araky ny andrasana aminareo. Mahafinaritra anay ianareo. Mifindra ny tanjakareo, mahavariana ny fahaizanareo, ary mankahery ny miara-miasa



aminareo. Ianareo sy ny anjara fanompoan' ny Fisoronana Aharôna izay hazoninareo dia manan-danja eo amin' ny asan' ny Ray any an-danitra amin' ny zanany sy eo amin' ny fanomanana ny tany amin' ny Fiavian' ny Zanakalahiny Fanindroany. Ny fahitanay anareo sy ny andraikitrareo dia tsy hijerena ny taonanareo. Niresaka mahakasika anareo i Paoly raha niteny hoe: "Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an' ny mino hianao amin' ny fiteny, amin' ny fitondrantena, amin' ny fitiavana, amin' ny finoana, amin' ny fahadiovana."⁸

*Tonga ara-potoana teo amin' ireo lehilahy fahiny
Ilay fisoronana arak' i Aharôna.
Tamin' ny alalan' ny Levita,
mpisorona ary mpaminany koa,
dia nampiasaina izany hitahiana
ireo zanak' Andriamanitra.*

*Dia tonga ilay Mpamonjin' izao tontolo izao
Nikaroka ilay lehilahy antsoina
hoe i Jaona,
Mba hatao batisa amin' izany fahefana izany Izy,
ary mba hanombohany ny asa famonjena eto an-tany.*

*Amin' izao andro farany izao io fahefana io
Dia naverina eto an-tany indray,
Ka ho latsa-paka ao am-pontsika
Ny fahamarinan' ny filazantsara
tsy misy mipika.*

*Ny Fisoronana Aharôna,
fahamarinana tsara lahatra,
Dia hanomana ny hoavy mahagaga—*

*Ka ho tontosa ny fanavotana
Amin' ny alalan' ny Zanakalahiny
Andriamanitra Lahitokana!*

*Ary ho an' ireo izay manompo amin' ny alalan' izany fahefana izany—
Dia fahamatorana no takiana hatrany.*

*Ka rehefa mitafy ilay fahefan' ny fisoronana ny tovolahy
Dia izao no azo ambara: "Indro ny lehilahy!"⁹*

"Ny hery sy ny fahefan' ny fisoronana ambany, na ny Fisoronana Aharôna, dia ny mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely sy ny mitantana ireo ôrdônansy ivelany, ny soratry ny filazantsara, ny batisan' ny fibebahana ho famelan-keloka, araka ny fanekempihavanana sy ny didy"¹⁰ Nanamarika ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Tena miasa tsara isika amin' ny fizarana ny fahefan' ny fisoronana. Saika efa mitoetra any amin' ny toerana maro ny fahefan' ny fisoronana ankehitriny. . . . Kanefa mieritreritra aho fa lasa aloha kokoa mihoatra ny fanomezana herin' ny fisoronana ny fizarana ny fahefan' ny fisoronana."¹¹ Mba ho tombontsoan' ireo zanak' Andriamanitra dia tokony ho hitsiana izany.

Nilaza ny fomba hanaovana izany ny mpaminanintsika. Nindrana ny tenin' i George Q. Cannon ny Filoha Monson izay manao hoe: "Te hahita ny herin' ny fisoronana hihamantanjaka aho. . . . Tiako izany tanjaka sy hery izany hisandrahaka manerana ny mpihazona ny fisoronana rehetra manomboka any amin' ny lohany ka hatrany amin' ny diakona faran' ny kely sy manetry tena indrindra eto amin' ny

Fiangonana. Ny lehilahy tsirairay dia tokony samy hikatsaka sy handray ny fanambaran' Andriamanitra, ny hazavan' ny lanitra manazava ny fanahiny sy manome fahalalana azy mikasika ny adidiny, sy mikasika izany lafiny iray ao amin' ny asa izany . . . izay andraikiny ao amin' ny Fisoronany."¹²

Inona no azon' ny diakona, mpampianatra na mpisorona atao mba hahazoana ny fanahin' ny fanambarana sy hahafahany manandriana ny antsony? Afaka miaina amin-pahamendrehana izy mba hahafahany mandray ilay herin' ny Fanahy Masina izay manadio sy manamasina ary manazava.

Hita ao amin' ny tenin' i Almà ny lanjan' ity zavatra ity: "Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa araka izany lamina izany no iantsoana ahy . . . mba hitory amin' ny . . . taranaka vao misondrotra . . . fa tsy maintsy mibebaka izy ireo ka ateraka indray."¹³ Rehefa nateraka indray ny olona dia miova ny fony. Tsy hirona any amin' ny zavatra ratsy na maloto izy. Mahatsapa fitiavana lalina sy maharitra an' Andriamanitra izy. Maniry ny hanao ny tsara, hanompo ny hafa ary hitandrina ny didin' Andriamanitra izy.¹⁴

Namariparitra ny zavatra niainany mahakasika izany fiovana mahery vaika izany ny Filoha Joseph F. Smith: "Fahatsapana fiadanana, fitiavana ary fahazavana madio tsisy pentina no tonga teo amiko. Tsapako tao am-poko fa raha nanota aho . . . dia efa voavela izany. Tena voadio tamin' ny fahotako aho. Niova fo aho ary nahatsapa fa tsy te-hampijaly na dia ny biby faran' izay kely ao ambanin' ny tongotro aza. Nahatsapa ho toy ireny te hanao ny tsara tamin' ny olona rehetra sy tamin' ny zava-drehetra ireny aho na aiza na aiza izany. Nahatsapa fiainam-baovao aho, faniriana vaovao hanao ny marina. Tsy nisy fanirian-dratsy intsony na dia indray mitete aza tavela tao anatin' ny fanahiko. Marina fa mbola zazalahy kely aho, . . . kanefa tonga tamiko izany fahatsapana izany, ary fantatro fa avy any amin' Andriamanitra izany, ary izany dia lasa fijoroana ho vavolombelona velona ho ahy mikasika ny fanekeko ny Tompo hatramin' izay ka hatramin' izao."¹⁵

Koa dia miantso anareo izahay ry zatovolahy mahafinaritra mba hiezaka

amim-pahazotoana ny ho “ateraka indray.”¹⁶ Mivavaha mba hisy izany fiovana mahery vaika izany eo amin’ ny fiainanareo. Mandalina ny soratra masina. Manàna faniriana mihoatra ny zava-drehetra hahafantatra an’ Andriamanitra sy ho tonga bebe kokoa tahaka ny Zanakalahiny Masina. Mifalia amin’ ny fahatanoranareo saingy “[ario] ny fahazazana”.¹⁷

Alaviro ny fanimbazimbana sy ireo resaka tsy maotina.

Alaviro ny haratsiana rehetra.

Sorohy ny fifandirana

Mibebaha rehefa ilaina izany.¹⁸

Hanampy anareo ho tonga any amin’ ilay hoe lehilahy manana ny maha izy azy izany. Ho azonareo ny herimpo, ny fananana fahamendrahana ho azo hianteharana, ny fanetren-tena, ny finoana ary ny hatsaram-panahy. Hahafinaritra ny namanareo ianareo, hidera anareo ny ray aman-dreninareo, hiantehitra aminareo ireo rahalahy ao amin’ ny fisoronana ary ho tia anareo ireo zatovovavy ary ho lasa tsaratsara kokoa noho ny aminareo. Hanaja anareo Andriamanitra ary handrotsaka *hery avy any amin’ ny avo* eo amin’ ny asa fanompoan’ ny fisoronana ataonareo.

Isika rehetra ambiny dia hanao ny anjarantsika. Aminy maha-ray amandreny sy dadabe sy nenibe anay dia hanomana anareo amin’ ny fanaovana asa fanompoana mitaky herimpo kokoa izahay ato amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra. Amin’ ny maharahalahinareo anay dia ho ohatra tsara kokoa mba ho arahinareo izahay. Hampitombo ny tanjaka ao amin’ ny kôlejinareo izahay. Hanohana ireo fiadidian’ ny kôlejinareo izahay eo ampampiasan’ izy ireo ny fanalahidin’ ny fiadidiany. Hanome anareo fahafahana hanaovanareo tanteraka ny adidin’ ny Fisoronana Aharôna izahay sy hanandriananareo ny antsonareo ao anatin’ izany.

Hisy fitahiana lehibe maro hitranga eto amin’ ny Fiangonana amin’ ny alalan’ ny asa fanompoanareo. “Miteny amin’ ny herin’ ny Fanahy Masina ny anjely.”¹⁹ Afaka manao izany koa ianareo. Rehefa miteny amin’ ny alalan’ ny herin’ ny Fanahy Masina ianareo, sy mikarakara ireo tandindona masin’

ny fanasan’ ny Tompo, ireo lehilahy sy vehivavy, zazalahy sy zazavavy, dia hiezaka ny hibebaka sy hampitombo ny finoany an’ i Kristy ary hanana ny Fanahy Masina hiaraka amin’ izy ireo hatrany.

Rehefa mifady hanina sy manangona ny fanomezana amin’ ny fifadian-kanina ianareo dia ho voatarika hanao ny asany araky ny fomban’ ny Mpamonjy ireo mpikambana. Nikarakara ireo mahantra sy kivy ny Tompo ary nanasa ny olona hoe: “Avia, manaraha Ahy.”²⁰ Mampirotsaka antsika handray anjara ao amin’ ny asany masina ny asa fanompoana ataonareo amin’ ny fikarakarana ireo niangaran’ ny vintana ary manampy antsika hihazona ny famelana ny fahotantsika manokana.²¹

Rehefa “mamangy ny tranon’ ny mpikambana tsirairay” ianareo,²² dia aza matahotra na menamenatra. Ny Fanahy Masina hanome anareo amin’ ilay fotoana tena ilana azy ireo teny izay tokony hotenenina, ny fijoroana ho vavolombelona tokony hozaraina ary ny asa fanompoana tokony hatao.

Hisy vokany ny ezaka amim-pahavitrihana ataonareo amin’ ny “[fiahiana] mandrakariva ireo mpikambana”.²³ Hanalefaka ny fon’ ireo olona tsy mino ilay fombanareo feno fanetren-tena ary hamaha ihany koa ny fatotr’ i Satana. Ny fanasana ataonareo amin’ ny olon-kafa mba handeha any am-piangonana miaraka aminareo, sy handray ny fanasan’ ny Tompo ary hanompo hiaraka aminareo dia ho toy ny fahazavana mitarika ireo izay very ao anatin’ ny aloka ka ilay hazavan’ ny filazantsara hita ao dia toy ny vain’ afo mitsilopilopy na tsy miredareda mihitsy.

Ry rahalahiko kely malala, “Aza tsy mitandrana ny fanomezam-pahasovanana izay ao anatin’,”²⁴ izay noraisinareo rehefa nomena sy notendrena tao amin’ ny Fisoronana Aharôna ianareo.

“Fa tsy nomen’ Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena.

“Koa aza menatra ny ho vavolombelon’ ny Tompontsika. . . . fa aoka hianao ho mpiombona . . . [amin’ ny] filazantsara araka ny herin’ Andriamanitra;

“Izay . . . niantso antsika tamin’ ny fiantsoana masina, . . . izay nomena antsika tao amin’ i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola.”²⁵

Niantso anareo “hihazona ny fanevan’ ny fisoronana” ny mpaminany malalantsika.²⁶ Miarahaba anareo izahay, mivavaka ho anareo sy mifaly amin’ ny fiaraha-miasa aminareo ary manolotra fisaorana an’ Andriamanitra noho ny herin’ ny asa fanompoana mitondra famonjena ataonareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa Andriamanitra dia ilay Raintsika Mandrakizay ary mipetraka any andanitra any. I Jesoa ilay Kristy no Zanak’ Andriamanitra Masina, Mpanavotra an’ izao tontolo izao, ary ianareo ao amin’ ny Fisoronana Aharôna no mpanompony eto an-tany, amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, General Authority training meeting, Apr. 2010.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:99.
3. Thomas S. Monson, “The Sacred Call of Service,” *Liahona*, Mey 2005, 54.
4. George Albert Smith, tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1942, 14; jereo koa ny Thomas S. Monson, *Liahona*, Mey 2005, 54.
5. Jaona 5:30.
6. Jaona 6:38.
7. Fanekem-pinoana 1:3.
8. 1 Timoty 4:12.
9. Tononkalo nataon’ i Keith B. McMullin; jereo ny Keith B. McMullin, “Behold the Man,” *Ensign*, Nôv. 1997, 42.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:20.
11. Boyd K. Packer, “The Power of the Priesthood,” *Liahona*, Mey 2010, 7.
12. George Q. Cannon, *Deseret Weekly*, 2 Nôv. 1889, 593; teny nindramin’ ny Filoha Thomas S. Monson nambara nandritra ny fivoriam-panofanan’ ny Manampahefana Ambony, Apr. 2010.
13. Almà 5:49; nampiana fanantitranterana.
14. Jereo ny Marion G. Romney, “According to the Covenants,” *Ensign*, Nôv. 1975, 71–73.
15. Joseph F. Smith, tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1898, 66.
16. Jereo ny Jaona 3:3–7; Almà 5:14–21, 49.
17. 1 Korintiana 13:11.
18. Jereo ny 2 Timoty 2:16, 22–26.
19. 2 Nefia 32:3.
20. Lioka 18:22; jereo koa ny Jaona 14:12–14.
21. Jereo ny Môsià 4:26.
22. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:47.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:53.
24. 1 Timoty 4:14.
25. 2 Timoty 1:7–9.
26. Thomas S. Monson, General Authority training meeting, Apr. 2010.



Nataon'ny Loholona W. Christopher Waddell
Ao amin'ny Fitopololahy

Ny Fahafahana Hanao Zavatra Indray Mandeha eo amin'ny Fiainana

Amin'ny alalan'ny asa feno fanoloran-tena sy fahafoizan-tena ataonareo, dia ho lasa traikefa masina ho anareo ny fitoriana ny filazantsara.

Fotoana iray manan-danja eo amin'ny fiainan'ny misiônera ny manao tafa sy dinika farany na tafa sy dinika “hivoahana,” miaraka amin'ny filohan'ny misiônany. Ny ho votoatin'izany tafa sy dinika izany dia ny firesahana ireo azo lazaina fa zavatra niainana tsy hay hadinoana mandritra ny fiainana ary ireo lesona manan-danja izay azo tao anatin'ny 18 ka hatramin'ny 24 volana monja.

Na dia toa mitovitovy aza ny ankamaroan'ireo zavatra niainana sy lesona ireo eo amin'ny asa fitoriana, dia samy miavaka kosa ny asa fitoriana tsirairay, miaraka amin'ireo fanamby sy fahafahana hanao zavatra mitondra soa izay mampivelatra sy mitsapa antsika arakaraka ny filantsika manokana sy ny maha-izy azy antsika.

Efa ela talohan'ny nandaozantsika ny tokantranontsika teto an-tany mba hitory ny filazantsara amin'ny fotoana feno, no nandaozantsika ny ray

aman-drenintsika tany an-danitra mba hanatanteraka ilay iraka nampanao-vina antsika eto an-tany. Manana Ray any an-danitra isika, izay mahafantatra antsika—ny tanjatsika, ny fahalemensika, ny fahaiza-manaontsika, ary ny hery anaty ananantsika. Fantany izay tokony ho filohan'ny misiôna sy namana mpiara-mitory ary ny mpikambana sy ny naman'ny Fiangonana ilaintsika mba hahafahantsika ho lasa ilay misiônera, vady, raim-pianakaviana, ary ilay mpihazona ny fisorohana izay vitantsika ny manatratra azy.

Ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara no manendry ny misiônera eo ambany fitarihana sy ny fitaomam-panahin'ny Fanahy Masina. Ireo filohan'ny misiôna nentanim-panahy no manendry ny fifindrana isaky ny enina herinandro ary mianatra haingana fa ny Tompo dia mahafantatra tsara ny toerana tiany hanompoan'ny misiônera tsirairay.

Taona vitsy lasa izay, dia nanompo ho misiônera amin'ny fotoana feno tany amin'ny misiônan'i Arizona i Elder Javier Misiego, avy ao Madrid, Espagne. Tamin'izany fotoana izany, ny antsony hitory ny filazantsara any Etazonia dia tsy dia mahazatra loatra, satria ny ankamaroan'ireo zatovolaha avy ao Espagne dia voantso hanompo ao amin'ny fireneny ihany.

Tany amin'ny fiafaran'ny takariva amorom-patana iray nokarakarain'ny tsatòka, izay nanasana azy sy ilay mpiara-mitory aminy mba handray anjara, dia natonin'ny mpikamban'ny Fiangonana malaina iray izay nentin'ny namana iray i Elder Misiego. Izay indray ity lehilahy ity vao niditra ny trano Fiangonana tao anatin'ny taona maro. Nanontaniany i Elder Misiego, raha mahafantatra an'i Jose Misiego avy any Madrid. Rehefa namaly i Elder Misiego fa ny anaran-drainy dia i Jose Misiego, dia nametraka tamim-pientanentanana fanontaniana vitsivitsy hafa ity lehilahy ity mba hanamarinana fa tena *ilay* Jose Misiego marina izany. Ary rehefa azo antoka fa olona iray ihany no resahin'izy ireo, dia nanomboka nitomany ity lehilahy izay mpikambana malaindaina ity. “Ny rainao no hany olona nataoko batisa nandritra ny fotoana iray manontolo nanaovako asa fitoriana,” hoy izy nanazava ary nilazalaza momba ny fandehan'ny asa fitoriany izy, izay raha araka ny eritreriny dia tsy fahombiazana. Nandritra ny taona maro izay nampalaindaina azy izay, dia nahatsapa ho tsy manana ny maha izy azy izy sy niahiahy noho ny fieritreretany fa tsy nahavita na inona na inona ho an'ny Tompo.

Nanazava ny zavatra nentin'izany hoe “tsy fahombiazan'ilay misiônera” izany ho an'ny fianakaviany i Elder Misiego. Nilaza taminy izy fa ny rainy izay natao batisa fony izy tanora mpitovo, dia nanambady tany amin'ny tempoly, ary i Elder Misiego no fahaefatra amin'ny zanak'izy ireo enina, ary ny telo lahy tamin'izy ireo sy ny anabaviny iray dia samy efa nahavita asa fitoriana ny filazantsara avokoa, ary mbola mpikambana mazoto ao am-piangonana avokoa, ary ireo rehetra nanambady dia nofehezina tany amin'ny tempoly avokoa.

Nanomboka nitomany ilay misiônera efa nahavita asa fitoriana izay nalaindaina. Tamin'ny alalan'ny ezaka nataony, dia nahafantatra izy izao fa olona maro no voatahy teo amin'ny fiainany, ary ny Tompo dia nandefa rahalahy avy any Madrid, Espagne, hankany amin'ny takariva amorompatana tao Arizona mba hahafantarany fa ny zavatra nataony dia fahombiazana. Fantatry ny Tompo ny toerana tiany hanompoan'ny misiônera tsirairay.

Na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana no hisafidianan'ny Tompo hitahiana antsika mandritra ny asa fitoriana ataontsika, dia tsy natao ho tapitra amin'ny fotoana hisaoran'ny filohan'ny tsatôka ireo fitahiana avy amin'ny asa fitoriana. Ny asa fitoriana dia fotoana hiofananao hiatrehana ny fiainanao. Ny traikefa, ny lesona, ny fijoroana ho vavolombelona azonao nandritra ny fanompoana amim-pahatokiana dia natao hanome fototra miorina amin'ny filazantsara ary haharitra mandritra ny fiainana an-tany sy any amin'ny mandrakizay. Kanefa, mba hahafahan'ireo fitahiana hitohy aorian'ny asa fitoriana, dia misy ny fepetra izay tsy maintsy trararina. Mamaky isika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fa "Izay rehetra te hahazo fitahiana eo an-tanako dia handray ny lalàna izay voatendry ho an'izany fitahiana izany sy ireo fepetrany izay najoro" (F&F 132:5). Io fitsipika io dia nampianarina ao amin'ny tantara hita ao amin'ny Eksodosy.

Rehefa avy nandray didy avy tamin'ny Tompo i Mosesy, dia niverina tany Egipta mba hitarika ny zanak'i Isiraely hiala ny fanandevozana. Tsy nahazoan'izy ireo ny fahafahana ireo loza maromaro nifanesy, ary izany dia nitarika ilay loza faha-10 sady farany: "Fa handeha hamaky ny tany Egipta amin'izany alina izany Aho ka hamono ny matoa rehetra amin'ny tany Egipta" (Eksodosy 12:12).

Ho fiarovana amin'ilay "mpandringana" (andininy 23), dia nanome torolalana ny olony ny Tompo mba hanolotra zanak'ondry "tsy misy kilema" ho fanatitra (andininy 5), ary hanangona ny ra avy amin'ny fanatitra. Avy eo izy ireo dia "haka ny ra"



ka hateteny eo amin'ny varavarana fidirana izany—"tolanam-baravarana roa sy . . . amin'ny tataom-baravarany trano" (andininy 7) —niaraka amin'ity fampanantenana ity: "Ary raha mahita ny ra Aho, dia handalo anareo, ka tsy hisy loza handringana anareo" (andininy 13).

"Dia nandeha ny Zanak'Isiraely ka nanao izany; araka izay nandidian'i Jehovah" (andininy 28). Nanolotra fanatitra izy ireo, nanangona ny ra, ary nanatete izany teo amin'ny tranon'izy ireo. "Ary nony namatonalina Jehovah namono ny lahimatoa rehetra tany amin'ny tany Egipta" (andininy 29). Voaro araka ny fampanantenan'ny Tompo i Mosesy sy ny olony.

Ny ra izay nampiasain'ireo Isiraely, izay tandindon'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy izay mbola ho avy ary fanomezana ho an'ny olombelona rehetra, no vokatry ny fanatitra izay natolotr'izy ireo. Na izany aza, ny fanatitra sy ny ra fotsiny ihany dia tsy ampy hahazoana ny fitahiana nampiantenaina. *Raha toa ka tsy nisy ny fanasiana ra teo amin'ny tolanam-baravarana, dia tsy ho nisy dikany izany fanatitra izany.*

Ny Filoha Monson dia nampianatra fa: "Ny asa fitoriana dia sarotra. Mitaky betsaka ny herin'ny tena izany, mila fahaiza-manao izany, ary mitaky ny ezaka tsara indrindra avy amin'ny tena. . . . Tsy misy asa hafa tahaka izany izay mitaky fotoana lava kokoa sy fandavan-tena bebe kokoa na mitaky fahafoizan-tena toy izany ary vavaka amin-kafanampo" ("That All

May Hear," *Ensign*, Mey 1995, 49).

Vokatry izany "fahafoizan-tena izany," dia miverina miaraka amin'ny fanomezam-pahasovantsika manokana isika avy any am-pitoriana ny filazantsara. Fanomezam-pahasovan'ny finoana. Fanomezam-pahasovan'ny fijoroana ho vavolombelona. Fanomezam-pahasovan'ny fahatakarana ny andraikity ny Fanahy. Ny fanomezam-pahasovan'ny fandalinana ny filazantsara isan'andro. Ny fanomezam-pahasovana nahafahana nanompo ny Mpamonjy antsika. Izany dia fanomezam-pahasovana izay voafono tsara tao anatin'ny soratra masina efa tonta, tao anatin'ny tahadikan'ny *Torio ny Filazantsarako* izay rovidrovitra, sy tao anatin'ny diarin'ny misiônera, ary tao anatin'ny fo feno fankasitrahana. Na izany aza, tahaka ny zanak'i Isiraely, ireo fitahiana mitohy avy amin'ny asa fitoriana dia mitaky fampiharana aorian'ny fahafoizan-tena.

Taona vitsy lasa izay, raha niahy ny Misiônan'i Barcelone, Espagne izaho sy Rahavavy Waddell, dia nanome andraikitra farany hatrany ho an'ireo misiônera aho mandritra ny tafa sy dinika farany. Rehefa miverina mody any amin'ny misy azy izy ireo dia takiana avy hatrany haka fotoana handinihana ireo lesona sy fanomezam-pahasovana nomena azy ireo avy tamin'ilay Ray any an-danitra malala-tanana. Angatahina izy ireo hanao lisitra sy handinika ombam-bavaka ny fomba tsara indrindra ahafahana mampihatra ireo lesona ireo eo amin'ny fiainana aorian'ny asa fitoriana—lesona izay hisy

fiantraikany amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainan'izy ireo: fisafidianana ny fianarana sy ny asa, fanambadiana sy zanaka, fanompoana ny Fiangonana amin'ny hoavy ary ny tena zava-dehibe indrindra, dia tokony hanohy ny maha-mpanara-dia an'i Kristy azy izy ireo ary hanohy ny fivoaran'izy ireo tsy tapaka amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy.

Tsy tara velively ho an'izay mety ho misiônera efa avy nitory ny filazantsara ny mandinika ireo lesona azo avy amin'ny asa fanompoana amim-pahavitrihana kokoa. Rehefa manao izany isika dia hahatsapa bebe kokoa ny fitarihan'ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika, hihamafy orina ny fianakaviansika ary hanatona akaikikaiky kokoa ny Mpamonjy sy ny Ray any an-danitra isika. Tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana farany teo, ny Loholona L. Tom Perry dia nanao ity fanasana ity: “Miantso anareo aho ry misiônera izay avy nanao asa fitoriana mba hanoloranareo tena indray, mba hitoetra ao aminareo indray ny faniriana sy ny fanahin'ny asa fitoriana. Miantso anareo aho mba handinika izany sy ho toy izany ary hanatanteraka ilay asa amin'ny maha-mpanompon'ny Raintsika any an-danitra antsika. . . . Tiako ny mampanantena anareo fa misy fitahiana goavana homanina ho anareo raha manohy mandroso hatrany ianareo miaraka amin'ilay fahazotoana izay nananareo fony misiônera tamin'ny fotoana feno ianareo” (“The Returned Missionary,” *Liahona*, Jan. 2002, 88, 89; *Ensign*, Nôv. 2001, 77).

Ankehitriny ry zatovolahy izay mbola tsy nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno, dia zaraiko aminareo ny torohevitra ny Filoha Monson tamin'ny volana Ôktôbra lasa teo: “Averiko ilay zavatra nampianarin'ireo mpaminany hatry ny ela—fa ny zatovolahy rehetra izay mendrika sy salama ara-batana sy ara-tsaina dia tokony hiomana hanao asa fitoriana. Ny asa fitoriana dia andraikitra ny fisoronana—adidy izay andrasan'ny Tompo amintsika izay tena nomena be dia be” (“As We Meet Together Again,” *Liahona* Nôv. 2010, 5–6)

Tahaka ireo misiônera hatrizay sy amin'izao fotoana izao, ny Tompo dia mahafantatra anao ary manana

traikefa avy amin'ny asa fitoriana ny filazantsara izay nomaniny ho anao. Fantany ny filohan'ny misiônera sy ny vady malalany, izay ho tia anao tahaka ny zanaka naterany ary hika-tsaka fitaomam-panahy sy fitarihana ho anao. Fantany daholo ireo mpiaramitory aminao rehetra ary ny zavatra hianaranao avy amin'izy ireo. Fantany avokoa ny toerana rehetra izay hiasanao, ny mpikambana izay hihaona aminao, ny olona izay hampianarinao, ary ireo fiainan'olona izay novainao mandrakizay.

Amin'ny alalan'ny asa feno fanoloran-tena sy fahafoizan-tena ataonareo, dia ho lasa traikefa masina ho anareo ny fitoriana ny filazantsara. Hahita ny fahagagan'ny fiovam-po ianao rehefa miasa amin'ny alalanao ny Fanahy mba hikasihana ny fon'ireo izay ampianarinao.

Raha eo am-piomanana ny hanompo ianao dia maro ny zavatra tsy maintsy atao. Mitaky zavatra bebe kokoa mihoatra noho ny fanokanana, na ny fametrahana mari-pamantarana eo amin'ny tratra na ny fidirana ao amin'ny foibe fanofanana misiônera ny fahatongavana ho mpanompon'ny Tompo mahomby. Dingana nanomboka efa ela alohan'ny hiantsoana anao hoe “Elder” izany.

Tongava any amin'ny sahan'ny asa fitoriana miaraka amin'ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna, izay azonao tamin'ny alalan'ny fandalinana sy ny vavaka. Ny Bokin'i Môrmôna dia porofo mahery vaika amin'ny maha-Andriamanitra an'i Kristy. Porofon'ny Famerenana amin'ny laoniny koa tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith izany. . . . Amin'ny maha-misiônera anao dia voalohany indrindra tsy maintsy manana ny fijoroanao ho vavolombelona manokana ianao fa marina ny Bokin'i Môrmôna. . . . [Ho lasa] votoatin'ny fampianaranao izany vavolombelon'ny Fanahy Masina izany. (*Torio Ny Filazantsarako*: Torolalana Ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera [2004], 103).

Tongava any amin'ny sahan'ny asa fitoriana miaraka amin'ny fahamen-drehana ny hanana ny Fanahy Masina ho namana. Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: “Ny Fanahy no singa tokana manan-danja indrindra amin'ity

asa ity. Afaka manao fahagagana ho an'ny Tompo ianao any amin'ny sahan'ny asa fitoriana miaraka amin'ny Fanahy izay manome hery ny antsonao. Raha tsy misy Fanahy dia tsy hahita fahombiazana velively ianao *na inona na inona* talenta sy fahaizana anananao” (Ao amin'ny *Torio Ny Filazantsarako*, 176).

Mivonôna hiasa rehefa tonga any amin'ny sahan'ny asa fitoriana ianao. Ny fahombiazanao amin'ny maha-misiônera anao dia [ho]refesina voalohany indrindra amin'ny alalan'ny fanoloran-tenanao hitady sy hampianatra, hanao batisa, ary handray ny olona ho mpikambana. Andrasana aminao ny “hiasa amim-pahombiazana isan'andro, [hanao] ny tsara . . . indrindra mba hitondrana fanahy eo amin'ny Kristy” (*Torio Ny Filazantsarako*, 10, 11).

Averiko indray ny fanasan'ny Loholona M. Russell Ballard, izay nolazainy tamin'ireo vondron'ny zatovolahy miomana ny hanompo: “Miandrandra anareo izahay ry rahalahikeliny ao amin'ny Fisoronana Aharôna. Tahaka ireo zatovo miaramila 2.000 an'i Helamàna dia fanahy zanak'Andriamanitra koa ianareo, ary ianareo koa dia notafiana hery mba hanangana sy hiaro ny Fanjakany. Mila anareo izahay hanao ny fanekempihavanana masina, tahaka ny nataon'izy ireo. Mila anareo izahay mba hankatò sy hahatoky amin'ny antsipiriany, tahaka ny nataon'izy ireo” (“The Greatest Generation of Missionaries,” *Liahona*, Nôv. 2002, 47).

Rehefa manaiky izany fanasana izany ianareo, dia hianatra lesona goavana, tahaka an'i Elder Misiego sy ireo rehetra izay nanompo, niverina ary nampihatra amim-pahatokiana. Hianatra ianareo fa marina ny tenin'ny mpaminany, Filoha Thomas S. Monson izay manao hoe: “Ny fahafahana indray mandeha eo amin'ny fiainana hitory ny filazantsara dia atolotra anareo. Miandry anareo ny fitahiana mandrakizay. Nomena anareo ny fahafahana tsy ho mpitazana fotsiny fa ho mpandray anjara eo amin'ny sehatry ny fanompoana ao amin'ny fisoronana” (*Ensign*, Mey 1995, 49). Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena ■



Nataon' ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Manome araka ny Fomban' ny Tompo

Ny fitsipiky ny fifanampiana an' ny Fiangonana dia tsy hevitra tsara fotsiny ihany. Fahamarinana nambara avy tamin' Andriamanitra izy ireny—ireny no Fombany hanampiana ireo sahirana.

Dimy amby enimpolo taona lasa izay, fotoana fohy taorian' ny Ady Lehibe Faha II, dia niaina ireo fitahiana avy amin' ny fandaharan' asan' ny fifanampian' ny Fiangonana aho. Na dia mbola zaza aza ny tenako tamin' izany, dia mbola tsaroako tsara ny hamamin' ilay paiso am-bifotsy sy serealy masaka ary ny fofon' ireo akanjo natao fanoomezana ho an'ireo Olomasina Alemana taorian'ny ady avy tamin'ireo mpikamban' ny Fiangonana tia mikarakara avy aty Etazonia. Tsy hohadinoiko na oviana na oviana ary ho lalaiko mandrakizay izany asam-pitiavana sy hatsaram-panahy natao ho anay tena sahirana izany.

Izany zavatra niainan'ny tena manokana izany sy ny tsingerintaona faha-75 ny drafitry ny fifanampiana nentanim-panahy dia mampatsiahy ahy indray ireo fitsipika fototry ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana, ny fizakan-tena, ary ny fanompoana ny mpiara-belona amintsika.

Ao amin' ny Fakan' ny Finoantsika

Indraindray ny fijerintsika ny fifanampiana dia toa ny hoe lohahevitra iray hafa fotsiny ao amin' ny filazantsara—iray amin' ireo sampana

marobe an' ilay hazon' ny filazantsara. Kanefa izaho dia mino fa ao amin' ny drafitry ny Tompo, ny fanoloran-tenantsika amin' ny fitsipiky ny fifanampiana dia tokony ho tena any amin' ny fakan' ny finoantsika sy ny fanoloran-tenantsika Aminy.

Hatramin' ny fiantombohan' izao tontolo izao, ny Raintsika any an-danitra dia niresaka mazava tsara momba io lohahevitra io: manomboka amin' ny fangatahana malefaka, toy ny hoe: “Raha tia Ahy ianao . . . hahatsiaro ny mahantra ianao ary hanokana ny fanananao ka tokony hozarainao ho azy ho fanohanana azy”¹ mankany amin'ny ny didy mivantana hoe: “Ary tsarovy amin' ny zavatra rehetra ny mahantra sy ny sahirana, ny marary sy ny ory, fa izay tsy manao ireo zavatra ireo dia tsy mpianatro”² ary koa mankany amin'ny fampitandremana mahery vaika manao hoe: “Koa raha misy olona maka amin' ny habetsahana izay efa nataoko ary tsy manome amin' ny anjarany, araka ny lalàn' ny filazantsarako, ho an' ny mahantra sy ny sahirana, dia hanandratra ny masony ao amin' ny helo miaraka amin' ny olon-dratsy izy, ao amin' ny fijaliana.”³

Mifamatotra ny Ara-nofy sy ny Ara-panahy

Ireo didy roa lehibe—tia an' Andriamanitra sy ny namantsika—no mampiaraka ny ara-nofy sy ny ara-panahy. Zava-dehibe ny manamarika fa ireo didy roa ireo dia nantsoina hoe “lehibe” satria ny didy hafa rehetra dia miankina amin' izy ireo.⁴ Amin' ny teny hafa izany dia hoe, ny laharam-pahamehan' ny tenantsika, sy ny an' ny fianakaviansika ary ny an' ny Fiangonana dia manomboka eto. Ny tanjona sy ny asa hafa rehetra dia tokony hikoriana avy amin' ny loharanon' ireo didy lehibe roa ireo—avy amin' ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ny namantsika.

Tahaka ny lafiny roa amin' ny vola madinika, ny ara-nofy sy ny ara-panahy dia tsy afa-misaraka.

Ilay Mpanome ny fiainana rehetra dia efa nanambara hoe “fa ho Ahy ny zavatra rehetra dia ara-panahy, ary tsy nisy fotoana nanomezako ho anareo ny lalàna izay ara-nofy.”⁵ Midika izany amiko fa “ny fiainana ara-panahy dia voalohany amin' ny fiainana rehetra. Tsy zavatra ilaina ho fantatra na ilaina hianarana izany, fa hiainana.”⁶

Indrisy anefa fa misy ireo izay manamaivana ny “ara-nofy” satria mieritreritra izy ireo fa tsy dia manan-danja izany. Homen' izy ireo lanja kokoa ny ara-panahy ary tsinontsinoaviny ny ara-nofy. Raha tena zava-dehibe tokoa ny mampitodika ny eritrerintsika mankany amin' ny lanitra, dia tsy ho hitantsika kosa ilay tena maha-izy azy ny fivavahantsika raha toa ka tsy malala-tanana amin' ny mpiara-belona amintsika koa isika.

Ohatra, i Enoka dia nanangana ny fiaraha-monin' i Ziona tamin' ny alalan' ny dingana ara-panahy hoe hamoronana vahoaka iray izay iray fo sy iray saina sy tamin'ny alalan'ilay asa ara-nofy hakana antoka fa “tsy nisy nahantra teo anivon' [izy ireo].”⁷

Araka ny mahazatra, dia afaka mijery ilay ohatra tonga lafatra ho antsika isika, dia i Jesoa Kristy, mba ho ho alaina tahaka. Nampianatra ny Filoha J. Reuben Clark Zanany hoe: “Rehefa tonga teto an-tany ny Mpanomjy dia nanana iraka roa lehibe Izy; ny iray dia ny hanao ny asa amin'

ny maha Mesia azy, hanao ny sorompanavotana noho ny fahalavoana, sy hanatanteraka ny lalàna. Ny iray hafa kosa dia ny asa izay nataony tamin' ireo rahalahiny sy anabaviny araka ny nofo, tamin' ny fomba hanamaivanana ny fijalian' izy ireo.”⁸

Mitovitovy amin' izany koa, ny fivoarantsika ara-panahy dia mifamatotra tsy afa-misaraka amin' ny fanompoana ara-nofo ataontsika amin' ny hafa.

Mifameno izy ireo. Raha mandeha irery ny iray amin' izy ireo dia lasa drafitry ny fahasambarana sandoka izay manova ilay drafitry ny fahasambarana nataon' Andriamanitra.

Ny Fomban' ny Tompo

Maro ny olona sy fikambanana tsara manerana izao tontolo izao izay miezaka manome ireo zavatra ilain' ireo mahantra sy sahirana mafy eny rehetra eny. Feno fankasitrahana isika ny amin' izany, kanefa ny fomban' ny Tompo entina hikarakarana ireo izay mila fanampiana dia mifanohitra amin' ny fomban' izao tontolo izao. Nilaza ny Tompo hoe “Tsy maintsy ilaina ny hanaovana izany araka ny fombako.”⁹ Tsy ny zavatra ilaintsika eo no eo ihany no mahaliana Azy; fa tena miahiahy ny amin'ny fivoarantsika mandrakizay ihany koa Izy. Noho izany antony izany, ny fomban' ny Tompo dia tsy maintsy ahitana ny fizakan-tena sy ny fanompoana ny namantsika ho fanampin' ny fikarakarana ireo mahantra.

Tamin' ny taona 1941 dia tondraka ny reniranon' i Gila ary nanondraka ny lohasahan' i Duncan tao Arizona. Nisy filohan' ny tsatòka vao herotreron' nantsoina hoe Spencer W. Kimball izay nihaona tamin' ny mpanolotsainy, nanombantombana ny zavatra simban'izany izy ireo, ary nandefa telegrama tany Salt Lake City nangataka lelavola goavana.

Raha tokony ho nandefa vola ny Filoha Heber J. Grant dia naleony nandefa lehilahy anankitelo: Henry D. Moyle, sy Marion G. Romney, ary Harold B. Lee. Nihaona tamin' ny Filoha Kimball izy ireo ary nampianatra azy lesona iray tena manan-danja: “Izy ity dia tsy fandaharan' asa hoe ‘omeo omeo,’” hoy izy. “fandaharan' asan' ny ‘fifanampiana’ izy ity.”

Taona maro taty aoriana, dia nilaza



San Salvador, Salvador

ny Filoha Kimball hoe: “Mety ho zavatra mora tamin' ireo Rahalahy, araka ny eritreritro, ny nandefa taty aminay [ilay vola] ary tsy ho sarotra loatra taminay ny nipetraka tao amin' ny biraonay ary nizara izany vola izany; kanefa akory ny hatsaran' ny zavatra tonga taminay satria an-jatony [izahay] no nandeha nankany Duncan ary nanangana fefy sy nanangona ny mololo ary nampiakatra ny ranontany sy nanao ny zavatra rehetra nilaina natao. Izany no atao hoe fifanampiana.”¹⁰

Tamin' ny fanarahana ny fomban' ny Tompo no nahazoan' ireo mpikamban' ny tsatòkan' ny Filoha Kimball avy hatrany tsy hoe ny zavatra nilain' izy ireo ihany fa afaka ihany koa izy ireo nahazo fizakan-tena, nanamainana ny fijaliana, ary nitombo tao amin' ny fitiavana sy ny firaisan-kina rehefa nifanombo izy ireo.

Mpandray Anjara Avokoa Isika

Amin' izao fotoana izao dia maro ireo mpikamban' ny Fiangonana no mijaly. Noana izy ireo, manana olana ara-bola, ary sahirana amin' ny olana ara-nofo, sy ara-pihetsehampo, ary ara-panahy. Mivavaka amin' ny herimpo rehetra ananany izy ireo mba hahazo vonjy, sy fanampiana.

Ry rahalahy, aza mihevitra ianareo fa andraikitr' olon-kafa izany. Andraikitra izany ary andraikitrareo. Mandray anjara avokoa isika rehetra. Ny

dikan' ny hoe “Rehetra” dia *rehetra*—ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka tsirairay, na manan-karena na mahantra, any amin' ny firenena rehetra. Ao amin'ny drafitry ny Tompo, dia misy zavatra izay hitondrany ny anjara birikiny.¹¹

Ny lesona ianarantsika isaky ny taranaka nifandimby dia ny hoe na ny manan-karena na ny mahantra dia *samy* eo ambanin' ny andraikitra masina dia ny hanampy ireo namany. Mitaky ny fiaraha-miasantsika rehetra miaraka ny hampahomby ny fitsipiky ny fifanampiana sy ny fizakan-tena.

Matetika loatra isika no mahatsikaritra ireo filàna manodidina antsika ary manantena fa hisy olona iray avy lavitra any hiseho amim-pahagagana mba hanome ireo zavatra ilaina ireo. Angamba isika miandry matihanina manana fahalalana manokana mba hamaha olana miavaka tsara. Rehefa manafo izany isika, dia manaisotra amin' ny namantsika ilay asa fanompoana izay azontsika atao, ary manaisotra amin' ny tenantsika ny fahafahana manompo. Marina fa tsy misy maharatsy ny maha-matihanina, fa ndao hatrehina izany: tsy ho ampy mihitsy izy ireny hamahana ny olana rehetra. Fa napetraky ny Tompo eo amin' ny tokonam-baravarantsika any amin'ny firenena rehetra izay misy ny Fiangonana kosa ny fisoronany sy ny fikambanany. Ary tena teo akaikiny teo no nametrahany ny Fikambanana Ifanampiana. Ary araka ny efa fantatsika mpihazona ny fisoronana, dia tsy misy ezaka fifanampiana hahomby raha toa ka tsy ampiasaina ny fanomezam-pahasoavana mahagaga sy ny talentan' ireo anabavintsika ireo.

Ny fomban' ny Tompo dia tsy ny mijanona eo amoron' ny koriandrano ary miandry ny rano mba ho tapitra izay vao miampita. Fa miara-miasa kosa, mampiakatra ny tanan' akanjo, mandeha miasa, ary manamboatra tetezana na sambo ahafahana miampita ny ranon' ny fanamby. Ianareo ry lehilahin' i Ziona, ianareo ry mpihazona ny fisoronana no afaka hitarika sy hitondra fanamaivanana ho an' ireo Olomasina amin' ny fampiharana ny fitsipika nentanimpanahy izay an' ny fandaharan' asan' ny fifanampiana! Andraikitrareo ny manokatra ny masonareo, mampiasa

ny fisoronanareo, ary mandeha miasa amin' ny fomban' ny Tompo.

Fikambanana Lehibe Indrindra eto An-tany

Nandritra ny fitotonganana ara-toe-karena naneran-tany, dia nasain' ireo Rahalahy i Harold B. Lee, izay filohan' ny tsatoka tamin' izany, hikaroka vahaolana tamin' ireo fahantrana mahakivy, sy fahoriana, ary hanoanana izay niparitaka tokoa naneran-tany tamin' izany fotoana izany. Sahirana izy nikaroka vahaolana ka dia nentiny teo anatrehan'ny Tompo izany ary nanontany izy hoe, "Karazana fikambanana toy inona no ilainay ananana, . . . mba hahavitana izany?"

Ary "tahaka ny hoe niteny [taminy] toy izao ny Tompo hoe: 'Jereo tsara ry zanako, tsy mila rafitra hafa ianao. Efa nomeko anao ny rafitra lehibe indrindra eto ambonin' ny tany. Tsy misy lehibe mihoatra ny rafitry ny fisoronana. Ny hany zavatra ilainao atao dia ny manao izay hiasan' ny fisoronana. Izay ihany.'"¹²

Izay ihany koa no teboka fanombohana amin' izao androntsika izao. Efa manana ny rafitry ny Tompo mipetraka tsara isika. Ny fanamby ho antsika dia ny mamaritra ny fomba hampiasana izany.

Ny hanombohana izany dia fiezahantsika mahafantatra izay efa nambaran' ny Tompo. Tsy tokony hihevitra isika hoe haintsika izany. Mila miatrika izany lafin-javatra izany amin' ny alalan'ny fanetren-tena ananan'ny ankizy isika. Ny taranaka rehetra dia tsy maintsy miandra indray ny fotopampianarana izay iorenan' ny fomban' ny Tompo eo amin' ny fikarakarana ny sahirana. Tahaka ny nampianarin' ireo mpaminany maro antsika nandritra ny taona maro, ny fitsipiky ny fifanampiana an' ny Fiangonana dia tsy hevitra tsara fotsiny ihany. Fahamarinana nambara avy tamin' Andriamanitra izy ireny—ireny no Fombany hanampiana ireo sahirana.

Ry rahalahy, ianaro aloha ireo fitsipika sy fotopampianarana nambara. Vakio ireo boky torolalana mahakasika ny fifanampiana an'ny Fiangonana;¹³ araraoty ny tranonkala ao amin'ny Internet hoe providentliving.org; avereno vakiana ny lahatso-ratra ao amin' ny *Liahona* Jiona 2011 mikasika ny drafitry ny fifanampiana



Leicester, Angletera

ato amin'ny Fiangonana. Karohy ny fomban' ny Tompo entina hanampiana ny Olomasiny. Ianaro ny fomba mam-pifameno ny fikarakarana ny sahirana, ny fanompoana ny namana, ary ny fizakan-tena. Ny fomban' ny Tompo hatratrarana ny fizakan-tena dia ahitana lafiny maro ao amin' ny fiainana izay mifandanja tsara ka ao anatin'izany ny fianarana, ny fahasalamana, ny asa, ny fitantanam-bolan' ny fianakaviana, ary ny tanjaka ara-panahy. Fantaro ny fandaharan' asan' ny fifanampiana maoderina an' ny Fiangonana.¹⁴

Rehefa avy nandalina ny fotopampianarana sy ny fitsipiky ny fifanampiana an'ny Fiangonana ianao, dia katsaho ny hampihatra izay nianaranao hanomezana izay ilain' ireo olona iandraiketanao. Ny dikan' izany, amin' ny ankapobeny, dia tsy maintsy maha izany samirery ianao. Ny fianakaviana rehetra, ny mpivavaka rehetra ny faritra rehetra eto amin' izao tontolo izao dia manana ny fahasamihafany. Tsy misy valiny iray monja mety ho an'ny rehetra ao amin' ilay fifanampiana ato amin' ny Fiangonana. Izany dia fandaharan' asa manampy ny olona tsirairay ho tompon' andraikitra amin' ny fizakan-tenany manokana. Ny loharano izay ananantsika dia ahitana ny vavaka manokana, ny talenta manokana nomen' Andriamanitra sy ny fahaiza-manao, sy ny zavatra maro ananantsika amin' ny alalan' ny fianakaviansika sy ny havantsika, sy ny loharano samihafa avy eo amin'ny fira-raha-monina misy antsika, ary mazava ho azy ny fanohanana feno fitiavana atolotry ny kôlejin' ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana. Izany dia hitarika antsika any amin' ilay lamina nentanin-panahin'ny fizakan-tena.

Ianao dia hanao drafitra mifanaraka

amin' ny fotopampianaran' ny Tompo ary mifanaraka amin' ny zava-misy eo amin' ny faritra misy anao. Rehefa mampihatra ireo fitsipika masin'ny fifanampiana ianao dia tsy mila miantehitra foana amin'ny aty Salt Lake City. Fa kosa mila mijery ireo boky torolalana ianao, mijery ao amin' ny fonao, ary mijery ny lanitra. Matokia ny fitaomam-panahin' ny Tompo ary manaraha ny Fombany.

Amin' ny farany dia tsy maintsy manao izay nataon' ny mpianatry ny Tompo nandritra ny fotoampitana-nana rehetra ianao any amin'ny faritra misy anao: miaraka mifanakalo hevitra, mampiasa ireo loharano rehetra misy, mikatsaka fitaomam-panahy avy amin' ny Fanahy Masina, mangataka amin' ny Tompo ny fankatoavany, ary dia mampiakatra ny tanan' akanjonao ary mandeha miasa.

Mampanantena anareo aho: fa raha manaraka izany lamina izany ianareo, dia hahazo fitarihana manokana mikasika ny hoe *iza, inona, rahoviana*, ary *aiza* eo amin' ny fanomezana-javatra amin' ny fomban' ny Tompo.

Ny Fitahiana avy amin'ny Fanomezana araka ny Fomban' ny Tompo

Ireo fampanantenana ara-paminaniana sy ireo fitahiana avy amin'ny fifanampiana an'ny Fiangonana mikasika ny fanomezana araka ny fomban' ny Tompo, no anisan' ireo zavatra mahatalanjona sy ambony indrindra nolazain' ny Tompo tamin' ireo zanany. Hoy izy: "Ary afoinao ho an' ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory ianao, dia hiposaka ao amin' ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitona ho tahaka ny mitataovovonana: Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva."¹⁵

Na manan-karena isika na mahantra, na aiza na aiza misy antsika, dia mila mifanampy isika, fa amin' ny alalan' ny fahafoizana ny fotoana, sy ny talenta, ary ny fananantsika no hahamatotra ny fanahintsika sy hampadio antsika.

Ity asa fanomezana araka ny fomban' ny Tompo ity dia tsy hoe lafin-javatra iray ao anatin' ny fandaharan' asan' ny Fiangonana fotsiny. Tsy azo atao tsinontsinona na atao an-jorombala izany. Ivon' ny fotopampianarantsika izany; ary tena hanitry ny

fivavahantsika. Ry rahalahy, tombotsoa lehibe sy manokana ho antsika amin' ny maha mpihazona ny fisoronana antsika ny mampiasa ny fisoronana. Isika dia tsy tokony hanao izay tsy hifantohan'ny fontsika na ny saintsika amin'ny fahatongavana ho mizaka tena bebe kokoa sy amin'ny fikarakarana bebe kokoa ny olona sahirana, ary amin'ny fanatanterahana asa fanompoana am-pitiavana.

Ny zavatra ara-nofy dia mifamatoratra amin' ny zavatra ara-panahy. Nomen' Andriamanitra ity fiainana an-tany ity sy ny fanambany ara-nofy izay miaraka aminy isika mba ho toy ny trano fikarohana ahafahantsika mivoatra ho tonga tahaka izay irian' ny Ray any an-danitra hahatongavantsika. Enga anie isika hahatakatra ny adidy sy fitahiana goavana izay tonga avy amin' ny alalan' ny fanarahana sy fanomezana araka ny fomban' ny Tompo, izany no vavaka ataoko amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:29, 30.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:40.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:18.
4. Jereo ny Matio 22:36–40.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:34.
6. Thomas Merton, *Thoughts in Solitude* (1956), 46.
7. Mosesy 7:18.
8. J. Reuben Clark Jr., tao amin' ny Conference Report, Apr. 1937, 22.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:16; jereo koa ny andininy 15.
10. Spencer W. Kimball, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1974, 183, 184.
11. Jereo ny Mōsià 4:26; 18:27.
12. Harold B. Lee, transcript of welfare agricultural meeting, 3 Okt 1970, 20.
13. Jereo ny *Manuel 1: Présidents de Dieu et Evêques*. (2010), chapitre 5, "Administration de l'entraide de l'Eglise"; *Manuel 2: Administration de l'Eglise* (2010), chapitre 6, "Principes et direction de l'entraide"; *Pouvoir aux besoins à la façon du Seigneur: Résumé du Guide de l'Entraide pour les dirigeants* (bokikely, 2009).
14. Ilay boky nosoratan' i Elder Glen L. Rudd hoe *Pure Religion: The Story of Church Welfare since 1930* hita any amin' ny Church Distribution Services dia tena zavatra iray tsara hianarana ireo fotopampianarana sy ny tantaran' ny fandaharan' asa fifanampiana izay an' ny Tompo.
15. Isaia 58:10–11; Jereo koa ny andininy 7–9.



Nataon' ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Fiomanana ao amin' ny Fisoronana: "Mila ny Fanampiana Aho"

Aza manahy mikasika ny tsy fanananao traikefa fa eritrereto ny zavatra mety ho vitanao, miaraka amin' ny fanampian' ny Tompo.

Ry rahalahiko malala, fifaliana ho ahy ny miaraka aminareo eto mandritra ity fivoriambe maneran-tany iarahan' ny fisoronan' Andriamanitra ity. Hiresaka mikasika ny fiomanana ao amin' ny fisoronana aho anio, voalohany ho an' ny tenantsika ary ho an' ireo fanampiana atolotsika ny hafa ihany koa.

Maro amintsika no manontany tena hoe: "Moa ve vonona amin' ity andraikitra ato amin' ny fisoronana ity aho?" Ny valinteniko dia hoe: "Eny, vonona ianareo." Ny tanjoko anio dia ny hanampy anareo hahafantatra izany fiomanana izany ary hahazo herimpo avy amin' izany.

Araky ny fantatrareo dia natao ho fisoronana fanomanana ny Fisoronana Aharôna. Ny ankamaroan' ireo mpihazona Fisoronana Aharôna dia zatovo diakona, sy mpampianatra ary mpisorona eo anelanelan' ny 12 ka hatramin' ny 19 taona eo.

Mety hieritreritra isika hoe ny fiomanana ao amin' ny fisoronana dia zava-mitranga mandritra ny taona maha-Fisoronana Aharôna antsika.

Kanefa ny Raintsika any an-danitra dia efa nanomana antsika hatrizay nahateo anatrehany antsika tany amin' ny fanjakany talohan' ny nahaterahantsika izay. Manomana antsika izy anio hariva. Ary mbola hanohy hanomana antsika hatrany Izy raha toa ka mamea Azy hanao izany isika.

Ny tanjon' ny fanomanana rehetra ato amin' ny fisoronana, na tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana na eto amin' ity fiainana ity, dia ny hahamendrika antsika sy ireo izay tompointsika ho Azy, ho amin' ny fiainana mandrakizay. Azo antoka fa isan' ireo lesona nozaraina tamintsika tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana ny drafitry ny famonjena, niaraka tamin' i Jesoa Kristy ary ho ivon' izany ny Sorompanavotany. Tsy vitan' ny hoe nampianarina ilay drafitra fotsiny isika fa tao anatin' ny filan-kevitra mihitsy isika mandritra ny fisafidianantsika izany.

Noho ny voalin' ny fanadinoana izay napetraka handrakotra ny saintsika teo am-pahaterahana dia tsy maintsy mitady fomba isika hianarana

indray eto amin' ity fiainana ity ireo zavatra izay efa fantatsika sy narovantsika. Ampahan' ny fiomanantsika eto amin' ity fiainana ity ny hika-roka izany fahamarinana sarobidy izany mba hahafahantsika manolo-tena hanaraka izany indray amin' ny alalan' ny fanaovana fanekempihavanana. Mitaky finoana, sy fanetren-tena ary herimpo avy amintsika izany ary koa fanampiana avy amin' ireo olona izay efa nahafantatra ny fahamarinana ary nizara izany tamintsika.

Mety ho ireo ray aman-dreny izany, na ireo mpitory ny filazantsara na ireo namana. Kanefa isan' ny fiomanantsika izany fanampiana izany. Ny fiomanana ao amin' ny fisoronana ataontsika dia ahitana hatrany ny fandraisan' anjaran' ireo hafa izay efa niomana ny hanampy antsika hanana fahafahana hanaiky ny filazantsara ary avy eo hanatanteraka izany amin' ny fitandremana ireo fanekempihavanana mba hilatsahan' izany lalina ao am-pontsika. Mba hahafahantsika hahazo ny fiainana mandrakizay, ny asa fanompoana ataontsika eto amin' ity fiainana ity dia tokony ahitana fanaovana asa amin' ny fontsika, sy ny saintsika ary ny herintsika rehetra ary koa ny fiezahana hanomana ireo hafa hiverina miaraka amintsika ho any amin' Andriamanitra.

Koa dia ho ampahan' ny fiomanana amin' ny fisoronana izay horaisintsika eto amin' ity fiainana ity ireo fahafahana hanompo sy hampianatra ny hafa. Mety ho hita amin' izany ny ho mpampianatra ao amin' ny Fiangonana, ny ho ray hendry sy be fitiavana, ny ho mpikambana ao amin' ny kôlejy iray, ary ny ho mpitory ny filazantsaran' ny Tompo. Hanome antsika fahafahana hanao zavatra ny Tompo, fa ny fahavononantsika kosa dia miankina amintsika. Ny tiako hiaviana anio hariva dia ny hanondro safidy vitsivitsy izay tena manan-danja mba ahitana fahombiazana eo amin' ny fiomanana ao amin' ny fisoronana.

Ireo safidy tsara na ny atao' ny olona mpampiofana izany na ny atao' ilay hofanina dia hiankina amin' ny fahatakarana ireo fomba hanomanan' ny Tompo ireo Mpanompony ao amin' ny fisoronana.

Voalohany, miantso olona Izy, na



tanora na olon-dehibe, izay mety toa malemy sy tsotra eo anatrehan' ny fijerin' izao tontolo izao, ary na amin' ny tenan' izy ireo koa aza. Afaka mamedika ireo zavatra izay toa fahalemena ireo ho tonga tanjaka ny Tompo. Izany dia hanova ny fomba hisafidianan' ireo mpitarika hendry izay olona tokony hofanina ary ny fomba fanofanana. Ary afaka manova koa ny fomba handraisan' ireo mpihazona ny fisoronana anjara amin' ny fahafahana hivoatra atolotra azy izany.

Ndeha isika hijery ohatra vitsivitsy. Mpisorona tsy nanana traikefa tao amin' ny paroasy goavana iray aho. Niantso ahy an-tariby ny evekako indray Alahady tolakandro. Rehefa noraisiko izany dia hoy izy hoe: “Moa ve manana fotoana malalaka hiarahana amiko ianao? Mila ny fanampiana aho.” Ny hany nazavainy tamiko dia hoe tiany hiaraka aminy aho ho namany hiara-hitsidika vehivavy iray izay tsy fantatro, izay tsy nanan-kohanina ary nila nianatra fitantanam-bola amin' ny fomba tsara kokoa.

Fantatro tsara anefa fa manana mpanolotsaina roa be traikefa kokoa izy ao amin' ny episkôpà. Samy olona efa matotra sy manana traikefa goavana izy roa ireo. Ny mpanolotsaina iray dia tompon' orinasa goavana iray, izay taty aoriana lasa filohan' ny misiôna ary Manampahefana Ambony. Ilay mpanolotsaina iray dia mpitsara fanta-daza teo an-toerana.

Izaho dia vao avy nantsoin' ny eveka ho mpanampy voalohany tao amin' ny kôlejin' ny mpisorona.

Fantany fa kely ihany ny zavatra fantatro momba ny fitsipiky ny fifanampiana. Ary mbola latsak' izany ny zavatra fantatro mikasika ny fitantanam-bola. Mbola tsy mba nanoratra teo amin'ny taratasy solovola akory aho hatrizay; na nanana petra-bola tany amin' ny banky; ary tsy mbola nahita izany hoe fomba fitantanam-bola manokana izany akory aza aho. Kanefa na dia teo aza ny tsy fananako traikefa dia tsapako fa tena tsy nisangy izy raha niteny hoe: “Mila ny fanampiana aho.”

Takatro avy eo ny tian' ity eveka nentanim-panahy ity hatao. Hitany fa fahafahana tena tsara hanomana mpihazona fisoronana iray no manoloana azy. Azoko antoka fa tsy hitany mialoha tao amin' ity zazalahy kely tsy nanana traikefa ity ny hoaviny ho tonga mpikambana iray ao amin' ny Episkôpà Mpiahy. Kanefa tamin'izay andro izay ary ireo andro hafa rehetra nahafantarako azy dia noraisiny ho toy ny fandaharan'asa fanomanana izay maha-velom-panantenana aho.

Toa finaritra izy nanao izany, nefa asa be ho azy izany. Rehefa niverina teo an-tranonay izahay taorian' ny fitsidihana ilay mananotena nila fanampiana, dia najanony ny fiarany. Nosokafany ny soratra masiny izay hita fa miasa be sy efa voaisy marika. Ary dia nanitsy ahy tamim-pitiavana izy. Nolazainy tamiko fa mila mandalina sy mianatra bebe kokoa ny soratra masina aho. Kanefa tsy maintsy hitany fa malemy sy tsotra aho ka azo ampianarina. Tsaroako hatramin' izao ny zavatra nampianariny ahy tamin' izany tolakandro iray izany. Kanefa tsaroako bebe kokoa mihoatra izany ny fahatokiany fa afaka mianatra sy afaka ho tonga tsara kokoa aho—ary ho tsara kokoa tokoa aho.

Hitany tamin' ny maha-izaho ahy ireo fahafaha-manao zavatra tato anatin' ny olona iray izay mahatsapa ho malemy sy tsotra sy maniry ny handray ny fanampian' ny Tompo ary mino fa ho avy izany.

Afaka misafidy ny hanao zavatra manoloana ireo fahafaha-manao zavatra ireo ny eveka, sy ny filohan' ny misiôna ary ireo raim-pianakaviana. Hitako nitranga izany vao haingana nandritra ny fivoriana alahady fifidiankanina raha nijoro ho vavolombelona ny filohan' ny kôlejin' ny diakona iray.

Efa hisondrotra ho mpampianatra izy ary handao ireo mpikambana hafa ao amin' izany kôlejiny izany.

Nijoro ho vavolombelona tamim-pihetsehampo izy mahakasika ny fivoarana teo amin' ny hatsaran-toetra sy ny hery teo amin' ireo mpikambana tao amin' ny kôlejiny. Mbola tsy nandre olona nidera fikambanana iray tamin' ny fomba mahafinaritra mihoatra noho ny nataony aho hatramin' izay. Noderainy ireo asa fanompoana natao. Ary avy eo izy dia nilaza fa fantany fa afaka nanampy ireo diakona vaovao izay nahatsiaro ho tsy maharaka eo amin' ny andraikiny satria nahatsapa ho tsy naharaka koa izy tamin' izy vao sambany niditra tao amin' ny fisoronana.

Ny fahafantarany ireo fahalemeny dia nahatonga azy ho manampaharetana kokoa, be famindrampo kokoa ary afaka nampatanjaka sy nanompo ny hafa. Tao anatin' ireo roa taona naha-mpikambana azy tao amin' ny Fisoronana Aharôna dia toa hitako fa nahazo traikefa sy nitombo fahendrena izy. Nahafantatra izy fa nahazo fanampiana tamin' ny maha-filohan' ny kôlejy azy tamin' ny alalan' ny fahatsiarovana iray mazava sy tsapain-tanana mikasika ny zavatra nilainy fony izy tanora kokoa tamin'ny roa taona lasa izay. Ny fanamby atrehiny amin' ny hoavy sy atrehitsika dia ho tonga rehefa mihamanjavona sy manomboka mitsilopilopy ny fahatsiarovana tahaka izany sy ny fahombiazantsika rehefa mandeha ny fotoana.

Tsy maintsy hitan' i Paoly tao anatin' ny filankevitra niaraka tamin' ny mpiara-mitory tanora niaraka taminy tao amin' ny fisoronana, dia i Timoty izany loza izany. Nankahery sy nampianatra azy izy mikasika ny fiomanany tao amin' ny fisoronana sy tamin' ny fanampiany ny Tompo hanampy ireo hafa mba hiomana.

Henoy anie ny nolazain' i Paoly tamin' i Timoty, izay mpiara-mitory taminy izay mbola tanora, manao hoe:

“Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an' ny mino hianao amin' ny fiteny, amin' ny fitondrantena, amin' ny fitiavana, amin' ny finoana, amin' ny fahadiovana.

“Mandra-pihaviko tandremo

ny famakian-teny, ny fananarana, ny fampianarana.

“Aza tsy mitandrana ny fanomezampahasoavana izao ao anatinao, izay nomena anao tamin' ny faminaniana sy ny fametrahan-tanan[a]. . . .

“Tandremo ny tenanao sy ny fampianaranao; 'ka mahareta amin' izany; fa raha manao izany hianao, dia hamonjy ny tenanao sy izay mihaino anao.”²

Nanome torohevitra tsara ho antsika rehetra i Paoly. Aza manahy mikasika ny tsy fanananareo traikefa na izay heverinareo fa toetoetranareo, fa eritreto ny zavatra mety ho vitanareo, miaraka amin' ny fanampian' ny Tompo.

Ny fotopampianarana izay nasain' i Paoly ho ataontsika eo amin' ny fiomanantsika ao amin' ny fisoronana dia ny mivoky amin' ny tenin' i Kristy ka amin' izay dia ho mendrika handray ny Fanahy Masina. Avy eo dia afaka mahafantatra izay tian'ny Tompo hataontsika eo amin' ny asa fanompoantsika isika ary handray herimpo hanaovana izany koa, na inona na inona toe-javatra atrehitsika amin' ny hoavy.

Efa omanina isika ho amin' ny asa fanompoana ao amin' ny fisoronana izay hihasarotra hatrany amin' izao androntsika izao. Ohatra, hihaantitra ny nofontsika sy ny saintsika eo ampanaovana izany. Hihena ny fahafahantsika mianatra sy mahatadidy ny zavatra novakiantika. Hitaky fifehezan-tena bebe kokoa isan' andro isan' andro eo amin' ny fiainantsika ny fanomezantsika ireo asa fanompoana ao amin' ny fisoronana izay takian' ny Tompo amin-tsika. Afaka ny ho vonona amin' izany fitsapana izany isika amin' ny alalan' ny fanorenana finoana amin' ny alalan' ny asa fanompoana ataontsika.

Nomen' ny Tompo fahafahana isika hiomana amin' ny alalan' ny zavatra iray izay antsoiny hoe “fianiana sy ny fanekempihavanana izay [an' ny] fisoronana.”³

Izany dia fanekempihavanana ataontsika amin' Andriamanitra ny hitandrana ireo didiny sy hanolotra asa fanompoana izay ho nataony raha teto an-tany mivantana Izy. Ny fiainana izany fitsipika izany araka izay tratrantsika no hanorina ny tanjatsika arapanahy izay ilaintsika mba hahafahana maharitra hatramin' ny farany.

Nampiseho ahy ireo fomba

hanorenana izany tanjaka izany ireo mpampiofana mahomby ao amin' ny fisoronana: Izany dia ny fizarana handresy ny harerahana sy ny tahotra izay mety hamporisika anao hilavo lefona. Ireo mpampiofana mahombin' ny Tompo ireo dia nampiseho tamiko fa ny fijanonana hanana hery ara-panahy dia avy amin' ny alalan' ny fihorana ny tanjona raha toa ka ho niala sasatra kosa ireo hafa.

Ianareo mpitarika lehibe ao amin' ny fisoronana izay nanorina izany tanjaka ara-panahy izany teny amin' ireo tanoranareo dia mbola manana izany na dia efa mihaosa aza ny vatanareo.

Nanao raharaham-barotra tany amin' ny tanàna kely iray taty Utah ny zandriko lahy indray mandeha. Nahazo antso an-telefaonina izy tao amin' ny hôtely nisy azy avy tamin' ny Filoha Spencer W. Kimball. Efa alina be tamin' izay ary taorian' ny andro izay niasan' ny zandriko mafy ary mino koa aho fa ho toy izany koa ho an' ny Filoha Kimball, izay nanomboka ny resaka an-telefaonina toy izao manaraka izao. Hoy izy: “Reko fa eto an-tanàna ianao. Fantatro fa efa alina be izao ary mety efa ao am-pandriana ianao, fa mba afaka manampy ahy ve ianao? Mila namana aho hiaraka amiko hijery ny endrikendrik' ireo trano fiangonantsika manerana ny tanàna.” Nandeha niaraka taminy ny rahalahiko tamin' izany alina izany, nefa tsy nanana fahalalana momba ny fikarakarana trano fiangonana ary tsy nahafantatra ny antony nanaovan' ny Filoha Kimball izany taorian' ny andro lava iray tototry ny asa na ny antony nilany fanampiana.

Taona maro taty aoriana dia nandray antso mitovitovy tamin' izany aho tao amin' ny hôtely iray nisy ahy tany Japon. Tamin' izany aho dia Tompon' andraikitra misahana ny Fampianarana ao amin'ny Fiangonana. Fantatro fa nivahiny tao amin' izany hôtely izany koa ny Filoha Gordon B. Hinckley tamin' izay fotoana izay nandritra ny fanatanterahany ny andraikiny tany Japon. No-raisiko ilay telefaonina, taoriana kelin' ny nidabohan' ny lohako teo am-pandriana, sady efa reraka nanao ny zavatra rehetra tsapako fa tratin' ny heriko.

Nanontany ahy ny Filoha Hinckley tamin' ny fomba mahafinaritra izay

mahazatra azy, hoe: “Nahoana ianao no matory nefa izaho ato mamaky boky ho atao printy nasaina ahitsintsika?” Ka dia nitsangana aho na dia fantatro aza fa afaka manao ny fanitsiana tsaratsara kokoa noho ny mety ho vitako ny Filoha Hinckley. Kanefa toa nampiseho ahy izy fa mila ny fanampiaiko.

Manontany ny mpitantsoratra ny Fiadidiana Voalohany foana ny Filoha Thomas S. Monson saika isaky ny fi-faran’ ny fivoriana rehetra hoe: “Arako tsara daholo ve ny asako?” Ary mitsiky hatrany izy rehefa mandre ny valiny hoe: “Eny ry Filoha, vitanao tsara.” Mampita hafatra ho ahy izany tsiky kelin’ ny Filoha Monson izany. Mahatonga ahy hieritrerira hoe: “Mbola misy zavatra hafa tokony hovitaiko ve amin’ ny andraikitra?” Ary dia lasa aho mive- rina mamonjy ny birao mba hiasa.

Nasehon’ ireo mpampianatra mahomby tamiko ny fomba hiomanana amin’ ny fitandremana ny fianianana sy ny fanekempihavanana rehefa sarotra ny manao izany satria mihatery ny fotoana sy mihalehibe ny taona. Nampiseho sy nampianatra ahy izy ireo hifehy tena mba hiasa mafy mihoatra ny eritreteriko ho vitako dieny mbola salama sy manana tanjaka.

Tsy afaka ny ho mpanompo tonga lafatra isan’ ora isan’ ora aho, kanefa afaka miezaka kosa aho manome bebe kokoa mihoatra izay heveriko fa vitako. Raha nizatra nanana izany fahazarana izany dieny mialoha isika dia ho voaomana amin’ ny fiatrehana ny fitsapana amin’ ny hoavy. Afaka miomana amin-tanjaka amin’ ny fitandremana ny fianianana sy fanekempihavanana izaho sy ianao amin’ ny alalan’ ny adina izay azo antoka fa hitranga rehefa manakaiky ny fiakaran’ny fiainana isika.

Nanatri-maso izany aho nandritra ny fivoriana’ ny Filan-kevim-pitantanana misahana ny Fampianarana ao amin’ny Fiangonana. Tamin’ izany ny Filoha Spencer W. Kimball dia efa nanompo an-taonany maro kanefa mbola nandalo fanamby maro arapahasalamana izay i Jôba ihany no mety hahatakatra azy. Nitarika izany fivoriana izany izy.

Tampotampoka teo dia tsy niteny intsony izy. Nitolefika teo ambony sezany izy. Nikimpy ny masonry. Nilofika teo amin’ ny tratrany ny lohany. Teo



Davao, Philippines

akaikiny aho no nipetraka. Teo akaikiny teo koa ny Loholona Holland. Nitsangana izahay mirahalaha nampy azy. Noho ny tsy fanananay traikefa mahakasika ny famonjena olona tratan’ ny voina tsy nampozina dia nanapa-kevitra izahay fa hibata azy, raha iny izy mbola nipetraka teo amin’ ny sezany iny, ho any amin’ ny biraony izay teo akaiky teo.

Lasa mpampianatra anay izy tamin’ izany fotoana nahavao mafy azy izany. Samy nibata ny sisin’ ny seza izahay, namakivaky ny lalantsara rehefa nivoaka ny efitrano fivoriana’ ny Birao Fitantanan-draharahan’ ny Fiangonana. Nosokafany kely ny masonry ary raha mbola somary verivery saina kely izy dia nilaza hoe: “Mba mitandrema ihany. Sao dia marary eo ny lamosinareo.” Rehefa tonga teo akaikin’ ny biraony izahay dia hoy izy: “Mahatsiaro ho meloka aho nanapaka iny fivoriana iny.” Minitra vitsivitsy taorian’ ny nanateranay azy tao amin’ny biraony ary raha mbola tsy nahafantatra izay nahazo azy izahay, dia nijery anay izy sady niteny hoe: “Moa ve tsy tokony hiverina any amin’ ilay fivoriana ianareo?”

Navelanay teo izy ary namonjy ilay fivoriana indray izahay, noho ny fahalalana fa ilain’ ny Tompo ny fanatrehanay izany. Niezaka nihoatra hatrany ny fetran’ ny tanjany tamin’ ny fanompoana sy ny fitiavana ny Tompo ny Filoha Kimball hatramin’ ny fahakeliny. Fahazarana nitsimoka tao anatin’ny tokoa izany ka teo foana rehefa nilainy. Efa vonona izy. Ary dia afaka

nampianatra sy nampiseho antsika ny fomba hahavonona hitandrina ny fianianana sy ny fanekempihavanana izy, amin’ ny alalan’ ny fiomanana tsy tapaka mandritra ny taona maro amin’ ny fampiasana ireo tanjatsika amin’ ireo zavatra izay mety hiendrika ho andraikitra kely izay hitondra vokatra kely.

Ny vavaka ataoko dia enga anie isika hitandrina ny fanekempihavanan’ ny fisoronana mba hahafahantsika ho mendrika ny fiainana mandrakizay ary hahafahana koa manao izay hahamendrika ireo rehetra izay izay nasaina nampiofanintsika koa. Mampanantena aho fa raha manao izay rehetra vitanareo ianareo dia hanome tanjaka sy fahendrena anareo Andriamanitra. Hanomana anareo izy. Mampanantena anareo aho fa ireo izay hofaninareo sy hanehoanareo ohatra dia hankasitraka anareo tokoa toy ny nankasitrahako ireo mpampiofana lehibe izay fantatro.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona sy tia antsika Andriamanitra Ray. Fantany ianareo. Niseho tamin’ ny zazalahy kely tsy nanana traikefa, dia i Joseph Smith Izy sy i Jesoa Kristy Zanakalahiny izay efa nitsangana tamin’ ny maty. Nankinin’ Izy ireo taminy ny Famerenana amin’ ny laoniny ny fahafenoan’ ny filazantsara sy ny an’ ny fiangonana marina. Nankahery azy Izy ireo rehefa nilainy izany. Nataon’ Izy ireo izay nahatsapany famaizana feno fitiavana izay nampitraka azy tao anatin’ ny fahalavoana. Nanomana azy Izy ireo ary manomana antsika koa, hanana tanjaka hahafahantsika hiasa hahazoana ny voninahitra selestialy izay tanjona sy antony hanaovana izao asa fanompoana ao amin’ ny fisoronana izao.

Mametraka ny tsodranoko aminareo aho fa ho afaka mahafantatra ireo fahafaha-manao zavatra mampitolagaga avy amin’ Andriamanitra ianareo eo amin’ ny antso sy fanomanana anareo amin’ ny asa fanompoany sy amin’ ny fanompoana ireo hafa. Amin’ ny anaran’ ilay mpampianatra sy mpitarika malalantsika, Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny 2 Nefia 32: 3–6.
2. 1 Timoty 4:12–14, 16.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:39.



Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

Sahia Mijoro Irery

Enga anie isika hanana herimpo sy ho vonona ny hijoro amin' ny zavatra izay inoantsika.

Ry rahalahiko malala, voninahitra lehibe tokoa ny miaraka aminareo eto anio hariva. Mandrafitra fifandraisana sy firahalahiana lehibe isika izay mihazona ny fisoronan' Andriamanitra.

Vakiansika ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, fizarana faha-121, andininy faha-36, “fa ireo zon' ny fisoronana dia mifamatotra tsy azo sarahina amin' ny herin' ny lanitra.” Tena fanomezana sarobidy izany nomena antsika izany—dia ny mihazona ny fisoronana, izay “tsy azo sarahina amin' ny herin' ny lanitra.” Na dia izany aza, dia tsy ireo fitahiana ihany no entin' izany fanomezana sarobidy izany, fa eo koa ireo andraikitra lehibe miara-dalana aminy. Mila manao izay maha-mendrika ny fiainantsika isika mba ho mendrika izany fisoronana hazonintsika izany. Isika izao dia miaina ao anatin' ny fotoana izay maha-voahodidin' ireo karazan-javatra maro izay natao indrindra hitarihana antsika amin' ny lalana mankany amin' ny fahaverezana. Mitaky faharesen-dahatra sy herimpo ny filana amin' ny lalana toy izany.

Tsaroako ireo fotoana—ary mety hahatsiaro izany koa ny sasantsany aminareo eto anio—izay mbola nitovian' ny fitsipi-pitondrantenan' ny ankamaroan' ny olona tamin' ny fitsipika iainantsika. Ankehitriny tsy izany in-sony no mitranga. Vao tsy ela aho no

namaky lahatsoratra tao amin' ny *New York Times* mahakasika ny fikarohana izay natao nandritra ny fotoam-pahavaratry ny taona 2008. Nitrika vondrom-pikarohana hanao fanadihadiana lalina teo amin' ireo tanora tokan-tena sy efa manambady 230 manerana ny Amerika ny mpahaifiaraha-monina malaza iray tao Notre Dame. Mino aho fa afaka mieritritra tsara isika fa ny vokatr' izany dia hitovitovy daholo any amin'ny ankamaroan' ny toerana rehe-tra manerana an' izao tontolo izao.

Hozaraiko aminareo ny ampahany amin' io lahatsoratra io izay tena aha-fantarana zavatra:

“Nametraka fanontaniana mahitsy mahakasika ny tsara sy ny ratsy, ny fanapahan-kevitra saro-bahana ara-pitondrantena ary ny dikan' ny fiainana ireo mpanao fanadihadiana. Tao anatin' ny valin-teny misavorovoro, . . . dia hita fa sahirana ireo tanora miezaka milaza zavatra mba misy dikany mahakasika ireo lohahevitra ireo. Kanefa hita fa tsy manana fahalalana mikasika izany sehatra izany izy ireo na tsy mahita ny voambolana tokony ho ampiasaina.

“Rehefa hametrahana fanontaniana mahakasika izay olana ara-pitondranena saro-bahana atrehany izy ireo, dia na tsy mahavaly ny fanontaniana na mamaritra olana izay tsy misy idiran' ny ara-pitondrantena akory ny roa ampahatelon' izy ireo, toy ny filazana

hoe tsy afaka nanofa efitrano toy izao izy ireo na koa hoe tsy nanana vola madinika nandoavana ny hofan' ny fijanonan' ny fiara eo amin' ny toeram-piantsonana.”

Dia mitohy ihany ilay lahatsoratra:

“Ilay fihevitra tonga ho azy, izay matetika arosan' ny ankamaroan' izy ireo foana foana, dia hoe ny safidy ara-pitondrantena dia miankina amin' izay tian' ny tsirairay. ‘Zavatra mahakasika ny tena manokana izany,’ hoy ny famalin' ireo anontaniana. ‘Safidin' ny tsirairay izany. Fa iza moa izaho no hitsaratsara?’

“Raha mandà ny fankatoavana anjambany ny olona manana fahefana ny ankamaroan' ireo tanora, dia lasa kosa nivaona amin' ny zavatra tena mifanohitra amin' ny tokony ho izy, [toy ny filazana hoe]: ‘Hanao izay fantatro fa mitondra fifaliana ho ahy aho na izay tsapako fa mety. Tsy mahalala fomba hafa aho hahafantarana ny tokony ho ataoko ankoatry ny zavatra tsapako ao anatiko.’”

Ireo izay nanao ilay fanadihadiana dia nanamarika fa ny ankamaroan' ireo tanora noresahin' izy ireo dia nilaza fa “tsy mba nanome azy ireo loharanom-pitaizana nahafahan' izy ireo mikolokolo ny fahaizana manavaka izay tsara sy izay ratsy eo amin' ny ara-pitondrantena na ny sekoly, na ireo fikambanana, na ny fianakaviana.”¹

Ry rahalahy, tsy misy tokony hanana ahiahy mahakasika izay tsara sy izay ratsy raha ny mikasika ny lafiny ara-pitondranten' ianareo eto izay mandre ahy, ary tsy tokony hanana ahiahy koa mahakasika izay zavatra andrasana amintsika amin' ny maha mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra antsika. Efa nampianarina ny lalàn' Andriamanitra isika ary mbola ho ampianarina foana. Na dia eo aza ireo zavatra hafa mety hitanareo na renareo etsy sy eroa dia tsy miova ireo lalàna ireo.

Eo am-piatrehantsika ny fiainantsika andavanandro dia saika tsy azo hialana ny fisedrana ny finoantsika. Misy fotoana mety voahodidin' ireo hafa isika, kanefa mahatsiaro ho vitsivitsy an' isa na mety ho irery mihitsy aza, raha ny mahakasika izay zavatra azo ekena sy izay tsy azo ekena. Moa ve isika manana herimpo ara-pitondrantena ampy mba hijoroana mafy



amin' ny finoantsika, na dia voatery hijoro irery aza isika noho ny fanaovana izany? Amin' ny maha-mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra antsika dia zava-dehibe indrindra ny fahafahantsika miatrika—amin-kerimpo—izay ho fanambly rehetra tonga eo amin-tsika. Tsarovy ny tenin' i Tennyson: “Toy ny tanjaky ny olona folo ny tanjako, satria madio fo aho.”²

Tsy mitsaha-mitombo ny fahasahian' ireo olo-malaza sasantsasany sy ireo hafa izay—noho ny antony maro samihafa—mirona amin' ny fanaratsiana ampahibemaso ny fivavahana, amin' ny ankapobeny ary, indrindray, ny Fianganana mihitsy. Raha toa ka tsy lalim-paka tsara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika, dia mety hahatonga antsika hiahiahy mikasika izay zavatra inoantsika na hihemotra eo anatrehan'ireo fanapahan-kevitra noraisintsika ireo karazana tsikera ireo.

Tao amin' ny fahitan' i Lehia ny hazon' aina, izay hita ao amin' ny 1 Nefia 8, dia hitan' i Lehia, teo anivon' ireo maro hafa, ireo izay nihazona ny anja-by, mandrapahatonga azy teny

amin'ilay toerana ary nihinanany ny voan' ny hazon' aina, izay fantatsika fa maneho ny fitiavan' Andriamanitra. Ary avy teo anefa dia nampalahelo, fa taorian' ny nihinanany izy ireo izany voankazo izany, dia menatra ny sasany noho ireo izay tao amin' ilay “trano mijalajala sy malalaka,” izay maneho ny fieboeoan' ny zanak' olombelona, izay nanondro azy ireo tamin' ny rantsantana sy namingavinga azy ireo. Ary dia nivarina tamin' ny lalana diso ary very ireo.³ Tena fitaovana mahery vaika ampiasain' ny fahavalo ny famingavingana sy ny fanesoosoa! Averiko indrindray rahalahy, moa ve isika manana ny herimpo ara-pitondrantena ampy mba hijoroana mafy manoloana ny fanoherana mivaivay tahaka izany?

Mino aho fa tamin' ny fotoana nanompoako tao amin' ny Tafika an-dranomasina tamin' ny fiakaran' ny Ady Lehibe faha-II no nitranga ny fotoana voalohany nanehoako herimpo mahakasika ny finoako.

Tsy mora tamiko ny zavatra niainako tany amin' ny tobin' ny tafika an-dranomasina, ary tsy mora izany

ho an' ireo rehetra niaritra izany. Nandritra ny herinandro telo voalohany dia resy lahatra aho fa notandindomindoza ny aiko. Tsy ny hanofana ahy no tadiavin' ireto tato amin' ny tafika an-dranomasina ireto fa ny hamono ahy mihitsy.

Hotsaroako foana ny nahatongavan' ny andro Alahady taorian' ny herinandro voalohany. Nandray vao vao tsara avy tamin' ny mpampianatra mpiandraikitra an-tsambonay izahay. Teo am-pijoroana nanao jery atrika teo amin' ny kianja fiofanany ary tao anatin' ny tsio-drivotra mangatsiak' i Californie, no nihainoanay ny baikony hoe: “Androany dia mandeha mivavaka daholo ny rehetra—ny hoe rehetra dia ianareo rehetra, fa izaho tsy ao anatiny. Izaho handeha haka aina!” Avy eo izy dia nihiaka hoe: “Ianareo Katôlika rehetra, ao amin' ny Toby Decatur no mivavaka—ary aza miverina eto mandra-pahatongan' ny amin' ny telo. Miara-mandroso, 'zay!” Nanainga ny andiany iray somary betsabetsaka ihany. Avy eo dia nihiaka indray izy nanao hoe, “Izay Jiosy aminareo dia ao amin' ny Toby Henry no mivavaka—ary aza miverina eto mandra-pahatonga ny amin' ny telo. Miara-mandroso, 'zay!” Andiany iray somary vitsivitsy kokoa no niala an-daharana. Dia hoy izy avy teo hoe: “Ianareo ambiny izay Prôtestanta dia ao amin' ny trano fanaovana lanonana ao amin' ny Toby Farragut no mivavaka—ary aza miverina eto mandra-pahatonga ny amin' ny telo. Miara-mandroso, 'zay!”

Teo no ho eo dia tonga tato antsaiko ny hoe: “Ô ry Monson a! sady tsy Katôlika ianao, no tsy Jiosy ary tsy Prôtestanta koa. Môrmôna ianao ka noho izany dia mijoro eto fotsiny!” Azoko ambara aminareo fa tena nahatsiaro ho irery tanteraka aho teo. Tena feno herimpo sy resy lahatra, eny—kanefa irery.

Avy eo dia reko ny teny mamy indrindra izay henoko naloakan' ny vavan' ilay mpampianatra mpiandraikitra an-tsambo hatramin' izay. Nitodika tany amiko izy ary nanontany hoe: “Ary ianareo ry zalahy mba inona?” Raha tsy tamin' io fotoana io dia tsy tonga saina mihitsy aho hoe mety misy olona hafa nijoro teo anilako na tao aoriako teo amin' ny kianja. Saika iray feo izahay

tsirairay namaly hoe: “Môrmôna!” Tsy haiko ny hamaritra ny fifaliana nanenika ny foko raha nitodika aho ka nahita tantsambo vitsivitsy hafa.

Nihaotra ny lohany sady sanganehana ilay mpampianatra mpiandraikitra an-tsambo kanefa nony farany izy dia niteny hoe: “Hay! Mandehana ary ianareo mitady toerana izay tianareo hivavahana. Ary aza miverina eto mandra-pahatonga ny amin’ ny telo. Miara-mandroso, ’zay!”

Teo am-pialanay teo dia tonga tao an-tsaiko ny teny miady rima nianarako tany amin’ ny Kilonga taona maro lasa, manao hoe:

*Sahia mijoro amin’ ny
maha-Môrmôna;*

Sahia mijoro irery.

*Sahia manana fanoloran-tena
mafy orina;*

*Sahia mampahafantatra izany
amin’ olona.*

Na dia tsy araky ny niheverako azy aza ny zavatra nitranga dia efa vonona ny hijoro irery aho raha nilaina izany.

Nanomboka tamin’ io andro io dia maro ireo fotoana izay tsy nisian’ny olona hafa intsony nijoro tao aoriako ka dia *tena* nijoro irery aho. Tena feno fankasitrahana aho tamin’ ny fanapahako hevitra taloha elabe ny hitoetra matanjaka sy ho mafy orina, ary ho vonona hatrany hiaro ny finoako, rehefa ilaina izany.

Mba tsy hahatonga antsika hahatsiaro ho tsy hahavita ireo andraikitra manoloana antsika ry rahalahy, dia mamelà ahy ianareo hizara ny voalazan’ ny Filoha Ezra Taft Benson, izay Filohan’ ny Fiangonana tamin’ izany, tamin’ ny 1987, raha nanao lahateny manoloana ny mpikambana maro tany Californie izy. Hoy ny Filoha Benson hoe:

“Tamin’ ny vanim-potoana rehetra, dia efa nahita mialoha izao fotoana iainantsika izao ireo mpaminany. Mijery antsika ireo olona an-tapirisany maro izay efa nodimandry ary ireo izay mbola tsy teraka koa. Aza misalasala mikasika izany—taranaka voatokana ianareo. . . .

“Notehirizin’ Andriamanitra efa ho nandritra ny enina arivo taona ianareo, mba hahafahana mandefa anareo amin’ izao andro farany mialohan’ ny fiavian’

ny Tompo fanindroany izao. Hiala amin’ ny Fiangonana ny olona sasantasany; kanefa ny fanjakan’ Andriamanitra dia tsy ho rava mba hitsenana ilay mpitarika—dia i Jesoa Kristy.

“Na dia azo ampitoviana amin’ ny andron’ i Noa aza ity taranaka ity eo amin’ ny faharatsiany, tamin’ ny nana-diovan’ ny Tompo ny tany tamin’ ny alalan’ ny safodrano, dia azo lazaina fa misy zavatra lehibe maha-samy hafa azy tamin’ ity indray mitoraka ity: [izany dia hoe] Natokan’ Andriamanitra ho amin’ ny vanim-potoana farany ny sasany amin’ ireo zanany . . . matanjaka indrindra, izay hanampy hitondra ny fanjakany amim-pandresena.”⁴

Eny ry rahalahy, misolo tena ny sasany amin’ ireo zanany matanjaka indrindra isika. Andraikitsika ny mitoetra ho mendrika handray ireo fitahiana feno voninahitra natokan’ ny Raintsika any an-danitra ho antsika. Na aiza na aiza toerana alehantsika dia miaraka amintsika ny fisoronana hazonintsika. Moa ve mijoro amin’ ny toerana masina isika? Aoka ho eritreretinareo tsara izay mety ho vokatra hitranga alohan’ ny hanatonanareo ireo loza mananontanona ny tenanareo sy ny fisoronana hazoninareo amin’ ny alalan’ ny fandehandehana any amin’ ireo karazan-toerana na ny fanaovana zavatra izay tsy sahaza anareo na tsy sahaza ny fisoronana hazoninareo. Efa samy nomena ny Fisoronana Aharôna isika tsirairay. Tamin’ izany dia efa nandray ny fahefana izay hihazonana ny fanalahidin’ ny asa fanompoan’ ny anjely ny tsirairay. Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe:

“Tsy afaka hanao zavatra izay hiteraka fanalaviran’ny tenanareo amin’ ny asa fanompoan’ ny anjely atao aminareo ianareo.

“Tsy tokony haloto ara-pitondran-tena ianareo na amin’ny lafiny inona na amin’ny lafiny inona. Tsy tokony ho olona tsy azo itokiana ianareo. Tsy tokony hanambaka na handainga ianareo. Tsy afaka ny hanonononona foana ny anaran’ Andriamanitra na hiteny ratsy ianareo ka mbola hihevitra fa manana zo handray ny asa fanompoan’ ny anjely.”⁵

Raha toa ka nisy taminareo no lavony an-dalana dia tiako ho takatra-reo tsy am-pisalasalana fa misy lalana

ahafahana miverina. Antsoina hoe fibebahana izany. Nanolotra ny ainy mba hanomezana anareo sy ho ahy izany fanomezam-pahasoavana lehibe izany ny Mpamonjy antsika. Na dia tsy mora tokoa aza ny lalan’ ny fibebahana dia tena marina ireo fampanantenana avy amin’ izany. Nolazaina isika hoe “Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala.”⁶ “Ary tsy hotsaravako intsony ny fahota[nareo].”⁷ Tena fanambarana miavaka izany! Tena fitahiana izany! Fampanantenana be tokoa izany!

Mety misy aminareo mieritreritra mahakasika ny tenanareo, manao hoe: “Tsy miaina ny didy rehetra aho sady tsy manao ny zavatra rehetra tokony ho ataoko koa, kanefa milamina sy mizotra tsara ny fiainako. Mino aho fa afaka sady ho faly aho eo amin’ ny fiainana no tsy voatery hitandrina ny didy.” Ry rahalahy, milaza aminareo aho fa tsy haharitra ela ny zavatra toy izany.

Volana vitsivitsy lasa izay no nandraisako taratasy avy tamin’ ny lehilahy iray izay nihevitra fa afaka niaina tahaka izany. Efa nibebaka izy ankehitriny ary namerina ny fiainany hifanaraka amin’ ny fitsipiky ny filazantsara sy ireo didy. Tiako ny hizara aminareo ny ampahan-dahatsoratra tao anatin’ izany taratasiny izany, satria tena maneho ny fisian’ ny eritreritra voakorontana tokoa ilay izy: “Voatery nianatra nivan-tana tamin’ ny tenako manokana aho (ary tamin’ ny fomba sarotra) fa tena marina tanteraka ny an’ny Mpamonjy tamin’ Izy niteny hoe: ‘Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an’ Andriamanitra sy Mamôna hianareo.’⁸ Nanandrana mafy araka izay azo natao, nanao azy roa ireo aho. Tamin’ ny farany,” hoy izy “dia azoko daholo ny fahabangana, sy ny haizina ary ny fanirery rehetra izay omen’ i Satana ireo izay mino ny fitaka, sy eritreritra diso ary lainga afafiny.”

Mba hahafahantsika hanana tanjaka sy hahatohitra ireo hery rehetra misintona mankany amin’ ny lalan-diso na ireo feo rehetra mamporisika antsika hivily lalana dia tsy maintsy manana ny fijoroana ho vavolombelona ho



Manampahafana Ambony ao amin' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany

Ôktôbra 2011

NY FIADIDIANA VOALOHANY



Henry B. Eyring,
Mpanolatsaina Voalohany



Thomas S. Monson
Filoha



Dieter F. Uchtdorf
Mpanolatsaina Faharao

NY KÔLEJIN' NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



Boyd K. Packer



L. Tom Perry



Russell M. Nelson



Dallin H. Oaks



M. Russell Ballard



Richard G. Scott



Robert D. Hates



Jeffrey R. Holland



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen

NY FIADIDIAN' NY FITOPOLOLAHY



Ronald A. Rasband



Steven E. Snow



Walter F. González



L. Whitney Clayton



Joy E. Jensen



Donald L. Hallstrom



Tad R. Callister

NY KÔLEJY VOALOHANY AO AMIN' NY FITOPOLOLAHY

(manaraka ny abidia)



Marcos A. Adulkantis



José L. Alonso



Carlos H. Arnado



Ian S. Adern



Mervyn B. Arnold



David S. Baxter



Shayne M. Bowen



Gérald Causse



Yoon Hwan Choi



Craig C. Christensen



Don K. Clarke



Carl B. Cook



Lawrence E. Conhige



Claudio R. M. Costa



LeGrand R. Curtis Jr.



Benjamin De Hoyos



John B. Dickson



Kevin R. Duncan



David F. Evans



Enrique R. Faldaballo



Eduardo Gavaret



Carlos A. Goady



Christoffel Golden Jr.



Gerrit W. Gong



C. Scott Gow



James J. Hamula



Keith K. Hilbig



Martin K. Jensen



Daniel L. Johnson



Paul V. Johnson



Patrick Kearon



Paul E. Koelliker



Erich W. Kopschke



Richard J. Moynes



Marcus B. Nash



Brent H. Nielson



Allan F. Pucker



Kevin W. Pearson



Anthony D. Perkins



Paul B. Pieper



Raimel E. Pino



Bruce D. Porter



Dale G. Renlund



Michael T. Ringwood



Lynn G. Robbins



Joseph W. Sitari



Ulisses Soares



Gary E. Stevenson



Michael John U. Teh



José A. Texeira



Octaviano Tenorio



Juan A. Uceda



Francisco J. Vinos



W. Christopher Waddell



William R. Walker



F. Michael Watson



Kazuhiko Yamashita



Jorge F. Zeballos



Claudio D. Zivic



W. Craig Zwick



Wilford W. Andersen



Koichi Aoyagi



Randall K. Bennett



Craig A. Cardon



Bruce A. Carlson



J. Deen Connish



Keith R. Edwards



Stanley G. Ellis



Bradley D. Foster



Larry W. Gibbons



O. Vincent Haleck



Larry R. Lawrence



Per G. Molin



James B. Martino



Jairo Marzagrandi



Kent F. Richards



Gregory A. Schwitzer



Kent D. Watson



Larry Y. Wilson


NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Richard C. Eggley
Mpanolotsainy Voadiany



H. David Burton
Eveka Mpiady



Keith B. McMullin
Mpanolotsainy Faharao



Nivory tany amin' ireo toerana manerana an' izao tontolo izao ireo Olomasin' ny Andro Farany mba hihaino "amin' ny teniny avy" (F&F 90:11) ireo lahateny nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonana. Aseho sary manaraka ny sahasam-pamantaranandro manomboka avy eny amin' ny farany ambony havia ireo mpikamban' ny Fiangonana tany Johannesburg, Afrika Atsimo; Salvador, Brésil; San Salvador, Salvador; Montréal, Québec, Canada; Montalban, Philippines; Gómez Palacio, Mexique; ary Tokyo, Japon.



an' ny tenantsika manokana isika. Na 12 taona ianao na 112 taona—na eo anelanelan' izay—dia afaka mahafantatra ho an'ny tenanareo manokana fa marina ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Vakio ny Bokin' i Môrmôna. Saintsaino ny fampianarana raketiny. Hanontanio amin' ny Ray any an-danitra raha marina izany. Nahazo fampianantenana isika fa “raha manontany amin-ki-tsimpo ianareo, omban' ny tena finiavana, sady manam-pinoana an' i Kristy, dia haneho ny fahamarinan' izany aminareo Izy amin' ny herin' ny Fanahy Masina.”⁹

Rehefa fantatsika fa marina ny Bokin' i Môrmôna dia manaraka ho azy ny hoe tena mpaminany marina i Joseph Smith ary nahita an' Andriamanitra Ray Mandrakizay sy i Jesoa Kristy Zanakalahiny. Manaraka ho azy ihany koa ny hoe naverina tamin'ny laoniny ny filazantsara amin' izao andro farany izao tamin' ny alalan' i Joseph Smith—ao anatin' izany ny famerenana ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka.

Raha vantany vao manana fijoroana ho vavolombelona isika dia andraikitsika ny mizara izany fijoroana ho vavolombelona izany amin' ny hafa. Maro aminareo ry rahalahy no nitory filazantsara nanerana an' izao tontolo izao. Maro aminareo ry zatovolahy no mbola hanompo. Miomana dieny izao ho amin' izany fahafahana manompo izany. Ataovy azo antoka tsara fa mendrika ny hanompo ianareo.

Raha toa ka vonona ny hizara ny filazantsara isika dia ho vonona hanaraka ny torohevitra ny Apôstôly Petera, izay namporosika antsika hoe: “Aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin' ny anton' ny fanantenana ao anatinareo.”¹⁰

Hahazo fahafahana isika mandritra ny androm-piainantsika hizarana ny finoantsika, na dia tsy fantatsika loatra aza hoe rahoviana no ho voantso hanao izany isika. Niseho tamiko izany tamin' ny 1957 fony aho niasa teo amin' ny sehatry ny fanonana boky ary nangatahina handeha ho any Dallas, Texas, izay handoana indraindray hoe: “ilay tanàna be fiangonana,” mba handaha-teny mandritra ny fivoriana iray mahakasika ny

fandraharahana. Taorian' ny fiakaran' ilay fivoriana dia nitsangantsangana nijery ny tanàna tamin' ny alalan' ny fiara fitateram-bahoaka aho. Rehefa nandalo ireo fiangonana maro isan-karazany izahay dia niteny ny mpamilyny hoe: “Eo ankavia no hahitanareo ny fiangonana Metôdista,” na hoe “Io ankavanana-dalana io ny katedraly Katôlika.”

Rehefa nandalo trano fiangonana tsara tarehy vita tamin' ny biriky miloko mena teo an-tampon' ny havoana iray izay izahay dia nilaza ilay mpamily hoe: “Io trano fiangonana io no toerana ivavahan'ireo Môrmôna.” Nisy vehivavy iray tany amin' ny seza farany aoriana tao amin' ilay fiara niantsoantso hoe: “Afaka milazalaza bebe kokoa momba ireo Môrmôna ve ianao ry mpamily?”

Najanon' ilay mpamily teo amin' ny sisin-dalana ilay fiara fitaterana, ary nitodika izy ka namaly hoe: “Madama a! ny hany fantatro mikasika ireo Môrmôna dia hoe ao amin' io trano fiangonana vita tamin' ny biriky miloko mena io izy ireo no mivavaka. Misy mahafantatra bebe kokoa mahakasika ireo Môrmôna ve ato amin' ity fiara ity?”

Niandry aho sao misy hamaly. Nodinihako ny endrik' ireo olona tsirairay sao mba hahitana famantarana hoe misy maniry ny hilaza zavatra momba izay. Tsy nisy. Tonga saina aho fa anjarako ny manao ilay nolazain' ny Apôstôly Petera hoe: “aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin' ny anton' ny fanantenana ao anatinareo.” Tsapako koa fa marina ilay fomba fitenana hoe: “Rehefa mipaika ny fotoana hanapahana hevitra dia efa dify izay ny fotoam-piomanana.”

Nandritra ny 15 minitra teo ho eo taorian'io fotoana io, dia nanana fahafahana aho nizara tamin' ireo olona tao anaty fiara fitaterana ny fijoroako ho vavolombelona mahakasika ny Fiangonana sy ny zavatra inoantsika. Feno fankasitrahana aho noho ny fijoroako ho vavolombelona sy noho ny fahavononako hizarana izany.

Mivavaka amin' ny foko sy fanahiko manontolo aho ny mba hanajan' ny lehilahy rehetra izay mihazona ny fisoronana izany fisoronana izany

ary ny mba hiorenany mafy amin' ny fametraham-pitokisana izay nomena azy ireo teo am-pandraisany izany fisoronana izany. Enga anie isika tsirairay izay mihazona izany fisoronan' Andriamanitra izany hahatakatra ny zavatra inoany. Enga anie isika hanana herimpo sy ho vonona hatrany hijoro amin' ny zavatra izay inoantsika, ary raha ilaina ny mijoro irery dia eng a nie isika hanao izany amin-kerimpo tokoa, ary feno hery noho ny fahafantarana fa raha ny marina dia tsy irery mihitsy isika rehefa mijoro miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra.

Rehefa mandinika ilay fanomezana lehibe natolotra antsika isika—dia “ireo zon' ny fisoronana [izay] mifamatotra tsy azo sarahina amin' ny herin' ny lanitra”—dia eng a nie isika ho tapa-kevitra hatrany ho vonona hiaro izany ary ho mendrika ireo fampianantenana lehibe atolony. Ry rahalahy isany, eng a nie isika hanaraka ireo torolalan' ny Mpamonjy izay hita ao amin' ny 3 Nefia, izay manao hoe: “Koa, aingao ambony ny fahazavana-reo mba hamirapiratan'ny eo amin' izao tontolo izao. Indro, Izaho no fahazavana izay haingainareo ambony—izay efa hitanareo fa nataoko.”¹¹

Ny vavaka sy tsodrano ataoko amin' ireo rehetra izay maheno ny feoko dia ny hanarahantsika hatrany io fahazavana io ary ny hanaingantsika azy io ho ambony mba ho hitan' izao tontolo izao, amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. David Brooks, “If It Feels Right . . .,” *New York Times*, 12 Sept. 2011.
2. Alfred, Lord Tennyson, “Sir Galahad,” tao amin' ny *Poems of the English Race*, nofantenan'i Raymond Macdonald Alden (1921), 296.
3. Jereo ny 1 Nefia 8:26–28.
4. Ezra Taft Benson, “In His Steps” (takariva amorom-patana karakarain' ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 8 Feb. 1987); jereo koa ny “In His Steps,” tao amin' ny *1979 Devotional Speeches of the Year: BYU Devotional and Fireside Addresses* (1980), 59.
5. Gordon B. Hinckley, “Personal Worthiness to Exercise the Priesthood,” *Liahona*, Jolay 2002, 59.
6. Isaia 1:18.
7. Jeremia 31:34.
8. Matio 6:24.
9. Môrônia 10:4.
10. 1 Petera 3:15.
11. 3 Nefia 18:24.



Nataon' ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Vavolombelona iray

Ny Bokin' i Môrmôna no taridalana tsara indrindra hanombantombanana ny ataontsika sy ny fomba ahafahantsika mihatsara kokoa.

Voninahitra ho ahy ny hiresaka aminareo amin' ity Sabatan' ny fihaonamben' Ny Fiangonana' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ity. Samy nomena andraikitra masina mitovy ny mpikambana tsirairay ato amin' ny Fiangonana. Nanaiky izany isika ary nampanantena fa hivoatra amin' izany rehefa noraisina tamin' ny batisa. Hianarantsika avy amin' ny tenin' i Almà, mpaminany lehibe ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ny toetra izay ampanantenaintsika an' Andriamanitra fa ho ananantsika dia ny: “Hiarahalahelo amin' izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia hatramin' ny fahafatesana aza, mba hahatonga anareo ho voavotr' Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin' ireo ao amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany, ka hahazoanareo ny fiainana mandrakizay.”¹

Andraikitra goavana izany ary fampanantenana be voninahitra avy amin' Andriamanitra. Ny hafatra tiako hozaraina anio dia hafatra mifono fankaherezana. Raha toa ka ataon'

ny Bokin' i Môrmôna mazava tsara amintsika ny andraikitra mipetraka amintsika dia mitarika ny lalantsika handroso mankany amin' ny fiainana mandrakizay koa anefa izany.

Voalohany, nampanantena ny hiantra olona isika. Faharoa, nampanantena ny ho vavolombelona isika. Ary fahatelo, nampanantena ny haharitra isika. Ny Bokin' i Môrmôna no taridalana tsara indrindra hanombantombanana ny ataontsika sy ny fomba ahafahantsika mihatsara kokoa.

Handeha atombontsika amin' ilay hoe hiantra olona izany. Ho tantaraiako zavatra niainana vao haingana ianareo. Maro taminareo no nandray anjara tamin' ny andro iray fanaovana asa fanompoana. Nisy an' arivony maro tamin' izany no natao manerana an' izao tontolo izao.

Nisy filan-kevitra ny Olomasina namanareo nivavaka mba hahafantarana ny asa fanompoana ho atao. Nanontany an' Andriamanitra izy ireo mba hahalalana hoe iza no hotompoina, inona no fanompoana hatao, ary iza no hasaina handray anjara. Mety nivavaka mihitsy aza izy ireo ny mba tsy hanadinoana ireo fandraofambe sy ny rano fisotro. Fa ambonin' ny zava-drehetra dia nivavaka izy ireo mba hahatsapa

ny fitiavan' Andriamanitra ireo rehetra izay manompo sy mandray izany koa.

Fantatro fa voavaly ireo vavaka, farafahakeliny tao amin'ity paroasy iray ity. Nilatsaka an-tsitrabo ny mpikambana mihoatra ny 120 mba hanampy. Tao anatin' ny ora telo dia novain' izy ireo endrika ny tokontanin' ny fiangonana iray teo amin' ny fiaraha-monina nisy azy ireo. Asa mafy izany kanefa nahafaly. Nankasitraka ny nataon' izy ireo ny mpitondra fivavahana tao amin' io fiangonana io. Nahatsapa firaisan-kina sy fitiavana bebe kokoa ireo izay niarainiasa tamin' io andro io. Nisy mihitsy aza no niteny hoe faly izy ireo nanala ahi-dratsy sy nandrantsana hazo.

Nanampy azy ireo hahafantatra ny anton' izany fifaliana tsapan' izy ireo izany ireo teny avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Ny Mpanjaka Benjamina no niteny tamin' ny vahoakany hoe: “Mba hahazoanareo mianatra fa rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitranareo ianareo.”² Ary i Môrmôna no nampianatra araka ny teniny ao amin' ny Bokin' i Môrmôna hoe: “Ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madion' i Kristy ary maharitra mandrakizay izany; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin' ny andro farany, dia soa ho azy izany.”³

Mitandrina ny fampanantenana nataony taminareo ny Tompo rehefa manao izany koa ianareo. Rehefa manompo ny hafa ho Azy ianareo dia avelany hahatsapa ny fitiavany. Ary rehefa mandeha ny fotoana dia ho lasa ampahany tena lalim-paka ao aminareo izany toetra miantra olona izany. Ary ho tsapanareo ao am-po ny fahatanterahan' ilay fanomezana antoka nataon' i Môrmôna hoe rehefa mikiry manompo ny hafa ianareo dia hilamina ny momba anareo.

Toy ny nampanantenainareo an' Andriamanitra ny hiantra olona dia nampanantena ny ho vavolombelony amin' ny toerana rehetra koa ianareo mandritra ny androm-piainanareo. Mbola ny Bokin' i Môrmôna ihany no torolalana tsara indrindra fantatro fa hanampy antsika hitandrina izany fampanantenana izany.

Voasa aho indray mandeha handaha-teny mandritra ny fotoana fivoahan'

ny mpianatra tany amin'ny oniversite malaza iray izay. Ny Filoha Gordon B. Hinckley no nirian' ilay filohan' ny oniversite ho asaina, saingy tsy afaka izy tamin' izay. Ka dia nivarina nankaty amiko ilay fanasana. Tamin' izany aho dia mbola mpikambana farany indrindra tao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo.

Nanomboka nitebiteby ilay olona izay nanasa ahy rehefa nahafantatra bebe kokoa momba ny anjara andraikitra amin' ny maha Apôstôly ahy izy. Niantso ahy an-telefaonina izy ary niteny hoe azony tsara izao fa ny andraikitra dia ny ho vavolombelon' i Jesoa Kristy.

Tamin' ny teny tena hentitra no nitenenany tamiko fa tsy mahazo alalana ny hanao izany aho rehefa hanao lahateny any. Nanazava izy fa manaja ny olona avy amin' ny finoana rehetra ilay oniversite, hatramin' ireo mandà ny fisian' Andriamanitra koa. Naveriny indray hoe: “Tsy afaka ny hanao izany andraikitrao izany ianao aty.”

Namarana ilay antso an-telefaonina aho ary nisy fanontaniana manan-danja maro nipetraka tao an-tsaiko. Tokony hilaza amin'ilay oniversite ve aho fa tsy hanao indray ilay lahateny efa nekeko ho atao? Nefa efa ho herinandro vitsivitsy sisa dia ho tonga ilay fotoana. Efa navoaka ny filazana ny fanatrehako izany. Inona no mety ho fiantraikan' ny tsy fahatanterahako ny andraikitra manoloana ny laza tsaran' ny Fiangonana?

Nivavaka aho mba hahafantatra izay tian' Andriamanitra ho ataoko. Tamin' ny fomba mahagaga ny nahatongavan' ny valin' ny vavaka tamiko. Tonga saina aho fa izao toerana nahazo ahy izao mihitsy no ohatra nitranga tamin' i Nefia, Abinadia, Almà, Amioleka ary ireo zanakalahin' i Môsià. Vavolombelona feno fahasahiana momba an' i Jesoa Kristy eo anatrehan' ny loza nihatra aman'aina izy ireo.

Ka dia tsy nisy safidy azo natao ankoatran' izay fomba tokony hiomanana. Nikaroka izay zavatra rehetra azoko nofantarina mikasika ilay oniversite aho. Rehefa nihanantona ilay andro hanaovako ilay lahateny dia nihamafy ny tebitebiko ary nihamafy koa ny vavaka fangatahiko.

Tao anatin' ny fahagagana toy ny nanasarahana ny Ranomasina Mena

no nahitako lahatsoratra iray tamin' ny vaovao. Efa nahazo fankasitrahana ilay oniversite noho ny fanaovany ny zavatra toy ny fanaon' ny Fiangonana eo amin' ny ezaka fanampiana olona manerana an' izao tontolo izao. Koa dia nofariparitako tao amin' ny lahateniko ny zavatra izay efa nataontsika sy izay efa nataon' izy ireo mba hampaherezana ireo olona tena mila fanampiana. Nolazaiko fa fantatro fa i Jesoa Kristy no loharanon' ireo fitahiana izay tonga teo amin' ny fiainan' ireo izay notompointsika sy notompointin' izy ireo.

Taorian' ilay fivoriana dia nitsangana sady nitehatehaka mafy ny mpianatrika, izay zavatra somary tsy dia mahazatra loatra ahy. Tanlanjona aho kanefa mbola nitebiteby kely ihany. Nahatsiaro ny zavatra nitranga tamin' i Abinadia aho. I Almà ihany no nandray ny fijoroany ho vavolombelona. Fa tamin' izany alina izany kosa, nandritra ny fiaraha-misakafa ôfisialy miezinezina dia nandre ny filohan' ilay oniversite aho nilaza fa ny tenin' Andriamanitra no henony tao anatin' ny zavatra nolazaiko.

Tsy dia mateti-pitranga ny vokatra mifono fahagagana toy izany teo amin' ny zavatra niainako tamin' ny mahavavolombelon' i Kristy ahy. Kanefa ny vokatra ny Bokin' i Môrmôna eo amin' ny toetranareo sy ny herinareo, ary ny herimponareo ny mba ho vavolombelon' Andriamanitra dia azo antoka. Hankahery, sy hitarika ary hanome fahatokiana ho anareo ny fotopampianarana sy ireo ohatra mifono herimpo ao amin' io boky io.

Hotahiana amin' ny alalan' ny fivokisana isan' andro ny Bokin' i Môrmôna ireo mpitory filazantsara tsirairay izay mitory ny anaran' i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Ireo ray aman-dreny izay miezaka ny handatsaka ao am-pon' ny zanaka iray ny tenivavolombelon' ny Mpamonjy dia hahazo fanampiana eo am-pikatsahan' izy ireo fomba hitondrana ny teny ao amin' ny Bokin' i Môrmôna sy ny fanahy entiny ho ao an-tokantranony sy ao amin' ny fiainan' ireo rehetra ao amin' ny fianakaviany. Voaprofo teo amintsika fa marina izany.

Hitako ny fisehon' izany any amin'ny fivoriana fanasan' ny Tompo tsirairay ary amin' ny kilasy tsirairay



ao am-piangonana izay atrehiko. Ireo mpandaha-teny sy ireo mpampianatra dia maneho fitiavana sy fahatakarana ampy an' ireo soratra masina indrindra ny Bokin' i Môrmôna. Ary hita mazava fa avy any am-po lalin' izy ireo ny fijoroana ho vavolombelona manokana ananany. Mampianatra amim-paharesen-dahatra be izy ireo ary mijoro ho vavolombelona amin-kery.

Hitako porofo koa fa mihatsara kokoa isika eo amin' ny ampahany fahatelo amin' ilay fampanantenana izay nataontsika rehetra tamin' ny batisa. Nanao fanekempihavanana isika ny haritra, ny hitandrana ny didin' Andriamanitra raha mbola velon' aina koa.

Notsidihako tany amin' ny hôpitaly ny namana fahiny iray izay nahitana fa efa amin' ny dingana farany ny aretina homamiadana nahazo azy. Nentiko niaraka tamiko ny zanako vavy roa. Tsy nampoiziko ho fantany izy ireo. Nijoro nanodidina ny fandriany koa ny fianakaviany raha niditra iny izahay.

Nitraka izy nijery sady nitsiky. Hotsaroako hatrany ilay fijeriny rehefa hitany fa nitondra ny zanakay roa vavy niaraka tamiko aho. Nanao fihetsika izy hiantsoana azy ireo hanatona azy akaikikaiky kokoa. Niarina izy, dia namihina azy ireo ary nampahafantatra azy ireo tamin' ny fianakaviany. Nilaza ny amin' ny hatsaran' ireto zazavavy

kely roa ireto izy. Toy ireny hoe manolotra andriambavy eo anoloan' ny lapan' ny mpanjaka ireny izy.

Noheveriko fa ho vetivety ilay famangianay. Nieritreritra aho fa tsy maintsy ho reraka izy. Kanefa teo am-pitazanako azy dia hitako fa toa tsy hita akory ny vesatry ny taona. Miramirana ny endriny ary hita mazava fa heniky ny fitiavana anay rehetra.

Toa nankafy ilay fotoana izy, toy ireny hoe nitsahatra ireny ny fikorian' ny fotoana. Nandany ny ankamaroan' ny androm-piainany izy nanampiana ireo zanaky ny Tompo. Fantany avy tamin' ny tantara ao amin' ny Bokin' i Môrmôna fa ny Mpamonjy, izay efa nitsangana tamin' ny maty, dia namihina ireo zaza madinika tsirairay, nitsodrano azy ireo, ary avy eo dia heniky ny ranomasom-pifaliana.⁴ Efa niaina imbetsaka izany fifaliana izany izy ka afaka ny haharitra hatramin' ny farany eo amin' ny fanompoany Azy am-pitiavana.

Nahita fahagagana toy izany koa aho tao amin'ny efitrano fandrian' ny lehilahy iray izay nahavita asa fanompoana tamim-pahatokiana betsaka ka nahatonga ahy hieritreritra hoe efa ampy ny vitany ka efa afaka maka aina izy.

Fantatro fa nandalo fitsaboana naharitra sy nampijalily izy noho ny aretina iray izay efa nolazain' ny dokotera fa tsy misy fanafany intsony. Efa tsy nisy fitsaboana nasain' izy ireo natao intsony ary tsy nisy antenaina intsony koa.

Nentin' ny vadiny tao amin' ny efitrano fandriany aho tany an-tranon' izy ireo. Indro izy mitsilany teo ambonin' ny fandriana tsara voatra. Nitafy lobaka fotsy vao avy nопасohina sy karavato ary kiraro vaovao.

Tsikarin' ny hatairako ka nihomehy malefaka izy ary nanazava fa "Aorian' ny tsodrano izay omeko azy rehefa avy eo, dia te-ho vonona izy hamaly ny antso ary hibata ny fandriany ary handeha hiasa." Hitako mazava anefa fa izy dia efa vonona amin'ilay tafa sy dinika izay ho ataony atsy ho atsy amin' ilay Mpampianatra, izay notom-poiny tamim-pahatokiana tokoa.

Ohatra iray izy amin' ireo Olomasin' ny Andro Farany niova fo tanteraka izay mihaona amiko matetika aorian' ny nanoloran' izy ireo fiainana

fenô fanoloran-tena. Mandroso hatrany izy ireo.

Nofaritan' ny Filoha Marion G. Romney toy izao izany: "Ho an' ireo izay tena niova fo tanteraka, dia ho faty ny faniriana ny zavatra [mifano-hitra] amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, ary soloin' ny fitiavana an' Andriamanitra izany izay miaraka amin' ny faharesen-dahatra tsy mihozongozona ny hitandrina ny didiny."⁵

Izany faharesen-dahatra tsy voahozongozona izany no hitako matetika kokoa hatrany eo amin' ireo mpianatr' i Jesoa Kristy efa ampy traikefa. Toy ilay rahavavy izay nandray ny zanako vavy sy ilay lehilahy nanao kiraro vaovao izay vonona ny hitsangana sy handeha, dia manaraka ny didin' ny Mpamonjy hatramin' ny farany izy ireo. Efa samy nahita izany ianareo rehetra.

Afaka mijery izany indray ianareo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Mbola mahatsapa fankasitrahana ao am-poko foana aho isaky ny mamaky ireo teny avy amin' ny mpanompon' Andriamanitra fenô fahamatorana sy faharesen-dahatra manao hoe: "Fa na dia amin' izao fotoana izao aza, ny vatako manontolo dia mangozohozo izaitsizy tokoa raha mbola eo am-piezahana ny hiteny aminareo aho; saingy ny Tompo . . . manohana ahy sy efa namela ahy hiteny aminareo."⁶

Afaka mahazo herimpo ianareo tahaka ahy avy amin' ireo ohatry ny faharetana nasehon' i Môrônia tamintsika. Irery izy teo am-panompoana. Fantany fa efa akaiky ny farany ho azy. Kanefa dia henoy ny zavatra nosoratany ho an' ny olona izay tsy

mbola teraka sy ireo taranaky ny fahavalony teto an-tany: "Eny, manatôna an' i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy, ary holavin' ny tenanareo ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra; ary raha mandà ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary tia an' Andriamanitra amin' ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin' izany dia ampy ho anareo ny fahasoavany, fa amin' ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin' i Kristy."⁷

Nanao izany fijoroana ho vavolombelona izany i Môrônia ho teny fanaovam-beloma teo amin' ny asa fanompoany. Namporisika ny fiantrana izy tahaka ny nataon' ireo mpaminany tao amin' ny Bokin' i Môrmôna iray manontolo. Nampiany an'ilay fijoroany ho vavolombelona momba ny Mpamonjy izany rehefa nananontanona azy ny fahafatesana. Tena zanak' Andriamanitra niova fo tokoa izy, ary afaka ny ho toy izany koa isika: heniky ny fiantrana, tsy miova sy tsy saro-tahotra amin' ny maha-vavolombelon' ny Mpamonjy sy ny Filazantsarany azy, ary tapa-kevitra ny haharitra hatramin' ny farany.

Nambaran' i Môrônia ny zavatra takian' izany amintsika. Nilaza izy fa ny dingana voalohany hitarika antsika amin' ny fiovam-po tanteraka dia ny finoana. Ny fandalinana amim-bavaka ny Bokin' i Môrmôna dia hanorina finoana an' Andriamanitra Ray, ny Zanaka Malalany ary ny Filazantsarany. Hanorina ny finoanareo ireo mpaminanin' Andriamanitra fahiny sy ankehitriny izany.

Afaka mampanatona anareo



akaikikaiky kokoa an' Andriamanitra izany boky izany mihoatra noho ireo boky hafa. Afaka manova ny fiainana ho amin' ny tsaratsara kokoa izany. Manentana anareo aho hanao toy ny nataon' ilay mpiara-mitory ny filazantsara tamiko. Rehefa nandositra nivoaka ny tranony izy fony izy tanora dia nisy olona nametraka Bokin' i Môrmôna iray tao anatin' ny baoritra iray izay nentiny niaraka taminy teo am-pikatsahany fahasambarana bebe kokoa.

Nandeha ny taona. Nifindrafindra toerana nanerana an' izao tontolo izao izy. Irery sy tsy nahita fifaliana izy indray andro kanjo nitopy tany amin' ilay baoritra ny masony. Fenô ireo zavatra izay nentiny niaraka taminy ilay baoritra. Tany amin' ny farany ambany dia nahita ilay Bokin' i Môrmôna izy. Novakiany ilay fampantanana tao anatin' ary nandramany natao. Nahafantatra izy fa marina izany. Nanova ny fiainany izany fijoroana ho vavolombelona izany. Nahita fahasambarana izy nihoatra noho ny nofinofy rehetra noeritreretiny.

Mety ho tsara afina tsy hitan' ny masonao ny Bokin' i Môrmônanao noho ireo andraikitra sy zava-manahirana anao isan' andro. Miangavy aho ny mba handalinanareo matetika avy amin' ny pejiny io boky io. Mitahiry ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izany, izay hany lalana hiverenantsika hody any amin' Andriamanitra.

Zaraiko aminareo ilay fijoroako ho vavolombelona azo antoka fa velona Andriamanitra ary hamaly ny vavaka ataonareo Izy. I Jesoa Kristy no Mpamonjy an' izao tontolo izao. Ny Bokin' i Môrmôna dia vavolombelona marina fa velona Izy ary Izy no Mpamonjy antsika izay efa nitsangana tamin' ny maty ary velona.

Vavolombelona sarobidy ny Bokin' i Môrmôna. Apetrako aminareo ankehitriny ny fijoroako ho vavolombelona amin' ny anarana masin' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Môsià 18:9.
2. Môsià 2:17.
3. Môrônia 7:47.
4. Jereo ny 3 Nefia 17:21–22.
5. Marion G. Romney, tao amin' ny Conference Report, Ôkt. 1963, 23.
6. Môsià 2:30.
7. Môrônia 10:32.



Nataon' ny Loholona Robert D. Hales
Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy

Miandry an' i Jehovah: Aoka ny Sitraponao no Hatao

Ny tanjon' ny fiainantsika dia ny hivoatra sy hivelatra ary hahazo hery amin' ny alalan' ireo zavatra iainantsika manokana.

Amin' izao Sabata maraina izao, isika dia maneho fisaorana sy mijoro ho vavolombelona ny amin' ny fahamarinan' ny fahaveloman' ny Mpamonjy. Naverina tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith ny filazantsarany. Marina ny Bokin' i Môrmôna. Tarihiny ny mpaminany velona iray isika dia ny Filoha Thomas S. Monson. Fa ny zava-dehibe indrindra dia mijoro ho vavolombelona lehibe momba ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy sy ireo fitahiana mandrakizay izay mikoriana avy amin' izany isika.

Nandritra ny volana vitsivitsy lasa izay dia nanana fahafahana nandalina sy nianatra bebe kokoa momba ny sorompanavotana nataon' ny Mpamonjy aho ary ny fomba nanomanany ny tenany mba hanolorana ilay fanatitra mandrakizay ho antsika tsirairay avy.

Nanomboka tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana ny fiomanany rehefa niandry ny Rainy Izy ary nilaza hoe: “Hatao anie ny sitraponao ary ho Anao ny voninahitra mandrakizay.”¹ Nanomboka tamin' izay fotoana izay ka hatramin' izao dia nampiasa ny

fahafahany misafidy Izy mba hanatanterahana ny drafitry ny Raintsika any an-danitra. Ny soratra masina dia mampianatra antsika fa fony Izy tao anatin' ny fahatanorany dia nanao ny “raharahan-dRai[ny] izy”² ary “niandry tamin' ny Tompo ny amin' ny fotoana hiavian' ny asa fanompoany.”³ Tamin' Izy feno 30 taona dia nianjadian' ny fakam-panahy mafy, saingy nisafidy ny hanohitra izany Izy ka nilaza hoe: “Mialà eo imasoko ianao ry Satana.”⁴ Natoky ny Rainy Izy tao Getsemane ka nilaza hoe: “Raiko ô, raha sitrakao dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao,”⁵ ary dia nisafidy ny hijaly noho ny fahotantsika Izy. Tao anatin' ny fanalam-baraka teo anatrehan' ny fitsaram-bahoaka sy ny fijalijaliana tamin' ny fanomboana dia niandry ny Rainy Izy ary vonona ny “[ho] ratraina noho ny fandikantsika lalàna . . . [ary ho] torotoroina noho ny helotsika.”⁶ Na tamin' Izy nihiaka hoe: “Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana no dia mahafoy Ahy Ianao?” aza,⁷ dia niandry ny Rainy Izy—ka nisafidy ny



hamela ny heloky ny fahavalony,⁸ hijery raha misy miahy tsara ny reniny,⁹ ary haharitra hatramin' ny farany mandrapahatapitry ny ainy sy ny asa nanirahana azy teto an-tany.¹⁰

Matetika aho no nisaintsaina hoe: Nahoana no tratran' ny fitsapana sy fahoriana ny Zanakalahin' Andriamanitra sy ireo mpaminaniny masina ary ireo Olomasina mahatoky na dia miezaka manao ny sitrapon' ny Ray any an-danitra aza izy ireo? Nahoana no tena sarotra izany indrindra ho azy ireo?

Mieritreritra an' i Joseph Smith aho izay tratran' ny aretina fony izy ankizilahy kely ary niharan' ny fanenjehana nandritra ny fiainany iray manontolo. Izy koa dia nihiaka toa ny Mpamonjy nanao hoe, “Andriamanitra ô, aiza no misy Anao?”¹¹ Kanefa na tamin' ny fotoana toa tena naha irery Azy aza dia nisafidy ny hiandry ny Tompo Izy ary hanatanteraka ny sitrapon' ny Rainy any an-danitra.

Mieritreritra an' ireo mpisava lalana razambentsika aho izay noroahina hiala tao Nauvoo ary namakivaky ireo tany lemaka, ary nisafidy ny hanaraka ilay mpaminany iray na dia nianjadian' ny aretina sy ny fihafiana ary fahafatesana mihitsy aza ho an' ny sasany.

Nahoana no niaina izany fijaliana lehibe izany izy ireo? Inona no hiafaran' zany? Inona no tanjon' izany?

Rehefa mametraka ireo fanontaniana ireo isika dia mahatsapa fa ny tanjon' ny fiainantsika eto an-tany dia ny hivoatra sy hivelatra ary hahazo hery amin' ny alalan' ireo zavatra iainantsika manokana. Ahoana no fomba hanaovantsika izany? Ny soratra masina dia manome valiny iray ho antsika izay ao anatin' ny fehezanteny tsotra iray: “miandry an' i Jehovah” isika.¹² Omena antsika rehetra ny fisedrana sy ny fitsapana. Ireo olana eto an-tany ireo dia manome fahafahana antsika sy ny Raintsika any an-danitra mba hahita raha toa isika ka hanao safidy ny hanaraka Ilay Zanakalahiny. Efa fantany ary manana fahafahana hianatra isika fa na sarotra manao ahoana aza ny toe-javatra iainantsika, “ireo zavatra rehetra ireo dia hanome [antsika] traikefa, ary . . . ho soa ho [antsika].”¹³

Midika ve izany fa isika dia hahatakatra foana ireo fitsapana miseho eo amintsika? Moa ve isika rehetra indraindray tsy mba manana antony hametrahana ilay fanontaniana hoe: “Andriamanitra ô, aiza no misy Anao?”¹⁴ Eny. Rehefa maty ny vady dia hametraka izany fanontaniana izany ilay olona niara-dia taminy. Rehefa tratran' ny olana ara-bola ny fianakaviana iray dia hametraka izany fanontaniana izany ilay raim-pianakaviana. Rehefa mivily lalana ny zanaka dia hikiaka mafy an' izany amin' alahelo ny ray sy ny reny. Eny, “Amin' ny hariva dia misy fitomaniana tonga hivahiny miloaka alina; fa nony maraina kosa dia misy fihobiana.”¹⁵ Ary any am-piandohan' ilay finoantsika sy fahatakarantsika izay nitombo dia mitsangana isika ary misafidy ny hiandry ny Tompo ka miteny hoe “Aoka ny sitraponao no hatao.”¹⁶

Inona izany no dikan' ny hoe miandry ny Tompo? Ao amin' ny soratra masina ny teny hoe *miandry* dia midika hoe manantena, manao zavatra mialoha, ary matoky. Ny hoe manantena sy matoky ao amin' ny Tompo dia mitaky finoana, faharetana, fanetren-tena, fahamoram-panahy, fahari-po sy fitandremana ny didy ary faharetana hatramin' ny farany.

Ny hoe miandry ny Tompo dia midika hoe mamboly masombolin'

ny finoana ary mikolokolo izany “amin' ny fahazotoana be, sy . . . faharetana.”¹⁷

Izany dia midika hoe mivavaka toy ny nataon' ny Mpamonjy—tamin' Andriamanitra Raintsika any an-danitra—ka miteny hoe: “Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao.”¹⁸ Vavaka atolotsika amin' ny fanahintsika manontolo izany amin' ny anaran' i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika.

Ny hoe miandry ny Tompo dia midika hoe misaintsaina ao am-pontsika ary “mandray ny Fanahy Masina” mba hahafahantsika mahafantatra “ny zavatra rehetra izay tokony hataon[tsika].”¹⁹

Rehefa manaraka ny bitsiky ny Fanahy isika dia mahita fa ny “fahoriana dia mahatonga faharetana”²⁰ ary mianatra ny “mitozo ao amin' ny faharetana [isika] mandrapahatonga [antsika] ho tanteraka.”²¹

Ny hoe miandry ny Tompo dia midika hoe “miorina mafy”²² sy “mibosesika handroso” ao amin' ny finoana, ary “[manana] fanantenana mamirapiratra.”²³

Izany dia midika hoe “[m]iantehitra amin' ny amin' ny fahamandrehan' i Kristy”²⁴ ary milaza “miaraka amin' ny fanohanana' ny fahasoa[ny antsika] hoe: Hatao anie ny sitraponao, Tompo ô, fa tsy ny anay.”²⁵

Rehefa miandry ny Tompo isika dia “tsy [m]iova amin' ny [f]itandremana ny didin' Andriamanitra,”²⁶ ary mahafantatra fa isika dia “hiala sasatra amin' ny fahorian[tsika] indray andro any.”²⁷

Ary “tsy manary ny . . . fahasahan[tsika isika]”²⁸ fa “ny zava-drehetra izay efa nampahoriana [antsika] dia hiara-hiasa hahasoa [antsika].”²⁹

Ho tonga amin' ny endriny sy halehibeny samihafa ireo fitsapana ireo. Ny zavatra niainan' i Joba dia mampahatsiahy antsika izay zavatra mety takiana mba hiaretantsika. I Joba dia namoy ny fananany rehetra ka tao anatin' izany ny taniny, ny tranony, ny bibiny, ireo olona tao amin' ny fianakaviany, ny lazany, sy ny fahasalamany ary na izay mahasoa azy ara-tsaina aza. Kanefa niandry ny Tompo izy ary nijoro ho vavolombelona manokana izay mahery vaika. Hoy izy hoe:

“Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin' ny vovoka Izy:

“Ary rehefa . . . afaka amin’ ny nofoko aho, dia hahita an’ Andriamanitra.”³⁰

“Na dia hamono ahy aza Izy, mbola hanantena Azy ihany aho.”³¹

Na dia eo aza ireo ohatra tonga lafatra nasehon’ i Joba sy ireo mpaminany ary ny Mpamonjy dia mbola ho hitantsika fa sarotra foana ny miandry ny Tompo, indrindra rehefa tsy afaka mahatakatra tanteraka ilay drafiny sy ny tanjony ho antsika isika. Izany fahatakarana izany matetika dia omena “andalan-tsoratra anampy andalan-tso-ratra [ary] fitsipika anampy fitsipika.”³²

Izaho teo amin’ ny fiainako dia nianatra fa indraindray dia tsy mahazo ny valin’ ny vavaka iray aho satria fantatry ny Tompo fa mbola tsy vonona. Rehefa mamaly anefa Izy dia matetika mamaly “etsy kely ary eroa kely”³³ satria izay ihany aloha no zakako na izay ihany aloha no nivononako mba hatao.

Matetika mihitsy isika no mivavaka mba hanana faharetana nefa tiant-sika ho azo izao dia izao izany! Fony mbola zatovolahy ny Filoha David O. McKay dia nivavaka mba hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan’ ny filazantsara. Taona maro taty aoriana, rehefa nanao asa fitoriana tany Ecosse izy dia tonga ihany izany fijoroana ho vavolombelona izany. Taty aoriana dia nanoratra izy hoe: “Izany dia fanomezan-toky ho ahy fa ny vavaka natao tamimpahitsim-po dia voavaly ‘amin’ ny fotoana tsy ampoizina ary any amin’ ny toerana iray.”³⁴

Mety tsy fantatsika hoe rahoviana na ahoana no hahatongavan’ ny valintenin’ ny Tompo, saingy mijoro ho vavolombelona aho fa ho tonga amin’ ny fotoanany sy ny fombany izany. Mety mila miandry hatrany amin’ ny fiainana ho avy isika ho an’ ny valinteny sasany. Mety ho marina izany ho an’ ireo fampanantenana sasany ao amin’ ny tsodranon’ ny patriarika azontsika ary ho an’ ireo tsodrano sasany nomena ireo olona ao amin’ ny fianakavian-tsika. Aoka isika mba tsy hiala amin’ ny Tompo. Ny fitahiany dia mandrakizay fa tsy mandalo fotsiny ihany.

Ny fiandrasana ny Tompo dia manome antsika tombontsoa sarobidy mba hahita fa maro ireo olona izay miandry antsika. Ny zanatsika



dia miandry antsika mba hampiseho faharetana, fitiavana ary halemempahany amin’ izy ireo. Ny ray amandrenintsika dia miandry antsika mba hampiseho fankasitrahana sy fangorahana. Ireo iray tampo amintsika dia miandry antsika mba handefitra, haneho famindram-po sy hamela heloka. Miandry antsika ny vadintsika mba hitiavantsika azy ireo toy ny nitiavan’ ny Mpamonjy antsika tsirairay avy.

Rehefa ianjadian’ ny fijaliana ara-batana isika, dia miha mahafantatra hoe firy ny isan’ ireo olona izay miandry antsika tsirairay. Izaho dia mahatsapa ny fankasitrahana’ ny Ray any an-danitra be fitiavana sy ny Zanany malalany an’ ireo Maria sy Marta rehetra sy ireo Samaritana tsara fanahy rehetra izay mikarakara ny marary sy mamonjy ny osa, ary ireo izay mikarakara ireo sembana ara-tsaina sy ara-batana. Ianareo dia miandry ny Tompo sy manao ny sitrapon’ ny Ray any an-danitra ao anatin’ ny asa fanompoana tahaka ny nataon’ i Kristy izay ataonareo isan’ andro. Mazava ny toky nomeny anareo: “Araka izay efa nataonareo tamin’ ny anankiray amin’ ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko.”³⁵ Fantany ny fahafoizan-tenanareo sy ny fahoriana-reo. Maheno ny vavaka ataonareo Izy. Ny fiadanany sy ny fitsaharany dia ho

anareo raha manohy miandry Azy ao anatin’ ny finoana ianareo.

Isika tsirairay ireo dia tena tian’ ny Tompo bebe kokoa mihoatra noho izay takatsika na azontsika an-tsaina. Noho izany dia aoka isika hifaneho hatsaram-panahy ary ho tsara fanahy amin’ ny tenantsika. Aoka isika hahatsiaro fa rehefa miandry ny Tompo isika dia lasa “olomasina amin’ ny alalan’ ny sorompanavota[ny], . . . mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana, vonona hanoa amin’ ny zava-drehetra izay hitan’ ny Tompo fa mety ampitondraina [antsika], dia tahaka ny zaza manoa an-drainy.”³⁶

Fankatoavana toy izany no nasehon’ ny Mpamonjy antsika tamin-dRainy tao amin’ ny sahan’ i Getsemane. Nitalaho tamin’ ny mpianany Izy hoe: “Miaraha miari-tory amiko,” kanefa in-telo Izy no niverina teo amin’ izy ireo saingy renoky ny torimaso izy ireo.³⁷ Tao anatin’ ny tsy fiarahan’ ireo mpianatra ireo tamin’ sy indrindra tao anatin’ ny tsy fanatrehan’ ny Rainy Azy no nisafidianan’ ny Mpamonjy hizaka ny “fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isankarazany.”³⁸ Niaraka tamin’ ny fampaherezan’ ilay anjely Azy,³⁹ dia “nisotro tamin’ ilay kapoaka mangidy Izy.”⁴⁰ Niandry ny Rainy Izy ka nilaza hoe: “Aoka ny sitraponao no hatao,”⁴¹ ary dia nanosihosy irery tamimpantretena ny famiazam-boaloboka Izy.⁴² Ankehitriny amin’ ny maha iray amin’ ireo Apôstôly Roambinifolony ahy amin’ izao andro farany izao dia mivavaka aho mba hahazo hery hiarahana miari-tory Aminy sy hiandrasana Azy mandritra ny androntsika.

Amin’ izao Sabata maraina izao, dia maneho ny fankasitrahako aho fa “ao anatin’ ny Getsemaneko”⁴³ sy ny anareo dia tsy irery isika. Miambina *antsika* Izy, “tsy matory na rendremana.”⁴⁴ Ireo anjely ety ary any ankoatry ny voaly dia “hanodidina [antsika], mba hanohana [antsika].”⁴⁵ Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa marina ny fampanantenany; satria milaza Izy hoe: “Fa izay miandry an’ i Jehovah dia mandroso hery kosa. Elatra no hiakarakany tahaka ny voromahery. Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra. Handeha izy nefa tsy ho reraka.”⁴⁶ Enga anie isika ka hiandry Azy amin’ ny alalan’

ny fibosesehantsika mankany amin' ny finoana mba hahafahantsika milaza ao anatin' ny vavaka ataontsika hoe: "Aoka ny sitraponao no hatao,"⁴⁷ ary miverina any Aminy amim-boninahitra. Amin' ny anarana masin' ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Mosesy 4:2.
2. Lioka 2: 49.
3. Dikantenin' i Joseph Smith, Matio 3:24, ao amin' ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina.
4. Lioka 4:8.
5. Lioka 22:42.
6. Isaia 53:5; Môsià 14:5.
7. Matio 27:46; Marka 15:34.
8. Jereo ny Lioka 23:34.
9. Jereo ny Jaona 13:27.
10. Jereo ny Jaona 19:30.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:1.
12. Salamo 37:9; 123:2; Isaia 8:17; 40:31; 2 Nefia 18:17.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:1.
15. Salamo 30:5.
16. Matio 6:10; 3 Nefia 13:10; jereo koa ny Matio 26:39.
17. Almà 32:41.
18. Matio 6:10; Lioka11:2.
19. 2 Nefia 32:5.
20. Romana 5:3.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:13.
22. Almà 45:17.
23. 2 Nefia 31:20.
24. Môrônia 6:4.
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:44.
26. Almà 1:25.
27. Almà 34:41.
28. Hebreo 10:35.
29. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98: 3.
30. Joba 19:25–26.
31. Joba 13:15.
32. 2 Nefia 28:30.
33. 2 Nefia 28:30.
34. *Teachings of Presidents of the Church: David O. McKay* (2003), xviii.
35. Matio 25:40.
36. Môsià 3:19.
37. Matio 26:38; jereo ny andininy 39–45.
38. Almà 7:11–12.
39. Jereo ny Lioka 22:43.
40. "In Memory of the Crucified," *Hymns*, no. 190; jereo koa ny 3 Nefia 11:11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18–19.
41. Matio 26:42.
42. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:107; 88:106; 133:50.
43. "Où pourrais-je chercher?" *Cantiques*, no. 68.
44. Salamo 121:4.
45. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
46. Isaia 40:31.
47. Matio 26:22.



Nataon' ny Loholona Tad R. Callister
Ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy

Ny Bokin' i Môrmôna—Boky iray avy amin' Andriamanitra

Rehefa miaraka amin' ny Baiboly ny Bokin' i Môrmôna dia vavolombelon' ireo fotopampianaran' i Kristy sy ny maha-Andriamanitra Azy izany.

Taona maro lasa izay no sambany nandraisan' ilay dadan' ny dadan' ny dadabeko tahadikany ny Bokin' i Môrmôna. Nosokafany teo afovoany izany ary namaky pejy vitsivitsy izy. Dia nanambara izy hoe: "Na ity boky ity nosoratan' Andriamanitra na nosoratan' ny devoly, ka dia ho karohako hoe iza no nanoratra izany." Namaky izany in-droa izy nandritra ny 10 andro taorian' izany ary dia nanambara hoe: "Tsy vitan' ny devoly ny nanoratra an' ity—tsy maintsy avy amin' Andriamanitra ity."¹

Izany no zavatra mampiavaka ny Bokin' i Môrmôna—tsy misy zavatra eo anelanelany. Na izany tenin' Andriamanitra araka ny ambara na izany boky feno fitaka tanteraka. Ity boky ity dia tsy manambara tsotra fotsiny ny tenany ho toy ny asa soratra momba ny fitsipi-pitondrantena na fanehoankevitra mikasika ny finoana an' Andriamanitra na amboaran-drakitsoratra

mifono fampahalalan-javatra maro. Manambara ny tenany ho tenin' Andriamanitra izany—ny fehezanteny rehetra, ny andininy rehetra ary ny pejy rehetra. Nanambara i Joseph Smith fa nisy anjely iray nitarika azy hankany amin' ireo takelaka volamena izay ahitana ny rakitsoratr' ireo mpaminany tany Amerika fahiny ary nadikany tamin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra ireo takelaka ireo. Raha marina izany tantara izany dia soratra masina izany ny Bokin' i Môrmôna, toy ny efa voalazany. Raha tsia, dia boky tsara endrika fotsiny izany fa ny ao anatiny mifono fitaka mamohetra.

I C. S. Lewis dia niresaka safidy roa mahasanganehana mitovy amin' izany izay nianjady tamin' ny olona iray izay tsy maintsy nisafidy na hanaiky na handà ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy—ary tsy misy zavatra eo anelanelany koa izany: "Miezaka aho eto mba hampitandrina ny rehetra

tsy hilaza zavatra tena adaladala izay matetika filazan' ny olona momba Azy: 'Vonona ny hanaiky an' i Jesoa amin' ny maha-mpampianatra lehibe Azy mikasika ny fitsipi-pitondrantena aho, saingy tsy ekeko ny fanambarany fa Andriamanitra Izy. ' Izany no zavatra anankiray izay tsy tokony holazaintsika. Ny olona iray izay olombelona tsotra fotsiny izao nefa nilaza karazan-javatra toy ny nolazain' i Jesoa dia tsy ho mpampianatra lehibe mikasika ny fitsipi-pitondrantena mihitsy. . . . Tsy maintsy manao ny safidinao ianao. Na izany olona izany Zanak' Andriamanitra: na olona adala iray na ratsy kokoa noho izany aza. . . . Saingy aoka isika tsy hilaza zavatra tsy voahevitra mikasika ny maha-mpampianatra lehibe ny olombelona azy. Tsy navelany hitoetra eo amintsika izany fomba fihevitra izany. Tsy nikasa ny hanao izany Izy."²

Toy izany koa isika, tsy maintsy manao safidy tsotra mikasika ny Bokin' i Môrmôna—na izany avy amin' Andriamanitra na avy amin' ny devoly. Tsy misy safidy hafa. Manasa anareo aho mandritra ny fotoana fohy mba hanao fitsapana kely izay hanampy anareo hahafantatra ny toetoetra marin' izany boky izany. Anontanio ny tenanao raha toa ity soratra masina manaraka avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ity ka mampanakaiky anao amin' Andriamanitra na amin' ny devoly:

"Mivokisa amin' ny tenin' i Kristy, fa indro hilaza aminareo ny zavadrehetra tokony hataonareo ny tenin' i Kristy" (2 Nefia 32:3).

Na ireto teny be fitiavana nataon' ny ray anankiray tamin' ny zanany lahy ireto: "Ary ankehitriny, ry zanako, tsarovy, tsarovy fa eo amin' ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototra-reo" (Helamàna 5:12).

Na ireto tenin' ny mpaminany iray ireto: "Manatôna an' i Kristy ary aoka ho tanteraka ao Aminy" (Môrmônia 10:32).

Mety ho ny devoly ve no nanoratra ireo teny avy amin' ny Bokin' i Môrmôna ireo? Rehefa avy nandroaka devoly vitsivitsy ny Mpamonjy dia nilaza ireo Fariseo fa "tamin' ny alalan' ny Belzeboba mpanjakan' ny devoly" no nanaovany an' izany. Namaly ny Mpamonjy fa hevitra tsy mitombina

izany: Hoy izy hoe: "Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano; ary tsy haharitra ny tanàna rehetra . . . izay miady an-trano." Ary ity no namaranany Azy: "*Ary raha Satana no mamoaka an' i Satana, dia miady an-trano izy; ka ahoana no haharetan' ny fanjakany?*" (Matio 12:24–26; nampiana fanamafisana.)

Raha toa ireo soratra masina avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna voalaza teo aloha teo ka mpampianatra antsika hitsaoka sy hitia ary hanompo ny Mpamonjy (izay izany mihitsy no ataony), dia ahoana no ahafahan' izany ho avy amin' ny devoly? Raha izany no miseho dia hampizarazara ny tenany izy ary dia hamotika ny fanjakany, ary izay ilay fepetra mazava izay nolazain' ny Mpamonjy fa tsy afaka ny hisy. Ny famakiana amin-kitsimpo sy amin' ny saina misokatra ny Bokin' i Môrmôna dia hitondra any amin' ilay fehin-kevitra mitovy amin' ny an' ny dadan' ny dadan' ny dadabeko manao hoe: "Tsy vitan' ny devoly ny nanoratra an' ity—tsy maintsy avy amin' Andriamanitra ity."

Saingy nahoana no tena ilaina ny Bokin' i Môrmôna raha toa isika ka efa manana ny Baiboly mba mpampianatra antsika momba an' i Jesoa Kristy? Efa mba nanontany tena ve ianao hoe, fa maninona no tena maro ireo fiangonana Kristianina manerana an' izao tontolo izao ankehitriny raha toa ka avy ao amin' ilay Baiboly mitovy ihany no aha-zoan' izy ireo ireo fotopampianaran' Satria tsy mitovy ny fomba handikan' izy ireo izay lazain' ny Baiboly. Raha mitovy ny fandikan' izy ireo izany dia hitovy ny fiangonan' izy ireo. Tsy fepetra iray izay tian' ny Tompo anefa izany, satria i Paoly Apôstôly dia nanambara fa "iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa" (Efesiana 4:5). Mba hahatantetraka izany fitambarana ho iray izany dia nametraka lalàna masin' ny vavolombelona ny Tompo. Nampianatra i Paoly hoe: "Amin' ny tenin' ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny rehetra" (2 Korintiana 13:1).

Ny Baiboly dia vavolombelona iray momba an' i Jesoa Kristy ary ny Bokin' i Môrmôna dia anankiray hafa. Nahoana no zava-dehibe ilay vavolombelona faharoa? Ity ohatra manaraka ity dia mety hanampy: Firy ny isan' ny tsipika mahitsy azonao atao miala avy



amin' ny teboka iray eo amin' ny taratasy iray? Ny valiny dia isa tsy manampetra. Eritrreto mandritra ny fotoana fohy hoe izany teboka iray monja izany dia maneho ny Baiboly ary ireo tsipika mahitsy an-jatony maro avy eo amin' ilay teboka dia maneho ny fandikana samihafa ny Baiboly ary ireo dikanteny samihafa ireo dia samy maneho fiangonana iray hafa.

Inona no mitranga anefa raha toa ka misy teboka faharoa eo amin' izany taratasy izany izay maneho ny Bokin' i Môrmôna? Firy ny isan' ny tsipika mahitsy azonao faritana eo anelanelan' ireo teboka ifantohana ireo—ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna? Iray ihany. Dikanteny iray ihany momba ireo fotopampianaran' i Kristy no afaka hisy noho ny fijoroana ho vavolombelon' ireo vavolombelona roa ireo.

Averina indray fa ny Bokin' i Môrmôna dia toy ny vavolombelona mitondra fanamafisana sy fanazavana ary fampiraisana mikasika ireo fotopampianarana nampianarina tao amin' ny Baiboly ka noho izany dia tsy misy afa-tsy hoe "iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa." Ohatra, misy olona sasany izay mikorontantsaina ny amin' ny hoe ilaina ho an' ny famonjena ve sa tsia ny batisa na dia nambaran' ny Mpamonjy tamin' ny Nikodemosa aza hoe: "Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin' ny fanjakan' Andriamanitra" (Jaona 3:5). Ny Bokin' i Môrmôna, anefa, dia manala ireo ahiahy rehetra mikasika izany zavatra izany: "Ary mandidy ny olon-drehetra Izy ny tsy maintsy hibebahany sy hanaovana batisa azy amin' ny anarany, . . . fa raha tsy izany dia tsy ho azo vonjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra izy" (2 Nefia 9:23).

Misy fomba fanaovana batisa maro eto amin' izao tontolo izao ankehitriny



Jundiaí, Brésil

na dia lazain' ny Baiboly amintsika aza ny fomba nanaovana batisa ny Mpamonjy izay Ilay Ohatra lehibe ho antsika: “Dia niakatra avy teo amin' ny rano niaraka tamin' izay Izy” (Matio 3:16). Moa ve Izy afaka nivoaka avy tao anaty rano raha tsy nidina tao anaty rano aloha? Mba hisorohana ny tsy fitovian-kevitra mikasika izany lohahevitra izany dia hazavain' ny Bokin' i Môrmôna amin' ny alalan' ity fanambarana tonga dia mahitsy mikasika ny fotopampiarana ity ny fomba tena hanaovana batisa: “Ary amin' izany ianareo dia hanitrika azy ao anaty rano” (3 Nefia 11:26).

Maro ireo olona mino fa tapitra niaraka tamin' ny Baiboly ny fanomezana fanambarana na dia vavolombelon' ny lamin' Andriamanitra mikasika ny fanomezana fanambarana tao anatin' ny 4.000 taona mahery niainan' ny olombelona aza ny Baiboly. Saingy ny fotopampiarana diso toy izany dia tahaka ny daomy iray izay domina ka mahatonga ny ambin' ny daomy hafa rehetra hianjera na raha eto amin' ity lafiny iray ity izy dia mahatonga ny fianjeran' ireo fotopampiarana marina. Ny finoana ny fahataperan' ny fanomezana fanambarana dia miteraka ny fianjeran' ilay fotopampiarana hoe: “Andriamanitra dia tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay” (Môrmôna 9:9). Izany dia miteraka ny fianjeran' ilay fotopampiarana nampianarin' i Amosa hoe: “Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin' ny mpaminany mpanompony” (Amosa 3:7); ary miteraka ny fianjeran' ilay fotopampiarana hoe: “Tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra” (Asan' ny Apôstôly 10:34) ary noho izany dia miresaka amin' ny olona

rehetra ao anatin' ny vanim-potoana rehetra. Saingy ny Bokin' i Môrmôna dia namerina tamin' ny toerany ilay fahamarinana ao amin' ny Baiboly mikasika ny fitohizan' ny fanambarana:

“Ary miteny koa aminareo izay mandà ny fanambaran' Andriamanitra aho, ary milaza fa efa atsahatra izany, fa tsy misy fanambarana. . . .”

“Moa tsy vakintsika fa Andriamanitra no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay . . . ?” (Môrmôna 9:7, 9).

Amin' ny teny hafa dia hoe raha toa Andriamanitra, izay tsy miova, ka niteny tamin' ny andro fahiny dia hiteny koa Izy amin' izao andro izao.

Mitohy hatrany hatrany ny lisitr' ireo fanamafisana sy fanazavana ara-potopampiarana saingy tsy misy amin' izy ireo mahery vaika sy manohina ny fo toy ireo fanambaran' ny Bokin' i Môrmôna mikasika ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Moa ve ianao te-handraikitra ao am-ponao ny fijoroana ho vavolombelona tsy azo lavina fa ny Mpamonjy dia nidina tambanin' ny fahotanao ary tsy misy fahotana na toe-javatra sarotra ka tsy takatry ny Sorompanavotany feno famindram-po—fa ho an' ny tsirairay amin' ny olanao dia manana fane-fitra izay mifono hery fanasitranana faran' izay lehibe Izy? Vakio ary ny Bokin' i Môrmôna. Hampianatra anao sy hijoro ho vavolombelona aminao izany fa ny Sorompanavotan' i Kristy dia tsy manam-petra satria mahafehy sy mahatakatra ary lehibe kokoa no izay mety ho fahalomena eto an-tany izay fantatry ny olona izany. Izay no antony nanambaran' ny mpaminany Môrmôna hoe: “Hanana fanantenana ianareo amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy” (Môrmôna 7:41).

Tsy mahagaga raha toa ny Bokin' i Môrmôna ka manambara amim-pahasahiana hoe: “Ary raha mino an' i Kristy ianareo dia hino ireto teny ireto, satria tenin' i Kristy ireo” (2 Nefia 33:10). Rehefa miaraka amin' ny Baiboly ny Bokin' i Môrmôna dia vavolombelon' ireo fotopampianaran' i Kristy sy ny maha-Andriamanitra Azy izany. Rehefa miaraka amin' ny Baiboly izany dia “mampianatra ny olon-drehetra mba hanao ny tsara” (2 Nefia 33:10). Rehefa miaraka amin' ny Baiboly izany dia mitondra antsika ao amin' ilay hoe “Tompo iray, finoana iray, batisa iray.” Izay no antony maha-zava-dehibe ny Bokin' i Môrmôna.

Taona maro lasa izay dia nana-trika ny fotoam-pivavahantsika tany Toronto, Canada aho. Ankizivavy 14 taona no mpandahateny. Nilaza izy fa niresaka momba ny finoana niaraka tamin' ny iray tamin' ireo namany tany an-tsekoly. Nilaza taminy ilay namany hoe: “Inona no finoanao?”

Dia namaly izy hoe: “Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany na ny Môrmôna.”

Namaly ilay namany hoe: “Fantatro izay Fiangonana izay ary fantatro fa tsy marina izy io.”

“Ahoana no ahafantaranao izany?” hoy ny navalin' ilay ankizivavy.

“Satria,” hoy ilay namany, “Nanao fikarohana momba izany aho.”

“Efa namaky ny Bokin' i Môrmôna ve ianao?”

“Tsia,” hoy ny navaliny. “Tsy mbola namaky izany aho.”

Dia namaly ity ankizivavy mahafinaritra ity hoe: “Dia tsy nanao fikarohana momba ny Fiangonako izany ianao satria efa namaky ny pejy rehetran' ny Bokin' i Môrmôna aho ary fantatro izany fa marina.”

Izaho koa dia efa namaky ny pejy rehetran' ny Bokin' i Môrmôna, dia namerimberina izany, ary dia mijoro ho vavolombelona lehibe toy ilay dadan' ny dadan' ny dadabeko aho fa avy amin' Andriamanitra izany. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Willard Richards, ao amin' ny LeGrand Richards, *A Marvelous Work and a Wonder*, boky nohavaozina (1972), 81, 82.
2. C. S. Lewis, *Mere Christianity* (1952), 40–41.



Nataon' i Elaine S. Dalton
Filohan' ny Zatovovavy Maneran-tany

Tiavo ny Reniny

Ahoana no ahafahan' ny ray anankiray mitaiza zanakavavy iray faly sy hendry ao anatin' ilay izao tontolo izao ankehitriny izay miha feno zavatra mampidi-doza? Nampianaran' ireo mpaminanin' ny Tompo ny valin' izany.

Tsy misy teny afaka mamaritra ilay fotoana masina vao sambany hihazonan' ny raim-pianakaviana vaovao iray eny an-tsandriny ilay zanany vavy kely. Tamin' ity taona ity dia telo tamin' ireo zanakay lahy no lasa raim-pianakaviana vaovao rehefa samy nahazo zazavavy kely. Rehefa nandinika an' i Jon zanakay lahy aho, izay mpanao rugby mafy toto sy matanjaka, nihazona teny an-tsandriny ilay zanany vavy kely voalohany, ary nijery ilay zaza tamim-pitiavana feno fanajana izy ary avy eo dia nijery ahy tamin' ilay endriny toa niteny hoe—“Ahoana no fomba hitaizako zazavavy?”

Anio maraina aho dia te-hiresaka amin' ireo zanakay sy ny raim-pianakaviana rehetra. Ahoana no ahafahan' ny ray anankiray mitaiza zanakavavy iray faly sy hendry ao anatin' ilay izao tontolo izao ankehitriny izay miha feno zavatra mampidi-doza? Nampianaran' ireo mpaminanin' ny Tompo ny valin' izany. Valiny tsotra izany ary marina—“Ny zavatra manan-danja indrindra azon'ny raim-pianakaviana atao ho an'ny [zanakavaviny] dia ny mitia ny reni[n-janany].”¹ Amin'ny alalan'ny fomba hitavanana ny reniny, no hampianaranao ny zanakao vavy momba ny fitiavana, ny fahitsim-po aman-tsaina, ny fanajana, ny fangorahana ary ny fanoloran-tena. Hianatra avy amin' ny ohatra asehona

o mikasika izay zavatra tokony ho antenaina amin' ireo zatovolaha izy ary ireo toetra izay tokony ho tadiavina ao amin' izay ho vadiny rahatrizay. Azonao aseho ny zanakao vavy amin' ny alalan' ny fomba itiavanao sy hanajanao ny vadinao fa izy dia tokony hanantena ny hanambady olona izay hitia sy hanaja azy. Ny ohatra asehona dia hampianatra ny zanakao vavy hanome lanja ny maha vehivavy. Mampiseho azy ianao fa izy dia zanakavavin' ny Raintsika any an-danitra izay tia azy.

Tiavo mafy tokoa ny reniny mba hahatonga ny fanambadianareo ho selestialy. Ny fanambadiana any amin' ny tempoly mandritra izao fotoana izao sy ho mandrakizay dia mendrika ny hanaovanao ezaka lehibe indrindra sy hataona ho laharam-pahamehana



ambony indrindra. Efa taorian'ny nahavitan'i Nefia ny fanorenana ny tempoly tany an-tany foana vao nilaza izy hoe: “Ary . . . niaina tao amin'ny toetry ny fahasambarana izahay.”² Ilay hoe “toetry ny fahasambarana” dia hita any amin'ny tempoly. Fitandremana ny fanekempihavanana izany. Aza avela hisy zavatra hafa eo amin' ny fiainanao na ao an-tokantranonao izay hahatonga anao hanimba ny fanekempihavanana nataona sy ny fanoloran-tenanao tamin' ny vadinao sy ny fianakavianao.

Ao amin' ny Zatovovavy dia manampy ny zanakao vavy izahay mba hahatakarany ny maha izy azy amin' ny maha zanakavavin' Andriamanitra azy sy ny maha-zava-dehibe ny fijanonana ho masina sy mendrika ny handray ireo fitahiana entin' ny tempoly sy ny fanambadiana any amin' ny tempoly. Izahay dia mampianatra ny zanakao vavy ny maha-zava-dehibe ny fitandremana ireo fanekempihavanana masina. Mampianatra azy ireo izahay mba hanolo tena dieny izao mba hiaina amin' ny fomba izay hahafahany ho mendrika foana ny hiditra any amin' ny tempoly ary tsy hamela na inona na inona hanemotra na hanelingelina na hanao izay tsy hahamendrika azy amin' izany tanjony izany. Ny ohatra asehona amin' ny maha-rainy anao dia hisy fiantraikany bebe kokoa noho izay zavatra manan-danja lazainay. Miahiahy ny momba ireo rainy ny zatovovavy. Maro izy ireo no maneho fa ny faniriany lehibe indrindra dia ny ho tafaraka mandrakizay ao anatin' ny fianakaviana. Tiany ianareo mba ho eo rehefa mandeha any amin' ny tempoly izy ireo na manambady any amin' ny tempoly. Manakaikiza ny zanakao vavy ary ampio izy hiomana sy hitoetra ho mendrika ny hiditra any amin' ny tempoly. Rehefa feno 12 taona izy dia ento matetika miaraka aminao any amin' ny tempoly mba hanatantetaka batisa ho an' ireo razambenareo sy ho an' ny hafa. Ho ankamamiany mandrakizay ireo fahatsiarovana ireo.

Ny kolotsaina mibahan-toerana amin' izao fotoana izao dia miezaka ny mandrava tsikelikely sy manamaivandanja ny anjara asanareo mandrakizay amin' ny maha patriarika sy ray anareo ary mampihen-danja ireo andraiki-trareo manan-danja indrindra. Ireo zavatra ireo dia nomena anareo “araka

ny drafitr' Andriamanitra," ary amin' ny maha-ray anareo dia "tokony hitarika ny fianakaviana[reol] amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ianareo ary tompon' andraikitra amin' ny fanomezana izay ilaina eo amin' ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviana[reol]."³

Ry ray! ianareo no mpiambina ny tokantranonareo sy ny vadinareo ary ny zanakareo. Ankehitriny, "dia tsy mora ny miaro ny fianakaviana amin' ny fidikidiran' ny ratsy ao amin' ny saina sy ny fanahin' [izy ireo]. . . . Afaka mikoriana sy tena mikoriana malalaka ao amin' ny tokantranontsika ireo herin' ny ratsy ireo. I Satana [dia tena maranin-tsaina]. Tsy mila mamaky ny varavarana izy mba hidirana."⁴

Ianareo no tokony ho mpiambina ny hatsaran-toetra. "Ny mpihazona fisoronana dia *tsara toetra*. Ny fihetsika feno hatsaran-toetra dia midika hoe madio ny eritreritrao sy ny fihetsikao. . . . Ny hatsaran-toetra dia . . . toetra iray araka an' Andriamanitra." "Mitovy amin' ny fahamasinana" izany.⁵ Ireo hasin'ny Zatovovavy dia toetra tahaka ny an'i Kristy izay ahitana ny hasin'ny hatsaran-toetra. Miantso anareo izahay ankehitriny mba hiaraka aminay hitarika indray an' ilay izao tontolo izao hiverina any amin' ny hatsaran-toetra. Mba hahafahana manao izany dia "tsy maintsy mampihatra ny hatsaran-toetra sy ny fahamasinana"⁶ ianareo amin' ny alalan' ny fanesorana eo amin' ny fiainanareo izay mety ho zavatra ratsy sy tsy sahanan' ny olona iray mihazona ny fisoronana masin' Andriamanitra. "Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy; dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan' Andriamanitra ary . . . ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava."⁷ Noho izany dia mitandrema ianareo amin'izay fialamboly jerenareo eo amin'ny haino aman-jery na izay gazetina na gazetiboky vakiana. Ny hatsaran-toetranareo manokana no ho ohatra ho an' ny zanakareo vavy ary koa ho an' ny zanakareo lahy mikasika ny tena tanjaka marina sy ny tena fahasahiana ara-pitondrantena. Rehefa mpiambina ny hatsaran-toetra ianareo eo amin' ny fiainanareo manokana sy eo amin' ny tokantranonareo sy ny fiainan' ny zanakareo dia mampiseho amin' ny vadinareo sy ny zanakareo vavy ilay tena

fitiavana marina. Hanome hery anareo ny fahadiovanareo manokana.

Ianao dia mpiambina ny zanakao vavy mihoatra noho izay dikan'izany araka ny lalàna misy. Aoka ianao handray anjara amin' ny fiainan' ny zanakao vavy. Ampahafantaro azy ireo fenitra arahinao sy ireo zavatra andrasanao sy antenainao ary ireo nofinofinao mba hahazoany fahombiazana sy fifaliana. Resaho izy, fantaro ireo namany ary rehefa tonga ny fotoana dia fantaro izay tovolahy miaraka aminy. Ampio izy hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fiainanana. Ampio izy hahatakatra fa ny fitsipiky ny fahamaotinana dia fitaovam-piarovana. Ampio izy hisafidy ny mozika sy ny haino aman-jery izay manasa ny Fanahy ary mifanaraka amin' ny maha masina azy. Aoka ianao handray anjara mavotrika eo amin' ny fiainany. Ary raha toa ao anatin' ny taona maha zatovo azy izy no sendra tsy tafody arapotoana any an-trano rehefa avy niaraka nivoaka amin' ny tovolahy dia mandehana, alaivo izy. Hanohitra izy ary hilaza aminao fa nanimba ny fiainany ianao eo amin' ny lafin' ny fifaneraserany amin' ny hafa, saingy fantany ao anatin'ny ao fa tia azy ianao ary manan-danja aminao izy matoa miambina azy.

Tsy lehilahy tsotra fotsiny ianareo. Noho ny herimponareo tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana dia mendrika ny ho mpitarika sy hanana ny herin' ny fisoronana ianareo. Tany ianareo dia nampiseho "finoana be izaitsizy tokoa sy asa tsara," ary ety ianareo izao mba hanao izany ihany koa.⁸ Mampivaka anareo ny fisoronana anananareo.

Afaka herinandro vitsivitsy dia hanome anarana sy tsodrano ireo zanany vavy kely ireo zanakay telo lahy. Manantena aho fa ho voalohany amin' ireo tsodranon' ny fisoronana maro izay ho azony avy amin' ny rain' izy ireo izany, satria ao anatin' ity izao tontolo izao izay hitomboan' izy ireo ity dia ho ilain' izy ireo ireo tsodrano ireo. Hanaja ny fisoronana ny zanakao vavy ary hanapa-kevitra ao am-pony fa izany no zavatra tiany hananana ho an' ilay tokantranony sy ny fianakaviany ho avy. Tsarovy foana "fa ireo zon' ny fisoronana dia mifamatotra sy azo sarahina amin' ny herin' ny lanitra" ary "tsy azo fehezina . . . raha tsy araka ireo fitsipiky ny fahamarinana."⁹

Ry ray! Ianareo no no lehilahy be herimpo ho an' ilay zanakao vavy. Ny raiko no lehilahy be herimpo ho ahy. Fanaoko taloha ny miandry izay hahatongavany isan-kariva avy miasa eo amin'ny tohotohatry ny tranonay. Raisiny aho ary ahodinkodiny, dia avy eo avelany mametraka ny tongotro eo ambonin' ilay kirarony ngeza be ary dia entiny mandihy mankany an-trano aho. Tiako ilay fanamby hoe miezaka manaraka ny dian-tongony rehetra. Mbola tiako izany hatramin' izao.

Moa ve fantatrareo fa misy fiantraikany mahery vaika eo amin' ny zanakareo vavy ny fijoroanareo ho vavolombelona? Fantatro fa nanana fijoroana ho vavolombelona ny raiko. Fantatro fa tia ny Tompo izy. Ary satria ny raiko tia ny Tompo dia izaho koa torak' izany. Fantatro fa nikarakara ireo mananotena izy satria nanokana ireo fotoam-pialan-tsasatra izy mba handokoana ny tranon' ny mananotena iray izay nipetraka teo akaikinay. Nieritreritra aho fa izany no fotoam-pialan-tsasatra tena tsara indrindra niainan' ny fianakavianay hatramin' izay, satria nampianatra ahy nandoko izy! Hitahy ny fiainan' ny zanakao vavy mandritra ireo taona maro ho avy ianao raha toa ka mitady fomba hanokanana fotoana iarahana aminy sy hizarana ny fijoroanao ho vavolombelona aminy.

Ao amin' ny Bokin' i Mòrmòna, i Abisa dia niova fo tamin' ny alalan' ny fizaran-drainy taminy ilay fahitana nahatalanjona hitany. Nandritra ny taona maro taty aoriana dia notazoniny tao am-pony ilay fijoroany ho vavolombelona ary niaina tamim-pahamarinana tao anatin' ny fiaraha-monina tena feno faharatsiana izy. Dia tonga ny fotoana izay tsy nahazakany intsony ny fahanginany, ka dia lasa izy nitety trano nizara ny fijoroany ho vavolombelona sy ireo fahagagana izay hitany tao amin' ny lapan' ny Mpanjaka. Ny herin' ny fiovam-pon' i Abisa sy ny fijoroany ho vavolombelona no fitaovana nanova fiaraha-monina iray manontolo. Ireo olona naheno azy nijoro ho vavolombelona dia lasa olona "niova fo ho an' ny Tompo [ary] dia tsy nihemotra na oviana na oviana," ary ny zanak' izy ireo lahy dia lasa ireo zatovo-lahy miaramila roa arivo!¹⁰

Araka ny voalazan'ilay fihirana: "Mitsangana, ry lehilahin' Andriamanitra!"¹¹ Izany dia antso ho anareo lehilahy

mihazona ny fisoronana masin'Andriamanitra. Enga anie mba hitovy amin' izay zavatra nolazaina momba ny Kapiteny Môronia ny zavatra lazaina momba anareo:

“[Izy] dia lehilahy matanjaka sy mahery; . . . lehilahin' ny fahatakarana-tsaina fanaperana izy; . . . lehilahy izay niorina mafy tao amin' ny finoana an' i Kristy. . . .”

“Raha ny olon-drehetra no efa nitovy sy nitovy ary ho nitovy mandrakizay tamin' i Môrônia dia indro, ny fahefan' ny helo mihitsy no efa nohozongozonina mandrakizay; . . . ny devoly dia tsy ho nanam-pahefana na oviana na oviana tamin' ny fon' ny zanak' olombelona.”¹²

Ry rahalahy sy ray ary zatovolahy, “Aoka ianareo ho mahatoky amin' ilay voninahitra ao anatinareo.”¹³

Noho izany ahoana no fomba hitaizanao zazavavy? Tiavo ny reniny. Tariho mankany amin' ny Tempoly ny fianakavianareo, aoka ianareo ho mpiambina ny hatsaran-toetra ary andriano ny fisoronanareo. Ry ray! nampian-drakitina an' ireo zanakavavy be voninahitrin' ny Raintsika any an-danitra ianareo. Tsara toetra sy voafidy izy ireo. Mivavaka aho mba hiambenanareo sy hampahatan-jahanareo azy ireo. Aoka ianareo ho ohatra eo amin' ny fananana fitondran-tena feno hatsaran-toetra ary hampianatra azy ireo hanaraka ny dian-tongotry ny Mpamonjy rehetra—satria velona Izy! Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Ny Filoha David O. McKay dia matetika nindrana ity tenin'i Theodore Hesburgh ity, ao amin'ny “Quotable Quotes,” *Reader's Digest*, Jan. 1963, 25; jereo koa ny *Richard Evans' Quote Book* (1971), 11.
2. 2 Nefia 5:27.
3. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
4. A. Theodore Tuttle, “The Role of Fathers,” *Ensign*, Jan. 1974, 67.
5. Ezra Taft Benson, “Godly Characteristics of the Master,” *Ensign*, Nôv. 1986, 46.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:33.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45, 46.
8. Almà 13:3; jereo koa ny andininy 2.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36.
10. Almà 23:6; jereo koa ny Almà 19:16–17; 53:10–22.
11. “Rise Up, O Men of God,” *Hymns*, no. 323.
12. Almà 48:11, 13, 17.
13. Ao amin'ny Harold B. Lee, “Be Loyal to the Royal within You,” in *Speeches of the Year: BYU Devotional and Ten-Stake Fireside Addresses 1973* (1974), 100.



Nataon' ny Loholona M. Russell Ballard

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo

Ny Maha-Zava-dehibe ny Anarana

Ndeha isika hizatra . . . amin' ny fanazavana tsara fa Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no anarana napetraky ny Tompo mba hahafantarana antsika.

Ry Loholona Hales, amin' ny anaranay rehetra, dia maneho ny fitiavanay lalina anao izahay ary feno fankasitrahana fa eto ianao izao maraina izao.

Hatramin' ny fihaonamben' ny Fiangonana tamin' ny volana Aprily farany teo, dia niverimberina tao an-tsaiko foana ilay lohahevitra hoe ny maha-zava-dehibe ny anarana. Tao anatin' izay volana vitsivitsy lasa izay, dia maromaro ireo zafafy izay teraka tao anatin' ny fianakavianay. Na dia hain-gana tsy araka ny fieritreretako azy aza ny fahatongavan' izy ireo, dia olona fanampiny raisinay tsara ao amin' ny fianakavianay ny zaza tsirairay. Izy tsirairay ireo dia samy nahazo anarana manokana izay nofidian' ny ray amandreniny avy, anarana izay ahafantarana azy mandritra ny fiainany, hampivavaka azy ireo tsirairay amin' ny hafa. Zavatra fanao ao anatin' ny fianakaviana rehetra izany, ary fanao ihany koa izany eo anivon' ireo finoana rehetra manerana an' izao tontolo izao.

Ny Tompo Jesoa Kristy dia nahafantatra ny maha-zava-dehibe ny fanomezana anarana mazava ny Fiangonany amin' izao andro farany

izao. Ao amin' ny fizarana faha-115 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia Izy tenany mihitsy no nanome anarana ny Fiangonana: “Satria toy izany no hiantsoana ny fiangonako amin' ny andro farany, dia Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany” (andininy 4).

Ny Mpanjaka Benjamina tamin' ny andron' ny Bokin' i Môrônia dia nampianatra ny vahoakany manao hoe:

“Mba tiako ny hitondranareo eo aminareo ny anaran' i Kristy, dia ianareo rehetra izay efa nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra fa ho mpankatò mandra-pahatapitry ny ainareo. . . .”

“Ary mba tiako ny hahatsiarovanareo koa fa izany no anarana izay nolazaiko fa homeko anareo, izay tsy hovanoina mandrakizay raha tsy noho ny fandikan-dalàna; noho izany dia mitandrema mba tsy handikanareo lalàna, mba tsy ho voavono ao am-ponareo ilay anarana” (Mosià 5:8, 11).

Mitondra ny anaran' i Kristy eo amintsika isika ao anatin' ny ranon' ny batisa. Manavao ny fanekena tamin' ny batisa isan-kerinandro isika rehefa



mandray ny fanasan' ny Tompo, sy maneho ny fahavonantsika hitondra ny anarany ary mampanantena fa hahatsiaro Azy mandrakariva (jereo ny F&F 20:77, 79).

Moa ve isika mahatsapa fa tena voatahy tokoa noho ny fitondrantsika eo amintsika ny anaran' ilay Zanaka malala sy Lahitokan' Andriamanitra? Moa ve takatsika ny lanjan' izany? Ny anaran' ny Mpamonjy no hany anarana eto ambanin' ny lanitra izay ahafahan' ny olona ho voavonjy (jereo ny 2 Nefia 31:21).

Raha tsaroanareo tsara, ny Filoha Boyd K. Packer dia niresaka ny mahazava-dehibe ny anaran' ny Fiangonana nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonana tamin' ny volana Aprily lasa teo. Nanazava izy fa “noho ny fankatoavana ny fanambarana, dia miantso antsika ho Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany isika fa tsy hoe Fiangonana Môrmôna” (“Tarihin' ny Fanahy Masina,” *Liahona* Mey 2011, 30).

Satria zava-dehibe tokoa ny anarana fenon' ny Fiangonana, dia averiko indray ny fanambarana avy amin' ny soratra masina, sy ny torolalan' ny Fiadidiana Voalohany tao anatin' ireo taratasy tamin' ny 1982 sy 2001, ary ny tenin' ireo Apôstôly hafa izay namporisika ny mpikamban' ny Fiangonana hihazona sy hampianatra izao tontolo izao fa ny Fiangonana dia fantatra amin' ny anaran' ny Tompo Jesoa Kristy. Izany no anarana izay hiantsoan' ny Tompo antsika amin' ny andro farany. Izany no anarana hiavahan' ny Fiangonany amin' ireo hafa rehetra.

Nieritreritra lalina ny antony nanomezan' ny Mpamonjy ity anarana lava ity hiantsoana ny Fiangonany naverina tamin' ny laoniny aho. Toa lava tokoa izany, fa raha raisintsika ho famaritana amin' ny ambangovangony ny Fiangonana izany, dia lasa fohy sy mahafinaritra, ary mahitsy. Moa ve misy famaritana hafa mivantana kokoa sy mazava kokoa ary afaka maneho izany tsara kokoa kaneva voalaza ao anatin' ny teny vitsy mihoatra noho io?

Ny teny rehetra dia mazava tsara ary manana ny lanjany manokana avokoa. Ny teny hoe *Ny* dia maneho ny toerana manokan' ny Fiangonana naverina tamin' ny laoniny eo anatrehan' ireo finoana hafa manerana an' izao tontolo izao.

Ny teny hoe *Fiangonan' i Jesoa Kristy* dia manambara fa ity no Fiangonany. Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna i Jesoa dia nampianatra hoe: “Ary ahoana no maha-fiangonako azy raha tsy antsoina amin' ny anarako izy? Fa raha antsoina amin' ny anaran' i Mosesy ny fiangonana iray, dia fiangonan' i Mosesy izy amin' izany; na raha antsoina amin' ny anaran' ny olona iray izy, dia fiangonan' io olona io izy amin' izany; fa raha antsoina amin' ny anarako kosa izy, dia fiangonako izy amin' izany, raha toa izy ireo ka miorina amin' ny filazantsarako” (3 Nefia 27:8).

Ny Andro Farany dia manazava fa ity dia ilay Fiangonana nitovy tamin' ilay Fiangonana naorin' i Jesoa Kristy nandritra ny asa fanompoany teto antany saingy naverina tamin' ny laoniny

amin' izao andro farany izao. Fanta-tsika fa nisy ny fahalavoana, na apôstazia, izay nitaky ny famerenana amin' ny laoniny ny Fiangonany marina sy feno amin' izao androntsika izao.

Ny hoe *Olomasina* dia midika fa ny mpikambana ao aminy dia manaraka Azy sy miezaka manao ny sitrapony, mitandrana ny didiny, ary miomana indray ny hiaina eo Anatrehan' sy eo anatrehan' ny Raintsika any an-danitra amin' ny fotoana hoavy. Ny hoe *Olomasina* dia maneho tsotra fotsiny ireo izay mikatsaka ny hanao ny fiainan' izy ireo ho masina amin' ny fanaovana fanekempihavanana hanaraka an' i Kristy.

Ilay anarana izay nomen' ny Mpamonjy iantsoana ny Fiangonana dia milaza amintsika marina hoe iza isika ary inona no inoantsika. Mino isika fa i Jesoa Kristy, no Mpamonjy sy Mpanavotra ny olona rehetra. Nanonitra ny fahotan' ireo rehetra izay mibebaka marina Izy, ary namaha ny famatoran' ny fahafatesana sy nanome ny fitsanganana amin' ny maty. Manaraka an' i Jesoa Kristy isika. Ary araka ny voalazan' ny Mpanjaka Benjamina tamin' ny olony, sady hamafisiko aminareo rehetra androany dia hoe: “[Tokony ho tsaroanareo] ny hitana ilay anara[ny] ho voasoratra mandrakariva ao amponareo” (Môsià 5:12).

Nangatahina isika mba hijoro ho vavolombelona momba Azy “amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zavatra rehetra, ary amin' ny toerana rehetra” (Mosià 18:9). Midika amin' ny ampahany izany fa tsy maintsy mivonona isika ny hampahafantatra ny hafa hoe iza no arahintsika ary Fiangonan' iza no misy antsika: dia ny Fiangonan' i Jesoa Kristy izany. Azo antoka fa te hanao izany ao anatin' ny toe-tsaina feno fitiavana sy maneho fijoroana ho vavolombelona tokoa isika. Tehanaraka ny Mpamonjy isika amin' ny alalan' ny fanambarana amin' ny fomba tsotra, sy mazava ary amim-pa-netren-tena fa mpikambana ao amin' ny Fiangonany isika. Manaraka Azy isika amin' ny maha-Olomasin' ny Andro Farany antsika—mpanara-dia amin' ny andro farany.

Matetika ny olona sy ny fikambanana dia omen' ny hafa solon' anarana. Ny solon' anarana dia mety

fanafomezana avy amin' ny anarana, na mety avy amin' ny tranga iray na endrika ety ivelany na lafiny hafa. Na dia tsy manana ny lanja mitovy amin' ny tena anarana aza ny solon' anarana, dia azo ampiasaina tsara izy ireny.

Samy nanana ny solon' anarany ny Fiangonan' ny Tompo na tamin' ny andro taloha na ny ankehitriny. Ny Olomasina tamin' ny fotoanan' ny Testamenta Vaovao dia nantsoina hoe *Kristianina* satria izy ireo dia nitovy ny finoan' izy ireo an' i Jesoa Kristy. Izany anarana izany, tany am-piandohana dia nampiasain' ireo mpanenjika mba hitsikerana, fa ankehitriny kosa efa lasa anarana mampivavaka; ary voninahitra ho antsika ny antsoina hoe Fiangonana Kristianina.

Ny mpikambana ato amintsika dia antsoina hoe *Môrmôna* satria isika mino ny Bokin' i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa Momba an' i Jesoa Kristy. Ny sasany mety miezaka mampiasa ny teny hoe *Môrmôna* amin' ny ankapobeny entina ilazana ireo izay niala ny Fiangonana ary nanangana vondrona hafa nisarakana tamin' izany. Miteraka fisafotofotoana izany. Feno fankasitrahana isika amin' ny ezaka ataon' ireo haino aman-jery amin' ny tsy fampiasana ny teny hoe *Môrmôna* mba tsy hampisafotofotoana ny sain' ny besinimaro ka hanafangaroana ny Fiangonana amin' ireo mpandala ny fanambadiana maro sy ny vondrona fundamentaliste. Tiako ny milaza mazava tsara fa tsy misy ifandraisany amin' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ireo vondrona mpandala ny fanambadiana maro, anisan' izany ireo miantso ny tenan' izy ireo hoe Môrmôna Fundamentaliste na ireo izay hafa mampiasa ny anarantsika.

Na dia tsy anarana feno sy anarana marin' ny Fiangonana aza ny hoe *Môrmôna*, ary na dia nampiasain' ireo mpitsikera nandritra ny taonan' ny fanenjehana tany am-piandohana aza izany, dia lasa solon' anarana azo ekena raha iantsoana ireo mpikambana fa tsy iantsoana kosa ilay fikambanana. Tsy mila manajanona ny fampiasana ny anarana *Môrmôna* isika, rehefa mety ny fampiasana azy, fa tokony hanohy hanantitrantitra



ny anarana feno sy marin' ny Fiangonana. Izany hoe, mila isika miala amin' ny fitenenana hoe: "Fiangonana Môrmôna" sy tsy mamporisika ny fampiasana izany.

Nandritra ny taona maro nanatante-rahako ireo andraikitra manerana an' izao tontolo izao, dia nisy nanontany foana aho raha toa ka mpikamban' ny Fiangonana Môrmôna. Ny valinteniko dia hoe: "Izaho dia mpikamban' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy. Satria izahay mino ny Bokin' i Môrmôna, izay nantsoina avy tamin' ny anaran' ny mpaminany iray mpitarika tany Amerika fahagola ary testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy, dia matetika antsoina hoe Môrmôna." Nety hatrany izany famaliako izany tamin' ny ankamaroan' ny fotoana ary raha ny marina dia nanome fahafahana maro ho ahy hanazavako ny famerenana amin' ny laoniny ny fahafenoan' ny filazantsara amin' ny andro farany.

Ry rahalahy sy anabavy, eritrereto ny fiantraikany mety ho entintsika amin' ny alalan' ny famaliana tsotra sy amin' ny fampiasana ny anarana fenon' ny Fiangonana araka ny nambaran' ny Tompo fa tokony ho ataontsika. Ary raha toa ianao tsy afaka mampiasa avy hatrany izany anarana feno izany, dia farafaharatsiny miteny hoe: "Mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy aho" ary hazavaina any aoriana hoe "Olomasin' ny Andro Farany."

Ny sasany mety hanontany hoe: ahoana indray ireo tranonkala toy ny Mormon.org ary ireo haino aman-jery

havan' ny Fiangonana? Araka ny nola-zaiko hoe ny fiantsoana ireo mpikambana tsy an-kanavaka hoe *Môrmôna* dia matetika azo atao. Raha ny zavamisy anefa, ireo izay tsy iray finoana amintsika dia mikaroka ny momba antsika amin' ny alalan' izany anarana izany. Fa raha vao vantany manokatra ny Mormon.org ianao, dia hazavaina ao amin' ny pejy fanombohana ny tena anarana marin' ny Fiangonana, ary miseho isaky ny pejy fanampiny ao amin' ilay tranokala izany. Tsy mora ny hanantena ny olona hanoratra feno ny anaran' ny Fiangonana rehefa mikaroka ny momba antsika izy ireo na rehefa miditra ao amin' ny tranonkala.

Na dia mety hitohy aza izany fanatsotsorana izany, dia tsy tokony hanakana ny mpikambana amin' ny fampiasana ny anarana fenon' ny Fiangonana araka izay tratrany izany. Ndeha isika hizatra ao amin' ny fianakaviansika sy ao amin' ny fiarahamiantan' ny Fiangonana ary amin' ny fifandraisantsika andavanandro hanazava tsara fa Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no anarana nandidian' ny Tompo antsika mba hahafantarana izany.

Ny valim-panadihadihana iray vao haingana dia naneho fa mbola maro loatra ireo olona no tsy mahatkatra tsara fa ny hoe *Môrmôna* dia natao iantsoana ny mpikamban' ny Fiangonana. Ary ny ankamaroan' ny olona dia mbola tsy mahazo antoka fa ny Môrmôna dia Kristianina. Na

dia mamaky mikasika ilay asa hoe, Môrmôna Manome Tanana, aza izy ireo izay ataontsika manerana an' izao tontolo izao rehefa mitranga ny rivo-doza, ny horohoron-tany, ny tondra-drano, ny mosary, dia mbola tsy raisin' izy ireo ho fikambanana Kristianina isika amin' ny ezaka ataontsika hitondrana fanampiana. Mazava ho azy fa ho mora kokoa amin' izy ireo ny mahatakatra fa mino ny Mpamonjy isika raha toa ka lazaintsika fa mpikamban' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany isika. Amin' izay ireo izay mandre ny teny hoe *Môrmôna* dia tonga dia hampifandray izany teny izany amin' ny anarantsika nambara araky ny faminania sy hampifandray izany amin' ny olona izay manaraka an' i Jesoa Kristy.

Nangataka ny Fiadidiana Voalohany tao amin' ny taratin' izy ireo tamin' ny 23 Febroary 2001, hoe: “Ny fampiasana ilay anarana nambara araky ny faminania, Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, dia tena manan-danja eo amin' ny andraikitsika hitory ny anaran' ny Mpamonjy manerana an' izao tontolo izao. Noho izany dia mangataka izahay rehefa miresaka momba ny Fiangonana isika mba hampiasa ny anarany feno na aiza na aiza maha-mety izany.

Ny Filoha George Albert Smith dia nilaza, tamin' ny taona 1948 nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonana volana Ôktôbra, hoe: “Ry rahalahy sy anabavy, rehefa mandeha miala eto ianareo, dia mety hifanerasera amin' ny antokom-pivavahan' izao tontolo izao, kanefa tadidio fa iray ihany ny Fiangonana eto amin' izao tontolo izao izay mitondra ny anaran' i Jesoa Kristy Tompontsika, araka ny didin' ny lanitra” (tao amin' ny Conference Report, Ôkt. 1948, 167).

Ry rahalahy sy anabavy, enga anie isika hahatsiaro izany koa rehefa miala avy eto amin' ity fihaonambe ity androany maraina. Aoka ho re ny fijo-roantsika ho vavolombelona momba Azy ary ny fitiavantsika Azy ho ao am-pontsika mandrakariva. Izany no vavaka ataoko amin-panetren-tena amin' ny anarany, ny Tompo Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

Mitsangàna eo amin' ny Toerana Masina

Ry rahalahiko sy ranabaviko malala, ilaina ny fifandraisantsika amin' ny Raintsika any an-danitra—izay ahitana ny vavaka ataontsika Aminy sy ny fitaomam-panahy omeny antsika—mba handresena ireo fahasahiranana sy fitsapana eo amin' ny fiainana.

Ry rahalahy sy ranabaviko malala, nandre lahateny tena tsara tokoa isika tamin' ity maraina ity, ary mankasitraka ireo rehetra izay nandray anjara aho. Faly manokana isika noho ny fiarahan' ny Loholona Robert D. Hales amintsika indray ary hita fa mihasalama izy. Tianay ianao ry Bob!

Rehefa nisaintsaina ny zavatra tiako hambara aminareo anio maraina aho, dia nisy nanosika ahy hizara aminareo eritreritra sy fahatsapana vitsivitsy izay heveriko fa mety tsara sy mifanojo amin' ny ilàna azy. Mivavaka aho mba hahazo fitarihana mandritra ny lahateniko.

Efa 84 taona izao no niainako teto an-tany. Mba hahafahanareo mahazo sary an-tsaina kely izany dia teraka tamin' ilay taona nanidinan' i Charles Lindbergh irery tsy an-kijanona niala avy tany New York nankany Paris tamin' ny fiaramanidina ahitana maotera tokana sy elatra roa fotsiny aho. Maro ny zavatra niova nandritra izay 84 taona izay. Efa ela izay ny nandehanan' ny olombelona teny amin' ny volana ary niverenana avy tany. Raha

ny marina dia lasa zava-marina miseho ankehitriny ireo tantara noforonin' ny eritreritra tany aloha tany. Ary izany zava-misy izany, noho ireo teknôlôjia amin' izao fotoana izao, dia miovaova faingana tokoa hany ka zara raha maharaka izany isika—raha haharaka izany aza. Ho antsika izay mahatsiaro ireo telefaonina mbola ahodina amin' ny rantsantanana sy ireo milina fanoratana dia toa mahatalanjona tokoa ireo teknôlôjian' izao andro izao.

Ny fitsipi-pitondrantenan' ny fiaraha-monina ihany koa dia miova haingana tsy misy ohatran' izany. Ireo fitondrantena izay noheverina ho tsy mety sy ratsy fahiny dia tsy vitan' ny hoe azo leferina fotsiny ankehitriny fa tena efa eken' ny be sy maro mihitsy.

Vao tsy ela aho no namaky lahatso-ratra iray tamin' ny *Wall Street Journal* izay nataon' i Jonathan Sacks, lehiben' ny Rabbin tany Angletera. Misy zavatra toy izao nosoratany—ary ho vakiako izany: “Nisy fiovana tampoka teo amin' ny fitondrantena saika teo anivon' ny fiaraha-monina Tandrefana rehetra tany amin' ny nanodidididina ny taona

1960, izay fialana tanteraka tamin' ny fanarahana ireo fitsipi-pifehezan-tena mahazatra. Hoy ny hiran' ny Beatles hoe: All you need is love izany hoe fitiavana ihany no ilaina dia ampy. Nafoy ireo fitsipi-pitondrantena nifehy ny Jodaisma sy Kristianisma. Nasolo izany [ny fomba fiteny] hoe: [Ataovy] izay metimety aminao. Ireo Didy Folo dia naverina nosoratana ho toy ny Torohevitra Folo Mifono Zava-mahaliana.”

Notohizan' i Rabbin Sacks ny fitarainany nanao hoe:

“Haingana tahaka ny fomba nandanindaniantsika foana ny harentsika ihany no fomba nandaozana tsy am-piheverana ireo fitsipi-pitondrantenantsika. . . .

Maro ireo faritra eto amin' [izao tontolo izao] no efa mandray ny fivavahana ho toy ny zavatra taloha ary tsy misy feo enti-manohitra ny fiparitahan' ilay kolotsaina izay mamporisika ny olona hividy foana sy handanindany foana ary hanao akanjo manara-damaody sy hieboebo satria mendrika azy izany. Ny hafatra ampitaina dia hoe efa nilaozan' ny toetr' andro ny fahadiovam-pitondrantena, natao ho an' ny olona malemy ny feon' ny fieritretana ary ny hany didy manandanja indrindra dia ny hoe: “Tandremo fotsiny sao tratra.”¹

Ry rahalahy sy ranabavy,— indrisy—fa izany no mamaritra ny ankamaroan' ny tontolo manodidina antsika. Moa ve isika miahiahy mafy ary manontany tena hoe ahoana no ahafahana miaina ao anatin' ny tontolo toy izany? Tsia. Tena manana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy isika eo amin' ny fiainantsika, ary fantatsika fa tsy lany andro ny fahadiovam-pitondrantena, ary eo ny feon' ny fieritretantsika mba hitarika antsika ary tompon' andraikitra amin' izay ataontsika isika.

Na dia niova aza izao tontolo izao dia nijanona tsy niova ny lalàn' Andriamanitra. Tsy niova izy ireo ary tsy hiova mihitsy. Ny Didy Folo dia mijanona ho—didy. Tsy hovy torohevitra izy ireo. Izy ireo dia zary didy tena ilaina ankehitriny toy ny nilana azy tamin' ny fotoana nanomezan' Andriamanitra azy ireo an' ny zanak' Isiraely. Raha mihaino tsara isika dia haheno

ny akon' ny feon' Andriamanitra, miteny mihitsy amintsika eto hoe:

“Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany.

“Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao. . . .

“Aza manonona foana ny anaran' i Jehovah Andriamanitrao. . . .

“Mahatsiarova ny andro sabata hanamasinana azy. . . .

“Manajà ny rainao sy ny reninao. . . .

“Aza mamono olona.

“Aza mijangajanga.

“Aza mangalatra.

“Aza mety ho vavolombelona mandaingana. . . .

“Aza mitsiriritra.”²

Ny fitsipi-pitondrantenantsika dia zavatra mipetraka tsy maintsy arahina ary tsy azo ifampiraharahana izany. Tsy ao amin' ny Didy Folo ihany no ahitana izany fa ao amin' ny Toriteny teo An-tendrombohitra koa, izay nomen' ny Mpamonjy antsika fony Izy nandia ny tany. Hita amin' ny fampianarany rehetra izany. Hita ao amin' ireo tenin' ny fanambarana maoderina izany.

Tsy miova omaly, ankehitriny ary mandrakizay ny Raintsika any andanitra. Nilaza tamintsika i Môrmôna mpaminany fa Andriamanitra dia “tsy miovaova hatrizay hatrizay ka ho mandrakizay.”³ Eto amin' ity izao tontolo izao ity, izay toa miovaova avokoa ny zava-drehetra, dia azontsika hianteherana ny tsy fiovaovany, izay vatofantsika hamikirantsika mafy sy hahazoantsika fiarovana, mba tsy ho kaofin' ny rano mampidi-doza.

Indraindray dia mety toa hitanao hoe mahazo fahafinaretana bebe kokoa noho ianao ireo izay ao amin' izao tontolo izao. Mety mahatsapa ho voafehifehy amin' ireo fitsipi-pitondrantena izay arahintsika ato amin' ny Fiangonana ny sasantsasany aminareo. Ry rahalahy sy ranabavy, manambara aminareo aho, anefa, fa *tsy misy zavatra* izay afaka ny hitondra fifaliana bebe kokoa eo amin' ny fiainantsika na fiadanana bebe kokoa eo amin' ny fanahintsika noho ilay Fanahy izay afaka ny ho tonga ao amintsika rehefa manaraka ny Mpamonjy sy mitandrana ny didiny isika. Tsy afaka ny ho ao anatin' ireo karazan-javatra tena fanaon' ny ankamaroan' ny ao amin'



izao tontolo izao izany Fanahy izany. Nanambara ny marina ny Apôstôly Paoly: “Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an' ny Fanahin' Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.”⁴ Ilay andian-teny hoe *olona izay araka ny nofo* dia miantefa amin-tsika raha toa mamela ny tenantsika ho toy izany isika.

Mila mitandrana isika ao anatin' ity izao tontolo izao ity izay efa nihataka lavitra ny zavatra ara-panahy. Zava-dehibe ny fandavana ireo zavatra izay tsy mifanaraka amin' ny fitsipika arahintsika, sy ny fandavana ny fanaovana dingana handao ilay zavatra tena iriantsika: dia ny fiainana mandrakizay any amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Tsy hilaozan' izay tsy ho tratran' ny fahasahiranana isika satria izany dia ampahan-javatra tsy azo ihodivirana izay tafiditra ao anatin' ny zavatra iainantsika eto an-tany. Isika anefa dia hanana fitaovana tsara kokoa hiantrehana izany, sy hianaran-javatra avy amin' izany sy handresena izany raha toa ka manana ny filazantsara isika ho toy ny fototry ny fiainantsika ary manana ny fitiavan' ny Mpamonjy ao am-potsika. Nanambara ny mpaminany Isaia hoe: “Ny asan' ny fahamarinana ho fiadanana; ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy fahatokiana mandrakizay.”⁵

Tena ilaina ny fifandraisana amin' ny Raintsika any andanitra amin' ny alalan' ny vavaka mba ho fomba ahanteraka ny hoe *eto amin' izao tontolo*



izao isika fa *tsy naman'* izao tontolo izao. Tiany hanao izany isika. Hamaly ny vavaka ataontsika Izy. Nampitan-drina antsika ny Mpamonjy, araky ny voarakitra ao amin' ny 3 Nefia 18, hoe "tsy maintsy miambina sy mivavaka mandrakariva ianareo fandrao miditra ao amin' ny fakampanahy; fa maniry ny hahazo anareo i Satana. . . .

"Koa tsy maintsy mivavaka mandrakariva amin' ny Ray amin' ny anarako ianareo;

"Ary na inona na inona hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako, ka rariny, rehefa mino ianareo fa handray, dia indro homena anareo izany."⁶

Nahazo ny fijoroako ho vavolombelona momba ny herin' ny vavaka aho fony aho 12 taona. Niasa mafy aho mba hananako vola kely ary dia nahavita nanangona 5 dôlara aho. Nandritra ny fotoanan' ny Olana Ara-toe-karena lehibe izany, izay mbola vola be tokoa ny 5 dôlara—indrindra ho an' ny zalahikely 12 taona. Nomeko ny raiko ireo vola madinika nananako rehetra, izay nanome dimy dôlara ny fitambarany, ary dia nomeny vola taratasy 5 dôlara aho avy eo. Fantatro fa nisy zavatra manokana niriako hovidiana tamin' izany dimy dôlara izany, na dia tsy tsaroako intsony aza tao anatin' izay taona maro izay hoe inona ilay izy. Tsaroako fotsiny fa nanan-danja lehibe tamiko izany vola izany.

Tamin' izany fotoana izany dia mbola tsy nanana milina fanasana lamba izahay, ka dia nalefan' ny

reninay tany amin' ny toerana fanasana lamba ny akanjonay isan-kerinandro mba hosasana. Roa andro aty aoriana, dia haverina aminay ireo antsoinay hoe "lamba lena" maro, ary dia hahanton' ny reniko amin' ny tady fanazana lamba ao ambadiky ny tranonay izany mba hohamainina.

Nataoko tao amin' ny paosin' ny patalohako jeans ilay dimy dôlarako. Ary araky ny efa mety noeritretina-reo dia nalefa tany amin' ny toerana fanasan-damba izany patalohako izany niaraka tamin' ilay vola izay tavela tao. Rehefa fantatro ny zava-nitranga dia matin' ny fitaintainana aho. Fantatro fa savaina foana toy ny mahazatra ny paosy any amin' ny toerana fanasan-damba alohan' ny hanasana lamba. Raha toa ka tsy misy mahita ilay volako mandritra ny fanaovana izany, dia azoko antoka fa hilatsaka izany vola izany mandritra ny fanasana ary ho hitan' ny mpiasa ao amin' ny toerana fanasan-damba izay tsy hahafantatra hoe omena an' iza izany vola izany, raha hanao izany koa ary izy. Kely tokoa ny fahafahana hahazo indray ilay dimy dôlarako—ary nohamafisin' ny reniko tamiko izany rehefa nolazaiko azy fa tavela tao am-paosiko ny volako.

Naniry ny hahazo izany vola izany aho. Ilaiko izany vola izany. Niasa mafy aho mba hahazoana izany vola izany. Tsapako fa tsy misy afa-tsy zavatra iray no azoko atao. Tao anatin' ny fahakiviana no nitodihako tany amin' ny Raiko any an-danitra ary niangaviako Azy mba hiaro ilay volako ao am-paosiko mandra-piverenan' ny lamba lenanay.

Roa andro lava dia lava taty aoriana, rehefa fantatro fa tonga ny fotoana hanateran' ilay fiarabe ny lambanay nosasana dia nipetraka teo am-baravarankely aho, niandry. Rehefa niantsona teo amin' ny sisin' ny arabe ilay fiara dia nanomboka nidobodoboka ny foko. Raha vantany vao tonga tao an-trano ireo lamba lena dia nalaiko haingana ilay pataloha jeans ary niha-zakazaka nankany amin' ny efitranoko aho. Natsofoko tao amin' ilay paosy tamim-pahangovitana ny tanako. Kanjo avy eo voakasik' ireo rantsantanako ilay vola taratasy lena dimy dôlara. Rehefa navoakako avy tao amin' ilay paosy izany dia maivana ny tenako iray manontolo. Nanao vavaka

fankasitrahana avy amin' ny fo ho an' ny Raiko any an-danitra aho, satria fantatro fa namaly ny vavaka nataoko Izy.

Nanomboka tamin' izay fotoana izay dia nahazo valim-bavaka tsy tambo isaina aho. Tsy nisy andro iray izay tsy nifandraisako tamin' ny Raiko any an-danitra tamin' ny alalan' ny vavaka. Fifandraisana tena tandrovako tsara izany—satria ho very tokoa aho raha tsy misy izany. Raha tsy manana fifandraisana toy izany amin' ny Rainao any an-danitra ianao izao dia mamporisika anao aho hanao izay hanatratrana izany tanjona izany. Rehefa manao izany ianao dia hahazo ny fitaomampanahiny sy ny fitarihany eo amin' ny fiainanao—izay zavatra ilain' ny tsirairay amintsika raha tiantsika tsy ho voatohintohina ny fiainam-panahintsika mandritra ny diantsika eto an-tany. Fanomezana maimaim-poana omeny antsika izany fitaomampanahy sy fitarihana izany raha toa ka mikatsaka izany isika. Tena zava-tsarobidy tokoa izy ireo!

Feno fanetren-tena sy fankasitrahana foana aho rehefa mifandray amiko amin' ny alalan' ny fitaomampanahiny ny Raiko any an-danitra. Nianatra nahafantatra, sy natoky ary nanaraka izany aho. Imbetsaka aho no nahazo izany fitaomampanahy izany. Zavatra iray somary nampitaintaina no nitranga tamin' ny Aogositra 1987 nandritra ny fanokanana ny Tempolin' i Frankfort Alemana. Niaraka taminay ny Filoha Ezra Taft Benson ny andro voalohany na ny andro roa voalohan' ny fanokanana kanefa tsy maintsy nody izy avy eo, ary dia izaho no nomena fahafahana hitarika ny fotoampivoriana ambiny tamin' izay.

Ny Asabotsy dia nanao ny fivoriana niaraka tamin' ireo mpikambana Hôlandey izahay, izay tao anatin' ny distrikan' ny Tempolin' i Frankfort. Fantatro tsara ny iray tamin' ireo mpitarika matanjaka avy any Hollande dia ny Rahalahy Peter Mourik. Taloha kelin'izany fivoriana izany aho dia nahazo fahatsapana mazava tsara fa tokony hangatahana mba hiteny ho an' ireo mpikambana Hôlandey namany ny Rahalahy Mourik mandritra izany fivoriana izany, ary raha ny marina dia tokony ho izy no mpandaha-teny voalohany. Rehefa tsy nahita azy tao amin' ny tempoly aho ny marainan' io

dia nampitampita taratasy kely aho ho any amin' ny Loholona Carlos E. Asay, izay Filohan' ny Vondrom-paritra, nantany hoe manatrika izao fivoriana izao ve i Peter Mourik. Taloha kelin' ny hitsanganako hanomboka ny fivoriana dia nandray taratasy kely avy tamin' ny Loholona Asay aho izay nampahafantatra ahy fa *tsy* manatrika ao ny Rahalahy Mourik, fa misy raharaha mi-hazona azy any amin' ny toeran-kafa, ary mihevitra ny hanatrika ny fivoriana fanokanana ao amin' ny tempoly izy ny andro manaraka hiaraka amin' ireo tsatòka ahitana miaramila mpikambana manao fanompoana.

Rehefa nijoro teo amin' ny polipitra hiarahaba ny olona sy hilazalaza ny fandaharam-potoana aho dia nahazo fitaomam-panahy mazava fa tokony hilaza aho hoe i Peter Mourik no mpandahateny voalohany. Nifanohitra tamin' ny eritreritra rehetra izany satria vao avy naheno avy tamin' ny Loholona Asay aho fa tena *tsy* manatrika ao amin' ny tempoly ny Rahalahy Mourik. Rehefa niantehitra tamin' izany fitaomam-panahy izany anefa aho dia nolazaiko ny hira ataon' ny amboaram-peo, ny vavaka ary avy eo nilaza aho fa ny Rahalahy Peter Mourik no ho mpandaha-teny voalohany.

Rehefa niverina nipetraka aho dia nanopy maso kely tany amin' ny Loholona Asay ary hitako teo amin' ny endriny fa sahiran-tsaina be izy. Nilaza tamiko izy taty aoriana fa rehefa nanambara aho fa Rahalahy Mourik no ho mpandaha-teny voalohany, dia *tsy* nino ny zavatra reny izy. Nilaza izy hoe fantany tsara fa voaraiiko ilay teny nosoratany tamin' ny taratasy kely ary novakiako tokoa izany, ka dia *tsy* takany mihitsy ny antony mbola nilazako fa ho mpandaha-teny Rahalahy Mourik, nefa efa nahafantatra aho fa *tsy* ao amin' ny tempoly izy.

Nandritra ny fotoana nisehoan' izany zavatra rehera izany dia mbola tany anatin' ny fivoriana tany amin' ny biraon' ny vondrom-paritra tany Porthstrasse i Peter Mourik. Rehefa nandeha ny fivoriany dia nitodika tampoka tany amin' ny Loholona Hawkes izy, izay Solontenan' ny Faritra ary nanontany hoe: “Eo amin' ny adiny firy eo no hitondrano ahy faran' izay haingana any amin' ny tempoly?”



Namaly ny Loholona Hawkes, izay fantatra fa mpamily haingampandeha ihany rehefa mamily ireo fiara keliny fanaovana fifaninana: “Eo amin' ny 10 minitra eo! Fa maninona ianao no mila mandeha any amin' ny tempoly?”

Niaiky ny Rahalahy Mourik fa *tsy* fantany ny antony tokony handehany any amin' ny tempoly saingy fantany fotsiny fa mila mankany izy. Tonga dia niainga nankany amin' ny tempoly izy roa ireo.

Nandritra ilay hira mahafinaritra nataon' ny amboaram-peo, dia nitoditodika aho, nieritreritra fa hahita an' i Peter Mourik. *Tsy* nahita azy aho. Na dia izany aza dia *tsy* taitra ihany aho aloha. Nanana fahatsapana tsara sy fahatokiana *tsy* azo nolavina aho fa hilamina ny zava-drehetra.

Niditra ny varavaran' ny tempoly Rahalahy Mourik tamin' ny fotoana nifaranan' ny vavaka fanombohana, ary mbola *tsy* nahafantatra ny antony

nahatongavany teo izy. Rehefa nidina haingana ny lalantsara izy, dia nahita ny endriko teo amin' ny efijery ary naheno ahy nilaza hoe: “Izao isika dia hihaino an-drahalahy Peter Mourik.”

Talanjona ny Loholona Asay raha nahita an' i Peter Mourik tonga dia niditra ny efitrano ary naka ny toerany teny amin' ny polipitra.

Taorian' izany fivoriana izany dia niresaka ny zava-nitranga talohan' ny nanaovany izany lahateny izany izaho sy Rahalahy Mourik. Nisaintsaina ilay fitaomam-panahy izay tonga tamin' izany andro izany aho, *tsy* ilay tonga tamiko fotsiny ihany fa ilay azon-drahalahy Peter Mourik koa. Izany zava-nitranga mahatalanjona izany dia nijoro ho vavolombelona izay *tsy* azo lavina tamiko momba ny mahazava-dehibe ny fahamandrehana mba handraisana fitaomam-panahy toy izany sy hatoky izany—ary hanaraka izany—rehefa tonga izany. Fantatro *tsy* tamim-pisalasalana fa ireo izay

nanatrika izany fotoam-panokanana ny Tempolin' i Frankfort izany dia tian' ny Tompo handre ny fijoroana ho vavolombelon' ilay mpanompony dia ny Rahalahy Peter Mourik, izay fijoroana ho vavolombelona mahery vaika sy manohina ny fo.

Ry rahalahiko sy ranabaviko malala, ilaina ny fifandraisantsika amin' ny Raintsika any an-danitra—izay ahitana ny vavaka ataontsika Aminy sy ny fitaomam-panahy omeny antsika—mba handresena ireo fahasahiranana sy fitsapana eo amin' ny fiainana. Manasa antsika ny Tompo hoe: “Manakaikiza Ahy dia hanakaiky anareo Aho; tadiavo fatratra Aho dia hahita Ahy ianareo.”⁷ Rehefa manao izany isika dia hahatsapa ny Fanahiny eo amin' ny fiainantsika, izay hanome antsika ny faniriana sy herimpo mba hijoro amin-kery sy mafy orina tsara ao anatin' ny fahamarinana—ka “hitsangana . . . eo amin' ny toerana masina [isika] ary . . . tsy hoesorina.”⁸

Raha toa ka tsy miovaovao ny tontolo manodidina antsika ary miha-ratsy eo ambany masontsika hatrany ny -pitondrantenan'ny fiaraha-mo-nina, dia tsarovy ny fampanantenana sarobidin' ny Tompo ho an' ireo izay mahatoky Azy: “Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho; Ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitra; Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; Eny, mitantana anao amin' ny tanana ankavanana' ny fahamarinako Aho.”⁹

Fampanantenana be tokoa izany! Enga anie ho tanteraka amintsika ireo fitahiana ireo, izany no vavaka ataoko amin' ny anarana masin' ny Tompo sy Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

- Jonathan Sacks, “Reversing the Decay of London Undone,” *Wall Street Journal*, 20 Aog. 2011, online.wsj.com; nampiana fanamafisana. *Fanamarihana*: Ny Lord Sacks dia lehiben' ny Rabbin ao amin' ny United Hebrew Congregations of the Commonwealth.
- Eksodosy 20:3–4, 7, 8, 12–17.
- Môrônia 8:18.
- 1 Korintiana 2:14.
- Isaia 32:17.
- 3 Nefia 18:18–20.
- Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 88:63.
- Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 87:8.
- Isaia 41:10.



Nataon' ny Loholona Russell M. Nelson

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolalahy

Fanekehempihavanana

Rehefa takatsika fa isika dia zanaky ny fanekehempihavanana, dia fantatsika hoe iza isika ary inona no andrasan' Andriamanitra amintsika.

Herinandro taorian' ny nanirahana ahy vao tsy ela izay hanangana ny tsatôka voalohany tany Moscou, Rosia,¹ dia nanatrika fihao-namben' ny distrika iray aho tao St. Pétersbourg. Raha niresaka momba ny fankasitrahako aho noho ireo mpitory filazantsara voalohany sy ireo mpitarika eo an-toerana izay nanome hery ny Fiangonana tany Rosia, dia nanonona ny anaran' i Vyacheslav Efimov. Izy no Rosiana niova fo voalohany ka lasa filohan' ny misiôna. Tena nahavita be izy mivady tamin' izany asa nampandraiketina azy ireo izany. Tsy ela akory taorian' ny nahavitany ny asa fitoriana, dia nampalahelo be anay fa maty tampoka ny Filoha Efimov.² Vao 52 taona monja izy tamin' izany.

Teo am-piresahana momba ireo mpivady mpisava lalana ireo dia notaomin' ny Fanahy aho hanontany ny mpanatrika sao dia manatrika eo Rahavavy Efimov. Nisy vehivavy iray nitsangana tery aoriana lavitra tery. Nasaiko nandroso teny amin' ny polpitra mba handray fitenenana izy. Eny, tena Rahavavy Galina Efimov tokoa izy. Niteny tamim-paharesendahatra izy ary nizara fijoroana ho vavolombelona mahery vaika momba ny Tompo, sy ny Filazantsarany ary

ny Fiangonany naverina tamin' ny laoniny. Efa nofehezina tany amin' ny tempoly masina izy mivady. Hoy izy hoe efa tafaray mandrakizay izy roa. Mbola mpinamana mpiara-mitory izy ireo hatramin' izao, izy avy aty amin' ny ilany aty amin' ny voaly, ary ny vadiny kosa avy any ambadiky ny voaly.³ Tao anatin' ny ranomasom-pifaliana no nisaorany an' Andriamanitra noho ireo fanekampihavanana masin' ny tempoly. Nitomany koa aho, sady nahatakatra tanteraka fa ny firaisan-kina maharitra mandrakizay nasehon' ireto mpivady mahatoky ireto dia vokatra marin' ny fanaovana sy fitandremana ary fanajana fanekehempihavanana masina.

Iray amin' ireo fitsipika manandanja indrindra mampiavaka ny fivavahana marina dia ny fitsipiky ny fanekehempihavanana masina. Raha amin' ny fiteny fampiasa amin' ny lalana, ny hoe fanekehempihavanana na fifanekena dia fifanarahana eo amin' ny ankolafy roa na maromaro. Fa raha resaka fivavahana kosa, ny hoe fanekehempihavanana dia misy hevitra lalina kokoa noho izany. Izany dia voady masina ifanaovana amin' Andriamanitra. Izy no mametraka ny fepetra. Ary ny olona tsirairay dia



afaka misafidy ny hanaiky ireo fepetra ireo. Raha manaiky ireo fepetra mifehy ilay fanekempihavanana ny olona iray, ka mankatò ny lalàn' Andriamanitra dia mandray ireo fitahiana izay mifandray amin' ilay fanekempihavanana. Fantatsika fa “rehefa mahazo fitahiana avy amin' Andriamanitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna izay ifotorany.”⁴

Nandritra ny tantaran' ny zanak' olombelona dia nanao fanekempihavanana tamin' ireo zanany Andriamanitra.⁵ Ireo fanekempihavanany dia hita soritra ao anatin' ny drafitry ny famonjena manontolo ary dia tafiditra noho izany ao anatin' ny hafafenoan' ny Filazantsarany.⁶ Ohatra, nampantena Andriamanitra fa haniraka Mpamonjy iray ho an' ireo Zanany,⁷ ary etsy ankilany kosa Izy mangataka amin' izy ireo ny hankatoavany ny Lalàny.⁸

Ao amin' ny Baiboly isika dia mamaky mikasika ireo lehilahy sy vehivavy tany amin' ny Tontolo Fahiny, izay nantsoina hoe zanaky ny fanekempihavanana. Fanekempihavanana inona moa? “Ny fanekena nataon' Andriamanitra tamin' ny [raza' izy ireo], raha hoy Izy tamin' i Abrahama: Ary

amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany.”⁹

Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna isika dia mamaky mikasika ireo vahoaka tao amin' ny Tontolo Vaovao izay nantsoina koa hoe zanaky ny fanekempihavanana.¹⁰ Izaon' ny nampahafantarin' ny Tompo efa nitsangana tamin' ny maty azy ireo: “Ary indro, zanaky ny mpaminany ianareo; ary avy amin' ny mpianakavin' i Israely; ary avy amin' ny fanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny razanareo, tamin' ny filazana tamin' i Abrahama hoe: Ary amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra amin' ny tany.”¹¹

Nazavain' ny Mpamonjy ny maha zava-dehibe ny hahafantarin' izy ireo hoe zanaky ny fanekempihavanana izy ireo. Hoy Izy hoe “Ny Ray, rehefa avy nanangana Ahy ho anareo aloha, sy naniraka Ahy hitahy anareo amin' ny fampihodinana ny tsirairay avy aminareo hiala amin' ny helony; ary izany dia noho ianareo zanaky ny fanekampihavanana.”¹²

Ilay fanekempihavanana izay nataon' Andriamanitra tamin' i Abrahama¹³ ary nohamafisina taty aoriana tamin' i Isaka¹⁴ sy Jakôba¹⁵ dia tena faran' izay manan-danja. Hita tao amin'

izany ny fampanantenana maromaro, an' isan' izany ny hoe:

- I Jesoa ilay Kristy dia ho teraka avy amin' ny taranak' i Abrahama.
- Ny taranak' i Abrahama dia ho maro, ary atokana hitombo isa mandrakizay ary atokana ihany koa hihazona ny fisoronana.
- I Abrahama dia ho tonga rain' ny firenena maro.
- Hisy tany sasany ho lovain' ny taranany.
- Ny firenena rehetra maneran-tany dia hotahiana amin' ny alalan' ny taranany.¹⁶
- Ary io fanekempihavanana io dia haharitra mandrakizay—eny hatramin' ny “taranaka arivo mandimby.”¹⁷

Ny sasany amin' ireo fampanantenana ireo dia efa tanteraka; ny sasany dia mbola andrasana ny fahatanterahany. Faminaniana iray voalohandohanany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna no tanisaiko: “Koa [Lehia] raintsika dia tsy niresaka ny amin' ny taranatsika fotsiny fa ny amin' ny mpianakavin' i Israely rehetra koa, nanondro ny fanekempihavanana izay hotanterahina *amin' ny andro farany*; dia ilay fanekempihavanana izay nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama raintsika.”¹⁸ Koa tsy mahatalanjona ve izany? Tany amin' ny 600 taona tany ho any *talohan' ny nahaterahan' i Jesoa* tao Betlehema, dia fantatr' ireo mpaminany fa ny fanekempihavanan' i Abrahama dia tsy ho tanteraka raha tsy *amin' ny andro farany*.

Mba hanatanterahana izany fampanantenana izany dia niseho tamin' izao andro farany izao ny Tompo mba hanavao io fanekempihavanan' i Abrahama io. Hoy ny Tompo tamin' i Joseph Smith Mpaminany hoe:

“Abrahama dia nandray fampantantenana momba ny taranany sy ny amin' ny nateraky ny kibony—avy ao an-kibony no niavianao, . . . ry Joseph mpanompoko. . . .

“Izany fampanantenana izany koa dia anareo, satria taranak' i Abrahama ianareo.”¹⁹

Tamin' izany fanavaozana izany no nandraisantsika, tsy misy hafa tamin' ireo fahiny, ny fisoronana masina sy



Stockholm, Suède

ny filazantsara mandrakizay. Manana ny zo isika handray ny fahafenoan' ny filazantsara, sy hahazo ireo fitahiana avy amin' ny fisoronana, ary ho mendrika ny fitahiana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra—dia ny fiainana mandrakizay.²⁰

Ny sasany amintsika dia taranak' i Abrahama ara-bakiteny; ny hafa kosa dia voangona ao amin' ny fianakaviany amin' ny alalan' ny fananganana. Tsy manavakavaka ny Tompo na taranaka ara-bakiteny ianao na natsangana.²¹ Samy mandray ireo fitahiana nampanantenaina ireo isika—raha mikatsaka ny Tompo ary mitandrana ny Didiny.²² Fa raha tsy mitandrana kosa, dia very ireo fitahian' ny fanekempihavanana.²³ Mba hanampiana antsika dia manome tsodranon' ny patriarika ny Fiangonany mba hanomezana ny mpanandray tsirairay fahitana iray mikasika ny hoaviny, miaraka amin' ny fifandraisany amin' ny lasa, dia fanambarana ny rohimpirazanana hatrany amin' i Abrahama sy Isaka ary Jakôba.²⁴

Ireo rahalahy ao amin' ny fanekempihavanana dia manana ny zo ho mendrika ny fianianana sy fanekempihavanan' ny fisoronana.²⁵ Raha toa ianao ka “mahatoky ka mahazo ireo fisoronana roa . . . ireo sy milofo amin' ny antso ananan[ao], dia hamasinin' ny Fanahy [iana] ho fanavaozana ny vatan[ao].”²⁶ Tsy izany ihany. Ireo lehilahy izay mandray ny fisoronana amim-pahamendrehana dia mandray an' i Jesoa Kristy Tompo, ary ireo izay

mandray ny Tompo dia mandray an' Andriamanitra Ray.²⁷ Ary ireo izay mandray ny Ray dia mandray izay rehetra ananan' ny Ray.²⁸ Fitahiana maro mahatalanjona no mirotsaka avy amin' io fianianana sy fanekempihavanana io ho an' ireo lehilahy sy vehivavy ary zanaka mendrika manerana an' izao tontolo izao.

Andraikitsika ny manao izay ahatanteraka ny fanekempihavanan' i Abrahama. Ny taranatsika no ireo taranaka voatendry mialoha sy nomanina mba hitahy ny olona rehetra maneran-tany.²⁹ Izany no mahatonga ny asa fitoriana ho tafiditra ao anatin' ny adidin' ny fisoronana. Rehefa vita ny 4.000 taona nitsinjovana sy nanomanana, dia izao ilay fotoana voatondro hitondrana ny filazantsara amin' ny olona rehetra maneran-tany. Iza no fotoanan' ilay fanangonana an' i Isiraely efa nampanantenaina. Ary dia mila mandray anjara isika! Tsy mampiantanentana ve izany? Ny Tompo dia miantehitra amintsika sy amin' ireo zanakalahintsika—ary tena velom-pankasitrahana lalina Izy amin' ireo zanakavavintsika—izay manompo amim-pahamendrehana manao asa fitoriana amin' izao fotoana lehibe fanangonana an' i Isiraely izao.

Ny Bokin' i Môrmôna dia porofo mivaingana fa ny Tompo dia efa nanomboka nanangona an' i Isiraely Zanany ao amin' ny fanekempihavanana.³⁰ Io boky io, izay nosoratana ho an' izao andron' *tsika* izao dia manambara araka ny iray amin' ireo tanjony

hoe “ho azonareo fantarina fa ny fanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny zanak' i Isiraely . . . dia efa manomboka ho tanteraka sahady. . . . Satria indro, ny Tompo dia hahatsiaro ny fanekempihavanany izay efa nataony tamin' ny olony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.”³¹

Tena tsy nanadino tokoa ny Tompo! Nomeny ny Bokin' i Môrmôna isika sy ireo hafa manerana an' izao tontolo izao. Iray amin' ny tanjon' io boky io ny “mba handresen-dahatra ny Jiosy sy ny Jentilisa fa i Jesoa no Kristy.”³² Manampy antsika izy io hanao fanekempihavanana amin' Andriamanitra. Manasa antsika izy io hahatsiaro Azy sy hahafantatra ny Zanakalahiny Malala. Testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy izy io.

Ireo zanaky ny fanekempihavanana dia manan-jo handray ny Fotopampianarany sy hahafantatra ny drafitry ny famonjena. *Mahazo* izany zo izany izy ireo amin' ny alalan' ny fanaovana fanekempihavanana izay manana lanja masina. Nilaza i Brigham Young hoe: “Ireo Olomasin' ny Andro Farany rehetra dia miditra amin' ilay fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay rehefa miditra amin' ity Fiangonana ity. . . . Miditra ao amin' ilay fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay izy ireo mba hanohanana ny Fanjakan' Andriamanitra.”³³ Ny fomba *hitandremam* izy ireo ilay fanekempihavanana dia amin' ny alalan' ny fankatoavana ireo didiny.

Io amin' ny batista dia manao fanekempihavanana isika ny hanompo ny Tompo sy hitandrana ny didiny.³⁴ Rehefa mandray ny fanasan' ny Tompo isika dia manavao izany fanekempihavanana izany ary manambara ny finiavantsika hitondra ny anaran' i Jesoa Kristy eo amintsika. Amin' izany fomba izany no hahafahantsika hatsangana ho Zanakalahiny sy Zanakavaviny ary antsoina hoe mpirahalahy sy mpirahavavy. Izy no rain' ny fiainantsika vaovao.³⁵ Amin' ny farany, ao amin' ny tempoly masina isika dia afaka ho tonga mpiray lova handova ny fitahiana hahazo fianakaviany mandrakizay, tsy misy hafa amin' izay nampanantenaina tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakôba sy ireo taranany.³⁶ Noho izany, ny fanambadiana

selestialy no fanekempihavanan' ny fisandratana.

Rehefa takatsika fa isika dia zanaky ny fanekempihavanana, dia fantatsika hoe iza isika ary inona no andrasan' Andriamanitra amintsika.³⁷ Voasoratra ao am-pontsika ny Lalàny.³⁸ Izy no Andriamanitsika ary Vahoakany isika.³⁹ Ireo zanaky ny fanekempihavanana manolo-tena dia mitoetra ho mahatoky, na dia ao anatin' ny fotoan-tsarotra aza. Rehefa miorim-paka lalina ao am-pontsika izany fotopampianarana izany, dia na ny fanindronan' ny fahafatesana aza dia mihamalefaka ary mihamatanjaka ny herintsika ara-panahy.

Ny fankasitrahana lehibe indrindra izay mety ho azo eto amin' ity fiainana ity dia ny ho fantatra hoe mpitandrina fanekempihavanana. Ny valisoan' ny mpitandrina fanekempihavanana dia ho raisina amin' ity fiainana ity sy any ankoatra. Manambara ny soratra masina hoe: “[tokony hosaintsaini]nareo ny toetry ny fitahiana sy fahasambaran' ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra. Fa indro izy ireo dia tahiana amin' ny zava-drehetra, . . . ary raha mitoetra ho mahatoky hatramin' ny farany izy ireo dia raisina any andanitra . . . [ary] miara-monina amin' Andriamanitra ao amin' ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana.”⁴⁰

Velona Andriamanitra. I Jesoa no Kristy. Naverina tamin' ny laoniny ny Fiangonany mba hitahiana ny olona rehetra. Ny filoha Thomas S. Monson no Mpaminaniny ankehitriny. Ary isika, amin' ny maha-zanaka *mahatoky* antsika ao amin' ny fanekempihavanana, dia hotahiana, ankehitriny sy mandrakizay. Izany no hijoroako ho vavolombelona amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Ny Tsatòkan' i Moscou Rosia dia natsangana tamin' ny Alahady 5 Jona 2011.
2. Vyacheslav Efimov dia Filohan' ny Misionan' i Ekaterinbourg Rosia teo anelanelan' ny 1995 sy 1998. Nodimandry tamin' ny 25 Febroary 2005 izy.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:57.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:21
5. Ohatra, taorian' ny Safo-drano, dia nanambara Izy fa “[ho] hita eo amin' ny rahona ny avana, dia hotsarovako ny fanekeko izay ho amiko sy ho aminareo . . . ; ary tsy hisy safo-drano,



- handringana ny nofo rehetra intsony” (Genesisy 9:14–15, fanovozan-kevitra b eny amin' ny farany ambanin' ny pejy; avy amin' ny Dikatenin' Joseph Smith, Genesisy 9:20).
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 66:2; 133:57.
 7. Jereo ny Jaona 3:16.
 8. Jereo ny Abrahama 3:25.
 9. Asan' ny Apôstôly 3:25.
 10. Jereo ny 3 Nefia 20:26.
 11. 3 Nefia 20:25.
 12. 3 Nefia 20:26.
 13. Jereo ny Genesisy 17:1–10, 19; Levitikosy 26:42; Asan' ny Apôstôly 3:25; Bible Dictionary, “Abraham, Covenant of.”
 14. Jereo ny Genesisy 26:1–5, 24.
 15. Jereo ny Genesisy 28:1–4, 10–14; 35:9–13; 48:3–4.
 16. Jereo ireo soratra masina voatanisa etsy ambony eo amin' ny fanamarihana 13–15.
 17. Deotoronomia 7:9; 1 Tantara 16:15; Salamo 105:8.
 18. 1 Nefia 15:18; nampiana fanamafisana.
 19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:30–31.. Nilaza tamin' ny Mpaminany Joseph Smith koa ny Tompo hoe: “Ary toy izay nolazaiko tamin' i Abrahama momba ireo fokom-pirenena eto an-tany dia toy izany koa no ilazako amin' i Joseph mpanompoko: Ao aminao sy ny taranakao no hitahiana ny foko eto an-tany.” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:58).
 20. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.
 21. Jereo ny Asan' ny Apôstôly 10:34–35.
 22. Jereo nyEksôdôsy 19:5.
 23. Ny soratra masina dia manambara hoe “Izaho Tompo dia voafatotra rehefa ataonareo izay lazaiko; fa rehefa tsy ataonareo kosa izay lazaiko, dia tsy manana fampiantanana ianareo.” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10).
 24. Tamin' ny 21 Septambra 1823 no nanambaranana voalohany tamin' ny Mpaminany Joseph Smith io fitsipiky ny hoe fanekempihavanana io. Avy eo ny anjely Môrônia dia nanambara fa i Elia mpaminany dia ho avy toy ny mpitondra hafatra avy any an-danitra hamboly ao am-pon' ny zanaka ny fahalalana ny fampiantanana izay natao fahizay tamin' ireo ray tao amin' ny mpianakavin' i

- Isiraely (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:1–3).
25. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–34, 39–40.
 26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33.
 27. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:35, 37.
 28. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
 29. Jereo ny Almà 13:1–9.
 30. Jereo ny 3 Nefia 29.
 31. 3 Nefia 29:1, 3.
 32. Pejiny-dohatenin' ny Bokin' i Môrônia: Testamenta Iray Hafa Momba an' i Jesoa Kristy.
 33. *Enseignements des Présidents de l'Église: Brigham Young* [1997], 62.
 34. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37.
 35. “Ary miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mitory an' i Kristy, maminany ny amin' i Kristy, . . . mba hahafantaran' ny zanatsika ny loharano azony andrainina ho famelana ny fahotany” (2 Nefia 25:26).
 36. Jereo ny Galatiana 3:29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:8–11.
 37. Izao fitsipika izao dia mihatra amintsika: “Taranaka maro aorian' ny hanehoan' ny Mesia ny tenany amin' ny zanak' olombelona, amin' izany ny fahafenoan' ny filazantsaran' ny Mesia dia ho tonga any amin' ny Jentilisa, ary avy any amin' ny Jentilisa dia hankany amin' ny sisa tavela amin' ny taranatsika—ary amin' izay andro izay ny sisa tavela amin' ny taranatsika dia hahalala fa anisan' ny mpianakavin' i Isiraely izy, ary izy dia vahoakan' ny fanekempihavananan' ny Tompo; ary amin' izay dia ho fantany sady ho tonga amin' ny fahalalana ny razany izy ary koa amin' ny fahalalana ny filazantsaran' ny Mpanavotra azy, izay nampianarin' ny razany; koa ho tonga amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy izy sy amin' ny fahalalana ny antsipiriany marina amin' ny fotopampianarany ka hahafantarany ny fomba hanatonana Azy mba ho voavonjy.” (1 Nefia 15:13–14).
 38. Jereo ny Isaia 55:3; Jeremia 31:33; Romana 2:15; 2 Kôrintiana 3:2–3; Hebreo 10:16.
 39. Jereo ny Salamo 95:7; 100:3; Jeremia 24:7; 31:33; 32:38; Ezekielia 11:20; 37:23, 27; Zakaria 8:8; 2 Kôrintiana 6:16; Hebreo 8:10.
 40. Mosià 2:41.



Nataon' ny Loholona Dallin H. Oaks
Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy

Ireo Fampianaran' i Jesoa

I Jesoa Kristy no ilay Zanaka Lahitokan' Andriamanitra sy Zanaka Malalany. . . . Izy no Mpamonjy antsika tamin' ny fahotana sy fahafatesana. Izany no fahalalana manan-danja indrindra eto an-tany.

Ahoana no hevitrareo ny amin' i Kristy?" (Matio 22:42). Nampikorontan-tsaina an' ireo Fariseo tamin' ny andron' i Jesoa izany teny nampiasainy izany. Amin' ny alalan' ireo teny ireo ihany koa no anontaniako ireo namako Olomasin' ny Andro Farany sy ireo Kristianina hafa hoe inona marina no inoanareo momba an' i Jesoa Kristy ary inona no ataonareo vokatr' izany finoana izany.

Avy ao amin' ny Baiboly ny ankamaroan' ny soratra masina holazaiko eto, satria mahazatra ny Kristianina rehetra izany. Mazava ho azy fa ny fanazavako dia hosintonina avy amin' ireo soratra masina maoderina, toy ny Bokin' i Môrmôna, izay mampianatra antsika ny dikan' ny soratra masina ao amin' ny Baiboly izay toa saro-takarina tokoa ka mahatonga ireo Kristianina samihafa tsy hitovy hevitra amin' ny dikany. Hiresaka amin' ireo mpino aho sy amin' ireo hafa ihany koa. Araka ny nampianarin' ny Loholona Tad R. Callister anikeheo maraina dia maro ireo Kristianina no mandray an' i Jesoa ho ilay mpampianatra lehibe kanefa mandà ny maha-Andriamanitra Azy. Mba hiresahana amin' izy ireo dia nampiasa ireo tenin' i Jesoa

mivantana mihitsy aho. Tokony ho eritreretintsika ny zavatra nampianarin' ny Tenany mikasika ny hoe, iza Izy ary inona no nanirahana Azy tety an-tany.

Zanaka Lahitokana

Nampianatra i Jesoa fa Izy no Zanaka Lahitokana. Hoy Izy hoe: "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.

"Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin' izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao" (Jaona 3:16–17).

Nanamafy izany Andriamanitra Ray. Tao anatin' ilay fahatanterahan' ilay zava-niseho tena masina teo amin' ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy, dia nanambara avy any an-danitra Izy hoe: "Ity no Zanako malalako Izay sitrako; Izy no henoy" (Matio 17:5).

Nampianatra ihany koa i Jesoa fa ny endriny dia toa ny an' ny Ray. Nilaza tamin' ny Apôstôliny Izy hoe: "Raha nahafantatra Ahy hianareo, dia ho nahafantatra ny Raiko koa; ary

hatramin' izao dia mahafantatra Azy hianareo sady efa nahita Azy.

"Hoy Filipino taminy: Tompoko, ase-hoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay.

"Hoy Jesosy taminy: Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipino? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray" (Jaona 14:7–9).

Noho izany ny Apôstôly Paoly dia namaritra ny Zanakalahy ho toy ny "endriny ny tenan [Andriamanitra Ray] indrindra" (Hebreo 1:3; jereo koa ny 2 Korintiana 4:4).

Mpahary

Nanoratra ny Apôstôly Jaona fa i Jesoa, izay antsoiny hoe "ny Teny," "dia tao amin' Andriamanitra tamin' ny voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza" (Jaona 1:2–3). Noho izany dia i Jesoa Kristy no ilay Mpahary ny zavadrehetra, tao anatin' ny draftiry ny Ray.

Tompo Andriamanitr' i Isiraely

Nandritra ny asa fanompoana nataony tamin' ny vahoaka Palestina dia nanambara i Jesoa fa Izy no Jehovah, ilay Tompo Andriamanitr' i Isiraely (jereo ny Jaona 8:58). Taty aoriana rehefa nitsangana tamin' ny maty ny Tompo dia nanompo teo anivon' ny vahoaka tany amin' ny kaontinanta Amerikana koa. Nanambara tamin' ireo Izy hoe:

"Indro, Izaho no Jesoa Kristy izay nambaran' ny mpaminany fa ho avy eo amin' izao tontolo izao. . . .

". . . Izaho no Andriamanitr' i Isiraely sy Andriamanitry ny tany manontolo" (3 Nefia 11:10, 14).

Inona no Nataony ho Antsika

Nihaona tamin' ny vehivavy iray izay aho nandritra ny fihaonamben' ny tsatôka iray taona maro lasa izay. Nilaza izy fa notaomina hiverina ato am-piangonana taorian' ny taona maro nanalavirany izany nefa tsy mahita antony tokony hanaovany izany. Mba hanomezana famporisihana azy dia nilaza aho hoe: "Rehefa eritreretinao ireo zava-drehetra nataon' ny Mpamonjy ho antsika, moa ve tsy manana antony maro hiverenana ato am-piangonana ianao mba hitsaoka



sy hanompo Azy?” Gaga tamin’ ny valinteniny aho: “Fa inona no nataony ho ahy?” Ho an’ ireo izay tsy mahatakatra ny zavatra nataon’ ny Mpamonjy ho antsika dia hovaliako amin’ ny alalan’ izay teny nolazainy mihitsy izany fanontaniana izany sy amin’ ny alalan’ ny fijoroako ho vavolombelona.

Fiainana ho an’ Izao Tontolo Izao

Noraketin’ ny Baiboly ny fampianaran’ i Jesoa manao hoe: “Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be” (Jaona 10:10). Taty aoriana, tany amin’ ny Tany Vaovao dia nanambara Izy hoe: “Izaho na Fahazavana sy Fiainan’ izao tontolo izao” (3 Nefia 11:11). Izy no Fiainan’ Izao Tontolo Izao satria Izy no mpahary antsika ary satria, tamin’ ny alalan’ ny Fitsanganany tamin’ ny maty, dia azo antoka fa hiaina daholo indray isika. Ary tsy vitan’ ny fiainana an-tany fotsiny ilay fiainana izay atolony antsika. Nampianatra Izy hoe: “Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin’ ny tànako” (Jaona 10:28; jereo koa ny Jaona 17:2).

Fahazavan’ Izao Tontolo Izao

Nampianatra koa i Jesoa hoe: “Izaho no fahazavan’ izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin’ ny maizina, fa hanana ny fahazavan’ aina” (Jaona 8:12). Mbola nanambara koa izy hoe: “Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana” (Jaona 14:6). Izy no Lalana sy Fahazavana satria manazava ny lalantsika eto amin’ ny fiainana an-tany ny fampianarany ary mampiseho antsika ny fomba hiverenana any amin’ ny Ray.

Manao ny Sitrapon’ ny Ray

Nanaja ny Ray sy nanaraka Azy lalandava i Jesoa. Na tamin’ ny fahatanorany aza dia nilaza tamin’ ireo ray aman-dreniny teto an-tany Izy hoe: “Tsy fantatrao va fa tsy maintsy ho eto an-tranon’ ny Raiko Aho?” (Lioka 2: 49). “Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho,” hoy Izy nampianatra taty aoriana “mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon’ Izay naniraka Ahy” (Jaona 6:38; jereo koa ny Jaona 5:19). Ary dia nampianatra ny Mpamonjy hoe: “Tsy misy olona mankany amin’ ny Ray, afa-tsy amin’ ny alalako” (Jaona 14:6; jereo koa ny Matio 11:27).

Hiverina any amin’ ny Ray isika amin’ ny alalan’ ny fanaovana ny Sitrapony. Nampianatra i Jesoa hoe: “Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin’ ny fanjakan’ ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon’ ny Raiko Izay any an-danitra” (Matio 7:21). Nanazava Izy hoe:

“Maro no hanao amiko amin’ izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin’ ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin’ ny anaranao va izahay? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin’ ny anaranao va izahay?”

“Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, hianareo mpanao meloka” (Matio 7:22–23).

Iza ary ireo hiditra ny fanjakan’ ny lanitra? Tsy ireo izay manao asa mahagaga ka mampiasa ny anaran’ ny Tompo araky ny nampianarin’ i Jesoa akory izany, fa ireo “izay manao ny sitrapon’ ny Raiko Izay any an-danitra [ihany].”

Ilay Ohatra Lehibe Fakan-tahaka

Nampisehon’ i Jesoa antsika ny fomba hanaovana izany. Namerimberina hatrany ny fanasany antsika hanaraka Azy Izy: “Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy” (Jaona 10:27).

Ny Herin’ ny Fisoronana

Nomeny ny herin’ ny fisoronana ny Apôstôliny (jereo ny Matio 10:1) ary ireo hafa koa. Hoy Izy tamin’ i Petera, ilay Apôstôly ela indrindra: “Homeko anao ny fanalahidin’ ny fanjakan’ ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao etỳ ambonin’ ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao etỳ ambonin’ ny tany dia hovahana any an-danitra” (Matio 16:19; jereo koa ny Matio 18:18).

I Lioka dia nirakitra hoe: “ny Tompo nanendry . . . fito-polo lahy [koa], ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin’ ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany” (Lioka 10:1). Taty aoriana ireo Fitopolo-lahy ireo dia nanao tatitra tamimpifaliana tamin’ i Jesoa hoe: “Na dia ny demonia aza dia manaiky anay noho ny anaranao” (Lioka 10:17).



Vavolombelon' izany herin' ny fisoronana izany aho.

Fitarihana avy amin' ny Fanahy Masina

Tany amin' ny fiafaran' ny asa fanompoana nataony teto an-tany dia nampianatra ny Apôstôliny i Jesoa hoe: “Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin' ny Ray amin' ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nola-zaiko taminareo” (Jaona 14:26), ary “Izy no hitari-dàlana anareo ho amin' ny marina rehetra” (Jaona 16:13).

Fitarihana amin' ny alalan' ny Didiny

Mitarika antsika amin' ny alalan' ny didiny koa Izy. Noho izany, dia nandidy ireo Nefita Izy mba tsy hifanditra intsony izy ireo mikasika ireo lafin-javatra ao anatin' ny fotopampianarana, satria hoy Izy hoe:

“Izay manana ny fanahin' ny fifandirana dia tsy Ahy fa an' ny devoly kosa, izay rain' ny fifandirana, ary mamoky ny fon' ny olona izy mba hifanditra amim-pahatezerana izy samy izy.

“Indro, tsy fotopampianarako ny mamoky ny fon' ny olona ho tezitra ka hifanohitra izy samy izy; fa izao kosa no fotopampianarako dia ny hampitsaharana ny zavatra toy izany” (3 Nefia 11:29–30).

Fifantohana amin' ny Fiainana Mandrakizay

Nanome fanamby antsika koa Izy mba hifantoka Aminy fa tsy amin' ny

zavatr' izao tontolo izao. Tao anatin' ilay toriteny lehibe nataony mikasika ny mofon' ny fiainana dia nanazava ny fahasamihafana eo amin' ny sakafo mahavelona eto an-tany sy ny sakafo mahavelona mandrakizay Izy. “Aza miasa hahazo ny hanina mety ho levona,” hoy Izy, “fa ny hanina izay maharitra ho fiainana mandrakizay, izay homen' ny Zanak' olona anareo” (Jaona 6:27). Nampianatra ny Mpamonjy fa Izy no Mofon' ny Fiainana, ilay loharanon' ny sakafo mahavelona mandrakizay. Raha mikasika ny sakafo mahavelona eto an-tany izay arosan' izao tontolo izao, ary ao anatin' izany ny mana izay nalefan' i Jehovah namahanana ny zanak' i Isiraely tany an-tany efitra dia nampianatra i Jesoa fa ireo izay niantehitra tamin' izany mofo izany dia efa maty ankehitriny (jereo ny Jaona 6:49). Mifanohitra amin' izany kosa ilay sakafo atolony izay “mofo velona izay nidina avy tany an-danitra,” ary nampianatra i Jesoa hoe: “raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy” (Jaona 6:51).

Nilaza ireo mpianany sasantsasany fa “sarotra izany teny izany,” ary nanomboka tamin' izany fotoana izany dia maro tamin' ireo mpanaradia azy no “nihemotra ka tsy niaranandeha taminy intsony” (Jaona 6:60, 66). Araky ny hita dia tsy neken' izy ireo ilay fampianarana tany aloha hoe tokony “[hikatsaka] . . . aloha ny fanjakan [‘Andriamanitra]” (Matio 6:33) izy ireo. Ankehitriny koa aza, ireo izay manonona ny tenany ho Kristianina dia voasariky ny zavatr' izao tontolo izao—ireo zavatra izay mahavelona eto an-tany saingy tsy manome ilay sakafo mahavelona mitondra any amin' ny fiainana mandrakizay. Ho an' ny sasany dia natao ho antony tsy hanarahana an' i Kristy ireo “teny sarotra” nataony ireo.

Ny Sorompanavotana

Ny faratampony indrindra tamin' ny asa fanompoan' ny Mpamonjy teto an-tany dia ny Fitsanganany tamin' ny maty sy ny Sorompanavotany ho an' ny fahotan' izao tontolo izao. Naminany izany i Jaona Mpanao Batisa rehefa nilaza hoe: “Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra, Izay manaisotra

ny fahotan' izao tontolo izao” (Jaona 1:29). Taty aoriana i Jesoa dia nampianatra fa “ny Zanak' olona [dia] tonga . . . hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro” (Matio 20:28). Nandritra ny Fanasana Farany araky ny fitantaran' i Matio, dia nanazava i Jesoa fa ilay divay nohamasininy dia tsy inona fa hoe: “ity no rako, dia ny amin' ny fanekena, izay alatsaka ho an' ny maro ho famelan-keloka” (Matio 26:28).

Rehefa niseho tamin' ireo Nefita ny Tompo izay efa nitsangana tamin' ny maty, dia nanasa azy ireo handroso sy hitsapa ny ratra teo amin' ny lanivoany sy ireo diam-pantsika teo amin' ny tanany sy ny tongony. Nanao izany izy araka ny fanazavany: “Mba hahafantaranareo fa Izaho no Andriamanitr' i Isiraely sy Andriamanitry ny tany manontolo, ary efa novonoina noho ny fahotan' izao tontolo izao” (3 Nefia 11:14). Ary araky ny voarakitra ao amin' ny tantara, dia lavo “teo an-tongotr' i Jesoa izy ireo sy nitsaoka Azy” (andiny 17). Noho izany dia hitsaoka Azy tanteraka ny eto amin' izao tontolo izao iray manontolo.

Nampianatra fahamarinana sarobidy maro mikasika ny Sorompanavotany koa i Jesoa. Ny Bokin' i Môrmôna, izay manome antspiriany bebe kokoa mikasika ireo fampianaran' ny Mpamonjy sy manome fanazavana tena tsara mikasika ny asa nanirahana Azy, dia milaza hoe:

“Ary naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin' ny hazofijaliana . . . , mba hahazoako



misintona ny olon-drehetra aty
Amiko, . . .

“ . . . mba hotsaraina amin’ ny asany.

“Ary . . . na zovy na zovy no mibebaka sy atao batisa amin’ ny anarako dia ho henika; ary raha maharitra hatramin’ ny farany izy, dia indro, izy no hotanako tsisy tsiny eo anoloan’ ny Raiko amin’ io andro io rehefa hitsangana Aho hitsara izao tontolo izao. . . .

“Ary tsy misy zavatra tsy madio afaka miditra ao amin’ ny fanjakan[’ ny Ray]; koa tsy misy na inona na inona miditra ao amin’ ny fitsaharany afa-tsy ireo izay efa nanasa ny fitafiany tamin’ ny rany, noho ny finoany sy ny fibebahana tamin’ ny fahotany rehetra ary ny fahatokiany hatramin’ ny farany” (3 Nefia 27:14–16, 19).

Ary dia takatsika fa manome antsika fahafahana handresy ny fahafatesana ara-panahy izay vokatry ny fahotana ny Sorompanavotan’ i Jesoa Kristy ary amin’ ny alalan’ ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana masina dia hazo ny fitahian’ ny fiainana mandrakizay isika.

Fanamby sy Fijoroana ho Vavolombelona

I Jesoa dia nampanao ilay fanamby hoe: “Ahoana no hevitrareo ny amin’ i Kristy?” (Matio 22:42). Nampanao fanamby an’ ireo olona avy tao Korinto ny Apôstôly Paoly manao hoe: “Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin’ ny finoana hianareo, na tsia” (2 Korintiana 13:5). Samy tokony hamaly ireo fanamby ireo ho an’ ny tenantsika isika tsirairay. Aiza ilay fahitsim-po aman-tsaintsika tanteraka? Moa ve isika toy ireo Kristianina arak’ ilay famaritana tsy hay hadinoana nataon’ ny Loholona Maxwell hoe namindra ny tena tranony tany Ziona kanefa mbola manana trano fialan-tsasatra any Babylona.¹

Tsy misy ny faritra hoe tsy mian-dany amin’ ny atsy na ny aroa ao amin’ izany. Mpanara-dia an’ i Jesoa Kristy isika. Isika dia mizaka ny zom-pirenena ao amin’ ny Fiangonany sy ny Filazantsarany, ary tsy tokony haka fahazoan-dalana hitsidika an’ i Babylona isika na haneho fitondrantena toy ireo olom-pirenen’ izany tanàna



izany. Tokony hanaja ny Anarany isika, hitandrina ny didiny ary “[tsy hikatsaka] ny zavatr’ izao tontolo izao fa [hikatsaka] . . . aloha ny hanorina ny fanjakan’ Andriamanitra, sy ny hampitoetra ny fahamarinany” (Matio 6:33, fanovozan-kevitra eny amin’ ny farany ambanin’ ny pejy a; avy ao amin’ ny Dikantenin’ i Joseph Smith, Matio 6:38).

I Jesoa Kristy *no* ilay Zanaka Lahitokan’ Andriamanitra sy Zanaka Malalany. Izy no Mpahary antsika. Izy *ilay* Mpahary antsika. Izy *no* Fahazavan’ Izaio Tontolo Izaio. Izy *no* Mpamonjy antsika tamin’ ny fahotana sy fahafatesana. Izany no fahalalana manandanja indrindra eto an-tany, ary afaka mahafantatra mivantana izany ianao toy ny ahafantarako mivantana izany. Ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona momba ny Ray sy ny Zanaka ary mitarika antsika amin’ ny

fahamarinana, dia nanambara ireo fahamarinana ireo tamiko, ary hanambara izany aminao koa.

Ny fomba hahatongavana amin’ izany dia amin’ ny alalan’ ny faniriana sy fankatoavana. Raha eo amin’ ny lafiny faniriana dia nampianatra i Jesoa hoe: “Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dōndōny dia hovohana ianareo” (Matio 7:7). Raha eo amin’ ny lafiny fankatoavana dia nampianatra Izy hoe: “Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin’ ny fampianarana izy, na avy amin’ Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho” (Jaona 7:17). Mijoro ho vavolombelona amin’ ny fahamarinan’ ireo zavatra ireo aho amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Neal A. Maxwell, *A Wonderful Flood of Light* (1990), 47.



Nataon' i Matthew O. Richardson

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidian' ny Sekoly Alahady Maneran-tany

Mampianatra araka ny Fomban' ny Fanahy

Na dia mpampianatra avokoa aza isika rehetra, dia mila takatsika tsara fa ny Fanahy Masina no tena mpampianatra sy vavolombelon' ny fahamarinana rehetra.

Taona maro lasa izay dia nahare feon-jaza izaho sy ny mpiaramitovy tamiko fony tao amin' ny Foiibe Fanofanana ho Misiônera, nilaza hoe: “Bebe a! Misiônera *tena izy ve ireo?*” Nihodina aho nijery ilay zazavavy kely nitazona ny tanan' ny renibeny izay nanondro ahy sy ilay mpiaramitovy tamiko. Nitsiky aho ary nanolotra ny tanako, ary nibanjina ny masonry avy hatrany, sady niteny hoe: “Manahoana! Elder Richardson no anarako, ary misiônera *tena izy tokoa izahay.*” Lasa miramirana ny endriny rehefa nijery ahy izy, ary faly izaitsizy niaraka tamin' ny misiônera tena izy.

Nivoaka tao amin' izay zavatra niainako izay niaraka tamin'ny fanoloran-tena nohavaozina aho. Tiako ny ho lasa toy ilay karazana misiônera izay andrandrain' ny Mpamonjy sy andrandrain' ny fianakaviako, ary andrandrain' ity zazavavy kely ity. Nandritra ny roa taona taorian' izay, dia niasa mafy aho mba hitovy amin' ilay misiônera *tena izy*, sy hieritreritra toa azy, hanao ireo zavatra araka ny fombany ary indrindra hampianatra araka ny fombany.

Rehefa nody aho dia tena lasa hita taratra teo amiko, fa na dia efa nandao ilay asa fitoriako aza aho, dia tsy mba nandao ahy ilay asa fitoriako. Raha ny

marina, na dia tao anatin' izay taona maro lasa rehetra izay aza, dia mbola tsapako hatrany fa ny fotoana nitoriako no roa taona tsara indrindra *ho an'* ny fiainako. Iray tamin' ireo zavatra niseho tsy nampoizina nandritra ny asa fitoriako izay nisy fiantraikany hatramin' izao ny feon' izany zazavavy izany. Saingy amin' izao aho dia tahaka ny mandre ato an-tsaiko ny hoe: “Bebe a! mpihazona fisoronana *tena izy ve ireo?*” “Bebe a! vady *tena izy ve io?* na raim-pianakaviana *tena izy ve io?*” na koa hoe “Bebe a! *Tena mpikamban' ny Fiangonana marina ve io?*”

Nianatra aho fa fanalahidy iray hahatongavana ho *tena izy* eo amin'ny lafin-javatra rehetra eo amin' ny fiainantsika ny fahafahanantsika mpampianatra amin' ny fomba izay tsy mametra ny fianarana. Hitanao fa ny *fiainana tena izy* dia mitaky *fianarana tena izy* izay miankina amin' ny *fampianarana tena izy*. “Ny andraikitra hampianatra [amimpahombiazana] dia tsy voafetra ho an' ireo izay manana antso ho mpampianatra ihany.”¹ Raha ny marina, ny olona rehetra ao amin' ny fianakaviana, ny mpitarika ao amin' ny Fiangonana, ny mpikamban' ny Fiangonana (anisan' izany ny tanora sy ny ankizy) dia manana andraikitra hampianatra.

Na dia mpampianatra avokoa aza isika rehetra, dia mila takatsika tsara fa ny Fanahy Masina no *tena* mpampianatra sy vavolombelon' ny fahamarinana rehetra. Ireo izay tsy mahatakatra izany tsara dia na miezaka miala amin' ny Fanahy Masina ary manao ny zavatra rehetra amin' ny alalan' ny tenan' izy ireo manokana, ka manasa am-panajana ny Fanahy Masina hiaraka amin' izy ireo fa ho mpanampy fotsiny ihany, na mino izy ireo fa ny fampianarany rehetra dia avy amin' ny Fanahy, saingy ny tena marina dia manao izany “tsy amim-piomanana akory izy ireo.” Ny ray aman-dreny rehetra, ny mpitarika, ny mpampianatra dia manana andraikitra hampianatra “amin' ny alalan' ny Fanahy.”² Tsy tokony hampianatra “alohan' ny hahatsapanana ny Fanahy” na “aorian' ny fialan' ny Fanahy” izy ireo fa “amin' ny alalan' ny Fanahy” mba hahafahan' ny Fanahy mpampianatra tsy misy fetra.

I Môrônia dia nanampy antsika hahatakatra ny fomba ahafahantsika “mampianatra amin' ny alalan' ny Fanahy” kanefa tsy manolo na mandevona, na manala ny maha-*tena* mpampianatra ny Fanahy Masina. I Môrônia dia nanampy antsika hahatakatra ny fomba ahafahantsika “mampianatra amin' ny alalan' ny Fanahy.”³ Izany dia mitaky zavatra mihoatra noho ny fananana ny Fanahy miaraka amintsika fotsiny. Ny fitondrana ny fiainantsika “araka ny fomban' ny” Fanahy Masina dia midika fa mila manova ny fomba fampianarantsika hitovy amin' ny fomba fampianaran' ny Fanahy Masina isika. Rehefa ampifanarahantsika amin' ny fomban' ny Fanahy Masina ny fombantsika, dia afaka mpampianatra sy mijoro ho vavolombelona tsy misy fetra ny Fanahy Masina. Izany fampifanarahana manan-danja izany dia azo aseho amin' ny alalan' ity ohatra manaraka ity.

Taona maro lasa izay dia nihanika ny teny an-tampon' ny tendrombohitr' i South Sister izaho sy ny zanako, izay tendrombohitra any Oregon mirefy eo amin' ny 3.157 metatra eo. Taorian' ny ora maro dia tonga teo amin' ny fiakaranana mideza be teo amin' ny 45 degré teo izahay izay rakotra vaton' afotroa kely madinika. Efa hitanay nanangasanga ny tampony, kanefa isaky ny mandroso izahay dia toa milentika ao anatin' ireo vatokely ny tongotray ka



mahatonga anay hikorisa miverina any amin' ny santimetatra maromaro aty aoriana indray. Nandeha mialoha ilay zanako lahy 12 taona raha toa nijanona kosa niaraka tamin' ilay zanako vavy valo taona taty aoriana aho. Vetivety dia tonga ny harerahana sy hakiviana ary vaky fo mihitsy izy rehefa nieritritra fa tsy ho afaka ny hamonjy ny anadahiny eny an-tampony. Ny tao an-tsaiko voalohany dia ny hibata azy. Ny fanahiko dia vonona tsara hanao izany saingy ny vatako dia reraka. Nipetraka teo ambonin' ireo vato izahay, nandinika ny toe-javatra nianjady taminay, ary nanao drafitra vaovao. Nilaza taminy aho mba hametraka ny tanany eo amin' ny paosiko aoriana, hitazona izany mafy tsara, ary—ny tena zava-dehibe—dia vantany vao mamindra ny tongotro aho, dia mamindra haingana izy ary mametraka ny tongony eo amin' ny dian-tongotro. Narahiny daholo ireo fihetsiko ary niantehitra tamin' ilay fitarihana avy tamin' ny fametrahany ny tanany tao amin' ny paosiko izy. Taorian' ilay fotoana noheverina ho toy ny tsy ho tapitra dia tonga teny amin' ny tampon' ilay tendrombohitra ihany izahay. Tsy voavidy vola ilay fahatsapanany fandresena sy fahafahampo. Ary mazava ho azy fa izy sy ilay anadahiny, araka ny hevitra dia, *tena* mpihanika tendrombohitra marina.

Ny fahombiazan' ny zanako vavy dia vokatry ny ezaka mavitrika nataony ary ny fihanihany tsara *araka ny fomba* nihanihako. Rehefa nampifanarahiny tamin' ny fihetsiko ny fihetsiny, dia afaka nanao fihetsika niaraka izahay, ka nahafahako nampiasa ny heriko iray

manontolo. Toy izany koa no mitranga rehefa mampianatra “araka ny fomba fiasan' ny Fanahy” isika. Rehefa ampiarahantsika amin' ny an' ny fomba fampianaran' ny Fanahy Masina ny fomba fampianarantsika, dia manatanjaka antsika ny Fanahy sady voatohitohina. Miaraka amin' ireo zavatra ireo ao ant-saina, dia tsarovy ireto zavatra fototra roa momba ny “fiasan' ny Fanahy” ireto izay azontsika alain-tahaka ireto.

Voalohany, ny Fanahy Masina dia mampianatra ny tsirairay amin' ny fomba tena manokana. Izany dia mahatonga antsika hahafantatra ny fahamarinana ho an' ny tenantsika manokana. Noho ireo zavatra samihafa ilaintsika, sy toe-javatra samihafa iainantsika, ary ny fivoarantsika samihafa, dia mampianatra ireo zavatra tsy maintsy ilaintsika ho fantatra sy atao ny Fanahy Masina mba hahafahantsika ho lasa toy ilay karazan' olona tena tsy maintsy hahatongavantsika. Mariho tsara fa rehefa mampianatra “ny fahamarinan' ny zavatra rehetra,”⁴ ny Fanahy Masina dia tsy mampianatra indray mandeha ny fahamarinana rehetra. Ny Fanahy dia mampianatra ny fahamarinana “andalana anampy andalana, fitsipika anampy fitsipika, kely etsy kely eroa.”⁵

Ireo izay mampianatra araka ny Fanahy dia mahatakatra fa mampianatra olona izy ireo, fa tsy lesona. Rehefa manao izany izy ireo dia lasa mahafehy ilay faniriana hampianatra izay voalaza rehetra ao anaty boky fampianarana na hampianatra ny zava-drehetra nianaran' izy ireo mikasika ilay lohahevitra ary mifantoka kosa amin' izay zavatra ilain' ny fianakaviany na ny olona ao amin' ny kilasiny ho fantatra na hatao. Ireo ray aman-dreny, sy mpitarika, ary mpampianatra izay manaraka ny fomba fampianaran' ny Fanahy, dia mianatra haingana fa ny fampianarana *tena izy* dia mifono zavatra mihoatra lavitra noho ny firesahana sy filazalazana fotsiny. Vokatry izany, dia manao izay hijanonana kely izy ireo mba hihainoana sy hijerena tsara, ary hahafantarana izay tokony hatao manaraka.⁶ Rehefa manao izany izy ireo dia hanana fahafahana sady hampianatra ny mpianatra no hampianatra ny mpampianatra momba ny zavatra tokony hataon' izy ireo sy tokony holazain' izy ireo ny Fanahy Masina.⁷

Faharoa, ny Fanahy Masina dia mampianatra amin' ny alalan' ny fanasana antsika sy famporisihana antsika ary fanentanana antsika mba hiasa. Nanome toky i Kristy fa afaka mahafantatra ny fahamarinana isika rehefa miaina ny fotopampianarana ary manao asa mifanaraka amin' izany.⁸ Ny Fanahy dia mitantana sy mitarika ary mampiseho antsika ny zavatra tokony hataontsika.⁹ Na izany aza anefa dia tsy hanao izay zavatra tokony ho vitan' ny tenantsika mihitsy Izy. Ny Fanahy Masina mantsy dia tsy afaka ny hianatra *ho* antsika, hahatsapa zavatra *ho* antsika, na hiasa *ho* antsika satria izany dia mifanohitra amin' ny fotopampianaran' ny fahafahana misafidy. Afaka manamora ny fahafahana manao zavatra izy sy manasa antsika hianatra sy hahatsapa ary hiasa.

Ireo izay mampianatra araka ny fomban' ny Fanahy dia hanampy ny hafa amin' ny alalan' ny fanasana sy famporisihana ary amin' ny alalan' ny fanomezana azy ireo tombontsoa hampiasa ny fahafahana misafidy. Ny ray aman-dreny, sy ny mpitarika, ary ny mpampianatra dia samy nahatsapa fa izy ireo dia tsy afaka ny hahatsapa, ny hianatra, na ny hibebaka akory aza *ho an'* ny fianakaviany, na ny mpiara-mivavaka aminy, na ny mpianany ao an-dakilasy. Alohan' ny hametrahany izy ireo fanontaniana hoe: “Inona no azoko atao ho an' ny zanako, na ho an' ny olona ao amin' ny kilasy, na ho an' ny hafa?” dia mametraka fanontaniana izy ireo hoe: “Ahoana no hanasako sy hanampio ireo izay manodidina ahy hianatra ho an' ny tenan' izy ireo?” Ireo ray aman-dreny izay maka tahaka ny fiasan' ny Fanahy Masina dia mamorona tokenrano izay ianaran' ny fianakaviana mampihatra fitsipika fa tsy mianatra fitsipika fotsiny. Torak' izany koa, ny mpampianatra dia manampy ny mpianatra hahatakatra sy hiaina ireo fotopampianaran' ny filazantsara fa tsy hilazalaza momba azy ireny fotsiny. Ny Fanahy Masina dia tsy voafetra rehefa mampihatra araka ny tokony ho izy ny fahafahan' *izy ireo* misafidy ny olona tsirairay.

Raha ny zavatra iainana eto amin' izao tontolo izao ankehitriny, dia mila mafy fahalalana sy fampianarana *tena marina* isika ao amin' ny tokenranontsika sy ny fivoriantika ary any amin' ny kilasy fianarantsika ny filazantsara.

Fantatro fa ny fikatsahanareo ny hanatsara ny fampianarana dia toa mavesatra ihany indraindray. Aza kivy amin' ny fivoaranareo. Tsaroako ilay zavatra niainako nandritra ny fihanihako tendrombohitra niaraka tamin' ireo zanako. Miara-manaiky izahay fa isaky ny mijanona maka aina dia ny mitodika mijery ny manodidina sy mijery ny eny ambanin' ny tendrombohitra no ataonay, raha toa kosa ka tokony hifantoka amin' ny halavirana izay mbola tokony ho aleha. Afaka mijery ny zava-bita isika ary mifampiresaka hoe: "Jereo ny halavirana efa vitantsika." Ary avy eo isika dia hisento lalina, hitodika haingana manatrika ilay havoana, ary hanomboka hihanika tsikelikely indray. Ry rahalahy sy anabavy, *afaka* mitondra vokatra sy mitarika, ary mampianatra araka ny fomba fiasan' ny Fanahy isika. Fantatro fa afaka manao izany ianareo. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa afaka manao izany ianareo ary hisy fiainana hiova.

Voatahy tamin' ny alalan' ireo *mpampianatra tena izy* ny fiainako izay nampianatra niaraka tamin' ny Fanahy ary indrindra tamin' ny alalan' ny Fanahy ny fiainako. Manasa anareo aho mba hampifanaraka ny fomba fampianaranareo araky ny fomban' ny Fanahy Masina ao amin' izay rehetra ataonareo. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika ary ny filazantsarany dia naverina tamin' ny laoniny. Noho izany dia tsy maintsy ray aman-dreny *tena izy*, mpitarika *tena izy*, mpampianatra *tena izy*, ary mpianatra *tena izy* marina isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa Andriamantitra dia hanampy antsika amin' ny ezaka ataontsika, amin' ny anaran' ny Mpamonjy antsika Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. *Teaching, No Greater Call: A Resource Guide for Gospel Teaching* (1999), 3.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:14.
3. Môrônia 6:9.
4. Môrônia 10:5; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:14; *Mafy Orina amin' ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra mikasika ny Filazantsara* (2004), 82.
5. 2 Nefia 28:30.
6. Jereo ny David A. Bednar, "Seek Learning by Faith," *Liahona*, Sept. 2007, 16–24.
7. Jereo ny Lioka 12:12.
8. Jereo ny Jaona 7: 17.
9. Jereo ny 2 Nefia 32:1–5.



Nataon' ny Loholona Kazuhiko Yamashita
Ao amin' ny Fitopololahy

Ny Misiônera dia Harena Sarobidin' ny Fiangonana

Feno fankasitrahana aho fa ny misiônera dia nantsoin' ny Tompo, ary mamaly an' izany antso izany izy ireo sy manompo manerana an' izao tontolo izao.

Indray alina taona maro lasa izay, dia nisy misiônera vaovao nantsoina hoe Rahalahy Swan sy ny mpiaramitory aminy, Japôney efa zokiny teo amin' ny asa fitoriana, tonga nitsidika ny tokantranonay. Soa ihany fa tao an-trano aho tamin' izay ka nasaiko nandroso izy ireo. Rehefa niarahaba azy ireo teo am-baravarana aho, dia voasarika avy hatrany teny amin' ny palitao izay nanaovan-drahalahy Swan ny masoko. Tsy nieritreritra aho fa tonga dia niteny taminy avy hatrany hoe: "Tena tsara izany palitao anaovanao izany!" Kanefa tsy palitao vaovao izany ary efa somary vasoka aza. Nihevitra aho fa izany dia palitao izay navelan' ny misiônera anankiray tany aloha tany tao amin' ny tranon' ny misiônera.

Tonga dia namaly ny teniko avy hatrany Rahalahy Swan, ary dia ny nifanohitra tanteraka tamin' ny zavatra noeritreretiko izany. Tamin' ny alalan' ny fiteny Japôney miakanakana no namaliany hoe: "Eny! tena palitao tsara tokoa izy ity. Nanaovan' ny raiko

ity palitao ity fony izy misiônera teto Japana 20 taona lasa izay."

Ny rainy dia nanompo tao amin' ny Misiônan' i Okayama, Japana. Ary rehefa handeha hitory ny filazan-tsara any Japana ny zanany lahy, dia nomeny azy ilay palitaony. Io sary io dia mampiseho ilay palitao izay nanaovan' ilay ray sy ilay zanaka samy nitondra ny anarana hoe Rahalahy Swan tany Japana.

Tohina ny foko rehefa nandre ny tenin-drahalahy Swan. Ary takatro tamin' izay ny antony nanaovan-drahalahy Swan ny palitaoon-drainy rehefa manao ny asa fitoriana izy. Rahalahy Swan dia nanomboka ny asa fitoriany rehefa nandova ny fitiavan-drainy an' i Japana sy ny olony.

Mino aho fa ny sasany aminareo dia efa niaina zavatra mitovy amin' izany. Maro ireo misiônera nanompo tao Japana no nilaza tamiko fa ny rainy, na ny reniny, na ny dadabeny, na ny dadatoany dia efa nanao asa fitoriana ny filazantsara tany Japana koa.

Izaho dia te haneho ny fitiavana avy amin' ny fo, sy ny fanajana, ary ny fahatsapana fankasitrahana ho an' ireo misiônera rehetra efa niverina izay nitory nanerana izao tontolo izao. Mino aho fa ireo izay nampianareo mba hiova fo dia tsy nanadino anareo. "Akory ny hatsaran' ny tongotr' iry mitondra teny soa mahafaly . . . !"¹

Izaho dia iray amin' ireo niova fo ireo. Tamin' ny faha-17 taonako aho no niova fo, fony mbola mpianatra tany amin' ny sekoly ambara-tonga faharoa. Ny misiônera nanao batisa ahy dia Rahalahy Rupp avy any Idaho. Vao haingana izy no nisaorana tamin' ny naha-filohan' ny tsatòka azy tany Idaho. Tsy nahita azy intsony aho hatramin' ny nahavitan' ny batisako, saingy nifanoratra taminy tamin' ny alalan' ny e-mail ary niresaka taminy tamin' ny alalan' ny telefaonina aho. Tsy mba hadinoko velively izy. Ilay endriny feno tsiky sy hatsaram-panahy dia voasokitra ato an-tsaiko. Tena faly izy rehefa nahafantatra fa mandeha tsara ny zava-drehetra ho ahy.

Tamin' izaho 17 taona dia tsy nahatakatra tsara ireo hafatra izay nampianarin' ireo misiônera ahy. Na izany aza anefa dia nanana fahatsapana niavaka mikasika an' ireo misiônera aho. Naniry ny ho tahaka azy ireo aho. Ary tsapako ny fitiavana lalina sy maharitra nentin' izy ireo.

Mamelà ahy ianareo hilaza momba ilay andro nanaovana batisa ahy. 15 Jolay tamin' izay, ary tena nafana tokoa ny andro. Nisy vehivavy iray natao batisa koa tamin' io andro io. Ny fitoerandrano fanaovana batisa dia namboarin' ireo misiônera tamin' ny tanana, ary tsy dia manaitra ny endrik'izany.

Vao vita ny batisanay dia tonga dia noraisina ho mpikambana izahay. Voalohany, dia noraisin-dRahalahy Lloyd ho mpikambana ilay rahavavy. Niaranipetraka tamin' ireo mpikamban' ny Fiangonana hafa aho ary nakimpiko ny masoko dia nihaino tamim-pahanginana aho. Noraisin-drahalahy Lloyd ho mpikambana izy, ary dia nanomboka nanome tsodrano azy izy. Kanefa nijanona tsy niteny Rahalahy Lloyd, dia nosokafako ny masoko ary nojereko tsara izy.



Na hatramin' izao aza dia tsaroako foana izay zava-nitranga izay. Vonton-dranomaso ny mason-dRahalahy Lloyd. Vao voalohany teo amin' ny fiainako no niainako izany hoe voarakotry ny Fanahy Masina izany. Ary tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina no nahazoako fahalalana azo antoka fa tia anay Rahalahy Lloyd ary tia anay Andriamanitra.

Dia tonga amin' izay ny handraisana ahy ho mpikambana. Dia mbola Rahalahy Lloyd ihany no nanao izany. Napetrany teo ambonin' ny lohako ny tanany ary nandray ahy ho mpikamban' ny Fiangonana izy sy nanome ahy ny fanomezan' ny Fanahy Masina, ary nanomboka nanome tsodrano ahy. Dia nijanona tsy niteny indray izy. Kanefa tamin' ity indray mitoraka ity dia takatro ny zavatra nitranga. Tena fantatro tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina fa tia ahy ireo misiônera ary tia ahy Andriamanitra.

Te-hilaza teny vitsivitsy ho an' ireo misiônera rehetra manao asa fitoriana manerana an' izao tontolo izao aho ankehitriny. Ny toetra sy ny fitiavana asehonareo amin' ny hafa dia hafatra tena manan-danja. Na dia tsy tonga dia takatro daholo aza ireo

fotopampianarana izay nampianarin' ny misiônera ahy, dia tsapako fa ny fitiavana lehibe sy ireo fihetsika feno hatsaram-panahy nasehon' izy ireo dia nampianatra lesona lehibe ho ahy. Ny hafatra entinareo dia hafatra mifono fitiavana, hafatra mifono fanantennana, ary hafatra mifono finoana. Ny toetranareo sy ny fihetsika asehonareo dia manasa ny Fanahy ary ny Fanahy dia manome fahafahana antsika hahatakatra ireo zavatra izay manan-danja. Ny zavatra tiako hampitaina aminareo dia hoe, amin' ny alalan' ny fitiavana asehonareo no mampita ny fitiavan' Andriamanitra ianareo. Harena sarobidy ho an' ny Fiangonana ianareo. Feno fankasitrahana anareo rehetra aho noho ny fahafoizan-tenanareo sy ny fanoloran-tenanareo.

Te-hiresaka aminareo izay ho misiônera any aoriana any koa aho. Ao amin' ny fianakaviako, dia efatra tamin' ireo zanako no efa nahavita ny asa fitoriana ny filazantsara, ary ilay misiôneranay fahadimy dia hiditra ao amin' ny Foibe Fanofanana Misiônera ao Provo amin' ity faran' ny volana ity. Amin' ny taona ho avy ilay zanakay farany indrindra dia hiomana hitory ny filazantsara aorian' ny fahavitan' ny

fianarany ao amin' ny ambaratonga faharoa.

Noho izany dia miteny aminareo zanako lahy sy ianareo rehetra izay miomana ny hitory filazantsara aho. Ilaina ny fitondranareo zavatra telo rehefa handeha hitory ianareo:

1. Faniriana ny hitory ny filazantsara. Tian' ny Tompo ianareo mba hitady ny ondriny sy hahita azy ireo.² Miandry anareo ny olona manerana an' izao tontolo izao. Aoka ianareo mba handeha any amin' izay misy azy ireo. Tsy misy olon-kafa miasa mafy kokoa noho ireo misiônera mba handeha hamonjy ny hafa. Izaho dia iray amin' ireo olona voavonjy ireo.
2. Ampitombo ny fijoroanareo ho vavolombelona. Ny Tompo dia mitaky ilay "fonao sy sainao marisika."³
3. Tiavo ny hafa, toa ny Rahalahy Swan izay nitondra niaraka taminy tany am-panaovana asa fitoriana ny palitaon-drainy sy ny fitiavan-drainy an' i Japana sy ny olony.

Ary ho an' ireo izay tsy mahafantatra ny fomba hiomanana raha hanao asa fitoriana dia aoka ianareo mba handeha hihaona amin' ny evekanareo. Fantatro fa hanampy anareo izy.

Feno fankasitrahana aho fa ny misiônera dia nantsoin' ny Tompo, ary mamaly an' izany antso izany izy ireo sy manompo manerana an' izao tontolo izao. Mamelahy ahy ianareo mba hilaza aminareo misiônera malala izay efa niverina—Tena feno fisaorana noho ny ezaka rehetra nataonareo aho. Harena sarobidy ho an' ny Fiangonana ianareo. Ary enga anie ianareo hanohy ho misiônera foana ary hitondra tena tahaka ny mpianatr' i Kristy.”

Mijoro ho vavolombelona aho fa zanaky ny Ray any an-danitra isika, izay tia antsika, ary nandefa Ilay Zanaka malalany, Jesoa Kristy, Izy mba hahafahantsika miverina eo Anatrehany indray. Izany dia ataoko amin' ny anarana masin' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Isaia 52:7.
2. Ezekiela 34:11.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:34.



Nataon' i Loholona Randall K. Bennett
Ao amin' ny Fitopololahy

Safidio ny Fiainana Mandrakizay

Ny hoavinao mandrakizay dia tsy vokatry ny vintana fa vokatry ny safidy. Tsy mba tara loatra izao hanombohana hisafidianana ny fiainana mandrakizay!

Taona maro lasa izay, raha niaraka tamin' ny fianakaviako teny amorontsiraka aho, dia nahatsikaritra famantarana sy saina nampitandrina anay fa hahery ny onja ka hisintona avy ety amin' ny morony manjany amin' ny lalina. Tsy dia hitan' ny masoko tsy zatra mijery izany saingy tsikaritr' ireo mpamonjy voina avy hatrany teo amin' ny tilikambo tsy dia lavitra teo ilay koriandrano mahery vaika dia loza ho an' ireo miala ny faritra voaro ety amin' ny morony ka miditra ny rano. Tsaroako aho naminavina nanao hoe, “Mpilomano mahay aho. Fanatanjahantena tsara ny lomano. Tsy hampaninona ahy izany rano lalina izany.”

Rehefa tsy niraharaha ireo fam-pitandremana aho ary nahatsapa fahatokian-tena araka ny fitsarako azy, dia niditra tao anaty rano ary nankafy ilay lomano “nampahazo aina.” Minitra vitsy monja dia nijery ny toerana nisy ireo fianakaviako aho teo amin' ny tora-pasika akaiky teo, kanefa dia tsy akaiky intsony ilay tora-pasika! Nisintona ahy haingana nanalavitra ahy tamin' ny fianakaviako ilay koriandrano namitaka izay efa nampitandremana ahy.

Tamim-pahatokiana aloha tamin' ny voalohany ary avy eo tamim-pahakiviana no nanandramako nilomano nankamin'ny sisiny, saingy ilay koriandrano izay tsy mamela mahazo dia nisintona ahy lavidavitra kokoa tany amin' ny rano lalinalina sy mahery kokoa. Reraka aho ary nanomboka kofona fa nahatelina rano. Efa nila ho rendrika aho. Lasa daholo ny heriko ary tamim-pikofokofoana be no nian-tsoako vonjy nony farany.

Fahagagana fa toa teo anilako sahadry ny mpamonjy voina iray. Tsy tsikaritra fa nijery ahy niditra tao anaty rano izy. Fantany fa hisintona ahy ilay koriandrano, ary fantany hoe hisintona ahy hatraiza izany. Nilomano nihodidina izy niala ilay koriandrano ary tonga taoriana kelin' ny toerana nikofokofohako izy ary avy eo niandry tamim-paharetana hoe hiantso vonjy aho. Reraka loatra aho ka tsy afaka nilomano irery nakeny imorony ka dia velom-pankasitrahana noho ny famon-jeny ahy. Raha tsy nisy ny fanampiany dia tsy ho vitako mihitsy ny niverina teny amin' ny fianakaviako.

Tamin' io andro io aho dia nanao safidy kitoatoa izay nety ho niteraka vokany goavana tokoa ho ahy sy ny

fianakaviako. Raha hiara-hiijery ny fanomezam-pahasoavan' ny safidy isika ankehitriny, dia mivavaka aho mba hanampy antsika tsirairay avy ny Fanahy Masina hanombantombana tsara ny safidy ataontsika.

Ny mpaminany malalantsika, Filoha Thomas S. Monson, dia nampianatra hoe: “Mbola antitranteriko mafy foana hoe ny fanapahan-kevitra no mamaritra ny hoavy. Tsy afaka mandray fanapahan-kevitra mandrakizay ianao ka hoe tsy hizaka ny vokany mandrakizay.”¹

Ny tsirairay avy aminareo—araka ny nampianarina nandritra ity fihao-nambe ity—dia zanakalahy sy zanakavavy malalan' ny ray aman-dreny any an-danitra. Tena manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra ianareo.² Nanditra ny fiainanareo talohan' ny nahaterahana dia efa nianatra nitia ny fahamarinana ianareo. Nanao safidy mandrakizay tsara ianareo. Fantatrareo fa eto amin' ity fiainana an-tany ity, dia hisy fijaliana sy fahoriana, alahelo sy fangirifiriana, ary fitsapana mba hanampiana antsika hitombo sy hivoatra. Fantatrareo ihany koa fa mbola afaka manohy manao safidy tsara ianareo, sy mibebaka amin' ireo safidy ratsy, ary amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy, dia afaka handova ny fiainana mandrakizay.

Inona no nampianarin' i Leahia momba ny safidy? Nanoro hevitra izy hoe isika dia afaka “*mifidy* ny fahafahana sy *ny fiainana mandrakizay* amin' ny alalan' Ilay Mpanalalana lehiben' ny olon-drehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana araka ny fambaboana sy ny fahefan' ny devoly.” Ary nampianatra izy avy eo hoe, “Mba tiako ny hiandrandranareo Ilay mpanalalana lehibe sy hihainoanareo ny didiny lehibe; ary ho mahatoky amin' ny teniny ianareo ka hifidiananareo *ny fiainana mandrakizay*.”³

Ry rahalahy sy ranabavy, moa ve eo amin' ny zavatra safidiansika ho eritreretina sy ho tsapa sy ho atao dia tena *misafidy ny fiainana mandrakizay tokoa izaho sy ianao*?

Ireo zafikelinay dia mianatra fa rehefa manao safidy iray izy ireo, dia misafidy ihany koa ny vokatr' izany. Vao tsy ela akory izay ny iray amin' ireo zafikelinay vavy telo taona no nandà tsy



Montréal, Quebec, Canada

hihinana ny sakafony hariva. Nanazava tsara ny reniny, “Efa ho ora fatoriana izao. Raha toa ka misafidy ny hisakafo hariva ianao, dia misafidy ihany koa ny crème glacée ho tsindrin-tsakafonao. Raha toa ka misafidy ny tsy hisakafo ianao, dia misafidy ny handeha ho any am-pandriana ianao izao dia izao, ary tsy mihinana crème glacée.” Nodinihin' ny zafikelinay vavy ireo safidy roa ireo dia namaly tamim-pahavononana izy avy teo hoe, “*Izao no safidy tiako—hilalao sy hihinana crème glacée fotsiny ary tsy handeha hatory.*”

Rahalahy sy ranabavy, moa ve isika maniry ny afaka hilalao, sy tsy hihinana afa-tsy crème glacée ary tsy handeha hatory mihitsy, ka afaka hiala amin' ny vokatry ny tsy fanjariantakako sy ny havizanana?

Raha ny tena marina dia tsy manana afa-tsy safidy mandrakizay roa ihany isika, ny tsirairay amin' ireo dia samy manana ny vokany mandrakizay: na misafidy ny hanaraka ny Mpamonjy izao tontolo izao ary amin' izany dia misafidy ny fiainana mandrakizay na misafidy ny hanaraka an' izao tontolo izao sy misafidy ny hisaraka mandrakizay amin' Andriamanitra.

Tsy afaka ny miara-misafidy ny fiarovana ao amin' ny fahamarinana sy ny lozan' izao tontolo izao isika. Ny fandrosoana amin' ny zavatr' izao tontolo izao dia mety ho toy ny tsy mampaninona, kanefa tahaka izany ihany koa ilay lomano “nampahazo aina” nataoko!

Tahaka ilay koriandrano izay efa saika nanova ny fiainam-pianakaviako, ny koriandrano' izao tontolo izao ankehitriny, sy ny filôzôfia izay mamitaka, sy ny fampianaran-diso, ary ny fahalotoana ara-pitondrantena dia mikatsaka ny hisintona antsika hiala sy ho tafasaraka mandrakizay amin' ny Raintsika izay any An-danitra.

Ireo mpaminanintsika velona, sy mpahita ary mpanambara dia samy nahita sy nikatsaka ny hampitandrina antsika amin' ny koriandrano' izao tontolo izao izay toa malemy nefa mampidi-doza ka mampatahotra antsika. Izy ireo dia manasa antsika amim-pitiavana, mamporisika, mampianatra, mampatsiahy, ary mampitandrina antsika. Fantatr' izy ireo fa ny fiarovana antsika dia miankina amin' ny fisafidianana ny hanaraka (1) ny fahitana izay azontsika mandritra ny fianarana soratra masina isan' andro sy ny vavaka, (2) ny fitarihan' ny Fanahy Masina, ary (3) ny torohevitra feno faminiana avy amin' izy ireo. Fantatr' izy ireo fa tsy misy fiarovana sy hafaliana amin' ny farany raha tsy amin' ny alalan' ny Mpamonjy Jesoa Kristy irery ihany, sy ny fiainana ny filazantsarany. Araka ny nampianarin' ny Loholona Dallin H. Oaks dia nanambara ny Mpamonjy hoe, “Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana, tsy misy mankany amin' ny ray raha tsy amin' ny alalako.”⁴

Nandritra ny fitsapana sy ny fijaliana tany Rosia taorian' ny

vanim-potoan' ny sôvietika, dia nisa-fidy ny fahamarinana i Anatoly sy i Svetlana Reshetnikov fa tsy ny zavatr' izao tontolo izao. Taorian' ny nidiran' izy ireo tao amin' ny Fiangonana, dia nenjehina izy ireo. Nesorina tamin' ny toerany izy tao amin' ny toeram-piasany. Nieritreritra tamim-pahatokiana hatrany izy ireo hoe, "Ankehitriny isika dia manana fotoana bebe kokoa hanompoana an' Andriamanitra!" Nahazo fandrahonana matetika izy ireo, kanefa dia nisa-fidy hatrany izy ireo hanana fiainana mifototra amin' ny filazantsara. Ny Loholona Anatoly Reshetnikov dia voantso ho Fitopololahin' ny Vondrom-paritra Rosiana voalohany. Noho ny safidin' izy ireo, dia nanohy nisa-fidy *ny fiainana mandrakizay* ry Reshetnikov.

Miatrika fitsapana daholo isika rehetra. Manana fakam-panahy daholo isika rehetra. Samy efa nanao hadisoana avokoa isika rehetra. Tsy mafy be ary tsy mbola tara ny fanaovana safidy tsara. Ny fibebahana no iray amin' izany fanaovana safidy tsara izany.

Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf dia nampianatra hoe:

"Ny hadisoana madinika sy ny fikisahana kely manalavitra ny foto-pampianaran'ny filazantsaran' i Jesoa Kristy dia afaka mitondra vokatra mampalahelo eo amin' ny fiainantsika. Noho izany dia tena zava-dehibe tokoa ny fahaizana mifehy tena mba hanaovana fanitsiana haingana sy tsy azo ivalozana mba hahafahana miverina eo amin' ny lalana tena izy ary tsy miandry na manantena fa izany fahadisoana izany dia ho voahitsy ho azy amin' ny fomba tsy fantatra.

"Arakaraka ny mahalava ny hane-morantsika ny asa fanitsiana, no mahalehibe kokoa ny fanovana ilaina ho atao, ary mahalava kokoa ny fotoana ilaina ahafahana miverina eo amin' ilay lalana tena izy—eny fa na dia efa eo amin' ny toeran' ny loza mananontanona aza."⁵

Ny sandrim-pamindram-po an' ny Mpamonjy dia mitsotra ho antsika hatrany.⁶ Rehefa mibebaka amin-kitsim-po sy tanteraka isika, dia afaka ny ho voavela tanteraka amin' ny hadisoantsika ary dia tsy hahatsiaro intsony ny hadisoantsika ny Mpamonjy.⁷



Eo amin' ny famakafakana ny safidinao sy ny vokatr' izy ireny, dia afaka manontany tena ianao hoe:

- Moa ve aho mikatsaka fitarihan' ny lanitra amin' ny alalan' ny fandalinana isan' andro ny soratra masina sy ny vavaka, na moa ve aho nisa-fidy ny ho sahirana loatra na tsy dia taitra firy ka tsy manana fotoana handalinana ny tenin' i Kristy sy ny firesahana amin' ny Ray any An-danitra?
- Moa ve aho misafidy ny hanaraka ny torolalan' ny mpaminan' Andriamanitra velona na moa ve aho manaraka ny fomban' izao tontolo izao ary manohitra ny hevitra ny hafa?
- Moa ve aho mikatsaka ny fitarihan' ny Fanahy Masina eo amin' izay safidiako ho eritreretina, na ho tsapa na hatao?
- Moa ve aho manolo tanana hatrany hanampy hanavotra sy hanampy eo amin' ny fanavotana ireo hafa?

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, ny hoavin' mandrakizay dia tsy vokatry ny vintana fa vokatry ny safidy.

Tsy mety ho diso aoriana loatra ny fanombohana misafidy *ny fiainana mandrakizay!*

Mijoro ho vavolombelona aho fa noho ny drafitra lehiben' ny fahasambarana an' ny Ray any an-danitra, dia afaka ny ho tanteraka ny tsirairay avy amintsika amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Afaka miaina miaraka amin' ny Ray any an-danitra isika sy ny fanakavian-tsika ary mahazo ny fahafenoan' ny hafaliana. Hijoroako ho vavolombelona ny amin' ireo zavatra ireo amin' ny anarana masin' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, "Decisions Determine Destiny" (Church Educational System fireside ho an' ny tanora tokatena, Nôv. 6, 2005), institute.lds.org.
2. Jereo "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao," *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
3. 2 Nefia 2:27–28; nampiana fanamafisana.
4. Jaona 14:6
5. Dieter F. Uchtdorf, "A Matter of a Few Degrees," *Liahona*, Mey 2008, 59.
6. Jereo ny Almà 5:33.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 58:42.



Nataon' ny Loholona J. Devn Cornish
Ao amin' ny Fitopololahy

Ny Fahafahana Mivavaka

Ny vavaka no iray amin' ireo fanomezana tena sarobidy nomen' Andriamanitra ny olona.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, ny Raintsika any an-danitra dia tsy fahatsapana iray na hevitra iray na hery iray. Olona masina Izy izay, araka ny ampianarin' ny soratra masina, dia manana endrika sy tanana ary vatana tsy mety maty sy be voninahitra. Tena misy Izy sy mahafantatra antsika tsirairay ary tia antsika tsirairay. Te hitahy antsika Izy.

Hoy i Jesoa hoe:

“Ary iza moa aminareo, raha angatahin' ny zanany mofo, no hanome azy vato?”

“Ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana?”

“Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an' ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an' izay mangataka aminy?” (Matio 7:9–11).

Angamba mety ho ohatra tsara maneho izany ny zavatra niainan' ny tena manokana. Fony aho dokotera vao herotreron' nanara-piofanana tao amin' ny Hopitalin' ankizy tao Boston, dia niasa nandritra ny ora maro ary tamin' ny ankapobeny dia nandia ny lalana manelanelana ny hopitaly sy ny tranonay tany Watertown, Massachusetts tamin' ny alalan' ny bisikileta,

satria nilain' ny vadiko sy ilay fianakaviana keliko ny fiaranay. Indray hariva dia nitaingina bisikileta aho nandeha nody rehefa avy nijanona nandritra ny ora maro tany amin' ny hopitaly ary nahatsapa tena ho vizana sy noana ary somary kivivivy ihany. Fantatro fa mila manokana ny fotoanako sy ny heriko ho an' ny vadiko sy ireo zanako kely aho rehefa tonga any an-trano ary tokony hampiseho toetra falifaly koa. Tsoriko anefa fa na ny nivoy ilay bisikileta aza dia efa nanahirana ahy.

Nisy toeram-pivarotana akoho voahendy tamin' ny lalana nandalovako ary nahatsapa aho fa tsy ho dia noana sy vizana loatra raha toa ka afaka mijanona kely mihinana silan' akoho eny andalana mody. Fantatro fa manao fihenambidy izy ireo ho an' ny fen' akoho sy ny tongotr' akoho ka 29 cents ny iray. Saingy rehefa nijery ny tao anaty poketrako aho dia tsy nanana afa-tsy vola 5 cents. Rehefa nanohy namoy bisikileta teny aho dia nolazaiko tamin' ny Tompo ny toe-javatra nahazo ahy ary nangataka taminy tao anatin' ny famindram-pony aho raha mba azony omena fahafahana hahita 25 cents eny amin' ny sisin-dalana eny. Nilaza taminy aho fa tsy hoe mila izany mba hatao famantarana fa tena ho feno fankasitrahana aho

raha toa ka omeny izany fitahiana feno hatsaram-panahy izany.

Nanomboka nijery tamim-pitandremana ny lalana aho, saingy tsy nahita na inona na inona. Rehefa niezaka nihazona toe-tsaina feno finoana nefa feno fankatoavana aho teny am-pandehana teny dia nanakaiky ilay fivarotana. Dia nahita 25 cents teo amin' ny tany aho tena tery am-pitan' ny arabe misy ilay toerana fivarotana akoho. Noraisiko tamim-pankasitrahana sy tamim-pahatsapana fahamaivanana izany ary dia nividy ilay akoho sy nan-kafy tanteraka izany aho ary nandeha nody namoy bisikileta tamim-pifaliana.

Tao anatin' ny famindram-pony, ilay Andriamanitra ny lanitra, ilay Mpahary sy Mpitarika ny zava-drehetra na aiza na aiza dia nandre vavaka momba ny zavatra tena bitika iray. Mety hisy hanontany tokoa hoe nahoana moa Izy no hisahirana amin' ny zavatra tena kely toy izany. Izaho dia mino fa tia antsika fatratra ny Raintsika any an-danitra hany ka ireo zavatra izay manandanja amintsika dia lasa manandanja Aminy, satria tia antsika Izy. Tsy ho lehibe kokoa noho izany ve aza ny fitiavany hanampy antsika amin' ireo zavatra lehibe angatahantsika izay aradrarin' (jereo ny 3 Nefia 18:20)?

Ho anareo ankizy sy tanora ary torak' izany koa ianareo olon-dehibe, aoka ianareo hino ilay faniriana tena lehiben' ny Ray any an-danitra be fitiavana mba hitahy *anareo*. Saingy noho Izy tsy hitsabaka amin' ny fahafahantsika misafidy, dia tsy maintsy mangataka fanampiana avy Aminy isika. Atao amin' ny alalan' ny vavaka izany amin' ny ankapobeny. Ny vavaka no iray amin' ireo fanomezana tena sarobidy nomen' Andriamanitra ny olona.

“Indray mandeha nangataka ireo mpianatr' i Jesoa hoe: “Tompoko, mpianara anay hivavaka” (Lioka 11:1). Ho valin' izany dia nanome antsika ohatra iray i Jesoa izay azo ampiasaina ho toy ny torolalana mikasika ireo fitsipika manandanja ny vavaka (jereo ny Russell M. Nelson, “Lessons from the Lord's Prayers,” *Liahona*, May 2009, 46–49; jereo koa ny Matio 6:9–13; Lioka 11:1–4). Araka ilay ohatra nomen' i Jesoa dia:

Manomboka amin' ny alalan' ny firesahantsika amin' ny Raintsika any an-danitra isika: “Rainay izay any



an-danitra” (Matio 6:9; Lioka 11:2). Voninahitra ho antsika ny firesahana mivantana amin’ ny Raintsika. Tsy mivavaka amin’ ny olon-kafa isika. Tsarovy fa notoroana lalana isika mba tsy hamerimberina teny, ka ao anatin’ izany ny tsy tokony hamerimbere-nana loatra ny anaran’ ny Ray rehefa mivavaka.¹

“Hohamasinina anie ny anaranao” (Matio 6:9; Lioka 11:2). I Jesoa dia niresaka tamin’ ny Rainy tao anatin’ ny toetra feno fitsaohana sy tao anatin’ ny fiaikena ny halehibeny ary nanolotra dera sy fisaorana ho Azy. Azo antoka fa izany resaka fanehoana fanajana an’ Andriamanitra sy fanehoana fisaorana manokana sy avy amin’ ny fo izany dia iray amin’ ireo fanalahidin’ ny vavaka mahomby.

“Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao” (Matio 6:10; Lioka 11:2). Manaiky amin’ ny fomba malalaka ny fiankinantsika amin’ ny Tompo isika ary maneho ny fani-riantsika hanao ny sitrapony na dia tsy mitovy amin’ ny sitrapontsika aza izany. Ny Rakibolan’ ny Baiboly amin’ ny teny Anglisy dia manazava hoe: “Ny vavaka dia ny mampifanaraka ny sitrapon’ ny Ray sy ny sitrapon’ ny zanaka. Ny tanjon’ ny vavaka dia tsy hoe hanova ny sitrapon’ Andriamanitra, fa mba hahazoantsika sy hahazoan’ ny hafa ireo fitahiana izay efa tian’ Andriamanitra omena antsika, izay tsy ho azo raha tsy angatahantsika” (Bible Dictionary, “Prayer”).

“Omeo anay anio izay hanina saha ho anay” (Matio 6:11; jereo koa ny Lioka 11:3). Mangataka ireo zavatra izay tadiavintsika any amin’ ny Tompo isika. Ilaina ny fahamarinan-toetra rehefa mangataka zavatra amin’ Andriamanitra. Tsy maneho fahamarinan-toetra tanteraka ohatra ny fangatahana ny Tompo mba hanampy amin’ ny fanadinana iray any an-tsekoly kanefa varimbariana aho any am-pianarana na tsy nanao ireo enti-modiko, na tsy nianatra hiomanana amin’ ilay fanadinana. Matetika rehefa mivavaka aho dia mibitsika moramora amiko ny Fanahy mba hiaiky fa betsaka ireo zavatra tokony hataoko mba hahazoana ilay fanampiana angatahiko avy amin’ ny Tompo. Dia tsy maintsy manolotena aho ary manao ilay anjarako. Mifanohitra amin’ ny draftir’ Andriamanitra ny hoe, ny Tompo indray no manao, mba ho antsika, ireo zavatra izay azontsika atao amin’ ny tenantsika.

“Ary mamela ny helokay” (Matio 6:12) na jereo koa ao amin’ ny (Lioka 11:4). Ny lafiny iray ao amin’ ny vavaka ataon’ ny tena manokana izay ilaina ary matetika hadino, dia ny fibebahana. Raha tiana hisy fiantraikany ny fibebahana dia tsy maintsy mazava tsara sy feno fanajana ary maharitra izany.

“Tahaka ny namelanay izay meloka taminay” (Matio 6:12; jereo koa ny Lioka 11:4). Ny Mpamonjy dia naneho ny fifandraisana mazava misy eo amin’ ny famelana ny fahotantsika sy ny famelana ny hafa izay nanao ratsy

tamintsika. Indraindray ny ratsy ataon’ ny hafa amintsika dia tena mankarary fo sy tena sarotra avela sy hadinoina. Tena feno fankasitrahana aho noho ny fankaherezana sy ny fanasitranana hitako tao anatin’ ny fanasan’ ny Tompo mba tsy hihazona ireo zavatra nandratra antsika ary hanolotra izany eo Aminy. Ao amin’ ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, fizarana 64, dia nilaza Izy hoe:

“Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olon-drehetra.

Ary ianareo dia tokony hiteny ao am-ponareo hoe—aoka Andriamanitra hitsara ahy sy ianao ary hamaly anao araka ny ataonao” (andiny 10–11).

Dia tsy maintsy manadino tanteraka ilay zava-niseho isika ka mamela ny Tompo handray an-tanana izany raha maniry ny ho sitrana.

“Ary aza mitondra anay ho amin’ ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin’ ny ratsy” (Dikantenin’ i Joseph Smith, Matio 6:14, ao amin’ ny Torolalana ho an’ ny soratra masina). Araka izany ao anatin’ ny vavaka ataontsika isika dia afaka manomboka ilay dingan’ ny fitafiana ny fiadian’ Andriamanitra izay mifono fiarovana (jereo ny Efesiana 6:11; F&F 27:15) amin’ ny alalan’ ny fiandrindrana ny andro ho avy sy ny fangatahana fanampiana mikasika ireo zavatra mampatahotra mety atrehantsika matetika. Aoka ianareo ry namako malala mba tsy hanadino ny mangataka ny Tompo mba hiaro anareo sy hiaraka aminareo.

“Fa anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay” (Matio 6:13). Tena mifono fampianarana lalina tokoa ny namaranan’ i Jesoa ny vavaka nataony tamin’ ny alalan’ ny fiderana an’ Andriamanitra indray ary tamin’ ny alalan’ ny fanehoany fanajana sy fankatoavana ny Rainy. Rehefa mino marina isika fa mitarika ny fanjakany Andriamanitra ary manana hery sy ny voninahitra rehetra Izy, dia miaiky isika fa tena mandray andraikitra Izy sy tia antsika amin’ ny fitiavana tonga lafatra ary tiany ho faly isika. Hitako fa ny iray amin’ ireo tsiambaratelo mba hananana fiainana feno fifaliana, dia ny miaiky fa ny fanaovana ireo zavatra araka ny fomban’ ny Tompo dia hitondra fifaliana bebe

kokoa ho ahy noho ny fanaovana zavatra araka ny fombako.

Mety hisy ihany ny loza toy ny hoe mahatsapa tsy dia manana faharisihana loatra ny hivavaka ny olona iray. Izany hevitra izany dia avy amin' ny fanahin' ny devoly izay ilay mampianatra antsika mba tsy hivavaka (jereo ny 2 Nefia 32:8). Tena mampivarahontsana mitovy amin' ny olona iray tena marary izay mihevitra fa marary loatra ka tsy afaka mankany amin' ny dokotera intsony, ny fieritreretana fa be fahotana loatra isika ka tsy afaka mivavaka intsony!

Tsy tokony hihevitra isika fa izay karazana vavaka atao rehetra na natao tamin' ny fo toy ny inona aza izany dia hahomby raha toa ka nivavaka fotsiny ihany no nataontsika. Tsy hoe tokony hivavaka fotsiny isika fa tokony koa hiaina amim-pahamarinana sy hiasa mba hahazoana izay zavatra nivavahantsika. Ny Tompo dia faly kokoa amin' ny olona izay mivavaka ary avy eo mandeha miasa toy izay ny olona izay mivavaka fotsiny. Ny vavaka dia mitovy tokoa amin' ny fitsaboana izay tsy mahomby raha tsy ampiasaintsika araka ny torolalana nomena antsika.

Rehefa miteny aho hoe tombontsoa tena tsara ny vavaka dia tsy midika fotsiny akory izany hoe feno fankasitrahana aho noho ny fahafahako miresaka amin' ny Ray any an-danitra



sy mahatsapa ny Fanahiny rehefa mivavaka. Fa feno fankasitrahana koa aho noho ny famaliany antsika sy ny firesahany amintsika. Mazava ho azy fa ny fomba firesahany amintsika raha ny mahazatra dia tsy amin' ny alalan' ilay feo izay henontsika. Nanazava ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Ilay feon' ny fanentanam-panahy izay kanto sy malfaka dia miseho amin' ny alalan' ny fahatsapan-javatra rehefa tonga fa tsy amin' ny alalan' ny feo. Azo resahana ao an-tsaina ny fahalalana madio. . . . Izany fitarihana izany dia miseho amin' ny alalan' ny eritreritra sy fahatsapan-javatra amin' ny alalan' ny bitsibitsika sy ny fihetsehampo" ("Prayer and Promptings," *Liahona*, Nôv. 2009, 44).

Indraindray isika dia toa tsy mahazo ny valin' ireo vavaka izay nataontsika tamin' ny fo ary feno fiezahana. Mitaky finoana ny mahatsiaro fa ny Tompo dia mamaly amin' ny fotoanany sy ny fombany mba tena hitahiana tsara antsika. Na rehefa alefa lavitra ny saina, dia ho tsapantsika matetika fa efa mahafantatra tanteraka ny zavatra tokony hataontsika isika.

Aoka ianao tsy ho kivy raha toa ka tsy tonga dia misy vokany aminao izany. Toy ny fianarana teny vahiny iray dia mitaky fampiharana sy ezaka izany. Aoka ho fantatrao anefa fa afaka mianatra ny fitenin' ny Fanahy ianao ary rehefa hainao izany dia hanome finoana sy hery lehibe anao ao anatin' ny fahamarinana.

Tena tiako ilay torohevitra ny Filoha Thomas S. Monson mpaminany malalantsika, izay nilaza hoe: "Ho anareo rehetra maheno ny feoko izay

ianjadian' ny olona lehibe sy kely, dia ny vavaka no mpanome hery ara-panahy ary mitondra any amin' ny fiadanana izany. Ny vavaka no fitaovana izay ampiasaintsika mba hanatonana ny Raintsika any an-danitra izay tia antsika. Miresaha Aminy ao anatin' ny vavaka ary dia henoy ny valiny. Tanteraka amin' ny alalan' ny vavaka atao ireo fahagagana" ("Be Your Best Self," *Liahona*, Mey 2009, 68).

Feno fankasitrahana lalina aho noho ny fahafahako miresaka amin' ny Raiko masina any an-danitra amin' ny alalan' ny vavaka. Feno fisaorana aho noho ireo fotoana tsy tambo isaina izay nihainoany sy namaliany Ahy. Noho ny famaliany ahy ary indraindray amin' ny fomba efa voavinavina mialoha na amin' ny fomba mahagaga, dia fantatro fa velona Izy. Mijoro ho vavolombelona amim-panetren-tena aho fa i Jesoa ilay Zanakalahiny Masina dia ilay Mpamonjy antsika velona. Ity no Fiangonany sy fanjakany eto an-tany ary marina ity asa ity. I Thomas S. Monson, izay entintsika am-bavaka mafy dia mpaminaniny. Ireo zavatra ireo no ijoroako ho vavolombelona amim-pahatokiana tanteraka amin' ny alalan' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Francis M. Lyman, "Proprieties in Prayer," ao amin' ny Brian H. Stuy, comp., *Collected Discourses Delivered by President Wilford Woodruff, His Two Counselors, the Twelve Apostles, and Others*, boky 5. (1987–92), 3:76–79; B. H. Roberts, comp., *The Seventy's Course in Theology*, boky 5. (1907–12), 4:120; *Encyclopedia of Mormonism* (1992), "Prayer," 1118–19; Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine*, boky nivoaka fanindroany (1966), 583.



Nataon' ny Loholona Quentin L. Cook

Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy

Ireo Hira Izay Tsy Mba Azon' izy ireo Nohiraina

Na dia tsy mahafantatra ny valiny rehetra aza isika dia fantatsika ireo fitsipika manan-danja izay ahafahantsika miatrika ireo zava-miseho mampitaintaina amim-pinoana sy amim-pahatokiana.

Maro ireo olona miatrika olana goavana na zava-miseho mahatsiravina mihitsy aza mandritra ity fiainana eto an-tany ity. Mahita ohatr' ireo fitsapana sy fahoriana maro isika manerana an' izao tontolo izao.¹ Tohina ny fonsika rehefa mahita ireo sary amin' ny fahitalavitra izay ahitana fahafatesana, fijaliana lehibe ary fahoriana. Hitantsika ireo Japoney izay miasa mafy amin-kerimpo noho ireo fandravana nateraky ny horohoron-tany sy ny tafoto-dranomasina mahery sy avo. Tena mafy ny niaina ireo zava-niseho nampikorontan-tsaina vokatry ny faharavan' ireo trano goavam-be roa antsoina hoe World Trade Center, izay naverintsika nojerena vao haingana. Tohina ny fonsika rehefa misy zava-doza mitranga toy izany, indrindra fa rehefa olona tsy manan-tsiny no niantefan' izany.

Indraindray dia ny tena manokana mihitsy no iharan' ilay zavatra mampalahelo. Misy zanakalahy na zanakavavy izay maty nandritra ny fahatanorany na

ianjadian' ny aretina lehibe. Voahaisotra ny ain' ny ray na reny be fitiavana iray noho ny fanaovan-javatra tsy voahevitra iray na noho ny loza iray. Rehefa misy loza miseho dia malahelo isika ary mifampitondra ny enta-mavesatra.² Malahelo isika noho ireo zavatra izay tsy azo ho tanterahana sy ireo hira izay tsy ho azo hiraina.

Anisan' ireo fanontaniana tena apetraky ny olona matetika amin' ireo mpitarika ao amin' ny Fiangonana ny hoe: “Nahoana no avelan' Andriamanitra hitranga ireo zavatra ratsy, indrindra fa amin' ny olona tsara?” “Nahoana ireo olo-marina sy ireo olona manao ny asan' ny Tompo no tsy afa-bela amin' izany zava-miseho mampalahelo izany?”

Na tsy fantatsika aza ny valin' ny zavatra rehetra, dia mahafantatra fitsipika manan-danja isika izay hanome fahafahana antsika hiatrika zava-miseho mampalahelo miaraka amin' ny finoana sy fahatokiana fa misy hoavy mamirapiratra novolavolaina ho antsika

tsirairay any. Ny sasany amin' ireo fitsipika manan-danja ireo dia:

Voalohany, manana Ray any andanitra isika izay mahafantatra sy tia antsika manokana ary mahatakatra tanteraka ny fijaliantsika.

Faharoa, ilay Zanakalahiny, Jesoa Kristy dia Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, ary ilay Sorompanavotany dia tsy hoe manome famonjena sy fisandratana ho antsika fotsiny fa hanonitra koa ny tsifahamarinana rehetra eo amin' ny fiainana.

Fahatelo, ny drafitry ny fahasambarana nataon' ny Ray ho an' ny zanany dia tsy hoe ahitana fotsiny fiainana talohan' ny nahaterahana sy fiainana eto an-tany fa ahitana koa fiainana mandrakizay, ary tafiditra ao ilay fihaonana lehibe sy feno voninahitra amin' ireo izay nandao antsika tamin' ny alalan' ny fahafatesana. Ho voahitsy daholo ireo fahadisoana rehetra ary hanana fahitanjavatra sy fomba fijery mazava tsara isika ary fahatakarana tsy misy tomika.

Raha toa ity fiainana ity ka raisina amin' ilay fomba fijery voafetra izay an' ireo olona tsy manam-pahalalana sy tsy dia mahataka-javatra na tsy manana finoana ny drafitry ny Ray—izay mijery an' izao tontolo izao amin' ny alalan' ny veran-tsolomason' ny fiainana an-tany miaraka amin' ny adiny sy ny herisetra any ny aretany sy zava-dratsiny—dia mety ho toy ny hoe mampisafotofoto ny saina sy feno korontana ary anjakan' ny tsy rariny sy toy ny tsy misy lanjany izany. Ireo mpitarika ao amin' ny Fiangonana dia nampitaha izany fomba fijery izany amin' ny olona iray izay miditra ny trano fampisehoana iray rehefa efa eo antenantenany ilay tantara antsehatra misy fizarana telo.³ Ireo izay tsy manana fahalalana momba ny drafitry ny Ray dia tsy hahatakatra ny zavatra nitranga tao amin' ny fizarana voalohany, na ny fiainana talohan' ny nahaterahana izany, sy ireo tanjona napetraka tany. Izy ireo koa dia tsy hahatakatra ny fanazavana sy ny voka-javatra hiseho ao amin' ny fizarana fahatelo, izay ilay fahatanterahan' ny drafitry ny Ray amim-boninahitra.

Maro no tsy mankasitraka ny hoe, ao anatin' ilay drafiny izay feno fitiavana sy mazava amin' ny antsipiriany, ireo izay toa tsy mba nahazo tombontsoa noho

ny antony tsy niankina taminy dia tsy hosaziana amin' ny farany.⁴

Afaka volana vitsivitsy dia ho feno 100 taona ny naharendrika tamin' ny fomba nampalahelo an' ilay sambo mpitondra mpandeha an-dranomasimbe izay nantsoina hoe *Titanic*. Ireo toe-javatra nahatsiravina izay nanodidina izany zava-nitranga nampihoronkoditra izany dia nanakoako nandritra ilay taonjato iray manontolo hatramin' ny nisehoan' izany. Ireo nanorina izany sambo mirentirenty mpitondra mpandeha izany, izay nisy rihana 11 ary nirefy 270 metatra ny halavany,⁵ dia nanao fanambarana mihoapampana sy tsy voamarina mikasika ny fahazakan' ny *Titanic* tsara ny ranon' ny ririnina izay feno tendrombohi-dranomandry. Tsy noeritreretina hilentika izany mihitsy io sambo io, kanefa dia rendrika tany amin' ilay ranomasimbe Atlantika izay tena mamananala izany. Maherin' ny 1.500 no namoy ny ainy.⁶

Ny faharendrehan' ny *Titanic* dia fanoharana mikasika ny fiainana sy ny fitsipiky filazantsara maro amin' ny lafiny maro. Ohatra tena tsara maneho ny olana azo avy amin' ny fijeren-javatra amin' ny alalan' ny veran-tsolomason' ny fiainana eto an-tany fotsiny izany. Tena zava-doza ny famoizan' aina vokatr' izany saingy tsy nampoizina ny fitrangan' izany. Miaraka amin' ilay fahafatesan' olona maro nandritra ireo Ady Lehibe anankiroa sy ny niatrehana vao haingana ny fahatsiarovana ny fahafolo taona naharavan' ny Tranobe anankiroa, World Trade Center, dia hitantsika tamin' ny ambangovangony tao anatin' ny androntsika ireo zavatra manafintohina sy ny fahoriana ary ireo olana eo amin' ny lafin' ny toe-tsaina amam-panahy tao anatin' ireo zavany niseho vokatry ny fampiasana tamin' ny fomba ratsy ny fahafahana misafidy. Misy vokany mahatsiravina eo amin' ny fianakaviana sy ny namana ary ny firenena ireo zavatra mampalahelo ireo, na inona na inona antony.

Raha mikasika ny *Titanic*, dia nisy ny lesona nosintonina mikasika ny loza ateraky ny fieboeboana sy ny fanaovana dia any amin' ny rano mampidi-doza ary ny hoe "tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra."⁷ Karazan' olona samihafa no tao anatin' izany. Ny sasany nanan-karena sy nalaza toa an-dry John



Jacob Astor, saingy nisy koa ireo mpiasatanana, mpifindra monina, vehivavy, ankizy ary ireo olona mpiasan' ny sambo.⁸

Misy zavatra roa farafahakeliny ifandraisan' ny Olomasin' ny Andro Farany amin' ny *Titanic*. Izy roa ireo dia samy mampiseho ny fanamby atrehintsika eo amin' ny fahatakarana ny fitsapana sy ny olana ary manome torolalana momba ny fomba ahafahantsika miatrika izany. Ny voalohany dia ohatra iray momba ny fahaizana mankasitraka ireo fitahiana azontsika sy ireo olana sorohintsika. Tafiditra ao anatin' izany i Alma Sonne, izay lasa Manampahefana Ambonin' ny Fiangonana taty aoriana.⁹ Izy no filohan' ny tsatòkako tamin' izaho vao teraka tany Logan, Utah. Nanao dinidinika mikasika ny fandehanana hanao asa fitoriana tamin' ny Loholona Sonne aho. Tamin' izany andro izany ireo izay mikasa ny hanao asa fitoriana dia tsy maintsy nanao dinidinika tamin' ny Manampahefana Ambonin' ny Fiangonana. Nisy fiantraikany lehibe teo amin' ny fiainako izy.

Fony i Alma mbola zatovolahy dia nanana namana iray izay mpikambana malaina tao amin' ny Fiangonana izy, izay nantsoina hoe Fred. Niresaka imbetsaka momba ny fanaovana asa fitoriana izy ireo ary tamin' ny farany dia nandresy lahatra an' i Fred i Alma Sonne mba hiomana sy hanompo. Samy voantso hanompo tany amin' ny Misiônan' i Angleterre izy ireo. Rehefa nifarana ny asa fitorian' izy ireo dia nokarakarain' i Elder Sonne, izay mpitantsoatry ny misiôna ny dia hiverenan' izy ireo any Etazonia. Nividy tapakila handehanana amin' ny *Titanic* ho an' ny tenany sy ho an' i Fred ary ho an' ny misiônera efatra

hafa izy izay nahavita ny asa fitorian' izy ireo koa.¹⁰

Rehefa tonga ny fotoana hanaovana ny dia, noho ny antony tsy fantatra dia nahemotra ny dian' i Fred. Nofoanan' i Elder Sonne ireo famandrihan-toerana enina mba handeha amin' ilay sambo vaovao mirentirenty mpitondra olona izay hanao ny diany voalohany ary namandrika toerana tamin' ny sambo iray izay handeha ny ampitson' izany izy.¹¹ Naneho ny fahadisoam-panantenany ireo misiônera efatra izay tena nientanentana ny handeha amin' ilay sambo *Titanic*. Ny valintenin' i Elder Sonne dia nitovy tamin' ny zavatra niseho tamin' i Josefa sy ireo rahalahiny tany Egipta izay voarakitra ao amin' ny Genesisy: "Ataontsika ahoana no hiverina any amin' ny fianakaviansika nefa tsy miaraka amintsika ilay tovolahy iray?"¹² Nazavainy tamin' ireo namanany fa niaraka tonga tany Angleterre izy ireo ary tokony hiaraka hiverina hody koa. Henon' i Elder Sonne taty aoriana ny faharendrehan' ny sambo *Titanic* ary nilaza tamim-pankasitrahana an' i Fred izy hoe: "Namony ny aiko ianao." Namaly i Fred hoe: "Tsia, noho ny fandresena lahatra ahy mba handeha hanao an' ity asa fitoriana ity dia novonjena ny aiko."¹³ Nisaotra ny Tompo ireo misiônera rehetra noho ny fiarovany azy ireo.¹⁴

Indraindray dia misy fitahiana lehibe tonga eo amin' ireo izay mahatoky, toy ny nahazo an' i Elder Sonne sy ireo misiônera niara-niasa taminy. Tokony ho feno fankasitrahana isika noho ireo famindram-po lehibe izay tonga eo amin' ny fiainantsika.¹⁵ Tsy tsapantsika ireo fitahiana maro izay azontsika isan' andro. Tena zavadehibe ny hananantsika toetra mahay mankasitraka ao am-pontsika.¹⁶

Mazava ny soratra masina: Ireo izay marina sy manaraka ny Mpamonjy ary mitandrana ny didiny dia hiroborobo eo amin' ny tany.¹⁷ Ny lafin-javatra iray tena manan-danja mba hiroboroboana dia ny fananana ny Fanahy eo amin' ny fiainantsika.

Kanefa ny fahamarinan-toetra sy ny vavaka ary ny fahatokiana, dia tsy hiteraka fiakaran-javatra tsara foana eto amin' ny fiainana an-tany. Maro ireo olona hiaina fitsapana mafy. Rehefa mitranga izany dia ho eken'

Andriamanitra ilay tena fananana finoana sy fikatsahana ireo tsodranon' ny fisoronana. Nanambara ny Tompo hoe: "Loholona . . . no hantsoina ka hivavaka sy hametra-tanana aminy amin' ny anarako; ary raha maty izy dia ho faty ho Ahy, ary raha velona izy dia ho velona ho ahy."¹⁸

Tena manita-tsaina ny momba ilay zavatra faharoa ifandraisan' ny Olomasin' ny Andro Farany amin' ilay sambo *Titanic* izay tsy nanana fiafarana tsara araka ny fihevitra ny eto an-tany. 30 taona tamin' izay i Irene Corbett. Izy dia vehivavy vao herotrerony izay manambady sy renim-pianakaviana avy ao Provo, Utah. Manana talenta lehibe izy amin' ny maha-mpahaikanto sy mpahay mozika azy. Mpampianatra sy mpanampy mpitsabo koa izy. Noho ny fitadiavana mafy mpitsabo matihanina tany Provo, dia nianatra nandritra ny anim-bolana mba ho mpampivelona tany Londres izy. Faniriany mafy ny hitondra fiovana eto amin' ity izao tontolo izao ity. Izy dia olona malina, tsara fanahy, tia vavaka ary mahery fo. Ny iray tamin' ireo antony nisafidianany ny sambo *Titanic* hiverenana any Etazonia dia noho ny fieritreretany fa handeha hiaraka aminy koa ireo misiônera ary hitondra fiarovana fanampiny izany. I Irene dia iray tamin' ireo vehivavy vitsivitsy izay tsy tafavoaka velona tamin' ilay loza mahatsiravina. Ny ankamaroan' ireo zaza amam-behivavy dia nampidirina tao amin' ny sambo kely avotr' aina ary voavonjy ihany tamin' ny farany. Tsy ampy ho an' ny olona rehetra ireo sambo kely avotr' aina. Saingy raha ny eritreritra dia tsy niditra tao anatin' ny sambo avotr' aina izy satria noho ilay fanofanana manokana nataony dia nanampy mpandeha maro izy izay naratra noho ny fifandonana tamin' ilay tendrombohi-dranomandry.¹⁹

Maro ireo karazana olana. Ny sasany manome antsika traikefa ilaina. Ny voka-javatra ratsy eto amin' ity fiainana an-tany ity dia tsy porofo maneho ny tsy fahampian' ny finoana na ny tsy fahatomombanan' ilay drafitry ny Raintsika any an-danitra amin' ny ankapobeny. Tena misy ilay afon' ny mpandrendrika, ary ireo toetra tsara sy ny fahamarinan-toetra voizina ao anatin' ny toe-javatra sarotra dia



mahatonga antsika ho tanteraka sy manadio antsika ary manomana antsika hihaona amin' Andriamanitra.

Rehefa lasa gadra tao amin' ny Fonjan' i Liberty ny Mpaminany Joseph Smith, dia nanambara taminy ny Tompo fa misy loza maro mety hitranga amin' ny olombelona. Izao no ampahany tamin' ny zavatra nolazain' ny Tompo: "Ary raha hatsipy any amin' ny lalina ianao; raha mikomy aminao ny alon-drano misamboaravoara; raha manjary fahavalonao ny rivotra mahery; . . . ary miray tsikombakomba ny singa rehetra mba hamefy ny lalana; . . . Ireo zavatra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany."²⁰ Nofaranan' ny Mpamonjy ny torolalany tamin' ny hoe: "Fantatra ny andronao ary tsy hahena ny taonanao, koa aza matahotra . . . , fa homba anao mandrakizay Andriamanitra."²¹

Ny olana sasany dia vokatry ny safidy nataon' ny hafa. Ny fahafahana misafidy dia tena ilaina amin' ny fivoarana sy fivelarana ara-panahy. Ny fitondran-tena ratsy dia lafiny iray ao anatin' ny fahafahana misafidy. nazavain'ny Kapiteny Môrônia izany fotopampianarana manan-danja izany: "Fa avelan' ny Tompo ny hamonoina ny olo-marina mba hahatonga ny fahamarinany sy ny famaliany amin' ny olon-dratsy." Nolazainy mazava tsara fa tsy very ny olo-marina, fa "miditra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo Andriamaniny."²² Ny olon-dratsy dia ho tompon' andraikitra amin' ny zavatra mamohetrata ataon' izy ireo.²³

Ny olana sasany dia avy amin' ny tsy fankatoavana ny lalàn'

Andriamanitra. Tena mahasanganehana ireo olana ara-pahasalamana vokatry ny fifohana sigara sy fisotroana toaka ary ny fidorohana zava-mahadomelina. Lasa tena zavatra mahazatra ny fampidirina an-tranomaizina vokatry ny toaka sy ny zava-mahadomelina izay misy ifandraisany amin' ny fanaovana heloka bebe vava.²⁴

Tena nitombo koa ny fisehoan' ny fisaraham-panambadiana noho ny fivadiham-pitokisana. Azo sorohina amin' ny alalan' ny fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra ny maro amin' ireo fitsapana sy olana ireo.²⁵

Ilay filohan' ny misiôna malalako, Rahalahy Marion D. Hanks (izay maty tamin' ny volana Aogositra), dia nangataka anay misiônera mba hitadidy ilay fanambarana momba ny fomba hiatrehana ireo olana eo amin' ny fiainana an-tany: "Tsy misy vintana, na anjara na hoavy izay afaka hanodina na hanelingelina na hamehy ny fanoloran-tenan' ny fanahy feno fahavononana iray."²⁶

Nanaiky izy fa tsy hoe mety amin' ny olana rehetra izay miseho amin-tsika izany, fa marina izany eo amin' ny lafiny ara-panahy. Nankasitraka ny toroheviny aho nandritra ny fiainako.

Ny iray amin' ireo antony nahatonga ilay famoizan' aina lehibe teo amin' ilay sambo *Titanic* dia ny tsy fahampian' ny sambo kely avotr' aina. Na inona na inona fitsapana atrehantsika eto amin' ity fiainana ity, ilay Sorompanavotan' ny Mpamonjy dia manome sambo kely avotr' aina ho an' ny olona rehetra. Ho an' ireo izay mieritreritra fa tsy ara-drarin' ny fitsapana atrehan' izy ireo, dia manonitra ny tsifahamarihana rehetra eo amin' ny fiainana ny Sorompanavotana.²⁷

Ny hany fanamby atrehan' ireo izay namoy ireo olon-tiany dia ny fisorohana ny fieritreretana be loatra momba ireo tsy fahafahana nanaraoatra nanao zavatra maro teo amin' ity fiainana ity. Matetika ireo izay maty aloha dia nampiseho fahaiza-manao sy fahalianana ary talenta lehibe. Miaraka amin' ilay fahatakarantsika voafetra dia mitomany ny amin' ireo zavatra tsy ho tanteraka isika sy ny amin' ireo hira izay tsy ho hiraina. Izany dia voafaritra ho toy ny fahafatesana miaraka amin' ilay mozikanao

izay mbola ao anatinao. Ny mozika eto dia fanoharana hanehoana izay karazana fahaiza-manao izay tsy mba nampiasaina. Indraindray nanao fiomanana lehibe ny olona saingy tsy nanana fahafahana ny hanatanteraka izany teto an-tany.²⁸ Ilay iray amin' ireo tononkalo malaza izay tena be mpampiasa indrindra antsoina hoe *Elegy* (tononkalo mitoloko), nosoratan' i Thomas Gray tany amin' ny "Tontany manodidina ny Fiangonana iray misy fasana tany ambanivohitra," dia maneho izany tsy fahafahana natanteraka zavatra toy izany:

*Maro ireo voninkazo izay namelatra nefa tsy hita, Ary very tao anatin' ny rivotry ny tany foana ny hatsarany.*²⁹

Ilay zavatra tsara iray tsy natao dia mety misy ifandraisany amin' ny fianakaviana, na ny asa na ny talenta, na ny traikefa ananana, na zavatra hafa. Ireo zavatra rehetra ireo dia tsy nitohy intsony raha ho an-drahavavy Corbett. Nisy ireo hira izay tsy nohirainy ary hery ananana tsy nampiasaina teto amin' ity fiainana an-tany ity. Saingy rehefa jerena amin' ilay veran-tsolomaso lehibe sy mazavan' ny filazantsara izany fa tsy amin' ilay veran-tsolomaso voafetra tsy ahitana afa-tsy ny eto amin' ny fiainana an-tany fotsiny, dia fantatsika ilay valisoa lehibe mandrakizay izay nampanantenain' ilay Ray be fitiavana ao anatin' ny drafiny. Nampianatra ny Apôstôly Paoly hoe: "Izay tsy mbola hitan' ny maso ary tsy mbola ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona, na inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an' izay tia Azy."³⁰ Misy andalana iray izay avy ao amin' ny fihirana izay manome fankaherezana sy fampiononana ary fahitana tsara manao hoe: "Ary i Jesoa dia afaka maheno ireo hira izay tsy mba azoko nohiraina."³¹

Nilaza ny Mpamonjy hoe: "Koa aoka hionona ny fonareo. . . . Mitonia ary fantaro fa Izaho no Andriamanitra."³² Isika dia manana ilay fampantenenany hoe hiaraka hihira "hiran' ny fifaliana maharitra mandrakizay"³³ Amin' ny anarana masin' i Jesoa Kristy, Mpamonjy antsika, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Jaona 16:33.
2. Jereo ny Môsià 18:8–9; jereo koa ny Oct 26 20112 Nefia 32:7.
3. Jereo ny Boyd K. Packer, "The Play and the Plan" (Church Educational System fireside for young adults, Mey 7, 1995), 3: "Isika eto an-tany dia toy ny olona iray izay miditra ao anatin' ny trano fampisehoana tantara an-tsehatra iray raha iny niakatra mba hampisehoana ny fizarana faharoa iny ny lamban-tsehatra. Tsy nahita ny Fizarana 1 isika . . . 'Ary ilay hoe niaina amim-pifaliana izy ireo avy eo' dia tsy voasoratra velively ao anatin' ny fizarana faharoa. Izany andalana izany dia tafiditra ao anatin' ny fizarana fahatelo rehefa voavaha ireo mystery ary nalamina araka ny tokony ho izy ny zava-drehetra." Jereo koa ny Neal A. Maxwell, *All These Things Shall Give Thee Experience* (1979), 37: "Andriamanitra . . . dia mahita ny fiandohana sy ny fiafarana. . . . Ny rafitrisa . . . dia zavatra iray izay tsy takatry ny saintsika olombelona. Tsy afaka manao ny kajikajy fanambarana isika satria tsy ananantsika ny tarehimarika rehetra.
4. Ireo izay maty alohan' ny hahatongavany amin' ny taona maha-tompon' andraikitra azy dia voavonjy ao amin' ny fanjakana selesialin' ny lanitra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:10). Ireo izay rehetra efa maty tsy nanana fahalalana an' ity filazantsara ity, izay ho nandray izany tamin' ny fony manontolo, dia ho mpandova ny Fanjakana Selestialy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:7). Ankoatr' izany, na dia ireo izay tsy tena niaina tamim-pahamarinana aza, rehefa tonga ny fotoana dia hazazo fiainana ambony noho ity fiainana ity (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:89).
5. Jereo ny Conway B. Sonne, *A Man Named Alma: The World of Alma Sonne* (1988), 83.
6. Jereo ny Sonne, *A Man Named Alma*, 84.
7. Asan' ny Apôstôly 10:34; jereo koa ny "The Sinking of the World's Greatest Liner," *Millennial Star*, Apr. 18, 1912, 250.
8. Jereo ny *Millennial Star*, 18 Apr. 1912, 250.
9. I Elder Sonne dia dadatoan' ny Loholona L. Tom Perry.
10. Jereo ny Sonne *A Man Named Alma*, 83.
11. Jereo ny Sonne, *A Man Named Alma*, 83–84; jereo koa ny "From the Mission Field," *Millennial Star*, 18 Apr. 1912, 254: Releases and Departures. —Ireto misiônera voalaza anarana manaraka ireto dia nisaorana tamim-boninahitra ary nandeha nody tany amin' izy ireo tamin' ny 13 Aprily 1912, tamin' ny alalan' ny sambo nantsoina hoe *Mauretania*. Avy any Angleterre—Alma Sonne, George B. Chambers, Willard Richards, John R. Sayer, F. A. Dahle. Avy any Pays-bas—L. J. Shurtliff."
12. Jereo ny Genesisy 44:30–31, 34.
13. Ao amin' ny Frank Millward, "Eight elders missed voyage on Titanic," *Deseret News*, 24 Jolay 2008, M6.
14. Jereo ny "Friend to Friend," *Friend*, Mar. 1977, 39.
15. Jereo ny David A. Bednar, "The Tender Mercies of the Lord," *Liahona*, Mey 2005, 99–102.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:21.
17. Jereo ny Almà 36:30.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:44.
19. Resadresaka nifanaovana tamin' i Donald M. Corbett izay zafikelilalin' i Irene Corbett, 30 Ôkt. 2010, nataon' i Gary H. Cook.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:9.
22. Almà 60:13.
23. Nazava ny nolazain' ny Mpamonjy hoe: "tsy maintsy ho avy ny fahatafintohinana; nefa lozan' izay olona mahatonga an' izany!" (Lioka 17:1).
24. Jereo ny fizarana 89 ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana—"ny lamina sy ny sitrapon' Andriamanitra amin' ny famonjena ny vatan' ny olomasina rehetra amin' ny andro farany" (andiny 2)—dia mitahy be dia be ireo Olomasin' ny Andro Farany.
25. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22–24.
26. Jereo ny "Will," *Poetical Works of Ella Wheeler Wilcox* (1917), 129.
27. Jereo "Ny Sorompanavotana," *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an' ny Asa Fanompoan' ny Misiônera* (2004), 70–71.
28. Jereo ny "The Song That I Came to Sing," ao amin' ny *The Complete Poems of Rabindranath Tagore's Gitanjali*, ed. S. K. Paul (2006), 64: "Tsy nohiraina akory ilay hira tokony ho hiraiko./ Nandany ny androko nametraka sy nanala ireo tady teo amin' ny zava-manenoko."
29. Thomas Gray, "Elegy Written in a Country Church-Yard," ao amin' ny *The New Oxford Book of English Verse* ed. Christopher Ricks (1999), 279.
30. I Korintiana 2:9.
31. "Ce jour, au coeur j' ai du soleil," *Cantiques*, no.144.
32. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:16; jereo koa ny Salamo 46:10.
33. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:18; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:71.





Nataon' ny Filoha Thomas S. Monson

Mandra-pihaonantsika Indray

Enga anie ny fanahy izay tsapantsika teto hiaraka sy hitoetra amintsika raha hanao ireo zavatra fanaontsika andavanandro isika.

Ry rahalahy sy anabaviko, fantatro fa miombo-kevitra amiko ianareo fa fihaonambe tena nitaona fanahy indrindra ity fihaonambe ity. Nahatsapa be dia be ny Fanahin' ny Tompo isika nandritra ireo izay roa andro lasa izay, rehefa voakasika ny fontsika ary nihamafy orina ny fijoroantsika ho vavolombelona mikasika ity asa masina ity. Maneho fankasitrahana an' ireo olona tsirairay avy izay nandray anjara izahay, ka anatin' izany ireo Rahalahy izay nanolotra ny vavaka.

Eto daholo isika rehetra satria tia ny Tompo ary te-hanompo Azy. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa tena mikarakara antsika ny Raintsika any An-danitra. Miaiky ny Tanany aho amin' ny zavatra rehetra.

Mbola nahatalanjona indray ny hira tamin' ity, ary dia maneho ny fankasitrahako manokana sy ny an' ny Fianganana manontolo aho ho an' ireo izay nanaiky nizara ny talentany tamintsika mikasika izany.

Maneho fankasitrahana lalina aho ho an' ireo Rahalahy izay nisaorana nandritra ity fihaonambe ity. Nanompo tsara sy tamim-pahatokiana izy ireo ary nitondra anjara biriky lehibe ho an' ny asan' ny Tompo.

Maneho fankasitrahana lalina an' ireo mpanolotsaiko mahatoky sy feno fanoloran-tena aho ary misaotra azy ireo ampahibemaso noho ny fanohanana sy ny fanampiana izay atolony ahy. Tena lehilahin' ny fahendrena sy ny fahatakarana marina izy ireo, ary tsy hay refesina ny asa fanompoany.

Hisaorako ireo rahalahiko ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo noho ny fanompoana amin-kery sy ao anatin'ny tsy fahatsapana faharerahana ataon' izy ireo amin' ny asan' ny Tompo. Maneho torak' izany koa ny fankasitrahako an' ireo mpikambana ao amin' ireo Kôlejin' ny Fitopololahy sy amin' ny Episkôpà Mpiahy aho noho ny asa fanompoana tsy mila

tambiny sy mahomby ataony. Maneho fankasitrahana torak' izany koa an' ireo vehivavy sy lehilahy izay manompo amin' ny maha-mpiandraikitra azy ao amin' ireo vondrona fanampiny maneran-tany aho.

Ry rahalahy sy anabavy, manome toky anareo aho fa ny Raintsika any An-danitra dia mahita ireo fanamby izay atrehantsika ao amin' ity izao tontolo izao ity ankehitriny. Tiany isika tsirairay ary hotahiany raha miezaka mitandrina ny didiny sy mikatsaka Azy amin' ny alalan' ny vavaka.

Tena sambatra isika manana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy naverina tamin' ny laoniny. Izany dia manome ny valin' ireo fanontaniana mikasika ny hoe avy aiza isika, nahoana isika no tonga eto, ary ho aiza isika raha hiala amin' ity fiainana ity. Izany dia mampisy lanjany sy tanjona ary fanantenana ny fiainantsika.

Isaorako ianareo noho ny asa fanompoana izay ifanaovanareo amim-pahazotoana tokoa. Isika no tanan' Andriamanitra eto amin' ity tany ity, ary nomena andraikitra ny hitia sy hanompo ireo Zanany.

Isaorako ianareo noho ny zavatra rehetra izay ataonareo any amin' ny paroasy sy sampana misy anareo. Maneho ny fankasitrahako anareo aho noho ny fanekenareo hanompo amin' ny antso izay niantsoana anareo, na inona izany na inona. Ny antso tsirairay dia manan-danja eo amin' ny fampiroboroboana ny asan' ny Tompo.

Tapitra izao ny fihaonambe. Raha handeha hody any amin' ny tokantrantsika isika dia enga anie isika ho tafody soa aman-tsara. Enga anie ka hilamina ny zava-drehetra nandritra ny tsy nahateo antsika. Enga anie ny



fanahy izay tsapantsika teto hiaraka sy hitoetra amintsika raha hanao ireo zavatra fanaontsika andavanandro isika. Enga anie isika hifaneho hatsarampanahy bebe kokoa. Enga anie isika ka ho hita foana eo am-panaovana ny asan' ny Tompo.

Enga anie ny fitahian' ny lanitra ho aminareo. Enga anie ny tokantranonareo ho heniky ny filaminana sy ny fitiavana. Enga anie ianareo ka hamahana hatrany ny fijoroanareo ho vavolombelona, mba hahatonga izany ho lasa fiarovana ho anareo eo anoloan' ny fahavalo.

Amin' ny maha-mpanomponareo ahy, dia iriako amin' ny foko manontolo ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra sy ny hanompo Azy ary ny hanompo anareo.

Tiako ianareo. Mivavaka ho anareo aho. Te-hangataka aminareo indray aho ny mba hahatsiarovanareo ahy sy ireo Manampahefana Ambony rehetra ao anatin' ny vavakareo. Miaraka aminareo izahay ao anatin' ny fampanandrosoana ity asa mahatalanjona ity. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa isika rehetra dia tafiditra ao anatin' izany ary ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy tsirairay dia samy manana anjara andraikitra. Enga anie Andriamanitra ka hanome antsika ny hery sy ny fahaiza-manao ary ny fahavononana hanao tsara ny anjarantsika.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa marina ity asa ity, ary velona ny Mpamonjintsika, ary mitantana sy mitarika ny Fiangonany eto ambonin' ny tany Izy. Apetrako aminareo ny tenivavolombeloko fa velona Andriamanitra, Raintsika Mandrakizay ary tia antsika Izy. Tena Raintsika tokoa Izy ary tena miavaka sy tena misy. Enga anie isika hahatsapa sy hahatakatra fa te-hanatona akaiky antsika mafy tokoa Izy sy te hanampy antsika mafy tokoa, ary lehibe tokoa ny fitiavany antsika, ary betsaka tokoa ny ataony sy tiany hatao amintsika.

Hitahy anareo anie Izy. Omba anareo ankehitriny sy rahatrizay anie ny fiadanana nampanantenainy.

Manao velona anareo aho mandram-pihaonantsika indray afaka enimbolona, ary izany no ataoko amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, amena. ■



Nataon' i Julie B. Beck

Filohan' ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Ireo Zavatra Antenaiko mba ho Takatr' ireo Zafikeliko Vavy (sy Lahy) momba ny Fikambanana Ifanampiana

Efa hatrany amin' ny andro niantombohan' ny famerenana tamin' ny laoniny ny filazantsara no nilan' ny Tompo vehivavy mahatoky mba hirotsaka ho mpianany.

Voninahitra ho ahy ny miresaka aminareo ao anatin' izao fivoariana manan-tantara izao. Fita-hiana nomena antsika ny fahafahana miaraka. Nandritra izay naha-filohan' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany ahy izay, dia lasa nanana fitiavana lalina anareo rahavavy ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana ao amin' ity Fiangonana ity aho, ary nampitomboan' ny Tompo ny fahatakarako ny zavatra tsapany momba antsika sy ny zavatra antenainy amintsika.

Ny hafatro dia nomeko ny lohateny hoe: "Ireo Zavatra Antenaiko mba ho

Takatr' ireo Zafikeliko Vavy (sy Lahy) momba ny Fikambanana Ifanampiana." Ireo zokiny indrindra amin' ireo zafikeliko vavy dia mifofotra mafy manao ny asa ao amin' ny boky Fivoarana Mandrakizay (Mon Progrès Personnel) ary manao izay ananana ireo fahazarana sy toetran' ny vehivavy marina. Atsy ho atsy dia izy ireo sy ireo hafa mitovy aminy indray no hiandraikitra ity fikambanam-behivavy tena lehibe manerana an' izao tontolo izao ity.

Manantena aho fa ny zavatra izay lazaiko ao amin' ity hafatra ity dia hanome azy ireo sy ireo rehetra izay



mihaino na mamaky izany, fahatakarana mazava momba ny zavatra ao an-tsain' ny Tompo ho an' ireo zanakaviny rehefa naorina ny Fikambanana Ifanampiana.

Lamin' ny Maha-mpianatra efa nisy Fahiny

Antenaiko fa ireo zafikeliko vavy dia hahatakatra fa ny Fikambanana Ifanampiana ankehitriny dia naorina araka ny lamin' ny maha-mpianatra izay nisy tao amin' ny Fiangonana fahiny. Rehefa nanorina ny Fiangonany ny Mpamonjy tao anatin' ny vanim-potoanan' ny Testamenta Vaovao, “dia mpandray anjara lehibe tao anatin' ny asa fanompoa[n]y ny vehivavy.”¹ Namangy an' i Marta sy Maria, izay roa tamin' ireo mpanaradia Azy tena navitrika, tany an-tranon' i Marta Izy. Raha nihaino Azy iny i Marta ary nanompo Azy araka ny fomba tamin' izany fotoana izany, dia nampian' ny Tompo izy mba hahita fa mbola afaka manao mihoatra noho izany. Nampiany i Marta sy Maria mba hahatakatra fa izy ireo dia afaka misafidy ilay “anjara tsara,” izay tsy hoesorina amin' izy ireo.² Izany fanazavana malefaka izany dia natao ho toy ny fanasana mba handray anjara ao amin' ny asan' ny Tompo. Ary taty aoriana tao amin' ny Testamenta Vaovao, ilay fijoroana ho vavolombelona matanjak' i Marta momba ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy dia manome fampahalalana antsika momba ny finoany sy ny maha-mpianatra azy.³

Raha tohizintsika ihany ny famakiana ny Testamenta Vaovao dia mahita fampahalalana isika fa nanohy nanorina ny fiangonan' ny Tompo ireo Apôstôly. Mahita fampahalalana

koa isika momba ireo vehivavy mahatoky ary ny maha-mpianatra azy ireo dia nitondra anjara biriky teo amin' ny fampiroboroana ny Fiangonana. I Paoly dia niresaka momba ireo mpianatra vehivavy tany amin' ireo toerana toy ny tany Efesosy⁴ sy Filipia.⁵ Saingy rehefa very tao anatin' ny apôstazia ilay Fiangonan' ny Tompo dia very koa izany lamin' ny maha-mpianatra izany.

Rehefa nanomboka namerina ny Fiangonany tamin' ny laoniny indray ny Tompo tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith, dia nampidirina tao anatin' ny lamin' ny maha-mpianatra indray ny vehivavy. Volana vitsivitsy taorian' ny nanorenana tamin' ny fomba ôfisialy ny Fiangonana dia nanome fanambarana ny Tompo fa ilaina atokana mba ho mpitarika sy mpampianatra ao amin' ny Fiangonana i Emma Smith ary mba ho mpanampy ôfisialy an' ilay vadiny, dia ny Mpaminany izany.⁶ Tao anatin' ilay antsony mba hanampy ny Tompo hanorina ny fanjakany dia nomena torolalana izy momba ny fomba hampitomboany ny finoany sy ny fahamarinan-tenany manokana, sy momba ny fomba hanamafisany orina ny fianakaviany sy ny tokentranony ary ny fomba hanompoana ny hafa.

Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia hahatakatra fa nanomboka tamin' ilay andro namerenana ny filazantsara tamin' ny laoniny tao anatin' ity fotoampitantana ity, dia efa nila vehivavy mahatoky ny Tompo mba hirotsaka ho mpianany.

Ohatra iray fotsiny tamin' ireo anjara biriky tena lehibe nentin' izy ireo ny teo amin' ny fanaovana asa

fitoriana. Tanteraka ny fioboroana lehibe teo anivon' ny Fiangonana tany am-piandohana noho ireo lehilahy mahatoky izay vonona ny handao ny fianakaviany mba handeha ho any amin' ny toerana tsy fantatra ary hiaritra fihafiana sy fitsapana ao anatin' ny fampianarana ny filazantsara. Kanefa ireo lehilahy ireo dia nahatakatra fa ny asa nanirahana azy ireo dia tsy ho tanteraka raha tsy nisy ilay finoana sy fiaraha-miasa feno nasehon' ireo vehivavy teo amin' ny fiainan' izy ireo, izay nikarakara ny tokentrano sy ny asa ary nikarama ho an' ny fianakaviany sy ireo misiônera. Ireo rahavavy ireo koa dia nikarakara ireo olona niova fo an' arivony izay nivondrona tao amin' ny fiaraha-monina nisy azy ireo. Nanolotena lalina tamin' ilay fomba fiainana vaovao izy ireo, dia ny fitondrana fanampiana eo amin' ny fanorenana ny fanjakan' ny Tompo sy ny fandraisana anjara ao amin' ilay asa famonjeny.

Mifandray amin' ny Fisoronana

Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia hahatakatra fa ny Tompo dia nanentana ny fanahin' ny Mpaminany Joseph Smith mba hanorina ny fikambanan' ny vehivavin' ny Fiangonana “eo ambanin' ny fisoronana sy araka ny lamin' ny fisoronana”⁷ ary hampianatra azy ireo ny “fomba ahafahan' [izy ireo] mahazo ireo tombontsoa sy fitahiana ary fanomezana avy amin' ny Fisoronana.”⁸

Rehefa tafaorina tamin' ny fomba ôfisialy ny Fikambanana Ifanampiana dia nanohy ilay antsony tamin' ny naha-mpitarika azy i Emma Smith. Voantso ho filohan' ilay fikambanana izy niaraka tamin' ireo mpanolotsaina roa mba hiaraka hanompo aminy ao amin' ny fiadidiana. Raha tokony ho nofidiana tamin' ny alalan' ny fifidiana nataon' ny daholobe izany fiadidiana izany, izay fahita mahazatra any amin' ireo fikambanana any ivelan' ny Fiangonana, dia nantsoina kosa tamin' ny alalan' ny fanambarana izy ireo sy notohanana ireo izay ho entin' izy ireo ary natokana tamin' ny alalan' ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana mba hanompo ao amin' ireo antsony. Noho izany izy ireo dia “voantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ny faminiana sy amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana,

ataon' ireo izay manana fahefana.”⁹ Ny fanorenana azy teo ambanin' ny fisoronana dia nahafahan' ilay fiadidiana nahazo fitarihana avy amin' ny Tompo sy ny Mpaminaniny mikasika ny asa iray manokana. Ny fiorenan' ny Fikambanana Ifanampiana dia nahafahana nampiasa tamim-pahendrena sy tamim-pilaminana ilay trano fitehirizan' ny Tompo izay ahitana talenta sy fotoana ary zavatra hafa.

Izany vondrom-behivavy voalohany izany dia nahatakatra fa izy ireo dia nomena fahefana hampianatra sy hanentana fanahy ary hampivondrona ireo rahavavy ho mpianatra mba hanampy amin' ilay asa famonjen' ny Tompo. Tao anatin' ireo fivorian' izy ireo voalohany dia nampianarina an' ireo rahavavy ireo tanjona fototra ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana—mampitombo ny finoana sy ny fahamarinan' ny tena manokana, sy manamafy orina ny fianakaviana sy ny tokantrano ary mitady sy manampy ireo izay sahirana.

Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia hahatakatra fa ny fiorenan' ny Fikambanana Ifanampiana dia lafiny iray tena ilaina amin' ny fanomanana ireo Olomasina mba hahazo ireo tombontsoa sy fitahiana ary fanomezana, izay tsy hita raha tsy any amin' ny tempoly. Ny Filoha Joseph Fielding Smith dia nampianatra fa ny Fikambanana Ifanampiana “dia lafiny iray tena manan-danja ao anatin' ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany” ary “narafitra sy nampiasaina amin' ny fomba manokana izay manampy ireo mpikambana mahatoky hahazo ny fiainana mandrakizay any amin' ny fanjakan' ny Raintsika.”¹⁰ Azontsika alaina sary an-tsaina ny mety ho tsapan' ireo rahavavy, rehefa tao amin' ilay Trano Biriky Mena Fivarotana izay an' i Joseph Smith izy ireo nandritra ireo fivorian' ny Fikambanana Ifanampiana voalohany, ary nanatrika havoana iray izay nisy tempoly izay teo am-piorenana rehefa nampianatra azy ireo ny Mpaminany hoe: “tokony hisy fiaraha-monina miavaka iray izay lavitra ny faharatsiana rehetran' izao tontolo izao ary miavaka sy feno hasarana ary masina.”¹¹

Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia hanome lanja ny tempoly toy



ny nataon' ireo rahavavy tao amin' ny Fikambanana Ifanampiana voalohany, izay nino fa ireo fitahiana avy any amin' ny tempoly no valisoa lehibe indrindra ary tanjona lehibe ho an' ny vehivavy Olomasin' ny Andro Farany rehetra. Manantena aho fa toy ireo rahavavy tao amin' ny Fikambanana Ifanampiana tany am-piandohana ireo, ny zafikeliko vavy koa dia hiezaka isan' andro mba hanana fahamatorana ampny hanaovana sy hanajana ireo fanekempihavanana masin' ny tempoly ary rehefa mandeha any amin' ny tempoly izy ireo dia hifantoka tsara amin' izay zavatra lazaina sy atao. Izy ireo dia homena hery ho fiadidiana¹² sy hanana tombontsoa hahazo “ny fanalahadin' ny fahalalana an' Andriamanitra.”¹³ Hanana tombontsoa hanatanteraka ilay andraikiny masina sy mandrakizay izy ireo amin' ny alalan' ireo ôrdônansin' ny fisoronana izay tsy hita raha tsy any amin' ny tempoly, ary hampanantena izy ireo fa hiaina toy ny mpianatra nanolotena. Feno fankasitrahana aho fa ny iray tamin' ireo tanjona voalohany nanorenan' ny Tompo ny Fikambanana Ifanampiana dia ny mba hanome andraikitra an' ireo vehivavy mba hifanampy eo amin' ny fiomanana handray “ireo fitahiana lehibe kokoa an' ny fisoronana izay hita ao amin' ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan' ny tempoly.”¹⁴

Ny Fialofana sy Hery mitarika hita ao amin' ilay Fikambanam-behivavy Miely Manerana an' izao tontolo izao

Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia hahatakatra ilay fitarihana sy hery manan-danja ao anatin' ilay fiarahana lehiben' ny mpirahavavy maneran-tany ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana. Nanomboka tamin' ny 1842 dia niparitaka nihoatra lavitra

an' i Nauvoo ny Fiangonana, ary ny Fikambanana Ifanampiana ankehitriny dia hita any amin' ny firenena mihoatra ny 175, izay ahitana rahavavy miteny amin' ny fiteny mihoatra ny 80. Misy paroasy sy sampana vaovao aorina foana isan-kerinandro ary ireo Fikambanana Ifanampiana vaovao dia lasa tafiditra ao anatin' ilay fiarahan' ny mpirahavavy tsy mitsaha-mitombo hatrizay, izay “miely manerana ireo kaontinanta.”¹⁵ Fony mbola vitsy ny isan' ny Fikambanana Ifanampiana ary tsy niorina afa-tsy teto Utah ihany aloha, dia afaka nampifantoka bebe kokoa an' ilay fikambanan' izy ireo sy ny maha-mpianatra azy ireo tamin' ny fandaharan' asa ara-tsôsialy teo antoerana sy ny asa fanampiana ataon' ireo vondrona samihafa tao amin' ny Fikambanana Ifanampiana ireo mpitarika. Namorona karazan' asa atao any an-tokantrano izy ireo sy namolavola tetik' asa fanorenana hôpitaly sy fitehirizana karazam-boa. Ireo ezaka nataon' ny Fikambanana Ifanampiana tany am-piandohana ireo dia nanampy tamin' ny fanorenana ny lamin' ny maha-mpianatra izay ampiararin' ny rehetra ankehitriny. Noho ny Fiangonana efa nitombo dia afaka manatanteraka ny tanjony any amin' ny paroasy sy sampana rehetra ary any amin' ny tsatôka sy distrika ny Fikambanana Ifanampiana ankehitriny, ka manao izay hampandeha izany ao anatin' ity izao tontolo izao tsy mitsaha-miova ity.

Isan' andro ireo rahavavy ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana manerana an' izao tontolo izao dia miaina karazana fitsapana sy toe-java-miseho maro eto an-tany. Ny vehivavy sy ny fianakaviany ankehitriny dia miatrika mivantana ireo fanantenana tsy tante-raka, aretina ara-tsaina sy ara-batana ary ara-panahy, ary loza sy fahafatesana. Ny rahavavy sasany dia ianjadian'



ny fanirery sy ny fahadisoam-panantenana satria tsy manana fianakaviana ary ny sasany dia mizaka ny vokatra ny safidy ratsy nataon' ireo olona tao amin' ny fianakaviana. Ny sasany dia niaina ady na hanoanana na loza ara-boajanahary ary ny sasany dia tratran' ny adin-tsaina vokatra ny fiankinandoha amin' ny zavatra ratsy na ny tsy fananan' asa na ny tsy fahampian' ny fahaizana. Ireo zavatra manahirana rehetra ireo dia tena afaka manimba ny finoana ary mamparefo ny herin' ny olona tsirairay sy ny fianakaviana. Ny iray amin' ireo tanjon' ny Tompo tamin' ny fampivondronana ireo rahavavy ho lasa mpianatra dia ny mba hanome fahamaivanana izay hanandratra azy ireo any ambonin' ny "zavatra rehetra izay manakantsakana ny fifaliana sy ny fivoaran' ireo vehivavy."¹⁶ Any amin' ny paroasy sy sampana rehetra dia misy Fikambanana Ifanampiana izay ahitana rahavavy afaka mitady sy mandray fanambarana sy torohevitra miaraka amin' ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana mba hifanamafy orina sy hampiasa ireo vahaolana mifanaraka amin' ny tokantranon' izy ireo manokana sy ny fiaraha-moniny.

Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia hahatakatra fa amin' ny alalan' ny Fikambanana Ifanampiana, dia mivelatra ny maha-mpianatra azy ireo ary afaka mirotsaka miaraka amin' ny hafa izy ireo manao ilay karazan' asa manaitra sy feno herim-po nataon' ny Mpamonjy. Ny karazan' asa izay asaina ataon' ireo rahavavy ao amin' ity Fiangonana ity amin' izao andron-tsika izao dia tsy mbola hoe tsotsotra

ny votoatiny na tsy nanan-danja teo imason' ny Tompo hatramin' izay. Amin' ny alalan' ny fahatokian' izy ireo dia afaka mahatsapa ny fankatoavan' ny Tompo izy ireo ary afaka manana ny Fanahy Masina hiaraka aminy.

Tokony ho fantatr' ireo zafikeliko vavy koa fa ilay fiarahan' ny mpirahavavy ao anatin' ny Fikambanana Ifanampiana dia afaka manolotra toerana azo antoka sy toeram-pialofana ary toeram-piarovana.¹⁷ Rehefa lasa mihasarotra kokoa noho ny teo aloha izao androntsika izao, ireo rahavavy mahatoky ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana dia hiray hina hiaro ireo tokantrano ao Ziona eo anatrehan' ireo feo mitabataban' izao tontolo izao sy ilay fitarihan' ilay fahavalo izay manimba sy manelingelina. Ary amin' ny alalan' ny Fikambanana Ifanampiana dia ho ampianarina sy hatao mafy orina izy ireo ary avy eo dia ho ampianarina bebe kokoa sy atao mafy orina kokoa hatrany, ary afaka mitondra fitahiana ho an' ny zanaky ny Raintsika maro kokoa ny hery mitarika ananan' ireo vehivavy marina.

Mpianatra Mikarakara sy Manompo

Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia hahatakatra fa ny famangiana isan-tokantrano dia fanehoana ny maha-mpianatra azy ireo ary fomba manan-danja iray hanajan' izy ireo ny fanekempihavanany. Izany lafiny iray ao anatin' ny maha-mpianatra antsika izany dia tokony hitovy tsara amin' ny asa fanampoana nataon' ny Mpamonjy. Tany am-piandohan' ny Fikambanana Ifanampiana, ny kaomitin'

ny famangiana isaky ny paroasy dia nomena asa mba hamantatra izay zavatra ilaina ary mba hanangona fanomezana ho zaraina amin' ireo sahirana. Nandritra ny taona maro ireo rahavavy sy mpitarika tao amin' ny Fikambanana Ifanampiana dia nianatra dingana iray isaky ny mandeha ary nampivoatra ny fahaizan' izy ireo mikarakara ny hafa. Nisy ireo fotoana izay nifantohan' ireo rahavavy bebe kokoa tamin' ny fanatanterahana famangiana sy fampianarana lesona ary fametrahana hafatra kely rehefa tonga tany amin' ireo tokantranon' ireo rahavaviny izy ireo ka tsy tao ireo rahavavy. Ireo fomba fanao ireo dia nanampy ireo rahavavy mba hianatra ny lamin' ny fikarakarana. Toy ireo olona tamin' ny andron' i Mosesy izay nifantoka tamin' ny firaketana fitanisana fitsipika lava dia lava, dia nisy fotoana koa ireo rahavavy tao amin' ny Fikambanana Ifanampiana no nametraka lalana maro ho an' ny tenany izay voasoratra na tsy voasoratra, tao anatin' ny fanirian' izy ireo hahatakatra ny fomba hifampaherezana.

Noho ny halehiben' ny filana fanomezana fanampiana sy famonjena eo amin' ny fiainan' ireo rahavavy sy ny fianakaviany ankehitriny dia mila antsika ny Raintsika any an-danitra mba hanaraka lalana ambony kokoa ary hampiseho ny maha-mpianatra antsika amin' ny alalan' ny fikarakarana amin' ny fo ireo zanany. Ankehitriny ny mpitarika, miaraka amin' izany tanjona izany ao an-tsaina, dia ampianarina mba hangataka tatitra momba ny fandehan' ny fiainam-panahin' ireo rahavavy sy ny fianakaviany sy

Itu, Brésil



ny fiainana ara-nofon' izy ireo ary momba ny asa fanompoana natao tany.¹⁸ Ankehitriny ny mpamangy isan-tokantrano dia manana andraikitra "hahafantatra tsara sy hitia amin' ny fo tokoa ny rahavavy tsirairay ary hanampy azy hanamafy orina ny finoany sy hanompo azy."¹⁹

Amin' ny maha-mpianatry ny Mpa-monjy feno fanoloran-tena antsika, dia mampivoatra ny fahafahantsika manao ireo zavatra izay ho nataony isika raha toa Izy ka tety. Fantatsika fa ho Azy dia ny fikarakarana ataontsika no zava-dehibe ary noho izany dia miezaka isika mba hifantoka amin' ny fikarakarana ireo rahavavintsika fa tsy amin' ny fanatanterahana ireo zavatra maro voatanisa ao anaty lisitra. Ny fanompoana marina dia refesina kokoa amin' ny halalin' ny fiantrana ataontsika fa tsy amin' ny fahalavorarian' ny tatitra mikasika ny antontan' isa omentsika. Ho fantatsika fa mahomby isika ao anatin' ny asa fanompoana ataontsika rehefa afaka miteny ireo rahavavintsika hoe: "Manampy ahy hivoatra ara-panahy ny mpamangy isan-tokantranoko" sy "Fantatro fa miahy lalina ahy sy ny fianakaviako ny mpamangy isan-tokantranoko" ary "Rehefa manana olana aho dia fantatro fa ny mpamangy isan-tokantranoko dia handray andraikitra fa tsy miandry angatahana." Ireo mpitarika izay mahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fanompoana ny hafa dia hiaraka hifandinika mba hitadiavana sy hahazoana fanambarana momba ny fomba tokony hanomezana hery ireo mpamangy isan-tokantrano sy ny fomba tokony handaminana sy hanatanterahana asa fanompoana entanim-panahy.

Ankoatr' izany, ny famangiana isan-tokantrano dia fampivelarana ilay andraikitra ny eveka mba hiahy ny ondrin' ny Tompo. Ny eveka sy ny filohan' ny Fikambanana Ifanampiana dia mila an' ireo mpamangy isan-tokantrano feno aingam-panahy mba hanampy azy ireo hanatanteraka ny andraikiny. Amin' ny alalan' ny asa fanompoana ataon' ireo mpamangy isan-tokantrano, dia afaka mahafantatra izay toe-piainan' ny rahavavy tsirairay ao amin' ny paroasy ny filohan' ny Fikambanana Ifanampiana

ary manao tatitra momba ny toe-piainan' izy ireo rehefa miresaka amin' ny evekany.

Nampianatra antsika ny Filoha Thomas S. Monson fa "rehefa miezaka amim-pinoana ary tsy miroanahana manatanteraka ny andraikitra nomena antsika isika ary rehefa mikatsaka fitaomam-panahy avy any amin' Ilay Avo Indrindra ao anatin' ny fanatante-rahana ny andraikitsika, dia afaka mahavita zava-mahagaga."²⁰ Manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia handray anjara ao anatin' ireo fahagagana ireo rehefa manao izay ahatongavan' ny famangiana isan-tokantrano ho lasa lamin' ny maha-mpianatra izay ho eken' ny Tompo rehefa hiverina Izy.

Manatanteraka ny Tanjon' ny Fikambanana Ifanampiana

Ireo fampianarana ireo sy ny fampianarana manan-danja hafa koa momba ny Fikambanana Ifanampiana dia azon' ireo zafikeliko vavy halalinina ankehitriny ao anatin' ny *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society (Ireo Zanakavavy ao amin' ny Fanjakako: Ny Tantara sy ny Asan' ny Fikambanana Ifanampiana)*. Io boky io dia ahitana ny rakitsoratra ny lovan' ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo vehivavin' ny Fiangonana. Hampiray ireo rahavavy manerana an' izao tontolo izao izany sy hanampy azy ireo hiaina araka ireo tanjon' ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo lamina sy tombontsoa amin' ny maha-mpianatra. Vavolombelon' ny anjara asa manandanja ananan' ny vehivavy ao anatin' ny drafitry ny fahasambaran' ny Rain-tsika izany, ary manome ireo fitsipika tsy azo hozongozonina mikasika ny zavatra inoantsika sy ny zavatra ataontsika ary ny zavatra ho arovantsika. Ny Fiadidiana Voalohany dia namporisika antsika mba "handalina izany boky izany ary hamela ireo fahamarinana mandrakizay sy ireo ohatra manentana ny fanahy ao aminy mba hitarika ny fiainan[tsika]."²¹

Noho ny fahafantarany fa naorin' Andriamanitra ny Fikambanana Ifanampiana, dia nilaza tamin' ireo rahavavin' ny Fikambanana Ifanampiana ny Filoha Joseph F. Smith hoe: "Andraikitrareo ny mitarika an' izao

tontolo izao ary indrindra mitarika ny vehivavin' izao tontolo izao. . . . Iana-reo no lohany," hoy izy, "fa tsy ram-bony."²² Satria efa akaiky ny fotoana hiverenan' ny Tompo dia manantena aho fa ireo zafikeliko vavy dia ho lasa vehivavy matanjaka sy mahatoky izay mampihatra ireo fitsipika sy lamin' ny Fikambanana Ifanampiana eo amin' ny fiainany. Rehefa lasa fomba fiainana ho azy ireo ny Fikambanana Ifanampiana, dia manantena aho fa hanompo amim-piraisan-kina miaraka amin' ny hafa izy ireo mba hanatanteraka ireo tanjony masina. Izaho dia manana fijoroana ho vavolombelona momba ny Fiangonan' i Jesoa Kristy marina izay naverina tamin' ny laoniny ary feno fankasitrahana aho noho ny lamin' ny maha-mpianatra izay naverina tamin' ny laoniny rehefa nentanin' ny Tompo ny fanahin' ny Mpampianany Joseph Smith mba hanorina ny Fikambanana Ifanampiana. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 3.
2. Jereo ny Lioka 10:38–42.
3. Jereo ny Jaona 11:20–27.
4. Jereo ny Asan' ny Apôstôly 18:24–26; Romana 16:3–5.
5. Jereo ny Filipiana 4:1–4.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 25.
7. Joseph Smith, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 12.
8. Joseph Smith, ao amin' ny *History of the Church*, 4:602.
9. Fanekep-pinoana 1:5
10. Joseph Fielding Smith, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 97.
11. Joseph Smith, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 15.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 109:22; jereo koa ny Sheri L. Dew, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 128.
13. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 84:19; jereo koa ny Ezra Taft Benson, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 129.
14. *Daughters in My Kingdom*, 131.
15. Boyd K. Packer, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 99.
16. John A. Widtsoe, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 25.
17. Jereo ny *Daughters in My Kingdom*, 86–87.
18. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Eglise* (2010), 9.5.4.
19. *Manuel 2*, 9.5.1.
20. Thomas S. Monson, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 91.
21. Ny Fiadidiana Voalohany, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, ix.
22. Joseph F. Smith, ao amin' ny *Joseph F. Smith, Daughters in My Kingdom*, 66.



Nataon' i Silvia H. Allred

Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidian' ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Ny Fiantrana tsy ho Levona Mandrakizay

Mitalahoa mba ho feno an' ilay fanomezam-pahasoavan' ny fiantrana, ilay fitiavana madion' i Kristy.

Vao tsy ela akory izay dia nitsidika ny tanànan' i Nauvoo, Illinois, izahay mivady. Rehefa tany izahay dia nipetraka tao amin' ilay efitrano tany amin' ny rihana ambonin' ilay Trano Biriky Mena Fivarotana, izay nataon' ny Filoha Joseph Smith birao sy toeram-pandraharahana. Nihaino tsara ilay mpitarika mpizaha tany izahay, izay nanazava ny tranga ara-tantara momba ny Famerenana amin' ny laoniny izay niseho teo.

Nieritritra momba ny fanorenana ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo fampianarana sasany azon' ireo rahavavy avy tany amin' ny Mpaminany Joseph Smith tao amin' izany efitrano izany aho. Ireo fampianarana ireo no lasa fitsipika fototra niorenan' ny Fikambanana Ifanampiana. Ireo tanjona hoe fampitomboana ny finoana, sy fanamafisana orina ny tokantranon' i Ziona, ary fitadiavana sy fanampiana ireo sahirana dia efa hatrany ampiandohana no napetraka. Nifanaraka foana tamin' ireo fampianaran' ny mpaminany izany.

Nandritra ny iray tamin' ireo fivorianana tany am-piandohana ireo, dia naka soratra masina avy ao amin' ny taratasin' i Paoly ho an' ny Korintiana ny Mpaminany Joseph Smith. Tao

anatin' ilay toriteniny mahery vaika momba ny fiantrana, dia niresaka momba ny finoana sy ny fanantenana ary fitiavana i Paoly, ary nofanany tamin' ny hoe “Fa ny lehibe indrindra amin' izy ireo dia ny fitiavana.”¹

Novoaboasany ireo zavatra tsara fonosin' ny fiantrana. Hoy izy:

“Ny fitiavana [na fiantrana] mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo,

“. . . ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo,

“Tsy mifaly amin' ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin' ny fahamarinana kosa;

“Mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra.

“Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay.”²

Raha niresaka tamin' ireo rahavavy ny Mpaminany Joseph dia nilaza hoe: “Aza ferana ny fomba fijerinareo mikasika ny toetra tsara ananan' ny namanareo. . . . Tsy maintsy mampivelatra ny fanahinareo amin' ny hafa ianareo raha [te] hanao izay nataon' i Jesoa. . . . Rehefa mitombo ny tsy fanananareo tsiny sy ny fahamarinan-toetranareo,

ary rehefa mitombo ao amin' ny hatsaran-toetra ianareo, dia avelao hivelatra ny fonareo—Avelao hivelatra ho any amin' ny hafa izany—tsy maintsy mahari-po ianareo ary tsy maintsy mahazaka ny hadisoana sy ny tsy mety ataon' ny olombelona. Tena sarobidy tokoa ny fanahin' ny olona!”³

Ilay fanambarana ao amin' ny soratra masina hoe “Ny [fiantrana] tsy ho levona mandrakizay” dia lasa tarigetran' ny Fikambanana Ifanampiana satria mifanaraka amin' ireo fampianarana ireo izany ary mifanaraka amin' ilay andraikitra izay nomen' ny Mpaminany Joseph Smith ny Fikambanana Ifanampiana hoe “hanamaivamaivana ny mahantra” sy “hamonjena fanahy.”⁴

Ireo fitsipika fototra ireo dia neken' ireo rahavavy ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana manerana izao tontolo izao tanteraka, satria izany no votoatin' ny asan' ny Fikambanana Ifanampiana.

Inona no atao hoe fiantrana? Ahoana no fomba ananantsika fiantrana?

I Môrmôna mpaminany dia namaritra ny hoe fiantrana ho toy “ny fitiavana madion' i Kristy,”⁵ ary i Paoly dia nampianatra fa “ny fiantrana . . . dia fehin' ny fahatanterahana,”⁶ ary i Nefia dia nampahatsiahy antsika hoe “efa nanome didy ny Tompo Andriamanitra fa ny olon-drehetra dia tokony hanana fiantrana, dia fiantrana izay fitiavana.”⁷

Raha averina jerena ny famaritan' i Paoly momba ny fiantrana, dia mianatra isika fa ny fiantrana dia tsy fihetsika atao indray mandeha fotsiny na zavatra omentsika, fa toetran' olona iray, toetran' ny fo, fahatsapan-javatra tsara izay miteraka fihetsika feno fitiavana.

I Môrmôna koa dia mampianatra antsika fa ny fiantrana dia nomena ireo tena mpanara-dia marin' i Kristy ary ny fiantrana dia manadio ireo izay manana izany.⁸ Ankoatr' izany, dia mianatra isika fa ny fiantrana dia fanomezana avy amin' Andriamanitra izay tsy maintsy katsahintsika sy angatahintsika ombam-bavaka. Mila manana fiantrana isika ao am-pontsika mba hahafahantsika mandova ny fanjakana selestialy.⁹

Noho ny fahatakarantsika fa ny Tompo dia nangataka “ny hitafia[n-tsika] ny fatoran' ny fiantrana,”¹⁰ dia tsy maintsy mangataka

ireo toetra tsara izay hanampy antsika hampiroborobo ny fiantrana isika.

Voalohany indrindra, tsy maintsy manana faniriana hampitombo ny fanehoana fiantrana sy hitovy bebe kokoa amin' i Kristy aloha isika.

Ny dingana manaraka dia ny mi-vavaka. Namporisika antsika i Môrmôna mba “[Hivavaka] amin' ny Ray amin' ny herin' ny fo manontolo mba hahazoana mameno [antsika] amin' izany fitiavana izany.” Izany fitiavana avy amin' Andriamanitra izany dia ny fiantrana, ary rehefa feno an' izany fitiavana izany isika dia “ho lasa tahaka Azy.”¹¹

Ny famakiana soratra masina isan' andro dia afaka mampitodika ny sain-tsika mankany amin' ny Mpamonjy sy any amin' ny faniriana ny ho tonga tahaka Azy.

Izaho dia nisafidy ny hanantona ao amin' ny biraoko ny sary hosodoko nataon' i Minerva Teichert mitondra ny lohateny hoe *Famonzena ilay Zanak' ondry Very*. Mampiseho ny sarin' ny Mpamonjy mitsangana eo anivon' ny ondriny izany, sy mitazona amimpitiavana zanak' ondry kely iray eny an-tsandriny. Manampy ahy izany hieritritra ilay fitalahoany hoe: “Fahano ny ondriko,”¹² izay amiko dia midika hoe: manompoa an' ireo rehetra manodidina anao ary jereo manokana ireo izay mila fanampiana.

Ny Mpamonjy no ohatra tonga lafatra mikasika ny fanehoana fiantrana. Nandritra ny fanompoany tety an-tany dia naneho fangorahana an' ireo noana, ireo mpanota sy ireo mijaly ary ireo marary Izy. Nanompo teo anivon' ny mahantra sy ny mpanankarena Izy; ny vehivavy, ny ankizy, ary ny lehilahy; ny fianakaviana, ny namana, ary ny vahiny. Namela ny helok' ireo nanameloka

Itu, Brésil



Azy Izy, ary nijaly sy maty ho an' ny olona rehetra.

Nandritra ny fiainany iray manontolo, ny Mpaminany Joseph Smith dia naneho fiantrana tamin' ny alalan' ny fanehoany fitiavana avy amin' ny rahalahy sy ny fanajany ny hafa. Nalaza tamin' ny hatsaram-panahiny, ny fitiavany sy ny fangorahany ary ny fiahiany ireo izay manodidina azy izy.

Ankehitriny isika, dia sambatra manana mpaminany izay ohatra iray amin' ny fanehoana fiantrana. Ny Filoha Thomas S. Monson dia ohatra ho antsika sy ho an' izao tontolo izao. Mitafy ny kapaotin' ny fiantrana izy. Tsara fanahy izy, be fangorahana, malala-tanana; tena mpanompo marin' i Jesoa Kristy Tompo.

Nampianatra ny Filoha Monson hoe: “Ny fiantrana dia ny fananana faharetana amin' ny olona iray izay nandiso fanantenana antsika. Famehezana ny tena mba tsy ho lasa mora tafintohina. Fanekena ireo fahalemena sy ny tsy fahalavorariana. Fanekena ny olona amin' ny maha-tena izy azy. Fijerena, mihoatra ny endrika ivelany, ireo toetra izay tsy ho lefy rehefa mandeha ny fotoana. Famehezana ny tena mba tsy ho voasarika hitsara ny hafa.”¹³

Rehefa manana fiantrana isika, dia vonona ny hanompo sy hanampy ny hafa na dia amin' ny fotoana tsy mety amintsika aza ary tsy manana eritritra hahazo sitraka na tambiny. Tsy miandry angatahina isika vao hanampy satria lasa toetra raikitra ao anantintsika izany. Rehefa misafidy ny ho tsara fanahy, ho tia mikarakara, ho malala-tanana, hanana faharetana, hahay handray olona, hamela heloka sy tsy hanavakavaka ary tsy ho tia tena isika, dia ho hitantsika fa feno fiantrana isika.

Ny fikambanana Ifanampiana dia manome fomba maro tsy voatanisa mba hanompoana ny hafa. Ny iray amin' ireo fomba tena manan-danja hanehoana ny fiantrana dia amin' ny alalan' ny famangiana isan-tokantrano. Amin' ny alalan' ny famangiana isan-tokatrano mahomby, dia manana fahafahana maro isika hanehoana fitiavana sy hanampiana ary hanompoana ny hafa. Ny fanehoana fiantrana na fitiavana, dia manadio sy manamasina ny fanahintsika, ary manampy



antsika hitovy bebe kokoa amin' ny Mpamonjy.

Talanjona aho rehefa mahita ireo asa fiantrana tsy tambo isaina ataon' ireo mpamangy isan-tokantrano isan' andro manerana an' izao tontolo izao izay manompo amim-pitiavana mba hanome izay ilain' ireo rahavavy tsirairay sy ny fianakavian' izy ireo. Milaza aminareo mpamangy isan-tokantrano mahatoky ireo aho fa “Amin' ny alalan' ireo asa fiantrana madinika ataonareo ireo, dia manaraka ny Mpamonjy ianareo, ary miasa toy ny fitaovana eo am-pelatanany rehefa manampy, mikarakara, manome hery, mankahery, mihaino, mamporisika, mamahana, mampianatra, ary manamafy orina ireo rahavavy izay karakarainareo.” Mamelà ahy ianareo hizara ohatra vitsivitsy mikasika izany fanompoana izany.

I Rosa dia voan' ny diabeta izay nahahosa azy tokoa ary tratran' ny aretina hafa koa. Taona vitsivitsy izay no nahampikamban' ny Fiangonana azy. Reny token-tena izy ary manan-janaka lahy efa zatovo. Matetika izy no tsy maintsy miditra hôpitaly mandritra ny andro vitsivitsy. Ireo mpamangy isan-tokantrano tsara fanahy dia tsy mitondra azy any amin' ny hôpitaly fotsiny, fa mitsidika sy mankahery azy any amin' ny hôpitaly koa ary mikarakara ilay zanany lahy any an-trano sy any an-tsekoly. Ireo mpamangy isan-tokantrano no toy ny namany sy fianakaviany.



Taorian' ny fitsidihana vitsivitsy natao tamin' ny rahavavy iray, dia hitan' i Kathy fa ity rahavavy iray ity dia tsy nahay namaky teny kanefa naniry ny hianatra. Nirotsaka hanampy azy i Kathy na dia fantany aza fa handany fotoana izany ary hitaky faharetana sy fahatokiana.

I Emily dia renim-pianakaviana vao herotretro ny izay nikaroka ny fahamarinana. I Michael vadiny dia tsy dia liana loatra tamin' ny resaka finoana. Rehefa narary i Emily ary nijanona naharitra kely tany amin' ny hôpitaly, dia i Cali izay rahavavy iray avy ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana ary mpifanolobodirindrina aminy no nikarakara ny sakafon' ny fianakaviana, nitaiza ny zanany, nanadio ny tranony, ary nanao izay nahazoan' i Emily tsodranon' ny fisoronana. Ireo asa fanehoana fiantrana ireo dia nanalefaka ny fon' i Michael. Nanapa-kevitra ny handeha hanatrika fivoriam-piangonana izy ary hihaona amin' ny misiônera. Natao batisa vao tsy ela akory izay i Emily sy Michael.

Ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay. . . . Ny fiantrana . . . dia mora fanahy, . . . tsy mirehareha, . . . mandefitra ny zavatra rehetra ary maharitra ny zavatra rehetra.”¹⁴

Hoy ny Filoha Henry B. Eyring hoe: “Ny tantaran' ny Fikambanana Ifanampiana dia feno tatitra mikasika izany fanompoana feno fitiavana izany. . . .

“Ity fikambanana ity dia ahitana vehivavy, izay ny fahatsapany haneho fiantrana dia avy amin' ilay fo izay niova noho ny fiezahana ho mendrika hanao fanekempihavanana sy ny fitandremanana izany, fanekempihavanana izay tsy omena raha tsy ao amin' ny Fiangonana marin' ny Tompo irery ihany. Ny fahatsapan' izy ireo haneho fiantrana dia avy Aminy tamin' ny alalan' ny Sorompanavotany. Ireo asa fanehoana fiantrana ataon' izy ireo dia tarihin' ny ohatra nasehony—sy ny Fanahy Masina izay nalefany hiaraka amin' ny mpanompony ao anatin' ilay asa fanehoana famindrampo nanirahana azy ireo. Noho izany dia nahatanteraka sy afaka nanao zavatra mahatalanjona ho an' ny hafa izy ireo ary afaka mahita fifaliana na dia goavana aza ny zavatra ilain' izy ireo manokana izay tsy azony.”¹⁵

Ny fanompoana sy fanehoana fiantrana ny hafa dia manampy antsika handresy ireo olantsika manokana ary mahatonga azy ireny ho tsy tena manahirana loatra.

Ankehitriny aho dia hiverina amin' ny fampianarana nozarain' ny Mpaninany Joseph Smith tamin' ireo rahavavy tany am-piandohan' ny Famerenana tamin' ny Laoniny. Rehefa namporisika ny fampiharana ny fiantrana sy ny filatsahana an-tsitrapo izy dia nilaza hoe: “Raha manatanteraka ireo fitsipika ireo ianareo, dia tena ho lehibe sy tena tsara ny valisoanareo any amin' ny fanjakana selestialy! Raha toa ka miaina araka ny tokony ho izy ireo tombontsoa nomena anareo ianareo dia tsy hisy hanakana ny anjely mihitsy tsy hiara-dalana aminareo.”¹⁶

Raha nandeha nitady sy nanampy ireo sahirana ireo rahavavy tany ampiandohana tany Nauvoo, dia mitovy amin' izany ihany ny ankehitriny. Ireo rahavavy ao amin' ny fanjakana dia andry lehiben' ny tanjaka ara-panahy sy ny asa fanompoana feno fitiavana ary ny fanoloran-tena. Ny mpamangy isan-tokatrano feno fanoloran-tena dia mifampitsidika sy mifampikarakara. Manaraka ny ohatra nasehon'

ny Mpamonjy izy ireo ary manao izay nataony.

Ny vehivavy rehetra ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana dia afaka ny ho feno fitiavana noho ny fahafantarana fa ireo asa madinidinika fanehoana fiantrana ataon' izy ireo dia mitondra hery manasitrana ho an' ny hafa sy ho an' izy ireo. Ho fantatr' izy ireo tsara fa ny fiantrana dia fitiavana madion' i Kristy ary tsy ho levona mandrakizay.

Rehefa mamaky ny tantaran' ny Fikambanana Ifanampiana ianareo, dia hanentana ny fanahinareo izany mba hahita fa izany fitsipiky ny filazantsara manan-danja izany dia lohahevitra efa mahazatra ao anatin' ilay boky iray manontolo.

Faranako izany amin' ny fanasana ny vehivavy rehetra ato amin' ny Fiangonana hitalaho mba ho feno an' ilay fanomezam-pahasoavan' ny fiantrana, ilay fitiavana madion' i Kristy. Ampiasao daholo ireo loharano anananareo rehetra mba hanaovana ny tsara sy hitondrana fanampiana sy famonjena an' ireo manodidina anareo, ka anisan' izany ny fianakavianareo. Hovalian' ny Tompo fahombiazana ny ezaka nataonareo.

Enga anie ny fahalalantsika ilay fitiavana lehiben' ny Ray sy ny Zanaka antsika, ary ny finoantsika sy ny fanakasitrahantsika ny Sorompanavotana, hanosika antsika hanana sy haneho fiantrana amin' ireo olona manodidina antsika. Izany no vavaka ataoko amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. 1 Korintiana 10:13.
2. 1 Korintiana 13:8.
3. Joseph Smith, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 23.
4. Joseph Smith, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 17.
5. Môrônia 7:47.
6. Kolosiana 3:14.
7. 2 Nefia 26:30.
8. Jereo ny Môrônia 7:48.
9. Jereo ny Etera 12:34; Môrônia 10:21.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:125.
11. Môrônia 7:48.
12. Jereo ny Jaona 21: 16–17.
13. Thomas S. Monson, “Charity Never Fails,” *Liahona*, Nôv. 2010, 124.
14. 1 Korintiana 13:4, 5, 7, 8.
15. Henry B. Eyring, “Ilay Lova Maharitra Napetraky ny Fikambanana Ifanampiana,” *Liahona* Nôv. 2009, 121.
16. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 452.



Nataon' i Barbara Thompson

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny
Fiadidian' ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

Mifikira amin' ny Fanekehempihavanana

Rehefa manana finoana an' i Kristy isika sy mifikitra amin' ny fanekehempihavanana dia hahazo ilay fifaliana voalaza ao amin' ny soratra masina ary nampanantenain' ireo mpaminanintsika amin' ny andro farany.

Koa asandrato ny fonao ary mifalia sy mifikira amin' ny fanekehempihavanana izay efa nataonao.¹ Tsy maintsy mahatsapa fifaliana aho isaky ny mamaky io soratra masina io. Faly ny foko rehefa mieritreritra ireo fampanantenana sy ireo fitahiana maro izay tonga teo amin' ny fiainako rehefa nikatsaka ny hifikitra tamin' ny fanekehempihavanana nataoko tamin' ny Raiko any an-danitra aho.

Satria samy efa nodimandry ny ray aman-dreniko dia nilaina ny hanadiovana ny tranon' izy ireo tamin' ity taona ity mba hanomanana ny fivarotana izany. Nandritra izay volana vitsivitsy lasa izay, rehefa nanadio sy nandamina ny tranon' ny ray aman-dreniko izaho sy ireo iray tampo amiko dia nahita tantaram-pianakaviana sy antontan-taratasy manandanja maro izahay. Tena nahafinaritra ny namaky ireo tantaran' olona manokana sy ireo tsodranon' ny patriarika an' ny ray aman-dreniko sy ny raibeko ary ny renibeko. Nampahatsiahivina ahy ireo fanekehempihavanana izay nataon' izy ireo sy notandreman'ny.

Renim-pianakaviana vao herotrony i Ellen Hanks Rymer renibeko

tamin' ny 1912 raha nandray ny tsodranon' ny patriarika. Rehefa namaky ny tsodranony aho dia nanaitra ny masoko ireto andalana ireto ary nijanona tato an-tsaiko: "Ianao dia efa voafidy talohan' ny nahariana ny tany ary fanahy voafidy mba ho tonga ety amin' izao andro izao. . . . Ho lasa lehibe ny fijoroanao ho vavolombelona ary hanana fahafahana hijoro ho vavolombelona ianao. . . . Nikasa ny hamotika anao ilay Mpandrava, saingy raha mifikitra amin' ilay Andriamanitrao ianao dia tsy hanana hery handratrana anao izy [ilay Mpandrava]. Ianao, amin' ny alalan' ny fahatokiana dia hanana hery lehibe ary ilay mpandrava dia handositra eo anoloanao noho ny fahamarinan-toetranao. . . . Raha tonga aminao ny oran' ny tahotra sy ny fitsapana ka mandeha any amin' ny toerana mitokana ianao mba hivavaka, dia hahazo fampiononana ny fonao ary hoesorina ireo sakantsakana."²

Nampanantenaina ny renibeko fa raha mitandrina ny fanekehempihavanany izy ary mitoetra akaikin' Andriamanitra, dia tsy hanana hery aminy i Satana. Hahazo fampiononana sy fanampiana izy ao anatin' ireo fitsapany.

Tanteraka teo amin' ny fiainany ireo fampanantenana ireo.

Anio aho dia te-hiresaka momba (1) ny maha-zava-dehibe ny fifikirana amin' ny fanekehempihavanana sy (2) ny fifaliana ary fiarovana azo avy amin' ny fitandremana ny fanekehempihavanantsika.

Ny sasany amin' ireo ohatra izay ho ampiasaiko dia avy amin' ny Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society. Io boky io dia feno ohatr' ireo vehivavy izay nahita fifaliana lehibe tao anatin' ny fitandremana ny fanekehempihavanana.

Ny Maha-Zava-dehibe ny Fifikirana amin' ny Fanekehempihavanana

Ny Torolalana ho an' ny Soratra Masina dia milaza amintsika fa ny hoe fanekehempihavanana dia fifanekena eo amin' Andriamanitra sy ny olona. "Andriamanitra no manome ny fepetran' ny fanekehempihavanana ka manaiky ny hanao izay angatahany ny olona."³ Ao anatin' ilay fehezan-teny hoe "mifikira amin' ny fanekehempihavanana," ilay teny hoe *mifikitra* dia midika hoe "mirotsaka mafy sy lalina" ao anatin' ny zavatra iray.⁴

Ao amin' ny soratra masina isika dia mianatra momba ireo lehilahy sy vehivavy izay nanao fanekehempihavanana tamin' Andriamanitra. Andriamanitra dia nanome torolalana momba ny zavatra tokony hatao mba hanajana ireo fanekehempihavanana ireo ary rehefa voahaja ireo fanekehempihavanana ireo dia tonga avy eo ireo fitahiana nampanantenaina.


Ohatra, amin' ny alalan' ny fanekehempihavanan' ny batisa dia manao fanekehempihavanana amin' ny Ray any an-danitra isika. Miomana amin' ny batisa isika amin' ny alalan' ny fananana finoana an' i Jesoa Kristy Tompo sy ny fibebahana amin' ny fahotantsika ary amin' ny alalan' ny fitondrana eo amintsika ny anaran' i Kristy. Manao fanekehempihavanana ny hitandrana ny didin' Andriamanitra isika ary hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy. Isika dia manao fanekehempihavanana "hifampitondra ny enta-mavesatra mba hanamainana izany." Milaza isika fa vonona ny hiara-malahelo amin' izay malahelo ary hampionona izay mila fampiononana.⁵

Misy ôrdônansy masina hafa raisina any amin' ny tempoly masina ary misy fanekempihavanana hafa atao. Tany am-piandohan' ny Famerenana amin' ny laoniny dia tsy andrin' ny Mpaminany Joseph Smith izay hahazoan' ireo Olomasina ireo fitahiana avy amin' ny tempoly izay nampanantenaina. Nilaza ny Tompo hoe: "Aoka izany trano izany haorina ho an' ny anarako, mba hahazoako manambara ireo ôrdônansiko amin' ny oloko."⁶

"Ny iray tamin' ireo tanjon' ny Tompo tamin' ny nanorenana ny Fikambanana Ifanampiana dia ny hanomanana ireo zanakavaviny amin' ireo fitahiana lehibe kokoa avy amin' ny fisoronana izay hita ao anatin' ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana any amin' ny tempoly. Ireo . . . rahavavy tany Nauvoo dia naneho fifaliana lehibe mialoha mikasika ny hahavitan' ny tempoly, satria fantatr' izy ireo araka ny nampanantenain' ny Mpampinany Joseph Smith tamin' i Mercy Fielding Thompson fa ny fanafiana masina dia hamoaka azy ireo ' avy ao amin' ny haizina hankany amin' ny hazavana mahafinaritra."⁷

"Olomasina mihoatra ny 5.000 no tafavory teo amin' ny Tempolin' i Nauvoo taorian' ny fitokanana izany mba hahafahan' izy ireo mandray ny fanafiana masina sy ny ôrdônansin' ny famehezana alohan' ny hanombohan' izy ireo ny diany" mankany amin' ny Lohasahan' i Salt Lake.⁸ Ny Filoha Brigham Young sy ireo mpitarika maro tao amin' ny Fianganana ary ireo mpanao asa tao amin' ny tempoly dia nandany fotoana, andro sy alina, nanompo tao amin' ny tempoly mba hahafahana manatanteraka izany asa manan-danja izany ho an' ireo Olomasina.

Manohana antsika na amin' ny fotoana tsara na amin' ny fotoana sarotra ny fanekempihavanantsika. Nampahatsiahy antsika ny Filoha Boyd K. Packer fa "olon' ny fanekempihavanana isika. Isika dia manao fanekempihavanana mba hanome avy amin' izay ananantsika, dia ny fotoana sy ny vola ary ny talenta izany—ny mahantsika antsika rehetra sy ny fananantsika rehetra—ho tombontsoan' ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Raha tsorina dia manao fanekempihavanana mba hanao ny tsara isika. Olon' ny fanekempihavanana isika ary



ny tempoly no ivon' ny fanekempihavanana ataontsika. Izany no loharonon' ny fanekempihavanana."⁹

Mampahatsiahy antsika ny soratra masina hoe: "Ary izao no fanekentsika—fa isika dia handeha araka ny ôrdônansy rehetra an' ny Tompo."¹⁰

Lehibe ireo fitahiana izay azontsika rehefa mifikitra amin' ny fanekempihavanantsika isika.

Mitondra Fifaliana sy Fiarovana ny Fitandremana ny Fanekempihavanantsika

Hitantsika ao amin' ny Bokin' i Môrônôna ny lahatenin' ny Mpanjaka Benjamin. Nampianatra ny olona momba an' i Jesoa Kristy izy, izay ho avy ety an-tany sy hizaka ny karazam-pijaliana rehetra. Nampianatra ny olona izy fa i Kristy dia hanonitra ny fahotan' ny olombelona rehetra ary tsy hisy fomba hafa ahazoan' ny olona famonjena afa-tsy amin' ny anarany ihany.¹¹

Taorian' ny nihainoan' ny olona izany fampianarana tena tsara izany dia lasa feno fanetren-tena izy ireo ary naniry tamin' ny fony manontolo ny mba ho afaka amin' ny fahotana ary mba ho voadio. Nibebaka izy ireo ary naneho ny finoany an' i Jesoa Kristy. Nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra izy ireo fa hitandrina ny didiny.¹²

"Nidina teo aminy ny Fanahin' ny Tompo, ary feno fifaliana izy rehefa nandray ny famelana ny fahotany sy nahazo fiadanana-tsaina noho ny finoana fatratra izay nananany tao amin' i Jesoa Kristy."¹³

Nasehon' i Amôna ny ohatra iray hafa mikasika ny fifaliana azo amin' ny alalan' ny fahatokiana eo amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra sy ny fizarana ny filazantsara amin' ny hafa. I Amôna sy ireo rahalahiny dia fitaovana nampiasaina mba hanampiana ireo olona an' arivorivony hanatona an' i Kristy. Ireto ny sasany tamin' ireo teny izay nampiasain' i Amôna mba hamaritana ny zavatra tsapany raha maro tokoa ireo olona natao batisa sy nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra:

"Lehibe ny antony iravoravoantsika."¹⁴

"Feno ny fifaliako, eny, safononoky ny fifaliana ny foko ary hifaly amin' Andriamanitra aho."¹⁵

"Tsy afaka milaza ny ampahany bitika indrindra izay tsapako aho."¹⁶

"Tsy nisy na oviana na oviana olona izay nanana antony lehibe loatra hiravoravoana toa antsika."¹⁷

Ny fanaovana sy ny fitandremana fanekempihavanana masina dia manome fahafahana antsika hanana ny Fanahy Masina miaraka amintsika. Io ilay Fanahy izay "hameno fifaliana ny fanahinao."¹⁸

Niteraka fifaliana ho an' ny olona maro manerana an' izao tontolo izao ny Ady Lehibe II. Nianjadian' ny fitsapana maro ireo Olomasina tany Allemagne. Rahavavy Maria Speidel dia filoha mahatokin' ny Fikambanana Ifanampiana tao Stuttgart, Allemagne tamin' izany. Raha niresaka momba ireo fitsapana niainan' izy ireo izy dia nilaza hoe: "Ny fahatokianay ny Tompo sy ny fijoroanay ho vavolombelona momba ny Fianganany no loharanon-kerinay. . . Mihira amimpifaliana ireo hiran' ny Ziona izahay ary mametraka ny fahatokianay ao amin' ny Tompo. Manao izay hahatsara ny zavatra rehetra Izy."¹⁹

Averiko indray fa nahatsapa fifaliana na dia tao anatin' ny fitsapana mivaivay aza ireo mpikambana rehefa nitandrina ny fanekempihavanany.

I Sarah Rich izay vehivavy marinetra nipetraka tany Nauvoo dia voantso mba hanompo tany amin' ny tempoly talohan' ny nandroahana an' ireo Olomasina tao amin' ilay tanàna. Ireto ny teniny momba ireo fitahiana avy amin' ny fanekempihavanana atao any amin' ny tempoly: "Maro ireo

fitahiana noraisiny tany amin' ny tranon' ny Tompo izay nitondra fifaliana sy fankaherezana ho anay teo anivon' ireo fahorianay rehetra ary nanome fahafahana anay mba hanana finoana an' Andriamanitra noho ny fahafantarana fa hitarika anay Izy ary hanohana anay ao anatin' ilay dia tsy fantatra izay hiseho tsy ho ela.”²⁰

Talohan' io dia nahavita ny Tempolin' i Kirtland ireo Olomasina ary maro ireo olona nandray anjara tamin' ny fitokanana izany. Taorian' ny fitokanana dia noraisin' ny Tompo ilay tempoly. Nilaza tamin' izy ireo ny Tompo mba “hifaly fatratra tokoa noho ny fitahiana izay harotsaka . . . eo ambonin' ny lohan' ny vahoaka[ny].”²¹

Rehefa nihamaro hatrany ireo tempoly voaorina manerana ny tany dia hitako ny firotsahan' ireo fitahiana teo amin' ny fiainan' ireo mpikambana. Tamin' ny 2008 dia nanatri-maso ny fifaliana teny amin' ny endriky ny mpivady iray avy any Ukraine aho rehefa nilaza tamiko izy ireo fa handeha ho any Fribourg, Allemagne, mba handray ireo ôrdônansin' ny tempolin' izy ireo. Ny dia mankany amin' ny tempoly ho an' ireo mpikambana be fanoloran-tena ireo dia adiny 27 na ny mandroso na ny miverina raha mandeha fiara fitateram-bahoaka ary tsy afaka nandeha matetika izy ireo. Tena faly izy ireo tamin' ny hoe ho vita tsy ho ela ny Tempolin' i Kiev, Ukraine, ary hanana fahafahana handeha any matetika kokoa izy ireo. Misokatra ilay tempoly ankehitriny ary olona an' arivorivony no mandray fitahiana ao.

Rehefa namaky ny tantara manokan' ny renibeko aho dia nahafantatra momba ny halehiben' ny fifaliany tao anatin' ny fanekempihavanany. Tiany ny mandeha any amin' ny tempoly sy manatanteraka ôrdônansy ho an' ireo olona an' arivorivony izay efa maty. Izany no asa nanirahana azy tao anatin' ny fiainany. Nanompo tamin' ny naha-mpanao asa ao amin' ny tempoly azy nandritra ny 20 taona mahery izy tao amin' ny Tempolin' i Manti Utah. Nanoratra izy fa niaina fahasitranana mahagaga maro mba hahafahany mitaiza ny zanany sy manompo ny hafa amin' ny alalan' ny fanaovana asa ho azy ireo any amin' ny tempoly. Amin' ny maha-zafikeliny anay, raha misy ny



zavatra fantatray momba an' i Bebe Rymer, dia ny naha-vehivavy marintoetra azy izay nitandrina ny fanekempihavanany sy naniry ny hanaovanay an' izany koa. Raha toa ka mikarokaroka ireo fananantsika ny olona aorian' ny fahafatesantsika dia moa ve hahita porofo izy ireo fa nitandrina ny fanekempihavanantsika isika?

Ny mpaminany malalantsika, Filoha Thomas S. Monson, dia nilaza tamin-tsika nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonantsika farany hoe: “Rehefa mandeha any amin' ny trano masin' Andriamanitra izaho sy ianao ary rehefa mahatsiaro ireo fanekempihavanana ataontsika ao anatin' izany isika, dia hahazaka bebe kokoa ny fitsapana rehetra ary handresy bebe kokoa ny fakam-panahy tsirairay. Ao anatin' izany toerana izany no hahitantsika fiadanana, hanavaozantsika sy hankaherezantsika ny tenantsika.”²²

Averina indray hoe: “Koa asandrato ny fonao ary mifalia sy mifikira amin' ny fanekempihavanana izay efa nataonao.”²³ Fifaliana marina ny azo avy amin' ny fitandremana ny fanekempihavanana. Fankaherezana sy fiadanana izany. Fiarovana amin' ny zava-dratsin' izao tontolo izao izany. Hanampy antsika ao anatin' ny fotoam-pitsapana ny fitandremana ny fanekempihavanana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manana finoana an' i Kristy isika sy mifikitra amin' ny fanekempihavanana dia hahazo ilay fifaliana voalaza ao amin' ny soratra masina ary nampantenain' ireo mpaminanintsika amin' ny andro farany.

Ry rahavavy malala, tiako ianareo ary manantena aho fa hiaina fifaliana lehibe eo amin' ny fiainanareo manokana ianareo. Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:13.
2. Tsodranon' ny patriarika nomen' i Walter E. Hanks, 25 Ôkt. 1912, tao Lyman, Wayne County, Utah.
3. Torolalana ho an' ny Soratra Masina, “Fanekempihavanana.”
4. *Merriam-Webster's Collegiate Dictionary*, boky nivoaka faha-11 (2003), “cleave.”
5. Jereo ny Môsià 18:8–9; jereo koa ny Thomas S. Monson, “Inona no Zavatra Nataoko ho an' ny Hafa Androany?” *Liahona*, Nôv. 2009, 85–87.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:40.
7. *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* (2011), 131–32.
8. *Daughters in My Kingdom*, 29.
9. Boyd K. Packer, *The Holy Temple* (1980), 170.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:4.
11. Jereo ny Môsià 3:5–18.
12. Jereo ny Môsià 4:2; 5:5.
13. Môsià 4:3.
14. Almà 26:1.
15. Almà 26:11.
16. Almà 26:16.
17. Almà 26:35.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:13.
19. Maria Speidel, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 76.
20. Sarah Rich, ao amin' ny *Daughters in My Kingdom*, 30.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:9–10.
22. Thomas S. Monson, “Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an' Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Mey 2011, 93.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:13.



Nataon' ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidiana Voalohany

Aza Hadino Aho

Ny vavaka sy ny tsodrano ataoko dia ny tsy hanadinoanareo na oviana na oviana fa tena zanakavavy sarobidy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ianareo.

Ry anabaviko malala isany, tena mahafaly ny miaraka aminareo eto anio. Tsy andriko foana ny hanatrehana ity fivoriamben' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany fanao isan-taona ity sy hihaino ireo hafatra tena tsara zaraina mandritra izany. Misaotra ranabavy isany! Voninahitra lehibe ho ahy ny fanendren' ny Filoha Thomas S. Monson ahy mba handray fitenenana androany ary hitondra hevitra vitsivitsy ho an' ireo rahavavy ato am-piangonana.

Fotoana elaela izay dia nandehandeha teny amin' ny zaridaina mahafinaritra iray izahay mivady sy ny zanakay vavy. Talanjona aho tamin' ny hakanto sy hatsaran' ny fahariana nataon' Andriamanitra. Tsikaritro teo anivon' ireo zavamaniry tsara tarehy izay nandrobona ny voninkazo faran' izay kely indrindra. Fantatro ny anaran' ilay voninkazo satria mbola zaza aho dia efa nanana fifandraisana miavaka tamin' izany. Antsoina hoe aza-hadino-aho, izany voninkazo izany.

Tsy fantatro loatra ny antony nitivako ity voninkazo kely ity nandritra izay taona maro izay. Tsy tonga dia mahasarika ny maso izany ary mora tsy hita ao anatin' ireo voninkazo lehibe kokoa sy milokoloko. Kanefa tena manana ny hatsarany izany, amin' ilay lokony marevaka izay

mitovy amin' ny habakabaka manga indrindra—angamba antony iray hafa itiavako azy tokoa izany.

Ary mifono fitalahoana koa ny anarany. Misy angano Alemana iray izay milaza fa rehefa avy nanome anarana ireo zavamaniry rehetra Andriamanitra dia nisy iray hadino. Nisy feo kely niteny hoe: “Aza hadino aho ry Tompo ô!” Ary dia namaly Andriamanitra hoe izay no hatao anarany.

Anio hariva aho dia te-hampiasa izany voninkazo kely izany ho fanoharana. Ireo felana dimin' ilay voninkazo kely aza-hadino-aho dia manosika ahy hilaza zavatra dimy izay tokony tsy ho hadinointsika velively.

Voalohany, aza hadino ny manana faharetana amin' ny tenanao.

Te-hilaza zavatra aminareo aho izay antenaiko fa ho raisinareo amin' ny lafiny tsara: Fantatr' Andriamanitra tsara fa na izaho na ianareo dia tsy tonga lafatra.

Mamelà ahy koa hilaza hoe: Fantatr' Andriamanitra tsara fa ireo olona izay heverinareo fa tonga lafatra dia tsy araka izany.

Kanefa isika dia mandany fotoana sy hery be dia be mampitaha ny tenantsika amin' ny hafa—mazàna mampitaha ny fahalementsika amin' ny tanjaka ananan' izy ireo. Izany dia mahatonga

antsika hanery ny tenantsika hahavita zavatra izay tsy ho azo tanterahina mihi-tsy. Vokatry izany dia tsy mba maneho fankasitrahana velively ireo ezaka tsara vitantsika isika, satria toa tsy manandanja loatra izany raha oharina amin' ny zava-bitan' ny olona sasany.

Manana ny tanjany sy ny fahalemeny ny olona rehetra.

Mahafinaritra fa manana tanjaka ianareo.

Ary lafiny iray tafiditra ao anatin' ny fiainanareo eto an-tany ny fananana-reo fahalemena.

Andriamanitra dia te-hanampy antsika hanova ireo fahalementsika ho lasa tanjaka amin' ny farany,¹ kanefa fantany fa tanjona lavitr' ezaka izany. Tiany ho lasa tonga lafatra isika,² ary raha mijanona amin' ilay lalan' ny maha-mpianatra antsika isika dia ho tanteraka izany indray andro any. Tsy maninona akory raha mbola tsy tonga lafatra ianareo. Tohizo ny fiezahana ho tonga amin' izany saingy atsaharo ny fanamelohana ny tenanareo.

Ry anabavy malala isany, maro aminareo no maneho fangorahana sy faharetana tsy misy fetra eo anatrehan' ireo fahalemen' ny hafa. Tsarovy koa fa tokony hanana fangorahana sy faharetana amin' ny tenanareo ianareo.

Amin' izao fotoana izao aloha dia aoka ianareo ho feno fankasitrahana noho ireo fahombiazana madinidinika rehetra ao an-tokantranonareo, noho ny fifandraisana misy eo amin' ny fianakavianareo, ny fianarana vitanareo sy ny asa fivelomanareo, ary ny fandraisanareo anjara ato am-piangonana sy ny fivoaran' ny tenanareo manokana. Toy ireo voninkazo aza-hadino-aho, dia mety ho bitika aminareo ireo fahombiazana ireo ary mety tsy ho tsikaritry ny hafa akory, kanefa hitan' Andriamanitra izy ireo ary tsy bitika eo anatrehan' y. Raha toa ka eritreterinareo hoe ny raozy tonga lafatra indrindra sy ny orchidée tena tsara tarehy ihany no fahombiazana, dia mety tsy hiaina ny sasany amin' ireo toe-javatra izay mamy indrindra eo amin' ny fiainana ianareo.

Ohatra, ny mikiribiby mba hananana takarivan' ny mpianakavy amin' ny “endriany tonga lafatra” isan-kerinandro—na dia miteraka fahoriana ho anareo sy ireo olona manodidina anareo aza ny fanaovana izany—dia

mety tsy ho ilay safidy tsara indrindra. Fa aleo manontany tena hoe: “Inona no zavatra azonay atao amin’ ny maha-fianakaviana izay mampifalifaly sy masina ary mampifanatonana anany?” Ny takarivan’ ny mpianakavy toy izany—na dia mety ho tsotsotra aza ny halavany sy ny fomba fanatanterahana azy—dia mety hitondra vokatra tsara lavitra sy maharitra kokoa.

Lava ny diantsika mankany amin’ ny fahatanterahana kanefa afaka mahita zava-mahatalanjona sy fahafinare-tana isika eo amin’ ireo dingana faran’ izay bitika ao anatin’ izany dia izany.

Faharoa, aza hadino ny maha-samihafa ny fahafoizan-tena tsara sy ny fahafoizan-tena miendrika hadalana.

Ny fahafoizan-tena azo ekena dia rehefa mahafoay zavatra tsara iray ho an’ ny zavatra iray manan-danja lavitra kokoa isika.

Fahafoizan-tena tsara ohatra ny fanapahana kely ny torimasoa mba hanampiana ankizy iray izay nanofy ratsy. Haintsika rehetra izany. Ny fiaretan-tory mandritra ny alina, izay mampidi-doza ny fahasalamantsika, mba hanamboatra ravaka tsara tarehy ho an’ ny akanjo Alahadin’ ny zanatsika vavy iray dia mety tsy ho tena fahafoizan-tena tsara.

Ny fanokanana ny sasany amin’ ny fotoanantsika mba handalinana ny soratra masina na hiomanana amin’ ny fampianarana lesona iray dia fahafoizan-tena tsara. Mety tsy ho fahafoizan-tena tsara kosa ny fandaniana ora maro hanjairana ny lohatenin’ ny lesona eo amin’ ny fitoerana tavim-boninkazo vita tanana ho an’ ireo mpikambana tsirairay ao amin’ ny kilasinareo.

Samy hafa ny olona rehetra sy ny toe-javatra iainana rehetra, ary ny fahafoizan-tena tsara iray amin’ ny tranga iray dia mety ho hadalana amin’ ny tranga hafa.

Ahoana no ahafahantsika manambara ny fisian’ izany fahasamihafana izany eo amin’ ny toe-javatra iainantsika manokana? Afaka manontany tena isika hoe: “Moa ve manokana ny fotoanako sy ny heriko amin’ ireo zavatra izay manan-danja indrindra aho?” Betsaka tokoa ireo zavatra tsara azo atao, kanefa tsy afaka manao azy rehetra isika. Tena faly ny Raintsika any an-danitra rehefa mahafoay zavatra



tsara ho an’ ny zavatra iray izay lehibe lavitra kokoa isika raha jerena amin’ ny fomba fijery mandrakizay. Indraindray izany dia mety hidika mihitsy aza hoe mikolokolo voninkazo aza-hadinno-aho, izay kely nefa tsara tarehy, toy izay zaridaina lehibe ahitana voninkazo vahiny maro.

Fahatelo, aza hadino ny mifaly amin’ izao fotoana izao.

Ao amin’ ilay tantara be mpitia ho an’ ny ankizy mitondra ny lohateny hoe: *Charlie and the Chocolate Factory* [I *Charlie sy ilay Orinasa mpanao Sôkôla*], dia nanafina taratasy mifono vintana tsara tao anatin’ ny vongan-tsôkôla dimy i Willy Wonka ilay mpanao sôkôla manan-toetra miafina, ary nanambara fa ireo izay mahita iray amin’ ireo taratasy kely dia mahazo valisoa hitsidika ny orinasany ary hahazo sôkôla foana mandritra ny androm-piainany.

Voasoratra teo amin’ ilay taratasy tsirairay mifono vintana tsara ity hafatra ity: “Miarahaba anao ry tsara vintana, izay nahita ity taratasy mifono vintana tsara . . . ity! Zavatra mahatalanjona maro no natokana ho anao! Maro ireo fanomezana tsy ampoizina izay tena tsara miandry anao! . . . Fanomezana tsy ampoizina mifono mistery sy mahagaga . . . izay hafaly.”³

Miezaka mikaroka mafy ilay taratasy mifono vintana tsara ireo olona rehetra manerana an’ izao tontolo izao

ao anatin’ io tantara malaza ho an’ ny ankizy io. Ny sasany dia mahatsapa fa ny fahasambaran’ izy ireo iray manontolo amin’ ny ho avy dia miankina amin’ ny fahazoana eo an-tanany na tsia ilay taratasy mifono vintana tsara. Ao anatin’ izany tebitebin’ izy ireo izany dia manomboka adinon’ ireo olona ny fifaliana tsotra izay fahitany mahazatra ao anatin’ ny vongan-tsôkôla iray. Lasa fahadisoam-panantenana tanteraka ilay vongan-tsôkôla rehefa tsy ahitana ilay taratasy mifono vintana tsara.

Maro dia maro ny olona amin’ izao fotoana izao no miandry ilay taratasy mifono vintana tsara ho azy ireo—ilay taratasy izay inoan’ izy ireo fa fanalahidin’ ny fahasambarana izay efa nofinofisin’ izy ireo hatrizay. Ho an’ ny sasany, ilay taratasy mifono vintana tsara dia fanambadiana tonga lafatra; ho an’ ny hafa dia trano tsara tarehy izay mendrika ny ho atao eo amin’ ny fonon’ ny gazetiboky iray; na koa mety ho fahafahana amin’ ny adintsaina na ahiahy.

Tsy misy maha-ratsy ny faniriana zavatra tsara—manantena sy mikatsaka ireo zavatra izay “mendrika, maha-te-ho tia, tsara na mendri-piderana” isika.⁴ Tonga ny olana rehefa ahemotsika ny fahasambarana tokony ho azontsika noho ny fiandrasantsika ny hitrangan’ ny zavatra iray—ilay taratasy mifono vintana tsara ho antsika—amin’ ny ho avy.

Nisy vehivavy iray nanam-paniriana mafy mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra ny hanambady lehilahy marina iray mpihazona ny fisoronana any amin' ny tempoly sy ho lasa reny ary vady. Nanonofy an' izany foana izy nandritra ny fiainany, ary oay! Tena ho reny sy vady be fitiavana tokoa izy. Ho heniky ny hatsaram-panahy mifono fitiavana ny tokantranony. Tsy hisy teny ratsy hivoaka na oviana na oviana ao. Tsy ho may mihitsy ny sakafo. Ary ireo zanany dia hisafidy ny hanokana ireo takarivany sy ny faran' ny herinandrany hiaraka amin' i Dada sy Neny toy izay handany andro hiaraka amin' ireo namany.

Izany no ilay taratasy mifono vintana tsara ho azy. Izany no zavatra iray izay tsapany fa hiankinan' ny fiainany iray manontolo. Izany no hany zavatra iray teto amin' izao tontolo izao izay tena niriany mafy indrindra.

Kanefa tsy tanteraka mihitsy izany. Ary rehefa nandeha ny taona dia lasa nihanitokantokana sy nihakizitina ary nihatezi-dava mihitsy aza izy. Tsy azony an-tsaina mihitsy ny antony tsy nanatanterahan' Andriamanitra ilay faniriany ara-drarinny.

Mpampianatra tany amin' ny sekoly ambaratonga fototra izy, ary ny fiarahany tamin' ny ankizy nandritra ny tontolo andro dia nampahatsiahy azy tsotra fotsiny fa tsy niseho velively ilay taratasy mifono vintana tsara ho azy. Rehefa nandeha ny taona dia lasa diso fanantenana sy nitokantokana bebe kokoa izy. Tsy tian' ny olona ny miaraka aminy ary nihataka taminy izy ireo raha mbola azon' ireo natao. Navoakany teo amin' ireo ankizy tany antsekoly mihitsy aza ny fahasorenany. Lasa tsy nahafehy ny fihetseham-pony intsony izy ary lasa niverimberenan' ny fahatsapana hatezerana mahery vaika sy fanirery mafy.

Ny zavatra mampalahelo amin' ity tantara ity dia ity vehivavy ity, tao anatin' ny fahadisoam-panantenany tanteraka noho ny tsy fahazoana ilay taratasy mifono vintana tsara, dia tsy nahatsikaritra ireo fitahiana izay *efa-*nananany. Tsy nanan-janaka izy tany an-tranony, saingy voahodidin' izy ireo izy tany an-dakilasy. Tsy nanana fianakaviana izy, kanefa nomen' ny Tompo tombontsoa iray izay vitsy ihany no

manana azy—dia ny fahafahana mitondra zavatra tsara eo amin' ny fiainan' ny ankizy sy fianakaviana an-jatony amin' ny maha-mpampianatra azy.

Ny lesona eto dia ny hoe raha toa isika ka mandany ny fotoanan-tsika amin' ny fiandrasana hahazo raogy mahagaga dia mety tsy hahita ny hatsarana sy ny hakanton' ireo voninkazo aza-hadino-aho, izay feno manodidina antsika.

Tsy milaza akory izany fa tokony hanary fanantenana isika na hana-maivan-danja ny tanjontsika. Aza mitsahatra miezaka manao ny tsara indrindra ao anatinareo. Aza mitsahatra manantena ireo faniriana ara-drarinny rehetra ao am-ponareo. Kanefa aza mandà ny hijery na hiaina ny hatsaran' ireo zava-miseho mahazatra isan' andro izay tsotra sy kanto, izay miteraka fananana fiainana feno sy mandeha araka ny tokony ho izy.

Ireo olona izay sambatra indrindra fantatro dia tsy ireo izay nahita taratasy mifono vintana tsara ho azy, fa ireo izay nahita sy nankafy, tao anatin' ny fanatrararana tanjona mendrika, ny hatsaran' ny zava-miseho isan' andro. Izy ireo no ireo izay niezaka tsikelikely nanao izay ananana fahatsapana fankasitrahana sy fahatalanjonana nandritra ny fiainan' izy ireo. Ireo no olona tena faly tokoa.

Fahaefatra, aza hadino ilay hoe “nahoana” ao amin' ny filazantsara.

Indraindray isika rehefa variana amin' ny fahazarana fotsiny eo amin' ny fiainana, dia lasa manadino tsy nahy ilay lafiny tena manan-danja ao amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, toy ireo olona izay mety tsy mahita ilay voninkazo aza-hadino-aho, izay tsara tarehy sy kanto. Ao anatin' ireo ezaka mavitrika ataontsika mba hanatant-raka ireo adidy sy zavatra tsy maintsy atao rehetra takiana amintsika amin' ny maha-mpikamban' ny Fiangonana antsika, dia indraindray isika mandray ny filazantsara ho toy ny lisitra lavabe anankiray ahitana andraikitra izay mbola tsy maintsy ampidirintsika ihany koa ho fanampin' ilay lisitry ny “zavatra atao” izay lava izay tsy izy tokoa, ary toy ny ampaham-potoana izay tsy maintsy ampidirina tsotra izao ao anatin' ny fandaharam-potoanantsika

izay efa tery. Isika dia mifantoka amin' ny hoe *inona* no tian' ny Tompo hataontsika ary *ahoana* no mety hanaovantsika izany, saingy indraindray dia adinontsika ny hoe *nahoana* no manao izany isika.

Ry anabaviko malala isany, ny filazantsaran' i Jesoa Kristy dia tsy hoe zavatra tsy maintsy atao. Izany dia lalana nosoritan' ilay Raintsika be fitiavana any an-danitra, izay mitondra amin' ny fahazoana fahasambarana sy fiadanana eto amin' ity fiainana ity ary voninahitra sy fahatanterahana tsy hay lazaina any amin' ny fiainana ho avy. Ny filazantsara dia fahazavana izay miditra eto amin' ny fiainana an-tany ary manazava ny lalana eo anoloantsika.

Raha toa ka ilaina ny fahatakarana ny hoe “inona” sy ny hoe “ahoana” mikasika ny filazantsara, dia avy amin' ny hoe “nahoana” kosa no ivoahan' ny afo sy ny voninahitra mandrakizain' ny filazantsara. Rehefa takatsika hoe *nahoana* ny Raintsika any an-danitra no nanome antsika ity drafi-piainana ity, rehefa tsaroantsika hoe *nahoana* isika no manolo-tena mba hanao izany ho toy ny ampahany amin' ny fototry ny fiainantsika, dia hitsahatra tsy ho enta-mavesatra intsony ny filazantsara fa ho lasa fifaliana sy fahafinaretana kosa. Lasa sarobidy sy mamy izany.

Aoka isika tsy handeha eny amin' ny lalan' ny maha-mpianatra miaraka amin' ny maso miondrika amin' ny tany, ka mieritreritra fotsiny ireo andraikitra sy zavatra tsy maintsy atao eo anoloantsika. Aoka isika rehefa mandeha mba tsy hanadino ny hatsaran' ny zavatra eto an-tany sy ny zavatra ara-panahy tazamaso izay manodidina antsika.

Ry anabaviko malala isany, katsaho ny fahamboniana sy ny hatsarana, ary ny fifaliana tsy omby tratra ao anatin' ny hoe “nahoana” mikasika ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

Ny hoe “inona” sy ny hoe “ahoana” ao amin' ny fankatoavana dia mamaritra ny lalana ary mitazona antsika mba hijanona eo amin' ilay lalana marina. Ny hoe “nahoana” ao amin' ny fankatoavana dia manamasina ny asa ataontsika, ary manova ireo zavatra tsotra ho lasa ambony. Manova ireo fihetsika kely maneho fankatoavana

avy amintsika izany ho lasa fihetsika masin' ny fanokanana.

Fahadimy, aza hadino fa tia anareo ny Tompo.

Fony aho ankizy, rehefa nijery ireo voninkazo aza-hadino-aho, dia indraindray nahatsapa ho bitika toy izany voninkazo izany—bitika sy tsy manana ny lanjany. Nanontany tena aho hoe sao dia mba ho hadinon' ny fianakaviako na ny Raiko any an-danitra.

Taona maro aty aoriana dia afaka manao jery todika amim-pitiavana sy amim-pangorahana mikasika izany ankizilahy kely izany aho. Ary fantatro ankehitriny—fa tsy nohadinoana velively aho.

Ary mahafantatra zavatra hafa koa aho: amin' ny maha-Apôstôlin' i Jesoa Kristy Tompo ahy dia manambara amim-pahatokian-tena sy amim-paha-resen-dahatra ato am-poko aho—fa tsy misy nohadinoana koa ianareo!

Tsy nohadinoana ianareo.

Ranabavy isany, na aiza na aiza misy anareo, na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra iainanareo dia tsy hadino ianareo. Na dia maizina toy ny inona aza ny andronareo, na dia mahatsapa ho toy ny tsy manana ny maha-izy azy aza ianareo ary na dia tsy manan-danja toy ny inona aza ny fieritretanareo ny tenanareo, dia tsy hadinon' ny Ray any an-danitra ianareo. Raha ny marina, dia tia anareo amin' ny fitiavana tsy manam-petra Izy.

Eritreto kely anie ity hoe: Mahafantatra sy mahatsiaro anareo ilay olona iray faran' izay ambony indrindra sy mahefa ny zavatra rehetra ary Be voninahitra indrindra eto amin' izao tontolo izao! Ianareo dia tian' ny Mpanjakan' ilay tontolo lehibe tsy manam-petra sy ilay fotoana tsy misy fiafarana!

Ilay nahary sy mahafantatra ireo kintana, dia mahafantatra anareo sy ny anaranareo—zanakavaviny ato amin' ny Fanjakan' ianareo. Nanoratra ny Mpanao Salamo hoe:

“Raha jereko ny lanitrao, izay asan' ny rantsan-tananao, sy ny volana aman-kintana, izay noforoninao;

“Inona moa ny olona, no ahatsiarovanao azy? . . .

“Fa efa nataonao ambany kely noho Andriamanitra izy, ary efa nosatrohano voninahitra sy fiandrianana.”⁵

Tia anao Andriamanitra satria Zanany ianao. Tia anao Izy na dia indraindray aza ianao mahatsapa ho irery na manao hadisoana.

Manavotra sy mamonjy ny fitiavan' Andriamanitra sy ny herin' ny filazantsara naverina tamin' ny laoniny. Raha mamela izany fitiavany masina izany hitoetra ao amin' ny fiainanao fotsiny ianao, dia afaka manasitrana ny ratra rehetra izany, sy hanasitrana ny fanaintainana rehetra ary hanamaivana ny alahelo rehetra.

Ry anabavy malala ato amin' ny Fikambanana Ifanampiana, akaiky kokoa ny lanitra mihoatra noho izay eritretinareo ianareo. Nirahina hanao zavatra mihoatra lavitra noho izay azonareo eritretina ianareo. Tohizo ny fampivoarana ny finoana sy ny fahamarinan' ny tena manokana. Raiso ho toy ny fomba itondrana ny fiainana ny filazantsaran' i Jesoa Kristy naverina tamin' ny laoniny. Omeo lanjany ilay fahafahana ho mpandray anjara ato amin' ity Fiangonana lehibe ity. Omeo lanjany ilay fahafahana manompo ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana izay fikambanana voatahy. Tohizo ny fanamafisana orina ny tokantrano sy ny fianakaviana. Tohizo ny fitadiavana sy ny fanampiana ny hafa izay mila anareo sy ny fanampian' ny Tompo.

Ry anabavy isany, misy zavatra manentana fanahy sy tena tsara mikasika ilay voninkazo kely aza-hadino-aho. Manantena aho fa ho lasa tandindon' ireo zavatra madinika izay mahatonga ny fiainanareo ho feno fifaliana sy ho mamy izany. Aza hadino fa tsy maintsy manana faharetana sy fangorahana amin' ny tenanareo ianareo, ary misy fahafoizan-tena sasany izay tsara lavitra noho ireo hafa, ary tsy mila miandry taratasy mifono vintana tsara ianareo vao ho faly. Aoka ianareo mba tsy hanadino velively fa ny hoe “nahoana” ao amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy dia hanentana ny fanahinareo sy hanome hery anareo. Ary aza hadino velively fa ny Rainareo any an-danitra dia mahafantatra sy tia anareo ary sarobidy aminy ianareo.

Misaotra amin' ny maha-anareo anareo. Misaotra noho ireo fanehoana fitiavana sy asa fanompoana tsy tambo isaina izay ataonareo ho an' ny olona maro dia maro. Misaotra noho ireo



zavatra izay mbola ho ataonareo mba hitondrana ny fifalian' ny filazantsara ho an' ny fianakaviana, ho an' ny Fiangonana, sy ho an' ny fiaraha-moninareo ary ho an' ny firenena manerana an' izao tontolo izao.

Tianay ianareo ry ranabavy isany. Ny vavaka sy ny tsodrano ataoko dia ny tsy hanadinoanareo na oviana na oviana fa tena zanakavavy sarobidy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ianareo, amin' ny anarana masin' ny Mpamonjy malalantsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Etera 12:27.
2. Jereo ny 3 Nefia 12:48.
3. Roald Dahl, *Charlie and the Chocolate Factory* (1964), 55–56.
4. Fanekem-pinoana 1:13.
5. Salamo 8:3–5.

Fanoroam-pejin' ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe

Ity lisitra manaraka ity dia ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin' ireo lahateny tamin' ny fihaonamben' ny Fiangonana izay azo ampiasaina amin' ny fandalinan' ny tena manokana sy ny takarivan' ny mpianakavy ary amin' ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan' ilay lahateny.

MPANDAHATENY	TANTARA
Loholona Richard G. Scott	Nanao firaketana ny Bokin' i Môrmôna natao tao anaty horonam-peo ho an' ny fianakaviany i Richard G. Scott.
Loholona José L. Alonso	(14) Nisy ray aman-dreny feno tebiteby izay tsy nahita an-janany lahy tany Mexico City izay toerana feno fiara sy olona mivezivezy.
Filoha Boyd K. Packer	(16) Nandray ny tsodranon' ny patriarika i Boyd K. Packer.
Filoha Dieter F. Uchtdorf	(19) Nanampy tamin' ny fanorenana trano fiangonana iray i Dieter F. Uchtdorf raha tao anatin' ny fanarahana fiofanana ho mpanamory fiaramanidina ao amin' ny tafika an'habakabaka izy. Nitondra hery fitarihana amin' ny tsara ho an' ireo manodidina azy ny mpivady mahatoky iray.
Loholona David A. Bednar	(24) Nisahana ny fampianarana ny tantaram-pianakaviany ny tanora ao amin' ny Fisoronana Aharôna.
Loholona Neil L. Andersen	(28) Nanapa-kevitra ny tsy hampiangandry ny fananan-janaka i James O. Mason sy ny vadiny. Nanangan-jaza ry Scott sy Becky Dorius rehefa 25 taona nivadiana.
Loholona Carl B. Cook	(33) Namporisika an' i Carl B. Cook i Thomas S. Monson mba hitraka. Navotsotr' ireo rahavavy teny amin' ny lanitra "ireo enta-mavesatra" izay miendrika baolina nabontsina tamin' ny gaza helium.
Loholona LeGrand R. Curtis Jr.	(35) Nahita fanavotana ireo mpikambana malaina rehefa nasaina mba hiverina any am-piangonana.
Loholona D. Todd Christofferson	(38) Tsaroan' ilay tafavoaka velona tamin' ireo vondron' olona notarihan' i Donner ilay maraina nahitany ny toeram-piompiana sy fambolen' i Johnson.
Loholona W. Christopher Waddell	(50) Nifanena tamin' ilay lehilahy izay nanao batisa ny rainy ilay Misiônera Javier Misiego.
Filoha Henry B. Eyring	(56) Namangy rahavavy iray tao amin' ny paroasiny ilay zatovolahy Henry B. Eyring sy ny evekany. Namerina namaky ny boky iray vao nosoratana i Gordon B. Hinckley sy Henry B. Eyring tamin' ny efa alim-be.
Filoha Thomas S. Monson.	(60) Nihevitra i Thomas S. Monson fa izy no hany mba mpikamban' ny Fiangonana tany amin' ilay toeram-piofanana ho miaramila. Niresaka tamin' ny olona teny ambonin' ny fiara fitateram-bahoaka momba ny Fiangonana i Thomas S. Monson.
Filoha Henry B. Eyring	(68) Nandray fitenenana tany amin' ny oniversite iray i Henry B. Eyring ka nangatahana mba tsy hizara mikasika ny fijoroany ho vavolombelona momba an' i Jesoa Kristy. Nentin' i Henry B. Eyring ireo zanany vavy mba hamangy namana iray efa eo am-bavahoanan' ny fahafatesana noho ny homamiadana nahazo azy. Nanao akanjo fitondra Alahady mba handraisana tsodranon' ny fisoronana ny lehilahy iray eo am-bavahoanan' ny fahafatesana. Taona maro taorian' ny nialany tao an-trano dia namaky ny Bokin' i Môrmôna ny lehilahy iray ary nahazo fijoroana ho vavolombelona.
Loholona Tad R. Callister	(74) Nijoro ho vavolombelona tamin' ny namany anankiray momba ny fahamarinan' ny Bokin' i Môrmôna ny zatovovavy iray.
Filoha Thomas S. Monson.	(82) Nianatra momba ny herin' ny vakava i Thomas S. Monson taorian' ny nahitany ilay vola dimy dôlara izay noheveriny ho very. Nisy zavatra nanosika an' i Thomas S. Monson mba hanambara ny fandraisan' i Peter Mourik fitenenana nandritra ny fitokanana ny Tempolin' i Frankfort Allemagne.
Loholona Russell M. Nelson	(86) Nanome lanja lehibe ny fanambadian' izy ireo tany amin' ny tempoly ny Rosiana roa niova fo.
Loholona Randall K. Bennett	(98) Tsy noraharahian' i Randall K. Bennett ilay fampitandremana mikasika ilay koriandrano maherin' ny ranomasimbe.
Loholona J. Devn Cornish	(101) Nahita 25 cents tamin' ny fomba mahagaga i J. Devn Cornish ho valin' ny vakava nataony.
Loholona Quentin L. Cook	(104) Nofonan' i Alma Sonne ireo famandrihan-toerana handehanana amin' ny <i>Titanic</i> . Maty tao anatin' ny <i>Titanic</i> i Irene Corbett.
Silvia H. Allred	(114) Nampaherezin' ireo mpamangy isan-tokantrano ny rahavavy iray izay nianjadian' ny aretina maro. Niova fo ny lehilahy iray rehefa nanompo ny fianakaviany ireo mpamangy isan-tokantrano.
Filoha Dieter F. Uchtdorf	(120) Lasa nangatsiaka ny vehivavy iray satria tsy nanambady sy tsy nanan-janaka izy.

Ny Fampianarana Ho an' izao Androntsika izao

Ny lesona ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana isaky ny Alahady fahaefatra dia hatokana ho an' ny "Fampianarana Ho an' izao Androntsika izao." Ny lesona tsirairay dia azo omanina avy amin' ny lahateny anankiray na mihoatra izay natao nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonana farany indrindra (jereo ny tabilao etsy ambany). Ireo filohan' ny tsatòka sy distrika dia afaka misafidy izay lahateny tokony hampiasaina amin' izany, na azony atao ny manome ny eveka sy ny filohan' ny sampana izany andraikitra izany. Ireo mpitarika dia tokony hanantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny handalanan' ireo rahalahy ao amin' ny Fisoronana Melkizedeka sy ireo rahavavy ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana lahateny mitovy isak' izany Alahady izany.

Ireo izay manatrika ny fampianarana isaky ny Alahady fahaefatra dia entanina mba handalina ny laharan' ny gazetiboky misy ny fihaonamben' ny Fiangonana farany indrindra ary hitondra izany any amin'ny kilasy fianarana.

Torohevitra ho an' ny Fanomanana Lesona avy amin' ireo Lahateny

Mivavaha mba hiaraka aminao ny Fanahy Masina

rehefa mandalina sy mampianatra ireo lahateny ianao. Mety halaim-panahy hanomana lesona avy amin' ny boky hafa ianao, saingy ny lahatenin' ny fihaonambe no fandaharam-pampianarana nankatoavina. Ny andraikitrao dia ny manampy ny hafa hianatra sy hiaina ny filazantsara araka izay nampianarina tao amin' ny Fihaonamben' ny Fiangonana farany indrindra.

Avereno vakiana ilay (ireo) lahateny ary tadiavo ireo fitsipika sy fotopampianarana izay ilain' ny olona ao amin' ny kilasy. Mita-diava koa tantara na soratra masina na fanambarana avy ao amin' ilay (ireo) lahateny izay hanampy anao hampianatra ireo fahamarinana ireo.

Manaova drafitra izay mamaritra ny fomba hampianaranao ireo fitsipika sy fotopampianarana. Ny drafitrao dia tokony ahitana fanontaniana izay hanampy ny olona ao amin' ny kilasy:

- Hitady ireo fitsipika sy fotopampianarana ao amin' ny (ireo) lahateny.
- Handinika ny dikan' izy ireo.
- Hizara ny zavatra takatra, hevitra, zavatra niainana ary fijoroana ho vavolombelona.
- Hampihatra eo amin' ny fiainany ireo fitsipika sy fotopampianarana. ■

VOLANA IZAY AMPIANARANA IREO LESONA IREO

Nôvambra 2011–Aprily 2012

Mey 2012–Ôktôbra 2012

FITAOVANA AMPIASAINA HO AN' NY FAMPIANARANA ISAKY NY ALAHADY FAHAEFATRA

Lahateny nivoaka tamin' ny *Liahona** Nôvambra 2011

Lahateny nivoaka tao amin' ny *Liahona** Mey 2012

* Ireo lahateny ireo dia hita amin' ny (fiteny maro) ao amin' ny conference.lds.org.

Fiadidian' ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany


FIKAMBANANA IFANAMPIANA



Silvia H. Allred
Mpanolotsaina Voalohany



Julie B. Beck
Filoha



Barbara Thompson
Mpanolotsaina Faharoa


ZATOVOVAVY



Mary N. Cook
Mpanolotsaina Voalohany




Elaine S. Dalton
Filoha



Ann M. Dobb
Mpanolotsaina Faharoa


KILONGA



Jean A. Stevens
Mpanolotsaina Voalohany



Rosemary M. Wixom
Filoha



Cheryl A. Esplin
Mpanolotsaina Faharoa

ZATOVOLAHY



Larry M. Gibson
Mpanolotsaina Voalohany



David L. Beck
Filoha



Adrián Ochoa
Mpanolotsaina Faharoa

SEKOLY ALAHADY



David M. McConkie
Mpanolotsaina Voalohany



Russell T. Osguthorpe
Filoha



Matthew O. Richardson
Mpanolotsaina Faharoa

Fihaonamben' ny Fiangonana Fanao Isaky ny Tapa-taona faha-181

Nihoatra ny 100.000 ireo olona nanatrika ireo fivoriana dimy tamin' ny Fihaonamben' ny Fiangonana Fanao Isaky ny Tapa-taona faha-181 an' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany tao amin' ny Foiben' ny Fihaonamben' ny Fiangonana tao Salt Lake City, Utah, Etazonia, tamin' ny 1 sy 2 Ôktôbra. An-tapitrisany maro hafa no nijery na nihaino izany tamin' ny alalan' ny fampitana tamin' ny fahitalavitra, ny fampielezam-peo, ny zana-bolana ary ny Internet.

Nandritra ny fivoriana voalohany ny Asabotsy 1 Ôktôbra no nanambaran' ny Filoha Thomas S. Monson ireo toerana hisian' ny tempoly enina vaovao: Barranquilla, Colombie; Durban, Afrika Atsimo; Kinshasa, Repoblika Demôkratikan' i Congo; Paris, Frantsa; Provo, Utah, Etazonia; ary any Star Valley, Wyoming, Etazonia.

Taorian' io filazana io dia nanasa ireo mpikambana ny Filoha Monson mba hitondra anjara biriky ao amin' ny Tahirim-bolan' ny Fiangonana Maneran-tany ho Fanohanana ireo Mpandeha any amin' ny Tempoly. Hoy izy hoe: "Izany tahirim-bola izany dia hanome fahafahana handeha ho any amin'ny tempoly indray mandeha ho an' ireo olona izay raha tsy nisy izany dia tsy afaka ny handeha ho an' ny

Asehon' ny mpahaikanto iray amin' ny alalan' ny asa tanany ny Tabernakelin' i Provo, izay ravan' ny afo, ary haverina haorina mba ho tempoly faharoa eo Provo, Utah, Etazonia.



amin' ny tempoly mihitsy."

Ny Asabotsy tolakandro dia nanao filazana mikasika ny fizarana vaovao ao amin' ny youth.lds.org—FamilySearch Youth and Family History (lds.org/familyhistoryyouth) ny Loholona David A. Bednar ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo. Ny tanjon' ity fizarana vaovao ity dia hanampiana ireo tanora hahafantatra bebe kokoa mikasika ny tantaram-pianakaviana sy hanompo ireo razambeny amin' ny alalan' ny fikarohana ireo firaketana momba azy ireo. (Jereo ny lahatsoratra ao amin' ny pejy "00" (128).)

Nandritra izany fivoriana izany koa no nisaorana ny Loholona Claudio R. M. Costa tamin' ny naha-mpikambana azy tao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy. Notohanana ho ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy ny Loholona Tad R. Callister (jereo ny pejy "00" (128) izay ahitana ny mombamomba azy). Nisaorana na nalefa nisotro ronono ny Fitopololahy sy Fitopololahin' ny Vondrom-paritra roa ambin' ny folo (jereo ny pejy "00" (23) mikasika ireo fanohanana sy fisaorana).

Nandritra ny lahateniny ny Alahady maraina no nampahatsiahivan' ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany ilay antso avo natao tamin' ny mpikambana rehetra—izay natao nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonana ny volana Aprily tamin' ity taona ity—mba handray anjara ao anatin' ny andro iray hanaovana asa fanompoana amin' ity taona 2011 ity (jereo ny Henry B. Eyring, "Fahafahana Hanao Zava-tsoa," *Liahona*, Mey 2011, 22).

Nihaino ny fihaonamben' ny Fiangonana tamin' ny fiteny 93 ireo mpikambana manerana an' izao tontolo izao. Tsidihy ny lds.org/general-conference/when-conference-materials-will-be-available mba hahazoana fampahalalana mikasika ny fotoana hisian' ny lahatsoratra, raki-peo sy rakitsarin' ny fihaonamben' ny Fiangonana amin' ny fiteny maro isankarazany. ■

Ireo Zanakavavy ao amin' ny Fanjakako: Boky Tantara iray ho an' ny Vehivavy Olomasin' ny Andro Farany Ankehitriny

Nataon' i Chelsea Niebergall

Gazetibokin' ny Fiangonana

Ny *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society*, (Ireo Zanakavavy ao amin' ny Fanjakako: Ny Tantara sy ny Asan' ny Fikambanana Ifanampiana), dia boky vaovao iray novokarina teo ambany fitarihan' ny Fiadidiana Voalohany, izay ahitana firaketana ny lovan' ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo vehivavin' ny Fiangonana, hoy i Julie B. Beck, filohan' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, nandritra ny fivoriamben' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany tamin' ny Septambra 2011.

Hoy izy hoe: "Hampiray ireo rahavavy manerana an' izao tontolo izao izany sy hanampy azy ireo hiaina araka ireo tanjon' ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo lamina sy tombontsoa amin' ny maha-mpianatra." "Vavolombelon' ny anjara asa manandanja ananan' ny vehivavy ao anatin' ny draftiry ny fahasambaran' ny Rain-tsika izany, ary manome ireo fitsipika tsy azo hozongozonina mikasika ny zavatra inoantsika sy ny zavatra ataontsika ary ny zavatra ho arovantsika" (pejy 113 amin' ity laharana ity).

Nilaza ny Rahavavy Beck fa manome fototra iorenan' ilay maha-izy ny vehivavy amin' ny maha-zanakavavin' Andriamanitra azy izany boky izany. Rehefa mandalina izany boky izany ny olona hoy izy dia ho afaka ny hahita ny fomba tokony hampiharana ny Fikambanana Ifanampiana eo amin' ny fiainan' ny rahavavy tsirairay.

Ahoana no Fomba Nivoahan' ilay Boky

Rehefa nasain' ny Fiadidiana Voalohany natao ilay fandaharan' asa dia natomboka izany. Natokana mba hanoratra ilay boky i Susan W. Tanner, filohan' ny Zatovovavy maneran-tany

teo aloha. Notendrena hitantana ilay fandaharan' asa sy hiara-hiasa amin' ny Rahavavy Tanner sy ireo mpanonta ary ireo misahana ny haifandrariana sy ireo hafa Rahavavy Beck sy ireo mpanolotsainy, Silvia H. Allred sy Barbara Thompson, mba handrafetana ny lamin' asa amin' ny alalan' ny fanahin' ny fanambarana. "Tsy mbola niasa tao anatin' ny tetik' asa iray aho hatramin' izay izay nahitana ny fitarihan' ny Fanahy bebe kokoa mihoatra noho ity," hoy Rahavavy Beck.

Tao anatin' izany dingana narahana izany dia nahitana ny fanapahana hevitra mikasika ny hoe firy amin' ireo pejy an' arivorivony mifono tantara ireo no tokony ho ampi-dirina ao amin' ilay boky. Namaky ireo tatitry ny fivorian' ireo Fikambanana Ifanampiana fahiny tany Nauvoo sy ireo tantara hafa mikasika ny Fikambanana Ifanampiana sy ny vehivavin' ny Fiangonana ny Rahavavy Beck sy ireo mpanolotsainy ary Rahavavy Tanner.

Nilaza ny Rahavavy Beck fa ny vokatry azo dia tsy tantara manokana milahatra ara-banim-potoana fa kosa tantara ara-panahin' ireo vehivavin' ny Fiangonana sy Fikambanana Ifanampiana.

"Mandalina ny tantarantsika isika satria manampy antsika hiova izany," hoy ny Rahavavy Beck nandritra ny lahateny nataony tamin' ny fivoriamben' ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany tamin' ny Septambra 2010. "Amin' ny farany, ny hasarobidin' ilay tantara dia tsy any amin' ny daty na fotoana na ny toerana nisehoan-javatra loatra. Sarobidy izany satria mampianatra antsika ireo fitsipika, tanjona, ary lamina izay tokony ho arahintsika. Izany dia manampy antsika hahafantatra hoe iza moa isika ary inona no tokony hataontsika ary mampiray hina antsika amin' ny fanamafisana orina ny tokantranon' i Ziona sy fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany" ("Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society," *Liahona* Nôv. 2010, 115).

Raha toa ilay boky ka manaraka ny fisehon-javatra ara-banim-potoana, ny fampianarany kosa dia narindra ho anatin' ny toko izay mifototra amin' ny lohahevitra. Mampiasa tantara sy ohatra avy amin' ny soratra masina izany ary ireo tenin' ny mpaminany sy mpi-tarika ny Fikambanana Ifanampiana

amin' izao andro izao mba hampianarana ireo hafany manan-danja.

Ny Hery Mitaona avy amin' ilay Boky

Nilaza ny Rahavavy Beck fa amin' ny alalan' ilay boky dia hianatra ny fomba entina manatanteraka ny tanjon' ny Fikambanana Ifanampiana eo amin' ny fiainany manokana sy amin' ny maha-mpirahavavy izay mpanaradia mitandrina fanekempihavanana azy ireo rahavavy.

"Hianatra ny tena dikan' ny fampitomboana finoana sy fiainana am-pahamarinana izy ireo, ny fanamafisana orina ny fianakaviana sy ny tokantrano ary ny fitadiavana sy fanampiana ireo hafa izay mila fanampiana," hoy ny Rahavavy Beck nandritra ny tafa sy dinika nataony tamin' ny Gazetibokin' ny Fiangonana. "Rehefa mahatakatra ny anjara asany ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana ireo rahavavy dia afaka mahatakatra fa tena nisy fiantraikany lehibe teo amin' ny fampandrosoana ny Fiangonana ny maha-vehivavy azy, na tamin' ny andro fahiny izany na amin' izao andro farany izao, ary afaka mahafantatra ny tanjony sy ny maha-izy azy izy ireo."

Mino Rahavavy Beck fa ireo izay mamaky ilay boky dia hianatra amin' ny alalan' ny ohatra sy fitsipika ny fomba hihainoana ny Fanahy Masina sy handraisana ny fanambarana ho an' ny tena manokana. Afaka ny hahazo hery sy fanohanana eo amin' ny fiainany andavanandro sy eo amin' ireo fitsapana sy fahasahiranana atrehiny koa izy ireo.

"Misy ohatra maro maneho ny fananana tanjaka ao amin' ilay boky—ohatra maro maneho ny fananana tanjaka izay azontsika alaina tahaka," hoy Rahavavy Beck. "Noho izany rehefa tonga ny andro sarotra dia manantena aho fa ho ataon' ny olona eo akaiky eo ny bokiny dia horaisiny izany ary hamaky tantara na ohatra iray izay hampatanjaka azy izy ireo."

Nilaza ihany koa Rahavavy Beck fa hiditra ao amin' ireo tokantranon' ny Fiangonana amin' ny alalan' ny tanan' ireo rahavavy izany boky izany, saingy mino izy fa io boky io dia ho loharanon-kevitra manan-danja sady ho an' ny lehilahy no ho an' ny vehivavy. Hanampy ireo zatovovavy hahatakatra ny fomba hahatonga azy ireo ho tadifiditra ao anatin' ilay

fikambanam-behivavy lehibe maneran-tany izany, ary afaka mampiray ny mpivady ao anatin' ilay asa masina ataon' izy ireo, dia ny fitarihana ny fianakavian' izy ireo sy ny fanompoana ny Fiangonana izany.

Taorian' ny fandalinana ilay boky dia nilaza i Dale Cook, filohan' ny Tsatòkan' i Bluff, Syracuse Utah, fa ho loharanon-kevitra manan-danja izay tsy hanampiana fotsiny ny vehivavin' ny Fiangonana hahatakatra ny anjara toerany amin' ny maha-mpanaradia an' i Kristy azy izany boky izany fa hanampiana ny lehilahy hahatakatra izany koa. "Hamaky sy hahita ianao fa mifampiankina sy mifandray amin' ny fisoronana izany [ny Fikambanana Ifanampiana]," hoy ny Filoha Cook. "Nanampy ahy hahatakatra ny hery ananan' ny vadiko izany sy hahafantatra ny [fomba] hitiavako azy [tsaratsara kokoa] ary hanampiano azy ho hanohanako azy."

Mikasika ilay Boky

Natao ho loharanon-kevitra amin' ny fandalinana ataon' ny tena manokana sy ho an' ny fampianarana ao antokantrano, ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana ary amin' ny fotoana hafa ao am-piangonana ilay boky. Efa nalefa any amin' ny eveka sy filohan' ny sampana izany, izay hiara-hiasa amin' ireo filohan' ny Fikambanana Ifanampiana mba handinika ny fomba hahatongavan' ny fizarana ilay boky ho lasa fitahiana ho an' ireo rahavavy eo amin' ny paroasy sy sampana.

Antenaina hisy amin' ny fiteny am-polony mahery eo ho eo ilay boky amin' ny faran' ny volana Janoary 2012. Ny ankamaroan' ireo dia efa hita amin' ny alalan' ny Internet, izay ahafahan' ireo mpikambana mahita ireo rakitsary mifandraika amin' izany, sy mizara teny avy amin' ny tena manokana ary mamaky ireo sosokevitra mikasika ny fomba hampiasana sy hizarana ireo hafatra voarakitra ao amin' ilay boky. Mandehana ao amin' ny **lds.org/relief-society/daughters-in-my-kingdom**. Tsindrio ny "**Additio-nal Languages (PDF)**" eo afovoan' ny pejy eo ambanin' ny "**Related Resources**." Hipoitra eo amin' ny sisiny havanan' ny pejy manaraka ny lisitr' ireo fiteny efa misy. Ho adika amin' ny fiteny maro ilay tranonkala atsy ho atsy.

Misy ny fikasana hamoaka an' izany boky izany izay hanana fonony matevina amin' ny Anglisy, Pôrtôgey ary Espaniôla amin' ny faran' ny taona ary ho hita any amin' ny Foibe Fanaparihana sy ao amin' ny store.lds.org izany. ■

Tranonkala Vaovao mba Hanampiana ireo Tanora Hanomboka ny Tantaran-pianakaviana

Natao mba hanampiana ireo tanora hahafantatra mikasika ny tantaram-pianakaviana sy hanompo ireo razambeny amin' ny alalan' ny fikarohana ny firaketana momba azy ireny ilay fizarana vaovao ao amin' ny FamilySearch Youth and Family History an' ny youth.lds.org (lds.org/familyhistoryyouth).

Manome fampahalalana izay mampianatra ireo tanora hahay ny fomba hanombohana ny fampiasana ny FamilySearch izany tranonkala izany. Amin' ny alalan' ny dingana tsotra miisa dimy no ampianarana ireo tanora ireo fomba hikorohana ny tetiaran' ny fianakaviany, hanaovana ny firaketana ny fianakaviana ary hanomanana ireo anarana ho entina any amin' ny tempoly. Ilay tranonkala koa dia ahitana hevitra maromaro mikasika ny fomba ahafahan' ireo olona mianatra any amin' ny kilasy sy kôlejy mampiasa ny tantaram-pianakaviana ho fitaovana entina hanompoana ny hafa.

Misy amin' ny teny Anglisy, Pôrtôgey ary Espaniôla ilay fizarana vaovao hatreto. Hisy amin' ny fiteny hafa fanampiny izany afaka volana vitsivitsy. ■

Manasa ireo Tanora mba Hamirapiratra ny Fifaninana Ara-javakanto

Manasa ireo tanora 13 taona ka hatramin' ny 18 taona ny Tranom-bakoky ny Fiangonana mba handray anjara amin' ny Fifaninana Ara-javakanto ho an' ny Tanora.

Asaina mamorona asa tanana izay maneho ny dikan' ny hoe “mitsangàna ary mamirapirata” (jereo ny F&F 115:4–6) ireo mpahaikanto.

Tsy maintsy asa tanana noforonina taorian' ny 1 Janoary 2009 ilay izy. Ireo mpandray anjara dia tsy maintsy 13 taona amin' ny 1 Janoary 2012, ary afaka mandrotsaka asa tanana iray ao amin' ny tranonkala manomboka ny 2 Janoary 2012 mandrapahatonga ny daty fametrahana farany—ny Zoma 1 Jona 2012. Ny halehiben' ilay asa tanana dia tsy mihoatra ny 213 sentimetatra manaraka ny halavany. Ekena ao anatin' ny fifaninana ny fampiasana haino aman-jery sy ny fiangaly ara-java-kanto rehetra.

Ho hita ao amin' ny lds.org/youthartcomp ny fampahalalana momba ny fisoratana anarana.

Ireo mpandresy dia ho angatahina handefa ny asa tanana nataon' izy ireo ao amin' ny tranom-bakoka mba ho haseho mandritra ny fampiratiana manomboka ny 16 Nôvambra 2012 ka hatramin' ny 17 Jona 2013. ■



Loholona Tad R. Callister

Ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy

Nanazava ny Loholona Tad Richards Callister, izay vao notohanana ho ao amin' ny

Fiadidian' ny Fitopololahy ary mpikambana ao amin' ny Kôlejy Faharoa ao amin' ny Fitopololahy, fa ny tanjon' ireo Rahalahy dia ny hitondra “firoboroboana azo tsapain-tanana” eto am-piangonana. “Izany dia tsy midika fotsiny hoe fitondrana olona bebe kokoa hanatrika ny fivorian' ny Fanasan' ny Tompo fa koa handray ny Fanasan' ny Tompo, handray ireo ôrdônansy atolotry ny Fiangonana ary hitandrina ireo fanekempihavanana,” hoy izy.

Noho ny faniriany hanampy ireo mpitarika ny Fiangonana any amin' ny toerana maro ao anatin' izany asa izany, dia naneho fankasitrahana ny Loholona Callister noho ny nanomezan' ny Tompo azy fahafahana hanompo tamin' ny antso maro. Hoy izy nanazava hoe: “Noho izaho efa niaina izay iainan' ireo olona iarahako miasa ankehitriny—toy ny filohan' ny tsatòka sy eveka ary filohan' ny kôlejin' ny loholona—dia antenaiko fa hahatonga ahy hahatsapa sy hahafantatra bebe kokoa izay zavatra ilain' izy ireo izany.”

Ny Loholona Callister dia efa misiônera nanompo tamin' ny fotoana feno tany amin' ny Misiônan' i Eastern Atlantic States, filohan' ny kôlejin' ny loholona, filohan' ny misiônan' ny tsatòka, mpanolotsain' ny tsatòka, eveka, filohan' ny tsatòka, solontenan' ny vondrom-paritra, Fitopololahin' ny Vondrom-paritra, filohan' ny Misiônan' i Canada Toronto Atsinanana (2005–08), ary Filohan' ny Vondrom-paritra Pasifika izao voantso ho ao amin' ny Fiadidian' ny Fitopololahy izao.

Zanak' i Reed sy Norinne Callister izy ary teraka tamin' ny Desambra 1945, tany Glendale, Californie, Etazonia. Ny Loholona Callister dia manana mari-pahaizana momba ny haitoebola izay azony tao amin' ny Oniversiten' i Brigham Young tamin' ny 1968. Nahazo mari-pahaizana avy tao amin' ny sampam-pianarana lalàna tao amin' ny Oniversiten' i Californie Los Angeles tamin' ny 1971 izy. Nahazo ny mari-pahaizana ambony LLM (na Masters) momba ny lalàna miompana amin' ny hetra tao amin' ny Oniversiten' i New York izy tamin' ny 1972. Niasa toy ny mpahay lalàna izy nanomboka tamin' ny 1972 ka hatramin' ny 2005 ary efa nanoratra boky maromaro mikasika ny Sorompanavotana sy ny Apôstazia ary ny Famerenana tamin' ny Laoniny.

Nanambady an' i Kathryn Louise Saporiti tamin' ny volana Desambra 1968 tao amin' ny Tempolin' i Los Angeles Californie izy. Manan-janaka enina izy ireo.

Nahatsapa ny fiasan' ny tanan' ny Tompo teo amin' ny fiainany ny Loholona Callister. “Mihoapampana tokoa ny fitiavan' ny Mpamonjy ka mieritreritra aho fa tsy andrin' Izy sy ny Raintsika any an-danitra ny hanomezana fitahiana antsika na amin' izay zavatra tsara faran' izay kely indrindra ataontsika aza, satria izay ny toetoetran' Izy ireo.” ■



SARY NALAINI MATTHEW REIER

Tempolin'i San Salvador, Salvador

Ity tempoly tena manaitra any Salvador ity dia notokanama tamin'ny 21 Aogositra 2011, ilay farany indrindra amin'ireo tempoly am-perinasa 135 manerana an'izao tontolo izao. Mikasika ny tempoly, dia nanambara ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95) tamin'ny lahateniny tamin'ny filhaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 1994 hoe "Aoka isika ho vahoaka mpandeha any amin'ny tempoly. Mankanesa any amin'ny tempoly maetika araka izay tratra sy ny toe-java misy eo amin'ny fiainan'ny tena manokana. Asio sarin'ny tempoly iray ao an-tranonao mba hahafahan'ny zanakao mahita izany" ("Fampananantenana Lehibe sy Sarobidy Indrindra," Ensign, Nôv. 1994, 8).



Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa marina ity asa ity, fa velona ny Mpamonjintsika, ary mitantana sy mitarika ny Fiangonany eto ambonin’ny tany Izy,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson nanditra ny fivoriana famaranana ny Fihaonamben’ny Fiangonana Maneran-tany Fanao Isaky ny Tapa-taona faha-181. “Apetrako aminareo ny tenivavolombeloko fa velona Andriamanitra, Raintsika Mandrakizay ary tia antsika. Tena Raintsika tokoa Izy, ary tena miavaka sy tena misy. Enga anie isika hahatakatra fa te hanatona akaiky antsika tokoa Izy, ary hahatakatra hoe hatraiza no halehany mba hanampiana antsika, ary akory ny halehiben’ny fitiavany antsika, ary tahaka ny inona ny halehiben’ny zavatra ataony sy tiany ho atao ho antsika.”